

# NY BOKY FIVAVAHANA

MBAMY

NY FOMBA HAFA SY NY FILAHARANA FANAO AO  
AMY NY EKKLESIA

ARAKA NY FOMBAN<sup>1</sup>

NY EKKLESIA ANGLIKANA  
(NA CHURCH OF ENGLAND),

ARY KOA

NY SALTERA

DIA

NY SALAMO NATAONY DAVIDA,  
SY

NY FOMBA FANAO

AMY NY

FANAOVANA, FANENDRENA, SY FANAMASINAÑA

NY EVEKA, SY NY PRESBYTERA, ARY NY  
DIAKONO.



SOCIETY FOR PROMOTING CHRISTIAN KNOWLEDGE,  
LONDON : NORTHUMBERLAND AVENUE, W.C.

1904.

PORTIONS  
OF THE  
BOOK OF COMMON PRAYER  
IN MALAGASY.

CONTAINING  
A TABLE OF PROPER LESSONS AND PSALMS.  
THE CALENDAR WITH THE TABLE OF LESSONS.  
THE ORDER FOR MORNING PRAYER.  
THE ORDER FOR EVENING PRAYER.  
THE CREED OF ST. ATHANASIUS.  
THE LITANY.



SOCIETY FOR PROMOTING CHRISTIAN KNOWLEDGE  
LONDON : NORTHUMBERLAND AVENUE, W.C.  
1904.

# LESONA

*Voatendry hatao amy ny Flavavahana Maraina sy Hariva  
amy ny Alahady sy ny Festa haja mandritra ny taona.*

## LESONA VOATENDRY HATAO AMY NY ALAHADY.

	MARAINA.	HARIVA.
<i>Alahady amy ny Adventa.</i>		
Vaolohany .....	Isaia I.	Isaia II.
Faharoa .....	v.	xii. 1-10.
Fahatelo .....	xxv.	xxvi.
Fahefatra .....	xxx. 1-20.	xxxiii.
<i>Alahady manaraka ny Antso Kristinus.</i>		
Vaolohany .....	xxxv.	xxxviii.
Faharoa .....	xliii.	xliii.
<i>Alahady manaraka ny Epifany.</i>		
Vaolohany .....	ii.	iii. 13 sy lili.
Faharoa .....	iv.	lvii.
Fahatelo .....	lxii.	lxv.
Fahefatra .....	Ioba xxvii.	Ioba xxviii.
Fahadimy .....	Oha. i.	Oha. iii.
Fahenima .....	ix.	xi.
<i>Septuagesima.</i>		
Lesona 1	Gen. i. sy ii. 1-3.	Gen. ii. 4.
Lesona 2	Fanam. xxi. 1-8.	Fanam. xxi. 9-xxii. 5.
<i>Sexagesima</i> .....	Gen. iii.	Gen. vi.
<i>Quinagesima</i> ...	ix. 1-19.	xii.
<i>Alahady amy ny Fotoan-pifidiana.</i>		
Vaolohany .....	xix. 12-29.	xxii. 1-19.
Faharoa .....	xxxvii. 1-10.	xxvii.
Fahatelo .....	xxxvii.	xxxix.
Fahefatra .....	xliii.	xlii.
Fahadimy .....	Ekso. iii.	Ekso. v.
Fahenima .....		
Lesona 1	ix.	x.
Lesona 2	Mut. xxvi.	Loka. xix. 23.
<i>Ny Andro Paska.</i>		
Lesona 1	Ekso. xii. 1-28.	Ekso. xii. 29.
Lesona 2	Fanam. i. 10-i3.	Ioba. xx. 11-18.
<i>Alahady manaraka ny Andro Paska.</i>		
Vaolohany .....		
Lesona 1	Fanis. xvi.	Fanis. xvii. 1-15.
Lesona 2	1 Kor. xv. 1-28.	„ Fanis. xvii. 16. Ioba. xx. 24-29.
Faharoa .....	Fanis. xx. 1-13.	Fanis. xx. 14- „ xxii. 10. xxi. 9.
Fahatelo .....	xxii.	xxiii.
Fahefatra .....	Deot. iv. 1-22.	Deot. iv. 23-40 „ Deot. v.
Fahadimy .....	vi.	ix. „ x.

2 LESONA VOATENDRY HATAO AMY NY ALAHADY.

	MARAINA.	HARIVA.
<i>Alahady manaraka ny Nidharany Ieso Kristy</i> .....	Deot. xxx.	Deot. xxxiv. na Josoai.
<i>Ny Andro Pente-kosta.</i>		
Lesona 1	— xvi. 1-17.	Isaia xi.
Lesona 2	Rom. viii. 1-17.	Gal. v. 16.     „ Ezek. xxvii. 25. „ Asy xviii. 21- xix. 20.
<i>Alahadin' ny Trinité.</i>		
Lesona 1	Isaia vi. 1-10.	Gen. xviii.
Lesona 2	Fanam. i. 1-8.	Efeso iv. 1-16.     „ Gen. i. sy ii. 1-3. „ Mat. iii.
<i>Alahady manaraka ny Trinité.</i>		
Veoaloha .....	Josua iii. 7-iv. 14.	Jos. v. 13-vi. 21.     „ Jos. xxiv.
Faharoa .....	Mpits. iv.	Mpits. v.     „ Mpits. vi. 11.
Fahatelo .....	1 Sam. ii. 1-26.	1 Sam. iii.     „ 1 Sam. iv. 1-18.
Fahefatra .....	— xii.	— xiii.     „ Riot. i.
Fahadimy .....	— xv. 1-23.	— xvi.     „ 1 Sam. xvii.
Fahaenina .....	2 Sam. i. 7.	2 Sam. xii. 1-23.     2 Sam. xviii.- xix. 1.
Fahafito .....	1 Kron. xxi.	1 Kron. xxii.     1 Kron. xxviii.
Fahavalo .....	— xxix. 9-28.	2 Kron. i. 1-17.     1 Mpanj. iii.
Fahasivy .....	1 Mpanj. x. 1-24.	1 Mpanj. xi. 1-14.     — xl. 26.
Fahafiso .....	— xii. 1.	— xiii.     „ — xvii.
Faharaka amby ny folo .....	— xviii.	— xix.
Faha 12. ....	— xxii. 1-40.	2 Mpanj. ii. 1-15.     — xxii.
Faha 13. ....	2 Mpanj. v.	— vi. 1-23.     — viii.
Faha 14. ....	— ix.	— x. 1-31.     — xii.
Faha 15. ....	— xviii.	— xix.     — xxii. 1-30.
Faha 16. ....	2 Kron. xxxvi.	Neh. i. sy ii. 1-8.     Neh. viii.
Faha 17. ....	Jer. v.	Jer. xxii.     Jer. xxxv.
Faha 18. ....	— xxxvi.	Ezek. ii.     Ezek. iii. 1-16.
Faha 19. ....	Ezek. xiv.	— xviii.     — xxiv. 13.
Faha 20. ....	— xxxiv.	— xxvii.     Isaia i.
Faha 21. ....	Dan. iii. 1-36.	Dan. iii. 31 sy iv. „ — v.
Faha 22. ....	— vi. 2.	— vii. 9.     — xii.
Faha 23. ....	Hoshea xiv. 2.	Joel ii. 21 sy iii. „ Joel. iv. 9.
Faha 24. ....	Amosa iii.	Amosa v.     Amosa ix.
Faha 25. ....	Mika iv. sy v. 1-6.	Mika vi.     Mika vii.
Faha 26. ....	Habak. ii.	Habak. iii.     Zef. iii.
Faha 27. ....	Mpitor. xi. sy xii.	Hag. ii. 1-9.     Mal. i. 4.

*Diniko.*—Ny Lesona voatendry eo amby ho amby ny Alahady fahakariva amby ny Alahady manakaliky misolaha ny Adventa.

LESONA VOATENDRY HATAO AMY NY ANDRO FESTA.

	MARAINA.	HARIVA.
<i>Any R. Andrea.</i>		
Lesona 1 .....	Isaia lii.	Isaia lxv. 1-16.
Lesona 2 .....	Iohana i. 35-42.	Iohana xii. 20-41.
<i>Any S. Tomasy.</i>		
Lesona 1 .....	15ba xlii. 1-6.	Isaia xxxv.
Lesona 2 .....	Iohana xx. 19-23.	Iohana xiv. 1-7.
<i>Andro Kristmasy.</i>		
Lesona 1 .....	Isaia viii. 23-ix. 6.	Isaia vii. 10-16.
Lesona 2 .....	Lioka ii. 1-14.	Tit. iii. 4-8.
<i>Any S. Stefano.</i>		
Lesona 1 .....	Gen. iv. 1-10.	2 Kron. xxiv. 15-23.
Lesona 2 .....	Asa vi.	Asa viii. 1-8.
<i>Any S. Iohana Evangelista.</i>		
Lesona 1 .....	Ekso. xxxiii. 9.	Isaia vi.
Lesona 2 .....	Iohana xiii. 23-35.	Fanam. i.
<i>Ny tsy manana-tsingy</i> .....	Jer. xxxi. 1-17.	• Baroka iv. 21-30.
<i>Ny namorana any Kristy.</i>		
Lesona 1 .....	Gen. xvii. 9.	Deot. x. 12.
Lesona 2 .....	Rom. ii. 17.	Kotos. ii. 8-17.
<i>Ny Epifany.</i>		
Lesona 1 .....	Ioela ix.	Isaia xlxx. 13-23.
Lesona 2 .....	Lioka iii. 15-22.	Iohana ii. 1-11.
<i>Ny Novempanahiny S. Paolo.</i>		
Lesona 1 .....	Isaia xlxx. 1-12.	Jer. i. 1-10.
Lesona 3 .....	Gal. i. 11.	Asa xxvi. 1-20.
<i>Ny nanadiorana ny Virjiniæ</i> .....	Ekso. xlii. 1-16.	Hag. ii. 1-9.
<i>Any S. Matiasy</i> .....	1 Sam. ii. 27-35.	Iohana xxii. 15.
<i>Ny nambarana ny Virjiniæ</i> .....	Gen. iii. 1-15.	— iii. 7-12.
<i>Andro lavenona.</i>		
Lesona 1 .....	Isaia lviii. 1-12.	Ionah iii.
Lesona 2 .....	Mar. ii. 13-22.	Heb. xii. 3-17.
<i>Andro alohan' ny Andro Puska ; Atasindainy.</i>		
Lesona 1 .....	Fitom. i. 1-14.	Fitom. ii. 13.
Lesona 2 .....	Iohana xiv. 1-14.	Iohana xiv. 15.
<i>Tulata.</i>		
Lesona 1 .....	Fitom. iii. 1-33.	Fitom. iii. 34.
Lesona 2 .....	Iohana xv. 1-13.	Iohana xv. 14.

4 LESONA VOATENDRY HATAO AMY NY ANDRO FESTA.

	MARAINA.	HARIVA.
<i>Alarobia.</i> Lesona 1 .....	Fitem. iv. 1-23.	Dan. ix. 20.
Lesona 2 .....	Iohana xvi. 1-15.	Iohana xvi. 16.
<i>Alakamisy.</i> Lesona 1 .....	Hos. xiii. 1-14.	Hos. xiv. 2.
Lesona 2 .....	Iohana xvii.	Iohana xix. 1-35.
<i>Zoma Masina.</i> Lesona 1 .....	Gen. xxv. 1-19.	Isaia iii. 13 sy iii. 1 Pet. ii.
Lesona 2 .....	Iohana xviii.	
<i>Asabotsy.</i> Lesona 1 .....	Zekaria ix.	Hos. v. 8-vi. 3.
Lesona 2 .....	Lioka xxiii. 50.	Romi. vi. 1-13.
<i>Alatsinainy manaraka ny Andro Paska.</i> Lesona 1 .....	Ekso. xv. 1-21.	Ny Tonon-kirany Seo- mona ii. 10.
Lesona 2 .....	Lioka xxiv. 1-12.	Mat. xxviii. 1-9.
<i>Talata manaraka ny Andro Paska.</i> Lesona 1 .....	2 Mpanj. xiii. 14-21.	Ezek. xxxvii. 1-14.
Lesona 2 .....	Iohana xxi. 1-14.	Iohana xxi. 15.
<i>Any Santa Marko</i> .....	Isaia lix. 6.	Ezek. i. 1-14.
<i>Any S. Filipo sy Jakoba.</i> Lesona 1 .....	— Ixi.	Zekaria iv.
Lesona 2 .....	Iohana i. 43.	
<i>Ny Niakarany Ieso Kristy.</i> Lesona 1 .....	Dan. vii. 9-14.	2 Mpanj. ii. 1-15.
Lesona 2 .....	Lioka xxiv. 44.	Heb. iv.
<i>Alatsinainy manaraka ny Andro Pentekosta.</i> Lesona 1 .....	Gen. xi. 1-9.	Epiphi. xl. 16-30.
Lesona 2 .....	i Kor. xii. 4-13.	i Kor. xlii. 27 sy xlii.
<i>Talata manaraka ny Pentekosta.</i> Lesona 1 .....	Joel ii. 21 sy iii. 1 Tes. v. 12-23.	Mika iv. 1-7. Iohana iv. 1-13.
Lesona 2 .....		
<i>Any S. Barnabasy.</i> Lesona 1 .....	Deot. xxxix. 1-11. Asa iv. 31.	Nahom. i-ii. 1. Asa xiv. 8.
Lesona 2 .....		
<i>Any S. Iohana Mpando Ratisa.</i> Lesona 1 .....	Mal. iii. 1-6. Mat. iii.	Mal. iii. 19. Mat. xiv. 1-12.
Lesona 2 .....		
<i>Any S. Petera.</i> Lesona 1 .....	Ezek. iii. 4-14. Iohana xxi. 15-22.	Zek. iii. Asa iv. 8-22.

LESONA VOATENDRY HATAO AMY NY ANDRO FESTA. 5

	MARAINA.	HARIVA.
<i>Any S. Jakoba.</i> Lesona 1 .....	2 Mpanj. i. 1-15.	Jer. xxvi. 8-15.
Lesona 2 .....	Lioka ix. 51-56.	
<i>Any S. Paul-Joneo</i> .....	Gen. xxviii. 10-17.	Deot. xviii. 15.
<i>Any S. Matzo</i> .....	1 Mpanj. xix. 15.	1 Kron. xxix. 1-19.
<i>Any S. Nikolala sy ny Anydy rehetra.</i> Lesona 1 .....	Gen. xxvii. 2.	Dan. x. 4.
Lesona 2 .....	Asa xii. 5-17.	Panam. xiv. 14.
<i>Any S. Lokasy</i> .....	Isaia iv.	*Ekklosy xxviii. 1-14.
<i>Any S. Simona sy S. Ioda</i> .....	— xxviii. 9-16.	Jer. iii. 12-18.
<i>Any ny Santa rehetra.</i> Lesona 1 .....	* Fahlen. iii. 1-9.	* Fahlen. v. 1-16.
Lesona 2 .....	Heb. xi. 33 sy xii. 1-6.	Panam. xix. 1-16.

SALAMO VOATENDRY HATAO AMY NY ANDRO SASANY.

	MARAINA.	HARIVA.
<i>Andro Kristmasy</i> .....	Salamo 19	Salamo 89
.....	— 45	— 110
.....	— 85	— 122
<i>Andro Lavenona</i> .....	Salamo 6	Salamo 102
.....	— 32	— 130
.....	— 38	— 143
<i>Zoma Masina</i> .....	Salamo 22	Salamo 69
.....	— 49	— 88
.....	— 54	
<i>Andro Paska</i> .....	Salamo 2	Salamo 113
.....	— 57	— 114
.....	— 111	— 118
<i>Niakarany Ieso Kristy</i> .....	Salamo 8	Salamo 24
.....	— 15	— 47
.....	— 21	— 108
<i>Andro Pentekosta</i> .....	Salamo 48	Salamo 104
.....	— 68	— 146

\* Apokryfa.

NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.

JANOARY MANANA ANDRO XXXI.

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 <i>Andio namorana any Kristy.</i> ..			
2 Gen. i. 1-19.	Mat. i. 18.	Gen. i. 20 sy ii.	Asa i.
3 — ii. 4.	— II.	— i. 3.	
4 — iii. 20-iv. 15.	— III.	— III. 1-19.	— ii. 1-21.
5 — v. 1-27.	— iv. 1-22.	— v. 28-vi. 8.	— iii.
6 <i>Ny Epifang.</i> ..			
7 Gen. vi. 9.	Mat. iv. 23 sy v.	Gen. vii.	Asa iv. 1-31.
8 — viii.	— vi. 1-12.	— ix. 1-10.	— iv. 32 sy vi.
9 — xi. 1-9.	— vi. 13-32.	— xii.	— i-16.
10 — xiii.	— v. 33.	— xii.	— v. 17.
11 — xv.	— vi. 1-18.	— xiv.	— vi.
12 — xvii. 1-22.	— vi. 19 sy vii. 1-6.	— xvii. 1-16.	— vii. 1-34.
13 — xviii. 17.	— viii. 1-17.	— xix. 12-19.	— viii. 1-4.
14 — xx.	— viii. 13.	— xxii. 1-21.	— viii. 25 sy
15 — xxii. 33-xxii. 19.	— ix. 1-17.	— xxii.	— viii. 25.
16 — xxiv. 1-28.	— ix. 18.	— xxiv. 29-51.	— ix. 23.
17 — xxiv. 52.	— x. 1-23.	— xxv. 1-18.	— x. 1-23.
18 — xxv. 19.	— x. 24.	— xxvi. 1-17.	— x. 24.
19 — xxvi. 18.	— xi.	— xxvii. 1-29.	— xi.
0 — xxvii. 30.	— xii. 1-21.	— xxviii.	— xii.
21 — xxix. 1-20.	— xii. 22.	— xxix. 1-24.	— xiii. 1-25.
22 — xxxi. 36- xxxi. 1.	— xii. 1-23.	— xxix. 2-22.	— xiii. 26.
23 — xxxii. 23.	— xiii. 24-52.	— xxxiii.	— xiv.
24 — xxxv. 1-20.	— xiii. 53 sy xiv. 1-12.	— xxxvii. 1-11.	— xv. 1-29.
25 <i>Ny riowampana- hing Santa Paolo.</i> ..			
26 Gen. xxxvii. 12.	Mat. xiv. 13.	Gen. xxxix.	Asa xv. 39 sy
27 — xi.	— xv. 1-20.	— xii. 1-16.	— xvi. 1-15.
28 — xii. 17-52.	— xv. 21.	— xii. 53 sy	— xvii. 1-15.
29 — xiii. 25.	— xvi. 1-23.	— xiii. 1-24.	— xvii. 16.
30 — xiii. 25 sy xiv. 1-13.	— xvi. 24 sy xvii. 1-13.	— xlii. 14.	— xviii. 1-23.
31 — xiv. 1-24.	— xvii. 14.	— xlii. 23 sy xlii. 1-7.	— xviii. 24 sy xix. 1-20.

NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.

FEBROARY MANANA ANDRO XXVIII.  
ANDRO XXIX KOSA AMY NY TAONA BISSEKSTILA.

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 Gen. xlvi. 26 sy xlvii. 1-12.		Mat. xviii. 1-20.	Gen. xlviil. 13.
2 <i>Ny nanadiorana any Maria Vir- jina.</i> ..		— xviii. 21 sy xix. 1-2.	Asa xix. 21.
3 Gen. xlviili.	— l.	— xix. 3-26.	— xx. 1-16.
4 — l.		— xix. 27 sy	Eksod. i.
5 Eksod. ii.		— xx. 1-16.	— xxi. 1-16.
6 — iv. 1-23.		— xx. 17.	— xxii. 17-36.
7 — v. 15 sy vi.	— vii. 1-13.	— xxi. 23.	— xxii. 1-22.
8 — vii. 14-25.	— xxii. 1-14.	— vi. 28 sy vii.	— xxii. 23 sy
9 — viii. 16 sy	— xxii. 15-40.	— 1-13.	— xxii. 11.
10 — x. 1-20.	— ix. 1-12.	— ix. 13.	— xxii. 12.
11 — xii. 1-20.	— xiiii. 13.	— xii. 21-42.	— xxv.
12 — xii. 43 sy	— xxiv. 1-23.	— xiii. 17 sy	— xxvi.
13 — xiii. 1-16.	— xiv. 10.	— xiv. 1-9.	— xxvii. 1-17.
14 — xv. 22 sy	— xxiv. 29.	— xv. 1-21.	— xxviii. 18.
15 — xvi. 1-10.	— xxv. 1-30.	— xvi. 11.	— xxvii. 1-16.
16 — xix.	— xxv. 31.	— xvii.	— xxviii. 17.
17 — xxii. 1-17.	— xxvi. 1-30.	— xx. 1-21.	Rom. i.
18 — xxiii. 1-13.	— xxvi. 31-56.	— xxii. 21 sy xxiii. 1-9.	— ii. 1-16.
19 — xxv. 1-22.	— xxvi. 57.	— xxiv.	— il. 17.
20 — xxvii. 23- 41.	— xxvii. 27- 56.	— xxviii. 1-12.	— iii.
21 — xxxi.	— xxvii. 57.	— xxix. 35 sy xxx. 1-10.	— iv.
22 — xxxii. 15.	— xxviii.	— xxxi. 1-14.	— v.
23 — xxxiii. 12 sy	— Mar. i. 1-20.	— xxxi. 1-11.	— vi.
24 <i>Any Santa Ma- tiasy.</i> ..	— xxxiv. 1-9.	— xxxi. 10-26.	— vii.
25 Eksod. xxxiv. 27.	— i. 21.	— xxiv.	— viii. 1-17.
26 — xxxix. 30.	— ii. 1-22.	— xxvii. 1-7.	— viii. 18.
27 — xl. 17.	— ii. 23 sy iii.	— xl. 1-16.	— ix. 1-18.
28 Lev. xiv. 1-22.	— iii. 13.	— Lev. ix. 22 sy x.	— ix. 19.
29 — iv. 1-34.		— iv. 1-34.	— xvi. 1-22.
30 Mat. vii.		— Mat. viii.	— x. 1-8.

NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.

MARTSA MANANA ANDRO XXXI.

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 Lev. xxv. 1-17.	Marika iv. 35- V. 20.	Lev. xxv. 18-43.	Rom. xi. I-24.
2 —— xxvi. 1-20.	— v. 21.	— xxvi. 21.	— xi. 23.
3 Fansi. vi.	— vi. 1-13.	Fansi. ix. 15-x. 10.	— xii.
4 —— x. 11.	— vi. 14-29.	— xi. 1-23.	— xiii.
5 —— xi. 24.	— vi. 30.	— xii.	— xiv. sy xv. 1-7.
6 —— xiii. 17.	— vii. 1-23.	xiv. I-25.	— xv. 8.
7 —— xiv. 26.	— vii. 24-viii. 9.	— vi. 1-22.	— xvi.
8 —— xvi. 23-xvii. 15.	viii. 10-ix. 1.	xvii. 16.	I Kor. i. 1-25.
9 —— xx. 1-13.	— ix. 2-29.	— xx. 14.	— i. 26 sy ii.
10 —— xxi. 1-9.	— ix. 30.	— xxii. 10-31.	— iii.
11 —— xxii. 1-21.	— x. 1-31.	— xxiii. 22.	— iv. 1-17.
12 —— xxiii.	— x. 32.	— xxiv.	— iv. 18 sy v.
13 —— xxv.	— xi. 1-26.	— xxvii. 12.	— vi.
14 Deot. i. 1-18.	— xl. 27-xii. 12.	Deot. i. 19.	— vii. 1-24.
15 —— ii. 1-25.	— xii. 13-34.	— ii. 26-iii. 17.	— vii. 25.
16 —— iii. 18.	— xii. 35-xiii. 13.	— iv. 1-24.	— viii.
17 —— iv. 23-40.	— xiii. 14.	— v. 1-18.	— ix.
18 —— v. 19.	— xiv. 1-26.	— vi.	— x. sy xi. 1.
19 —— vii. 1-11.	— xiv. 27-52.	— vii. 12.	— xi. 2-16.
20 —— viii.	— xiv. 53.	— x. 8.	— xi. 17.
21 —— xi. 1-17.	— xv. 1-41.	— xi. 18.	— xii. 1-27.
22 —— xv. 1-15.	— xv. 42 sy xii.	— xvii. 8.	— xii. 28 sy xiii.
23 —— xviii. 9.	— labika i. 1-25.	— xxiv. 5.	— xiv. 1-19.
24 —— xxvi.	— i. 23-45.	— xxvii.	— xiv. 20.
25 Ny. manambara- na tomy ny Vibjina .....	— i. 46.	.....	— xv. 1-31.
26 Deot. xxviii. 1- 14.	— ii. 1-20.	Deot. xxviii. 15- 46.	— xv. 35.
27 —— xxviii. 47-68.	— ii. 21.	— xxix. 8.	— xvi.
28 —— xxx.	— iii. 1-22.	— xxxi. 1-13.	— 2 Kor. i. 1-22.
29 —— xxxi. 14-29.	— iv. 1-15.	— xxxi. 33 sy xxxii. 1-13.	— i. 23-ii. 13.
30 —— xxxii. 44.	— iv. 16.	— xxiii.	— ii. 14 sy iii.
31 —— xxxiv.	— v. 1-16.	Jos. i.	— iv.

NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.

APRIL MANANA ANDRO XXX.

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 Jos. ii.	Lioka v. 17.	Josca iii.	2 Kor. v.
2 —— iv.	— vi. 1-19.	— v.	— vi. sy vii. 1.
3 —— vi.	— vi. 20.	— vii.	— vii. 2.
4 —— ix. 3.	— vii. 1-23.	— x. 1-15.	— viii.
5 —— xxii. 43-xxiii. 10.	— vii. 21.	— xxii. 11.	— ix.
6 —— xxiii.	— viii. 1-25.	— xxiv.	— x.
7 Mpitsara ii.	— viii. 26.	Mpitsara iv.	— xi. 1-23.
8 —— v.	— ix. 1-27.	— vi. 1-23.	— xi. 30-xii. 13.
9 —— vi. 24.	— ix. 29-50.	— vii.	— xii. 14 sy xiii.
10 —— viii. 32-ix. 24.	— ix. 51-x. 16.	— x.	Gali. i.
11 —— xi. 1-23.	— x. 17.	— si. 29	— ii.
12 —— xiii.	— xi. 1-23.	— xiv.	— iii.
13 —— xv.	— xi. 29.	— xvi.	— iv. 1-20.
14 Riota i.	— xii. 1-34.	Riota ii.	— iv. 21-v. 12.
15 —— iii.	— xii. 35.	— iv.	— v. 13.
16 1 Sam. i.	— xii. 1-17.	1 Sam. ii. 1-20.	— vi.
17 —— ii. 21.	— xii. 18.	— iii.	Efesiana i.
18 —— iv.	— xiv. 1-24.	— v.	— ii.
19 —— vi.	— xiv. 25-xv.	— vii.	— iii.
20 —— viii.	— xv. 11.	— ix.	— iv. 1-21.
21 —— x.	— xvi.	— xi.	— iv. 25-v. 21.
22 —— xii.	— xvii. 1-19.	— xiiil.	— v. 22-vi. 9.
23 —— xiv. 1-23.	— xvii. 20.	— xv. 24-46.	— vi. 10.
24 —— xv.	— xviii. 1-30.	— xvi.	Filipiana i.
25 S. Marika .....	— xviii. 31- xix. 10.	— ii.	
26 1 Sam. xvii. 1-30.	— xix. 11-27.	1 Sam. xvii. 31- 5t.	— iii.
27 —— xvii. 55- xviii. 16.	— xix. 28.	— xix.	— iv.
28 —— xx. 1-17.	— xx. 1-26.	— xx. 18-xxi. 1.	Kol. i. 1-20.
29 —— xxi. 2.	— xx. 27-xxi. 4.	— xxii.	— i. 21-ii. 7.
30 —— xxiii.-xxiv. 1.	— xxi. 5.	— xxiv. 2 sy xxv. 1.	— ii. 8.

NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.

MAY MANANA ANDRO XXXI.

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 <i>Ss. Filipo sy Iakobo</i> .....			Kol. iii. 1-17. iii. 18-iv. 6.
2 1 Sam. xxvi.	Lloka xxii. 1-30.	1 Sam. xxviii. 3.	
3 — xxxi.	xxii. 31-63.	2 Sam. i.	iv. 7.
4 2 Sam. iii. 17.	xxiii. 54.	— iv.	1 Tess. 4.
5 — vi.	xxiii. 1-25.	— vii. 1-17.	— ii.
6 — vii. 18.	xxiii. 26-49.	— ix.	— iii.
7 — xi.	xxiii. 50-	— xii. 1-23.	— iv.
8 — xiii. 38-xiv. 25.	xxiv. 12.		
9 — xv. 16.	Lohana i. 1-23.	— xvi. 1-13.	2 Tess. 1.
10 — xvi. 15-xvii. 23.	i. 29.	— xvii. 24.	ii.
11 — xviii. 18-nx. 1.	ii.	— xix. 2-24.	iii.
12 — nx. 24.	iii. 1-21.	— xxl. 1-11.	1 Tim. i. 1-17.
13 — xxiii. 1-23.	iii. 22.	— xxiv.	— i. 18 sy ii.
14 1 Mpunj. i. 1-27.	iv. 1-30.	1 Mpunj. i. 28-48.	iii.
15 1 Kron. xxix. 10.	iv. 31.	— iii.	iv.
16 Mpunj. iv. 29-v. 14.	v. 1-3.	— v. 15.	v.
17 — vi. 1-14.	v. 24.	— viii. 1-21.	vi.
18 — viii. 22-53.	vi. 1-21.	— viii. 54-ix. 9.	2 Tim. 1.
19 — x.	vi. 22-10.	— xi. 1-25.	ii.
20 — xi. 26.	vii. 41.	— xii. 1-24.	iii.
21 — xii. 25-xiii. 10.	vii. 1-24.	— xiii. 11.	iv.
22 — xiv. 1-20.	vii. 25.	— xv. 25-xvi. 7.	Titosy 1.
23 — xvii. 8.	viii. 1-30.	— xvii.	ii.
24 — xviii. 1-16.	viii. 31.	— xviii. 17.	iii.
25 — xix.	ix. 1-38.	— xxii.	Filomena
26 — xxii. 1-49.	ix. 39-x. 21.	2 Mpunj. i.	Hebreoi
27 2 Mpunj. ii.	x. 22.	— iv. 8.	ii. sy iii.
28 — v.	xl. 1-16.	— vi. 1-23.	1-6.
29 — vi. 24.	xl. 17-40.	— vii.	iii. 7-iv. 13.
30 — viii. 1-15.	xli. 47-xlii. 19.	— ix.	iv. 14 sy v.
31 — x. 1-17.	xlii. 29.	— x. 18.	vi.

NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.

JONA MANANA ANDRO XXX.

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 2 Mpunj. xiii.	Iohana xiii. 1-29.	Iohana xiii. 1-29.	Heb. viii. 23.
2 — xvii. 24.	— xii. 21.	— xii. 23 sy xiv.	ix.
3 2 Kron. xiii. 1-22.	— xiv.	— xvi. sy xvii.	x. 1-18.
4 — xv.	— xv.	— x-13.	x. 19.
5 — xix.	— xvi. 1-15.	— xx. 1-30.	xi. 1-16.
6 — xx. 31 sy xxii.	— xvi. 16.	— xxii.	xi. 17.
7 — xxiii.	— xvii.	— xxiv.	xii.
8 — xxv.	— xviii. 1-27.	— xxvi. sy xxvii.	xiii.
9 — xxviii.	— xviii. 28.	— xxix.	2 Mpunj. xviii. 1-8.
10 — xxix. 3-20.	— xix. 1-24.	— xix. 1-24.	2 Kron. xxx. sy xxxi. 1.
11 <i>Santa Barnabasy</i> .....			lakoba iii.
12 2 Mpunj. xviii. 13.	Iohana xix. 25.		2 Mpunj. xix. 1-19.
13 — xix. 20.	— xx. 1-18.	— xx.	2 Kron. xxxiii. 1-5.
14 Isala xxxviii. 9-20.	— xx. 19.		
15 2 Mpunj. xxii.	— xxi.	— xxi.	2 Mpunj. xxiii. 1-20.
16 — xxiii. 21.	Asa i.	— xxiv. 8-XXV.	— i. 22-ii. 10.
17 — xxv. 8.	— ii. 1-21.	Ezra i. sy iii.	7.
18 Ezra iv.	— ii. 22.	— ii.	ii. 11-iii. 7.
19 — vii.	— iii.	— vii. 15.	iii. 8-iv. 6.
20 — ix.	— iv. 1-31.	— x. 1-19.	iv. 7.
21 Neh. i.	— iv. 32-v. 16.	Neh. ii.	v.
22 — iii. 33 sy iv.	— v. 17.	— v.	2 Petera i.
23 — vi. sy vii.	— vi.	— vii. 73 sy viii.	ii.
24 <i>Santa Iohana Mpunao Batisa</i> .	— i-4.		iii.
25 Neh. xiii. 1-14.	A-sa vii. 1-34.	Neh. xiii. 15.	1 Iohana i.
26 Esterai i.	— vii. 35-viii. 4.	Esterai ii. 15 sy iii.	ii. 1-14.
27 — iv.	— viii. 5-23.	— v.	ii. 15.
28 — vi.	— viii. 26.	— viii.	iii. 1-15.
29 <i>Santa Petera</i> ...			
30 Ioba ii.	A-sa ix. 1-22.	Ioba ii.	1 Iohana iii. 16-iv. 6.

**NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.**

**JOLY MANANA ANDRO XXXI.**

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 Rôba ill.	Asa ix. 23.	Iôba iv.	1 Johana iv. 7.
2 —— v.	— x. 1-23.	— vi.	— v.
3 —— vii.	— x. 24.	— ix.	2 Johana.
4 —— x.	— xi.	— xl.	3 Johana.
5 —— xii.	— xii.	— xiii.	Ioda.
6 —— xiv.	— xiii. 1-25.	— xvii.	Mat. i. 18.
7 —— xvii.	— xiii. 26.	— xix.	— ii.
8 —— xxii.	— xiv.	— xxii. 12-28.	— iii.
9 —— xxiii.	— xv.	— xxiv.	— iv. 1-22.
10 —— xxv. sy	— xv. 1-29.	— xxvii.	— iv. 23-3.
			12.
11 —— xxviii.	— xvi. 15.	— xxix. sy	— v. 13-32.
		xxx. 1.	
12 —— xxx. 12-26.	— xvii. 1-15.	— xxxi. 13.	— v. 33.
13 —— xxxii.	— xvii. 16.	— xxxviii. 1-	— vi. 1-18.
		38.	
14 —— xxxviii. 39	— xviii. 1-23.	— xl. 1-24.	— vi. 19-vii.
	sy xxxix.		6.
15 —— xi. 25 sy xli.	— xviii. 24.	— xlii.	— vii. 7.
	xix. 20.		
16 Ohab. i. 1-19.	— xix. 21.	Ohab. i. 20.	— viii. 1-17.
17 —— ii.	— xx. 1-16.	— iii. 1-20.	— viii. 18.
18 —— iii. 27-iv. 19.	— xx. 17.	— iv. 20-v. 14.	— ix. 1-17.
19 —— v. 15.	— xxii. 1-16.	— vi. 1-13.	— ix. 18.
20 —— vii.	— xxii. 17-36.	— viii.	— x. 1-23.
21 —— ix.	— xxii. 37.	— x. 16.	— x. 24.
22 —— xi. 1-14.	— xxii. 23.	— xi. 15.	— xi.
	xxii. 11.		
23 —— xii. 10.	— xxii. 12.	— xiii.	— xii. 1-21.
24 —— xiv. 9-27.	— xxiv.	— xiv. 28-xv.	— xii. 22.
		17.	
25 <i>Santa Iakuba</i> ..	.....	.....	— xiii. 1-23.
26 Otab. xv. 18.	Asa xxv.	Ohab. xvii. 1-19.	Mat. xiii. 21-52.
27 —— xvi. 31-xvii.	— xvn.	— xviii. 10.	— xiii. 53-
	17.		xiv. 12.
28 —— xix. 13.	— xxvii.	— xx. 1-22.	— xiv. 13.
29 —— xxii. 1-16.	— xxviii. 1-	— xxii. 1-16.	— xv. 1-20.
	16.		
30 —— xxii. 10.	— xxviii. 17.	— xxv. 21.	— xv. 21.
31 —— xxv.	Rom. 4.	— xxvi. 1-20.	— xvi. 1-23.

**NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.**

**AOGOSTA MANANA ANDRO XXXI.**

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 Ohab. xxvii. 1-	Rom. ii. 1-16.	Ohab. xxviii. 1-	Mat. xvi. 21-
2 —— xxx. 1-17.	— ii. 17.	— 14.	— xvii. 13,
3 Mpitor. i.	— iii.	— xxxi. 10.	— xvii. 14,
4 —— iii.	— iv.	— Mptior. ii. 1-11.	— xviii. 1-20,
		— IV. 1-16.	— xix. 21-
5 —— iv. 17 sy v.	— v.	— vi.	— xix. 3-26,
6 —— vii.	— vi.	— viii.	— xix. 27-
7 —— ix.	— vii.	— xi.	— xx. 16,
8 —— XII.	— viii. 1-17.	— Jer. i.	— xx. 17,
9 Jer. ii. 1-13.	— viii. 18.	— v. 1-18.	— XXI. 1-22,
10 —— v. 19.	— ix. 1-18.	— vi. 1-21.	— XXII. 1-14,
11 —— vii. 1-16.	— ix. 19.	— viii. 4-22.	— XXII. 15-40,
12 —— viii. 23-ix.	— x.	— xiii. 8-23.	— XXII. 41-45,
13 —— xv.	— xi. 1-21.	— xvii. 1-18,	— XXIII. 12,
14 —— xviii. 1-17.	— xi. 23.	— xix. 1-13,	— XXIV. 1-28,
15 —— xxii.	— xii.	— xxii. 1-12.	— XXIV. 29,
16 —— xxii. 13.	— xiii.	— xxii. 1-15.	— XXV. 1-30,
17 —— xxiv.	— xiv. sy xv.	— xxv. 1-14.	— XXV. 31,
	1-7.		
18 —— xxvi.	— xv. 8.	— xxvii.	— XXVI. 1-30,
19 —— xxv. 4-19.	— XVI.	— xxx.	— XXVI. 31-56,
20 —— xxxi. 1-11.	— 1 Kor. i. 1-23.	— xxvi. 15-37.	— XXVI. 57,
21 —— xxxii. 1-13.	— i. 26 sy ii.	— xxxii. 1-14.	— XXVI. 1-26,
22 —— xxxv.	— iii.	— xxxvi. 1-13.	— XXVI. 27-56,
23 —— xxxvi. 14.	— iv. 1-17.	— xxxviii. 1-	— XXVII. 57,
24 <i>Santa Tertote-</i> <i>meo</i> ..	— iv. 18 sy v.	13.	.....
			— XXVIII.
25 Jer. xxxviii. 14.	— vi.	— Jer. xxxix.	— Mat. i. 1-20,
26 —— i. 1-29.	— vii. 1-24.	— ii. 51.	— i. 21,
27 Ezek. i. 1-11.	— viii. 25.	— Ezek. i. 15.	— ii. 1-22,
28 —— ii.	— viii.	— iii. 1-14.	— ii. 23-III.
			12,
29 —— iii. 15.	— ix.	— viii.	— III. 13,
30 —— ix.	— x. sy xi. 1.	— xi. 11.	— iv. 1-24,
		— xi. 1-16.	— iv. 35-v.
31 —— xii. 17.			20,

NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.

## SEPTEMBERA MANANA ANDRO XXX.

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 Ezek. xiii. 17.	1 Kor. xi. 17.	Ezek. xiv. 1-11.	Mar. v. 21.
2 —— xiv. 12.	—— xii. 1-27.	—— xvi. 44.	—— vi. 1-13.
3 —— xviii. 1-18.	—— xii. 23 sy xiii.	—— xviii. 19.	—— vi. 14-23.
4 —— xx. 1-17.	—— xiv. 1-19.	—— xx. 18-32.	—— vi. 30.
5 —— xx. 33-43.	—— xiv. 20.	—— xxii. 23.	—— vii. 1-23.
6 —— xxiv. 15.	—— xv. 1-34.	—— xxvi.	—— viii. 24-viii. 9.
7 —— xxvii. 1-25.	—— xv. 35.	—— xxvii. 26.	—— viii. 10-ix. 1.
8 —— xxxvii. 1-19.	—— xvi.	—— xxxi.	—— ix. 2-29.
9 —— xxxvii. 1-16.	2 Kor. i. 1-22.	—— xxxiii. 1-20.	—— ix. 30.
10 —— xxxvii. 21.	—— i. 23-ii. 13.	—— xxxiv. 1-16.	—— x. 1-31.
11 —— xxxiv. 17.	—— ii. 14 sy iii. 32.	—— xxvii. 16-	—— x. 32.
12 —— xxxvii. 1-14.	—— iv.	—— xxxvii. 15.	—— xi. 1-26.
13 —— xlviil. 1-12.	—— v.	Dan. i.	—— xi. 27-xii. 12.
14 Dan. ii. 1-23.	—— vi. sy vii. 1.	—— ii. 24.	—— xii. 13-34.
15 —— iii. 1-30.	—— vii. 2.	—— iii. 31-iv. 15.	—— xii. 35-xiii. 13.
16 —— iv. 16.	—— viii.	—— v. 1-16.	—— xiii. 14.
17 —— v. 17-vi. 1.	—— ix.	—— vi. 2.	—— xiv. 1-26.
18 —— vii. 1-14.	—— x.	—— vii. 15.	—— xiv. 27-32.
19 —— ix. 1-19.	—— xi. 1-29.	—— ix. 20.	—— xiv. 53.
20 —— x. 1-19.	—— xi. 30-xii. 13.	—— xii.	—— xv. 1-41.
21 <i>Santa Mateo</i> .....	—— xii. 14 sy xiii.	.....	—— xv. 42 sy xvi.
22 Hosea ii. 16.	Gal. i.	Hos. iv. 1-12.	Lioka i. 1-25.
23 —— v. 8-vi. 6.	—— ii.	—— vii. 8.	—— i. 26-56.
24 —— viii.	—— iii.	—— ix.	—— i. 57.
25 —— x.	—— iv. 1-20.	—— xi.-xii. 7.	—— ii. 1-20.
26 —— xlii. 1-14.	—— iv. 21-v. 12.	—— xiv. 2.	—— ii. 21.
27 Joel. i.	—— vi. 13.	Joela ii. 1-14.	—— iii. 1-22.
28 —— ii. 15.	—— vi.	—— iii.-iv. 8.	—— iv. 1-15.
29 <i>SS. Mikaeta sy ny Anjely rehetra</i> .....	.....	.....	.....
30 Joel. iv. 9.	Efes. i.	Amosa i.-ii. 3.	Lioka iv. 16.

NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.

## OKTOBERA MANANA ANDRO XXXI.

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 Amosa ii. 4-iii.	Efes. ii.	Amosa iv. 4. 8.	Lioka v. 1-16.
2 —— v. 1-17.	—— iii.	—— v. 18-vi. 8.	—— v. 17.
3 —— vii.	—— iv. 1-21.	—— viii.	—— vi. 1-19.
4 —— ix.	—— iv. 25-v. 21.	Obadia.	—— vi. 20.
5 Iona i.-ii. 1.	—— v. 22-vi. 9.	Iona ii. 2.	—— vii. 1-23.
6 —— iii.	—— vi. 10.	—— iv.	—— viii. 24.
7 Mika ii. 1-9.	Fili. i.	Mika iii.	—— viii. 1-25.
8 —— iii.	—— ii.	—— iv. 1-13.	—— viii. 26.
9 —— iv. 14 sy v.	—— iii.	—— vi.	—— ix. 1-27.
10 —— vii.	—— iv.	Nahoma i.-ii. 1.	—— ix. 28-50.
11 Naboma ii. 2.	Kol. i. 1-29.	—— iii.	—— ix. 51-x. 16.
12 Habak. i.	—— i. 21-ii. 7.	Habak. ii.	—— x. 17.
13 —— iii.	—— ii. 8.	Zel. i. 1-13.	—— xi. 1-23.
14 Zef. i. 14-ii. 3.	—— iii. 1-17.	—— ii. 4.	—— xi. 20.
15 —— iii.	—— iii. 18 sy iv.	Hag. i.	—— XII. 1-34.
16 Hag. ii. 1-9.	—— i. Tess. i.	—— ii. 10.	—— XII. 35.
17 Zek. i.	—— ii.	Zek. ii.	—— XIII. 1-17.
18 <i>Santa Lokasy....</i>	—— iii.	.....	—— XIII. 18.
19 Zek. iii.	—— iv.	Zek. iv.	—— XIV. 1-21.
20 —— v.	—— v.	—— vi.	—— XIV. 25-xv. 10.
21 —— vii.	2 Tess. i.	—— viii. 1-13.	—— XV. 11.
22 —— viii. 14.	—— ii.	—— ix. 9.	—— XVI.
23 —— x.	—— iii.	—— xi.	—— XVII. 1-19.
24 —— xii.	1 Tim. i. 1-17.	—— XIII.	—— XVIII. 20.
25 —— xiv.	—— i. 18 sy ii.	Mal. i.	—— XVIII. 1-30.
26 Mal. ii.	—— iii.	—— iii. 1-12.	—— XVIII. 31-xix. 10.
27 —— iii. 13	—— iv.	** Fahren. i.	—— XIX. 11-27.
28 <i>SS. Simona sy Inda</i> .....	—— v.	.....	—— XIX. 28.
29 ** Fahren. ii.	—— vi.	* Fahren. iv. 7.	—— XX. 1-26.
30 —— vi. 1-21.	2 Tim. i.	—— vi. 22-vii.	—— XX. 27-XXXI. 4.
31 —— vii. 15.	—— ii.	14.	—— XXXI. 5.

\* Apokry.a.

NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.

## NOVEMBRA MANANA ANDRO XXX.

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 Any ny Santa richteva .....			
2 * Fahlen. ix.	2 Tim. iii.	* Fahlen. xi. 1-14.	Lioka xxii. 1-30.
3 —— xi. 15-xii. 2.	iv.	— xvii.	xxii. 31-53.
4 * Ekklus. i. 1-13.	Titosy i.	* Ekklus. ii.	xxii. 54.
5 —— iii. 17-29.	ii.	iv. 10.	xxii. 1-25.
6 —— v.	iii.	vii. 27.	xxii. 26-40.
7 —— x. 18.	Filemona.	xiv. 1-19.	xxii. 50-xxiv. 12.
8 —— xv. 9.	Heb. i.	xvi. 17.	xxiv. 13.
9 —— xviii. 1-14.	ii. sy iii. 1-6.	xviii. 15.	Iohana i. 1-24.
10 —— xix. 13.	iii. 7-iv. 13.	xxii. 6-23.	i. 29.
11 —— xxiv. 1-23.	iv. 14 sy v.	xxiv. 24.	ii.
12 —— xxviii. 7-22.	vi.	xxxv. 15.	iii. 1-21.
13 —— xxxv.	vii.	xxxvii. 8-18.	iii. 22.
14 —— xxix. 1-12.	viii.	xxxix. 13.	iv. 1-39.
15 —— xli. 1-13.	ix.	xlii. 15.	iv. 31.
16 —— xliv. 1-15.	x. 1-18.	i. 1-24.	v. 1-23.
17 —— li. 10.	x. 19.	* Baroka iv. 1-10.	v. 24.
18 * Baroka iv. 36	xi. 1-16.	Isaia i. 1-20.	vi. 1-21.
sy v.			
19 Isala i. 21.	xl. 17.	ii.	vi. 22-40.
20 —— iii. 1-15.	xli.	iv. 2.	vi. 41.
21 —— v. 1-17.	xlii.	v. 18.	vii. 1-24.
22 —— vi.	Iakoba i.	vii. 1-16.	vii. 25.
23 —— viii. 5-17.	ii.	viii. 19-ix. 6.	viii. 1-30.
24 —— ix. 7-x. 4.	iii.	x. 5-19.	viii. 31.
25 —— x. 20.	iv.	xi. 1-9.	ix. 1-38.
26 —— xi. 10.	v.	xii.	ix. 39-x.
27 —— xiii.	1 Pet. i. 1-21.	xiv. 1-23.	x. 22.
28 —— xvii.	i. 22-iii. 10.	xviii.	xi. 1-16.
29 —— xix. 1-15.	ii. 11-iii. 7.	xix. 16.	xi. 17-46.
30 Santa Andrea ..	.....	.....	.....

\* Apokryfa.

NY KALENDARA,  
MISY NY LESONA VOATENDRY.

## DESEMBRA MANANA ANDRO XXXI.

FIVAVAHANA MARAINA.		FIVAVAHANA HARIVA.	
LESONA 1.	LESONA 2.	LESONA 1.	LESONA 2.
1 Isaia xxi. 1-12.	1 Pet. iii. 8-iv. 6.	Isala xxii. 1-14.	Iobana xi. 47-xii. 19.
2 —— xxii. 15.	iv. 7.	— xxii.	— xii. 20.
3 —— xxiv.	v.	— xxv.	— xiii. 1-20.
4 —— xxvi. 1-19.	2 Pet. i.	— xxvi. 20 sy	— xiii. 21.
5 —— xxviii. 1-13.	— xxviii. 14.	— xxviii.	— xiv.
6 —— xxix. 1-8.	— xxix. 9.	— xxix.	— xv.
7 —— xxx. 1-17.	1 Iohana i.	— xxx. 18.	— xvi. 1-15.
8 —— xxxi.	ii. 1-14.	— xxxii.	— xvi. 16.
9 —— xxxii.	ii. 15.	— xxxiv.	— xvii.
10 —— xxxv.	iii. 1-15.	— xl. 1-11.	— xviii. 1-27.
11 —— xl. 12.	iii. 16-iv. 6.	— xli. 1-16.	— xviii. 28.
12 —— xl. 17.	iv. 7.	— xlii. 1-17.	— xix. 1-24.
13 —— xl. 18-xliii.	v.	— xliii. 8.	— xix. 25.
14 —— xlvi. 1-20.	2 Iohana.	— xlvi. 21-xlv.	— xx. 1-18.
15 —— xlvi. 8.	3 Iohana.	— xlvi.	— xx. 19.
16 —— xvii.	Ioh.	— xlviii.	— xxi.
17 —— xlxi. 1-12.	Fanam. i.	— xlxi. 13.	Fanam. ii. 1-17.
18 —— l.	ii. 1-8.	— ii. 1-8.	— iii. 7.
19 —— li. 9.	iv.	— iii. 1-12.	— v.
20 —— lii. 13 sy	vi.	— iv.	— vii.
21 Santa Tomasy ..	.....	.....	.....
22 Isaia iv.	Fanam. viii.	Isala ivi.	Fanam. x.
23 —— vii.	xi.	— viii.	— xii.
24 —— ix.	xiv.	— ix.	— xv.
25 Andro Kvistmas.	.....	.....	.....
26 Santa Stefana ..	.....	.....	.....
27 Santa Iohanna ..	.....	.....	.....
28 Ny tsy manantsing ..	Fanam. xvi.	Isala ixii.	Fanam. xviii.
29 Isaia Ixi.	nix. 1-10.	— ixii.	— xix. 11.
30 —— lxiii.	xx.	— lxiv.	— xxi. 1-14.
31 —— lxv. 8.	— xxi. 15	— lxvi.	— xxii. 6.
	— xxii. 5.		

## FILAHARANA SY LALANA

*Ny amy ny Festa misindra sy ny tsimifindra mbamir' ny andro fisadiana, mandritra ny Taona.*

*LALANA ahafantarana ny iandohan' ny Festa Misindra sy ny Andro Musina.*

Ny ANDRO PASKA (fankhan' ny sisa) mandrikariva dia *Alahady* Voalohany manrika ny Feno Volana izy latsoa tony ny andro faha 31 Martsa, ta ny manaraka aty:

Ny *Alahady* eo valiny amby ny *Adventia* mandrikariva dia ny *Alahady* mifanakala, any ny Andro festany S. Andrea, na ny alohany na ny ariony.

<i>Ny Alahady</i>	<i>Sextagesima</i> <i>Secundesima</i> <i>Quinquagesima</i> <i>Quadragesima</i>	<i>dia Alahady</i>	<i>9</i> <i>8</i> <i>6</i>	<i>Herinandro alohan' ny Andro Paska.</i>
<i>Ny Alahadin' ny Rogationa</i>				
<i>Ny Andro Niakarana</i>				
<i>Ny Andro Pentekosta</i>	<i>dia</i>	<i>40 andro</i>	<i>5 herinandro</i>	
<i>Ny Alahadin' ny Triadis</i>			<i>7 herinandro</i>	<i>aorian' ny Andro Paska.</i>
			<i>8 herinandro</i>	

*FILAHARAN' ny Festa rehetra, izay hotandremana mandritra ny taona do amy ny Ekklesia.*

Ny Alahady rehetra amy ny taona.

<i>Ny Andro Festany</i>	<i>Ny Namorana</i> amy IESO KRISTY, Tomponitsika.	<i>S. Petera Apostola,</i> <i>S. Iakoba Apostola,</i> <i>S. Bartolomeo Apostolo,</i> <i>S. Mateo Apostolo.</i>
	<i>Ny Epifany</i> , Ny Nekomby, S. Paolo fanaby.	<i>S. Mikaela sy ny Anjely rehetra,</i> <i>S. Lioka Evangelista,</i> <i>SS. Simona sy Ioda Apostolo,</i> <i>Ny Santa rehetra,</i>
	<i>Ny Namorana</i> tamy ny Virjina Sambarina.	<i>S. Matias Aposolo,</i> <i>S. Tommaso Aposolo,</i> <i>S. Andrea Apostole,</i> <i>S. Tommaso Aposolo,</i>
	<i>Ny Namorana</i> tamy ny Virjina Sambarina.	<i>S. Marko Evangelista,</i> <i>SS. Filipo sy Iakoba Apostola,</i> <i>Ny Andro Niakarana Ieso Kristy ho</i> <i>ny andanitra,</i> <i>S. Barnabasy,</i> <i>S. Iohanna Mpambo batika,</i>
	<i>Ny Alatsinaina</i> sy <i>Tatata manaraka</i> ny Andro Paska, <i>Ny Alatsinaina</i> sy <i>Tatata manaraka</i> ny Andro Pentekosta.	<i>Ny Tsy Mananamy</i>

*FILAHARAN' ny Andro Fisadiana hotandremana mandritra ny Taona.*

<i>Ny Andro alaha</i> <i>Alaha</i> <i>Alaha</i> <i>Alaha</i> <i>Alaha</i>	<i>Ny Andro Niakarana</i> ny Tomponitsika.	<i>Ny Andro Pentekosta</i> sy S. Matias.
	<i>Ny Namorana</i> ny Virjina Sambarina.	<i>S. Iohanna Mpambo batika,</i>
	<i>Ny Namorana</i> tamy ny Virjina Sambarina.	<i>S. Petera sy S. Iakoba,</i>
	<i>Ny Andro Paska</i> sy ny Andro Niakarana.	<i>S. Bartolomeo</i>
		<i>S. Mateo sy SS. Simona sy Ioda,</i>
		<i>Ny Festan' ny Santa rehetra</i>

Dihio.—Raha sendra andro *Alatsinaina* no ifrahahan' ny anankiray an-ta' neko festa ireo dia ny *Asaboty* no alohany ny andro fihadiana, faisy ny *Alahady*.

- I. Ny Epopolo Andro fotomen-pitadiana.  
 II. Ny Andro Embera, dia ny *Alazobia*, sy *Zoma ary Asaboty* manaraka  
*September 14, December 13.*  
 III. Ny Andro *Rogationa*, dia ny *Alatsinaina*, sy *Tatata*, ary *Astarabia*, alohan' ny Andro Niakarana, atao hoe *Alazobia* masina.  
 IV. Ison-josa mandritra ny Taona, afak-ta-y raha sendra ANDRO KRISTMAS.

## FILAHARAN' NY ANDRO FESTA. 19

HATRAMY NY TAONA 1903 KA HATRAMY NY TAONA 1929.

<i>Taona</i> ny <i>Tompis</i>	<i>Iea volanana</i>	<i>Lidren</i> ny <i>Alahady</i>	<i>Alahady manaraka</i>	<i>Alahady ato hoe</i>	<i>Andro Paska</i>	<i>Alahady</i>	<i>Alahadin' ny Rogationa</i>	<i>Andro Niakarana</i>	<i>Andro Pentekosta</i>	<i>Alahady manaraka</i>	<i>Alahady rohantony</i>	<i>ting ny Aventina</i>
1903	IV	E	4	Feb.	8 Feb.	23 April	12 May	17 May	21 May	31 May	24 Nov.	29
1904	V	DB	3	Jan.	31	—	17	3	8	12	22	25
1905	VI	A	6	Feb.	19 Mar.	8	23	28 June	1 June	11	23	Dec.
1906	VII	H	5	—	11 Feb.	29	15	20 May	24	3	24	2
1907	VIII	G	2	Jan.	27	—	12 Mar.	31	—	5	9 May	15
1908	IX	FE	5	Feb.	16 Mar.	4 April	19	—	24	—	28 June	7
1909	X	D	4	—	7 Feb.	24	—	11	—	16	—	20 May
1910	XI	B	2	Jan.	25	—	9 Mar.	27	—	1	5	13
1911	XII	A	5	Feb.	12 Mar.	1 April	16	—	21	—	23 June	4
1912	XIII	HG	4	—	4 Feb.	21	7	—	12	—	16 May	26
1913	XIV	F	1	Jan.	19	—	5 Mar.	23 April	27	—	11	27
1914	XV	E	4	Feb.	5	—	25 April	22 May	17	—	31	24
1915	XVI	D	3	Jan.	31	—	17	—	4	—	9	13
1916	XVII	BA	6	Feb.	20 Mar.	8	—	23	—	28 June	1	11
1917	XVIII	H	4	—	4 Feb.	21	—	8	—	13 May	17	—
1918	XIX	G	2	Jan.	27	—	13 Mar.	31	—	5	—	9
1919	I	F	5	Feb.	16 Mar.	5 April	20	—	25	—	29 June	8
1920	II	ED	3	—	1 Feb.	18	—	4	—	9	—	13 May
1921	III	B	2	Jan.	23	—	9 Mar.	27	—	1	5	13
1922	IV	A	5	Feb.	12 Mar.	1 April	16	—	21	—	25 June	4
1923	V	H	3	Jan.	28 Feb.	14	—	1	—	6	—	16 May
1924	VI	GF	5	Feb.	17 Mar.	5	—	20	—	25	—	29 June
1925	VII	E	4	—	8 Feb.	25	—	12	—	17	—	21 May
1926	VIII	D	3	Jan.	31	—	17	—	4	—	9	13
1927	IX	B	6	Feb.	13 Mar.	2	—	17	—	23	—	26 June
1928	X	AH	4	—	5 Feb.	22	—	8	—	10	—	17 May
1929	XI	G	2	Jan.	27	—	13 Mar.	31	—	5	—	9

NY FILAHARAN'

## NY FIVAVAHANÁ MARAINA,

FANAO ISAN-ANDRO MANDRITRA NY TAONA.

Raha rao atomboka ny Fivavahana Maraina, dia horakin' ny Ministera ny andininy iray na mihoaatra amin' ireto tenin' ny Soratra Masina ireto, dia rao ny manaraka azy.

RAHA ny ratsy fanahy miala amy ny faharatsiana nataony, ka manao izay marina sy mahitsy, dia hovelominy ny fanahiny. *Ezek xviii. 27.*

Tsaroako ny fahadiseako, ary eo anatrehako mandrakariva ny fahotako. *Sal. li. 3.*

Afeno ny tavaao ny sahotako, ary vonoy ny heloko rehetra. *Sal. li. 9.*

Ny fanatitra ho an' Andriamanitra dia ny fanahy torotoro; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona. *Sal. li. 17.*

Ny fonareo no triatriaro, fa aza ny fitafianareo, ary nuverena aminy Iehovah Andriamanitrareo: fa mamindrafo sy miantra Izy; mahari-po sady bo famindrampo; ary manenina ny amy ny loza. *Ioel. ii. 13.*

Any ny Tompo Andriamanitray ny famindrampo sy ny famelan-keloka, satria efa niodina taminy izahay ka tsy nihaino ny feon' Iehovah Andriaman-

tray, mba handeha araka ny lalany izay nasainity napetraka teo anoloanay. *Dan. ix. 9, 10.*

Iehovah ô, anaro aho, nefá amy ny antomony hiany, fa tsy amy ny fahatezeranao, fandrao hataonao tonga tsinontsinona aho. *Ier. x. 24.*

Mibebaha hianareo, fa efa akaiky ny Fanjakar'ny Lanitra. *S. Mat. iii. 2.*

Hiainga aho, dia hody any amy ny Raiko, ka hanao aminy hoe : Raiko ô, efa nanota tamy ny lanitra sy teo anatrehanao aho, ka tsy mendrika hatao hoe zanakao intsony aho. *S. Lok. xv. 18, 19.*

Aza mifandahatra amy ny mpanomponao eo ampitserana, Iehovah ô, fa tsy misy olombelona ho marina eo anatrehanao. *Sul. cxlii. 2.*

Raha hoy isika : Tsy manana ota isika, dia mamita-tena, ary ny marina tsy mba ao anatintsika ; raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izzy, ka mamela ny fahotantsika, sy manadio antsika ho afaka amy ny tsy fahamarinana rehetra. *1 S. Iohana. i. 8, 9.*

**R**Y malala, ny Soratra Masina mampirisika antsika hiaiky sy hanambara ny helotsika sy ny haratsantsika ; ary mba tsy hanafina azy eo anatrehan' Andriamanitra Tsitoha, Raintsika any andanitra isika, fa hiaiky amy ny fo` mietritena, sy mibebaka, ary mankatô, hahazoantsika ny famelana izany noho ny fahatsarany sy ny famindrampony tsi-hita lany. Ary na dia tokony hanbarantsika amy ny fietrentena eo anatrehan' Andriamanitra rahateo aza ny fahotantsika, dia vao mainka tokony hataontsika izany, raha miangona isika, hisaotra Azy noho ny zava-tsca izay efa azontsika tamy ny tanany, sy hanao ny fiderana izay tokony ho Azy toko, sy handre ny Teniny Masina indrindra, ary hangataka izay zavatra ilaina, na ny ho any ny tenantsika, na ny ho any ny fanahantsika. Ary amin'izany dia mangatoka aminareo aho mba hiarahantsika hanatona ny lapam-pahasoavana any andanitra, amy ny fo madio sy ny feo manetritena, koa aoka hanaraka ahy hianareo manao hoe :

¶ Dia hiara-mandohalika ny mpiangona rehetra, ka hanao ny Fieken-keloka, tarihin ny Ministera.

**R**AY Tsitoha sy mamin drafo indrindra ô ; Efa diso izahay sady efa nania niala tamy ny lalanao tahaka ny ondry very. Efa nanaraka loatra ny fiheveran' ny fonay sy ny sitraponay izahay. Efa nandika ny lalanao masina izahay. Efa tsy nanao izay zavatra tokony ho nataonay izahay. Ary efa nanao izay zavatra tsy tokony ho nataonay izahay ; Ka tsy misy fahasalamana ao anatinay. Koanefa, Andriamanitra ô, mamin drafo aminay mpanota mahantra. Iantrao izay rehetra miaiky ny fahotany, Andriamanitra ô ; Avereno izay mibebaka ; Araka ny fampanantenanao ny olona nambaranao eo aminy Ieso Kristy Tompony : Ary, amy ny alalany, Ray miantra indrindra ô, Aoka izahay mba haina amy ny fanahy tsara, sy marina, sy amy ny onony, hatramy ny ankehitriny, Ho voninahitry ny Anaranao masina. Amena.

¶ Dia hitsangana ny Presbytera, ka hilaza ny Famelan-keloka, fa ny mpiangona dia mbola mandohalika hiany.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha, Rainy Ieso Kristy Tompontsika, Izay tsy tia ny fahafatesan' ny mpanota, fa aleony ny hialany amy ny haratsiany mba ho velona ; sady efa nanome fahefana sy didy ny Ministerany hilaza amy ny olony ny Famelana ny helony, raha mibebaka : Izy dia mamela heloka izay rehetra mibebaka marina, sady mino tsy mihtsaravelatsihy ny Filazantsarany masina. Koa aoka isika hifona aminy, hanomezany antsika fibebahana marina, sy ny Fanahiny Masina, mba hankasitrany izay zavatra ataontsika ankehitriny, ka ho madio sy masina ny fiainantsika sisa, hahatratrantsika ny fialiany mandrakizay amy ny farany : amy ny alalany Ieso Kristy Tompontsika.

¶ Dia eto, ary isaky ny fahataperan' ny fivavahana dia hanaly hoe "Amena" ny olona.

¶ Dia handohalika ny Ministera, ka hanao ny Fivavahana ny Tompo ; ary ny olona mbola mandohalika hiany dia miara-manonona izany aminy.

**R**AINY Izay any an-danitra, Hohamasinina anie Hatao anie ny sitraponao, Ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamele ny helokay, tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakam-pauahy. Fa manafaha anay amy ny ratsy : Fa Anao ny fanjakana, sy ny hery, ary ny voninahitra, mandrakizay. Amen.

*Dia hataony hoe :*

*Tompo ô, sokasy ny molotray.*

*Valiny.*

Ka ny vavanay hanambara ny fiderana *Anao*.

*Presbytera.*

Andriamanitra ô, faingána hamonjy anay.

*Valiny.*

*Tompo ô, faingána hanampy anay.*

¶ Dia hiteangana izy rehetra ka hanao hoe :

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninahitra ;

*Valiny.*

Tahaka ny hatramy ny taloha, sy ankehitriny : ary mandrakariva, ho mandrakizay, doria doria. Amen.

*Presbytera.*

*Miderà ny Tompo hianareo.*

*Valiny.*

Hoderaina anie ny Anaran' ny Tompo.

¶ Dia hotononina na hohiraina io Salamo manaraka io : fa amy ny Alarobia, Andro Lavenona, izay hanovana ny Salamo faha 54, sy amy ny Zoma Masina izay hanovana ny Salamo faha-51 ary amy ny Andro Paska, izay anendrena Antifona hafa, dia hajanona izy ; ary anefa amy ny andro faha-19 amy ny volana dia isan' ny Salamo roatendry rahateo izy.

VENITE, EXULTEMUS DOMINO.

SALAMO XCIV.

**A**VIA, aoka isika hihoby ho any Iehovah : aoka isika hanao feo fifaliana ho any ny Vatolampy famonjena antsika.

Aoka hankeo anatrehany amy ny fiderana isika : aoka hanao feo fifaliana ho Azy amy ny fihirana isika.

Fa Andriamanitra lehibe Iehovah : ary Mpanjaka lehibe ambonin' ny andriamanitra rehetra Izy.

Eo an-tánany ny fitcerana lalina amy ny tany : ary Azy ny tendrombohitra avo.

Azy ny ranomasina, fa Izy no nanao azy : ary ny tany maina dia noforonin' ny tánany.

Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika : aoka isika handohalika co anatrehany Iehovah, Mpanao antsika.

Fa Izy no Andriamanitsika : ary olony fiandriny sy ondry tandremany isika.

Enga anie ka ho henoinareo anio ny feony manao hoe, aza manamafy ny fonareo : tahaka ny tao Meriba, sy tahaka ny tamy ny andro tao Masa, fony tany an-efitra.

Izay nakan' ny razanareo fanahy Ahy : sy nizahany toetra Ahy, na dia efa hitany aza ny asako.

Efa-polo taona no nahamonamona Ahy tamin' izany taranaka izany ka hoy Izaho : Olona maniasia amy ny fony izy, ka tsy mahalala ny lâlako ;

Ka dia nianiana tamy ny fahatezerako aho hoe : tsy hiditra amy ny fitsaharako mihitsy izy.

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninahitra ;

Tahaka ny hatramy ny taloha, sy ankehitriny : ary mandrakariva, ho mandrakizay, doria doria. Amena.

¶ Dia hatao amin' izao ny Salamo araka ny filaharanana roatendry. Ary ao amy ny faran' ny isan-tSalamo dia atao hoe :

Ho any ny Ray, etc.

¶ Ary manaraka izany dia horakina ny Lesona voalohany ary amy ny Testamenta Taloha, araka izay voalahatra ao amy ny Kalendra, raha teg misy hafa roatendry hatao amin' izany andro izany : ny mpamakiteny dia mitsangana, ka manatrika izay rehetra tafangona eo, mba handrenesany ny teny. Ary manaraka izany, dia hotononina na hohiraina ny Fihiranana atao hoe, Te Deum Laudamus, isan-andro. Fa amy ny Adventa kosa, ary hatramy ny Septuagesima ka hatramy ny Paska, dia ny Benedicite no atao.

¶ Diniho. Alohan' ny Lesona ary, dia holazain' ny mpamakiteny hoe, Atomboka amy ny toko faha—, na amy ny andininy faha—, amy ny toko faha—, amy ny boky—. Ary rehefa voavaky dia hatao ny hoe, Tapitra ny Lesona voalohany, na faharoa.

### TE DEUM LAUDAMUS.

**M**IDERA Anao izahay, Andriamanitra ô : manaiky Anao ho Tompo izahay.

Mitsaoka Anao ny tany rehetra : Ray mandrakizay.

Midera Anao ny Anjely rehetra : ny Lanitra sy ny Heriny rehetra.

Midera Anao amy ny feo tsy mitsahatra : ny Kerobima sy ny Serafima hoe :

Masina, Masina, Masina : Tompo Andriamanitra ny Sabota.\*

Manerana ny Lanitra sy ny Tany : ny Fiandrianan' ny Voninahitao.

\* Hamaroana.

Midera Anao : ny fivorian' ny Apostolo malaza.

Midera Anao : ny fikambanan' ny Profeta \* tsara.

Midera Anao : ny hamaroan' ny Martyra mitafy lamba fotsy.

Manaiky Anao ny Ekklesia masina : manerana izao tontolo izao.

Ray manana fiandrianana : tsi-hita lany ;

Ny Zanakao be voninalitra : sy marina, ary lahilotokana ;

Ary ny Fanahy Masina : Izay Parakleto.

Hianao no Mpanjakan' ny Voninahitra : Kristy ô.

Hianao no Zanaky ny Ray : mandrakizay.

Raha vao naka ny fomban' olona hanavotana azy Hianao : dia tsy nolavinao ny ho ao ambohoky ny Virjina.

Rehefa nandresy ny fanindronan' ny fahafatesana Hianao : dia novohanao ny Fanjakan' ny Lanitra hjidiran' ny mino rehetra.

Mipetraka ao an-támana ankavanana' Andriamanitra Hianao : ao amy ny Voninalitra ny Ray.

Mino izahay fa ho avy Hianao : ho Mpitsara anay.

Izany no ifonanay aminao, mba hanampianao ny mpanomponao : izay navotanao tamy ny ranao sea indrindra.

Ataovy isan' ny Santanao izy : any amy ny voninahitra mandrakizay.

Tompo ô, vonjeo ny olonao ; ary tabio ny lovanao.

Manapaha azy : ary asandratso mandrakizay izy.

Mankalaza Anao : isanandro isanandro izahay.

Ary mitsaoka ny Anaranao : mandrakizay izahay.

Aoka ho sitrakao, Tompo ô : hiaro anay anio tsy hanota.

Mamindráfo aminay, Tompo ô : mamindráfo aminay.

Tompo ô, asehoy anay ny famindramponao : araka izay itokianay Anao.

Tompo ô, Hianao no efa nitokiako : aoka aho tsy ho menatra mandrakizay.

\* Olona voafidui' Andriamanitra ho mpilaza ny teniny.

*Na ity.*

BENEDICITE, OMNIA OPERA.

HIANAREO rehetra Asany Ichovah, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Anjelyng Ichovah, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Lanitra, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Rano izay eo ambonin' ny habakabaka, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo heriny Ichovah, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Mascandro sy Volana, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Kintana eo amy ny Lanitra, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Ranonorana sy Ando, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Rivot' Andriamanitra, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Afo sy Hafanana, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Ririnina sy Fahavaratra, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Ando sy Fanala, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Fanala sy Hatsiaka, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Ranomandry sy Orampanala, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Alina sy Andro, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Mazava sy Maizina, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Varatra sy Rahona, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Aoka ny Tany hisaotra any Ichovah : eny, aoka izy hidera sy hankalaza Azy mandrakizay.

Hianareo Tendrombohitra sy Havoana, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Zava-maniry rehetra ambonin' ny tany, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Loharano, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Ranomasina, sy Renirano, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Trozona, sy izay rehetra mihetsiketsika ao anaty rauo, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Voro-manidina, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Biby sy Omby rehetra, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Zanak' olombelona, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Aoka Israely hisaotra any Ichovah : hidera sy hankalaza Azy mandrakizay.

Hianareo Mpanompony Ichovah, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Mpisorony Ichovah, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Aina sy Fanabin' ny Marina, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Hianareo Olona masimpo sy mietritena, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Ry Anania, Azaria, sy Misaelly, misaora any Ichovah : miderà sy mankalazà Azy mandrakizay.

Aoka hisaorantsika ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina : aoka Izy hoderaintsika sy hankalazaintsika mandrakizay.

Hisaorana anie Hianao Tompo ô, ao amy ny habakabaky ny Lanitra : fa tokony hoderaina sy hohajina, ary hankalazaina mandrakizay. Amena.

**T** Rehefa vita izany, dia horakina ny Lesona faharoa ary amy ny Testamenta Vaovao. Ary dia hohiraina ny Fihirana atao hoe, Benedictus, afa-tsy raha sendra horakina amy ny Lesona roatendry izy, na amy ny Filazantsara amy ny andro Festany S. Iohana Mpanaobatisa.

## BENEDICTUS.

S. Lioka i. 68.

**H**ISAORANA anie ny Tompo, Andriamaniry ny Israeli : fa nitsinjo ny olony Izy ka nanao fana-votana ho azy ;

Arynanangana tandro-pamonjena ho antsika : tamy ny taranaky Davida mpanompony Izy.

Araka izay nampilazainy ny Profetany masina : hatramy ny fahagola.

Dia famonjena antsika amy ny fahavalontsika : sy amy ny tānān' izay rehetra mankahala antsika ;

Manefa famindrampo amy ny razantsika Izy : sady mahatsiaro ny fanekeny masina ;

Dia ny fianianana izay nianianany : taminy Abraham-a razantsika :

Hanao izay hahazoantsika hanompo Azy tsy amin-tahotra : satria afaka amy ny fahavalontsika isika.

Amy ny fahamasinana sy ny fahamarinana eo anatrehany : amy ny andro rehetra hianantsika.

Ary hianao, ry zaza, dia hatao hoe, Profetan' ny Avo indrindra : fa bialoha eo anatrehan' ny Tompo hianao, hamboatra ny lálany ;

Hanome ny olony ny fahalalam-pamonjena : amy ny famelana ny helony.

Noho ny halehiben' ny famindrampon' ny Andriamanitsika : izay niposahan' ny mazava avy any amy ny avo ho antsika ;

Hanmirapiratra amin' izay mipetraka ao amy ny maizina, sy ao amy ny aloky ny fahafatesana : hanitsy ny diantsika ho amy ny lálam-piadanana.

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninalhitra ;

Tahaka ny batramy ny taloha, sy ankehitriny : ary mandrakariva, ho mandrakizay doria doria. Amenà.

*Nu ity Salamo ity.*

## JUBILATE DEO. Salamo e.

**M**HOBIA ho any Iehovah, ry tany rehetra : manompoa any Iehovah amy ny fialiana, mankanesa eo anatrehany amy ny fihobiana.

Aoka ho fantarareo fa Iehovah no Andriamanitra : Izy no nanao antsika, ary Azy isika ; dia olony sy ondry fiandriny.

Midira eo amy ny vavahadiny amy ny fisaorana, ary eo an-kiau-jany amy ny fiderana : misaora Azy, mankalazà ny Anarany.

Fa tsara Iehovah, mandrakizay ny famindrampony : ary mihafra amy ny taranaka faramandimby ny fahamarinany.

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninalhitra ;

Tahaka ny batramy ny taloha, sy ankehitriny : ary mandrakariva, ho mandrakizay, doria doria. Amenà.

**S** Ary izao dia hotononina na hohirain' ny Ministera sy ny olona mitrangana ny Symbolon' ny Apostole ; afa-tsy amy ny andro izay hanavana ny Symbolony S. Atanasio.

**I**ZAHO mino an' Andriamanitra, Ray Tsitcha, Mpao ny lanitra sy ny tany :

Ary any Ieso Kristy, Zanani-lahitokana, Tomponsika, Izay torontoronina tamy ny herin' ny Fanahy Masina ; Nateraky Maria Virjina ; Nijaly tamy ny nanapahany Pontio Pilato ; Nohomboana tamy ny hazofijaliana, dia maty, ka nalevina ; Nidina tamy amy ny flainantsihita ; Ary nony tamy ny andro fahafelo dia nitsangana tamy ny maty ; Dia niakatra any an-danitra ; Ary mipetraka eo amy ny tānān'

ankavanana' Andriamanitra, Ray Tsitoha; Ary avy any no hihaviany indray hitsara ny velona sy ny maty.

Izaho mino ny Fanahina Masina : Ny Ekklesia Masina Katolika ; Ny Fiombonan' ny Santa ; Ny famelan-keloka : Ny Fitsanganan' ny tena amy ny maty ; Ary ny Fiamana mandrakizay. Amena.

¶ *Rehefa vita izany, dia handohalika indray ny olona rehetra, dia hatao izao Fivavahana izao, ary ny Ministera aloha no hanao hoe :*

Momba anarco ny Tompo.

*Valiny.*

Ary momba ny fanahinao.

*Ministera.*

Aoka isika hivavaka.

Tompo ô, mamindráfo aminay.

*Kristy ô, mamindráfo aminay.*

Tompo ô, mamindráfo aminay.

¶ *Dia hiara-manonona ny Fivavahan' ny Tompo ny Ministera sy ny olona.*

RAINAY Izay any an-danitra, Ilohamasinina anio ny Anaranao : Ho tonga anie ny fanjakanao : Hatao anie ny sitraponao, Ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mameleka ny helokay, tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary azo mitondra anay ho amy ny fakam-panahy : Fa manafaha anay amy ny ratsy. Amena.

¶ *Dia hitsangana ny Presbytera, ka hanao hoe :*

Tompo ô, aschoy anay ny famindramponeo.

*Valiny.*

Ary omeo anay ny famonjenao.

*Presbytera.*

Tompo ô, vonjeo ny Mpanapaka.

*Valiny.*

Ary henoy amy ny famindramponeo izahay, raha mitaraina aminao.

*Presbytera.*

Tafio sahamarinana ny Ministeranao.

*Valiny.*

Ary ampifalio ny olom-pidinao.

*Presbytera.*

Tompo ô, vonjeo ny olonao.

*Valiny.*

Ary tahio ny lovanao.

*Presbytera.*

Tompo ô, omeo fiadanana amy ny andronay.

*Valiny.*

Satria tsy misy miady ho anay, afa-tsy Ilianao irery hiany, Andriamanitra ô.

*Presbytera.*

Andriamanitra ô, diovy ny fonay ao anatinay.

*Valiny.*

Ary aza esorina aminay ny Fanahinao Masina.

¶ *Ary izao dia misy kolekta telo hatao : ny voalohany dia ny kolekta izay cfa roatendry hatao isanandro ao amy ny Komoniono.*

## NY KOLEKTA FAHAROA FANGATAHANA FIADANANA.

**A**NDRIAMANITRA ô, Hianao no fototry ny fiadanana sy mpitia ny fihavanana, ny fahalalaina Anao no fainana mandrakizay, ny fanompoana Anao no fahafahana lavoráy : Arovy amy ny fahavalonay rehetra izahay impanomponao mietritena mba tsy hatalorianay ny hery amelezany anay, hitokianay tokoa ny fiarovanao : noho ny heriny lesy Kristy Tomponay. *Amena.*

## NY KOLEKTA FAHATELO FANGATAHANA FAJASOAVANA.

**T**OMPO ô, Rainay any an-danitra, Andriamanitra Tsitoha sy mandrakizay, Hianao efa nitondra anay sea aman-tsara ho tratry ny miantombohan' ity andro ity : Arovy amy ny herinao izahay amin' izany, ary aza avela mba ho potraka akory amy ny fahotana izahay, na ho tratry ny loza na inona na inona, fa aoka hotapahinao izay rehetra ataonay, hanaovanay mandrakariva izay mety eo imasonao : any ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Dia kato amin' izao ny hira.*

**F** Rehefa vita ny hira, dia hovakina ny Firarahana araka izay coatendry, afa-tey amin' izay amakiana ny Litany.

## FIVAVAHANA HO ANY NY PRESIDENTAN' NY REPOBLIKA FRANTSAY, SY NY MANAM-PAHEFANA REHETRA.

**A**NDRIAMANITRA be fabascavana indrindra ô, mangataka aminao izahay mietritena ho any ity Fanjakana ity, ka indrindra ho an' ny Presidentan' ny Repoblika Frantsay sy ny Gouverneur

Géneral ary ny mpanolo-tsaina azy. Aoka ho sitrakao hitarika sy hanambina ny fiheverany rehetra, hampandrosoana ny voninahitrap, hanatsarana ny Ekklesianao, hiarovana sy hanambinana ity tany ity; mba handaharany sy hahavitany ny zavatra rehetra amy ny faorenana tsara sady mafy indrindra, hahatafatoetra eto aminay ny fihavanana sy ny fahasambarana, ny fahamarinana sy ny fahamasinampa-nahy, hatramy ny taranaka faramandimby. Izany, sy izay rehetra hahasoa ny Ekklesianao no angatahinay amy ny fietrentena : amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay isaorana indrindra sy Mpamonjy anay. *Amena.*

## FIVAVAHANA HO ANY NY KLERJÉ SY NY OLONA.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, Hianao hiány no manao fahagagana lehibe : Ampidino ho amy ny Eveka sy ny Klerjé rehetra aminay, sy amy ny Fiangonana rehetra izay tandremany, ny fahascavan' ny Fanahinao mahafinaritra, ary alatsaho aminy ny andon' ny fitahianao mandrakizay mba hanaovany izay rehetra sitrakao tokoa. Omeo azy izany, Tompo ô, noho ny voninahitry Ieso Kristy, Mpandahatra ny teninay sy Mpanalalana ho anay. *Amena.*

## FIVAVAHANY S. KRYSOSTOMA.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao efa nanome anay fahasoavana hiraisanay saina hangataka aminao ankchitriny izao. Hianao manaiky hanome izay angatahin' ny roa aman-telo miangona amy ny Anaranao ; Tanteraho amin' izao, Tompo ô, ny angatahinay impanomponao, araka izay antonony ho anay : ampahalahao ny fahamarinanao izahay amin' izao fainana izao ary amy ny ho avy omeo fainana mandrakizay. *Amena.*

2 Kor. xiii. 14.

**N**Y fahasoavany Ieso Kristy Tompontsika, sy ny fitiavan' Andriamanitra, ary ny firaisan' ny Fanahy Masina, ho amintsika rehetra anie mandrakizay. *Amena.*

*Tapitra izao ny filaharan' ny Fivavahana fanao isamaina.*

#### NY FILAHARAN'

## NY FIVAVAHANA HARIVA,

FANAO ISAN-ANDRO MANDRITRA NY TAONA.

---

*Raha vao atomboka ny Fivavahana Maraina, dia horakin' ny Ministera ny andining iray na mihotra amin' ireto teniu' ny Soratra Masina ireto, dia vao ny manaraka azy.*

**R**AHA ny ratsy fanahy miala amy ny faharatsiana nataony, ka manao izay marina sy mahitsy, dia hovelominy ny fanahiny. *Ezek xviii. 27.*

Tsaroako ny fahadisoaka, ary eo anatrehako mandrakariva ny fahotako. *Sal. li. 3.*

Afeno ny tavanao ny fahotako, ary vonoy ny heloko rehetra. *Sal. li. 9.*

Ny fanatitra ho an' Andriamanitra dia ny fanahy torotoro: ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataoao tsinontsinona. *Sal. li. 17.*

Ny fonareo no triatriaro, fa aza ny fitafianareo, ary miverena amin' Iehovah Andriamanitrareo: fa mamindrafo sy miantra Izy; mahari-po sady be famindrampo; ary manenina ny amy ny loza. *Ioel. ii. 13.*

Any ny Tompo Andriamanitray ny famindrampo sy ny famelan-keloka, satria esa miodina taminy izahay ka tsy nibaino ny feon' Iehovah Andriaman-

tray, mba handeha araka ny lalany izay nasainy napetraka teo anoloanay. *Dan. ix. 9, 10.*

Iehovah ô, anaro aho, nefà amy ny antomony hiany, fa tsy amy ny fabatezeranao, fandrao hataano tonga tsinontsinona aho. *Ier. x. 24.*

Mibebaha hianareo, fa efa akaiky ny Fanjakan'ny Lanitra. *S. Mat. iii. 2.*

Hiainga aho, dia hody any amy ny Raiko, ka hanao aminy hoe : Raiko ô, efa nanota tamy ny lanitra sy teo anatrehanao aho, ka tsy mendrika hataeo hoe zanakao intsony aho. *S. Luk. xv. 18, 19.*

Aza mifandahatra amy ny mpanomponao eo ampitsarana, Iehovali ô, fa tsy misy olombelona ho marina eo anatrehanao. *Sal. cxlii. 2.*

Raha hoy isika : Tsy manana ota isika, dia mampitatenà, ary ny marina tsy mba ao anatintsika ; raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izzy, ka mampela ny fahotantsika, sy manadio antsika ho afaka amy ny tsy fahamarinana rehetra.

*1 S. Iohana. i. 8, 9.*

**R**Y malala, ny Soratra Masina mampirisika antsika hiaiky sy hanambara ny helotsika sy ny haratsantsika ; ary mba tsy hanafina azy co anatrehan' Andriamanitra Tsitoha, Raintsika any andanitra isika, fa hiaiky amy ny fo mietritena, sy mibebaka, ary mankatô, hahazoantsika ny famelana izany noho ny fahatsarany sy ny famindrampony tsi-hita Jany. Ary na dia tokony hambarantsika amy ny fietrentena eo anatrehan' Andriamanitra rahateo aza ny fahotantsika, dia vao mainka tokony hataontsika izany, raha miangona isika, hisaotra Azy noho ny zava-tsoa izay efa azontsika tamy ny tanany, sy hanao ny fiderana izay tokony ho Azy toko, sy handre ny Teniny Masina indrindra, ary hangataka izay zavatra ilaina, na ny ho any ny tenantsika, na ny ho any ny fanahintsika. Ary amin' izany dia mangataka aminareo aho mba hiarahantsika hanatona ny lapam-pahasoavana any andanitra, amy ny fo madio sy ny feo manetritena, koa aoka hanaraka ahys hianareo manao hoe :

**T** Dia hiara-mandohalika ny mpiangona rehetra, ka hanao ny Fieken-keloka, tarihin' ny Ministera.

**R**AY Tsitoha sy mamindrafo indrindra ô ; Efa diso izahay sady efa nania niala tamy ny lalanao tahaka ny ondry very. Efa nanaraka loatra ny fiheveran' ny fonay sy ny sitraponay izahay. Efa nandika ny lalanao masina izahay. Efa tsy nanao izay zavatra tokony ho nataonay izahay. Ary efa nanao izay zavatra tsy tokony ho nataonay izahay ; Ka tsy misy fahasalamana ao anatinay. Koanefa, Andriamanitra ô, mampirisafo aminay mpanota mahantra. Iantrao izay rehetra miaiky ny fahotany, Andriamanitra ô ; Avereno izay mibebaka ; Araka ny fampantanenao ny olona nambaranao eo aminy Ieso Kristy Tomponay : Ary, amy ny alalany, Ray miantra indrindra ô, Aoka izahay mba hiaina amy ny fanahy tsara, sy marina, sy amy ny onony, hatramy ny ankehitriny, Ilo voninahitry ny Anaranao masina. Amena.

**T** Dia hitsanguna ny Presbytera, ka hilaza ny Famelan-keloka, fa ny mpiangona dia mbola mandohalika hiany.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha, Rainy Ieso Kristy Tompontsika, Izay tsy tia ny fahafatesan' ny mpanota, fa aleony ny hialany amy ny haratsiansy mba ho velona ; sady efa nanome fahefana sy didy ny Ministerany hilaza amy ny olony ny Famelana ny helony, raha mibebaka : Izy dia mampela heloka izay rehetra mibebaka marina sady manio tsy miha-tsaravelatsihy ny Filazantsarany masina. Koa aoka isika hifona aminy, hanomezany antsika filebahana marina, sy ny Fanahiny Masina, mba hankastrahany izay zavatra ataontsika ankehitriny, ka ho madio sy masina ny fainantsika sisà, hahatratrantsika ny fifaliany mandrakizay amy ny farany ; amy ny alalany Ieso Kristy Tompontsika.

¶ Dia eio, ary isaky ny sahataperan' ny fivavahana dia hanaly hoe "Amena" ny olona.

¶ Dia handohalika ny Ministera, ka hanao ny Fivavahana ny Tompo ; ary ny olona nibola mandohalika ho ahy dia mira-manonona izany aminy.

**DAINAY** Izay any an-danitra, Hohamasinina anie R<sup>e</sup> ny Anaranao : Ho tonga anie ny fanjakanao : Hatao anie ny sitraponao, Ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sabaza ho anay. Ary mamele ny helokay, tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakam-panahy. Fa manafaha anay amy ny ratsy : Fa Anao ny fanjakana, sy ny hery, ary ny voninahitra, mandrakizay. Amen.

*Dia hataony hoe :*

Tompo ô, sokasy ny moletray.

*Valiny.*

Ka ny vavanay hanambara ny fidevana Anao.

*Presbytera.*

Andriamanitra ô, faingána hamonjy anay.

*Valiny.*

Tompo ô, faingána hanampy anay.

¶ *Dia hitsangana izy rehetra ka hanao hoe .*

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninahitra ;

*Valiny.*

Tabaka ny hatramy ny taloha, sy ankehitriny : ary mandrakariva, ho mandrakizay, doria doria. Amen.

*Presbytera.*

Miderà ny Tompo hianareo.

*Valiny.*

Hoderaina anie ny Anaran' ny Tompo.

¶ *Dia kotononina na hohiraina ny Salamo araka ny Filaharana roatendry hatao. Ary rchéfa vita izany dia hanaraka ny Lesona roatendry ary amy ny Testamenta Taloha. Ary manaraka izany ny Magnificat, dia ny fihirana natuong Maria Virgina Sambatra, toy izao :*

**MAGNIFICAT.**

S. Lioka i. 47.

**N**Y foko mankalaza ny Tompo : ary ny fauabiko efa ravoravo tamin' Andriamanitra Mpamorony ahy.

Fa esa njery : ny fahambani-toetry ny ankizivavy Izy.

Fa indro, hatramy ny ankehitriny : dia hataon' ny taranaka rehetra ho sambatra aho.

Fa ny mahery efa nanao zavatra lehibe tamiko : ary masina ny Anaranay.

Ary ny famindrampony dia amin' izay matahotra Azy : hatramy ny taranaka fara-mandimby.

Nanao asa lehibe tamy ny sandrinny Izy : nampi-hahaka ny mpiavonavona tamy ny fiheveran' ny fony Izy.

Nampiala ny lehibe tamy ny seza-fiandrianany Izy : ary nanandratra ny ambany kesa.

Ny noana novokisany soa : fa ny manenkarena kosa nampialainy maina.

Niahy any Israelcy mpanompony Izy : fa nahatsiaro ny famindrampony.

Araka ny voalazany tamy ny razantsika : taminy Abraham, sy ny taranany mandrakizay.

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninahitra ;

Tahaka ny hatramy ny taloha, sy ankehitriny : ary mandrakariva, ho mandrakizay, doria doria. Amen.

¶ *Na ity ; afatsy amy ny andro faha 19 amy ny*

*volana, fa amin' izany andro izany dia horakina izy ao amy ny Salamo coatendry.*

### CANTATE DOMINO.

Salamo xviii.

**M**IHIRA fihiram-baovao ho any Iehovah · fa efa nanao fahagagana Izy.

Ny tānany ankavanana, sy ny sandriny masina : no nahavitany ny famonjena.

Iehovah efa nampalahfantatra ny famonjeny : teo imason' ny gentilisa no nanelhoany ny fahamariany.

Efa nahatsiaro ny famindrampony sy ny fahamarinany tamy ny taranaky Israely Izy : efa nahita ny famonjen' Andriamanitsika ny vazan-tany rehetra.

Mihobia ho any Iehovah ry tany rehetra : velomby ny hobý, ka mihirà.

Mankalazà any Iehovah amy ny lokanga : dia amy ny lokanga sy ny feo fihirana.

Amy ny trompetra sy ny fitsofana ny anjomara : ka mihobia eo anatrehan' Iehovah Mpanjaka.

Aoka hirohondrohona ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy : izao rehetra izao sy ny imponina eo aminy.

Aoka hiteha-tanana ny riaka ; aoka hiaramihobý aminy koa ny tendrombohitra eo anatrehany Iehovah : fa avy hitsara ny tany Izy.

Hitsara izao rehetra izao amy ny fahamarinana Izy : ary ny firenena amy ny fahitsiana.

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninalhitra ;

Tahaka ny hatrany ny taloha, sy ankehitriny : ary mandrakariva, ho mandrakizay, doria doria. Amena.

¶ *Ary izao dia manaraka ny Lesona ary amy ny*

*Testamenta Vaveas. Ary manaraka izany ny Nunc Dimittis dia ny fihirana nataony Symeon, toy izao :*

### NUNC DIMITTIS.

S. Lioka ii. 29.

**T**OMPO ô, ankehitriny ny mpanomponao dia alefanao amy ny fiadanana : araka ny teninao.

Fa ny masoko efa nahita : ny famonjenao, Izay namboarinao : teo anatrehan' ny firenena rebetra ;

Dia fahazavana hahazava ny firenena : sady voninalhitry ny Israely olonao.

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny vohinahitra ;

Tahaka ny hatrany ny taloha, sy ankehitriny : ary mandrakariva, ho mandrakizay, doria doria. Amena.

¶ *Na ity Salamo ity, afatsy amy ny andro faha-12 amy ny volana.*

### DEUS MISEREATUR.

**A**NDRIAMANITRA anie hamindrafo aminay, sy hitahy anay : hampamirapiratra ny tavany aminay anie Izy.

Mba ho fantatra aty ambonin' ny tany ny lálanao : ny famonjenao any amy ny jentilisa rehetra.

Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô : hidera Anao ny firenena rehetra.

Hifaly sy hihobý ny firenen-tsamihafa : satria mit-sara marina ny firenena Hianao, ny firenen-tsamihafa ambonin' ny tany dia entinao.

Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô : hidera Anao ny firenena rehetra.

Ny tany efa nahavokatra : mitahy antsika Andriamanitra, dia Andriamanitsika.

Mitahy antsika Andriamanitra : ary hatahotra Azy ny vazan-tany rehetra.

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninahitra ;

Tahaka ny hatramy ny taloha, sy ankehitriny ; ary mandrakariva, ho mandrakizay, doria doria. Amena.

**T** Ary izao dia hotonoina na hokirain' ny Ministera sy ny olona mitsangana ny symbolon' ny Apostolo.

**I**ZAHO mino an' Andriamanitra, Ray Tsitoha, Mpanao ny Lanitra sy ny Tany :

Ary any Ieso Kristy, Zanani-lahi-tokana Tompe-ntsika, Izay torontoronina tamy ny herin' ny Fanahy Masina ; Nateraky Maria Virginie ; Nijaly tamy ny nanapahanay Pontio Pilato ; Nohomboana tamy ny bazo-fijaliana, dia maty ka nalevina ; Nidina tany amy ny fainantsihita ; Ary nony tamy ny andro fabatelo, dia nitsangana tamy ny maty ; Dia niakatra any an-danitra ; Ary mipetraika eo amy ny taman' ankavaian' Andriamanitra, Ray Tsitoha ; Ary avy any no lihaviany indray hitsara ny velona sy ny maty.

Izaho mino ny Fanahy Masina ; Ny Ekklesia Masina Katolika ; Ny Fiombonan' ny Santa ; Ny Famelan-keloka ; Ny Fitsanganan' ny teny amy ny maty ; Ary ny Fainana mandrakizay. Amena.

**T** Rehefa vita izany, dia handohalika indray ny olona rehetra, dia hatao izao Fivavahana izao ary ny Ministera aloha no hanao hoe :

Momba anareo ny Tompo.

*Valiny.*

Ary momba ny fanahinao.

*Presbytera.*

Aoka isika livavaka.

Tompo ô, mamindrâfo aminay.

*Kristy ô mamindrâfo aminay.*

Tompo ô, mamindrâfo aminay.

**T** Dia hiara-manonona ny Fivarahan' ny Tompo ny Ministera sy ny olona.

**R**AINAY Izay any an-danitra, Hohamasimina anie ny Anaranao : Ho tonga anie ny fanjakanao : Ha-tao anie ny sitraponao, Ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho auay. Ary mamelâ ny helokay, tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra auay ho amy ny fakam-panahy ; Fa manafaha anay amy ny ratsy. Amena.

**T** Dia hitsangana ny Presbytera ka hanao hoe :

Tompo ô, asehoy anay ny famindramponao.

*Valiny.*

Ary omeo anay ny famonjenao.

*Presbytera.*

Tompo ô, vonjeo ny Mpanapaka.

*Valiny.*

A'y henoy amy ny famindramponao izahay, raha mitaraina aminao.

*Presbytera.*

Tafio fahamarinana ny Ministeranao.

*Valiny.*

Ary ampifalio ny olom-pidinao.

*Presbytera.*

Tompo ô, vonjeo ny olonao.

*Valiny.*

Ary tahio ny lovanao.

*Presbytera.*

Tompo ô, omeo fiadarana amy ny andronay.

*Valiny.*

Satria tsy misy miady ho anay, afa-tsyz Hianao irery hiany, Andriamanitra ô.

*Presbytera.*

Andriamanitra ô, diovy ny fonay ao anatinay.

*Valiny.*

Ary aza cscrina aminay ny Fanahinao Masina.

¶ *Ary izao dia misy kolekta telo hatao : ny roalohany dia ny kolekta izay efa roatendry hatao isan-andro ao amy ny Komoniona.*

#### NY KOLEKTA FAHAROA FANGATAHANA FIADANANA.

ANDRIAMANITRA o, avy aminao ny faniriana masina, sy ny hevitra tsara, ary ny asa marina rehetra : Omeo anay mpanomponao ny fiadanana izay tsy azon' izao tontolo izao omena, hisikiran' ny fonay amy ny fankatoavanay ny didinao, sy hanafahanao anay amy ny tahotra ny fahavalonay hiananay amy ny andronay noho ny fiarovanao anay : amy ny alalany Ieso Kristy Mpamony anay. *Amena.*

#### NY KOLEKTA FAHATELO FANGATAHANA FIAIROVANA.

TOMPO ô, mifona aminao izahay, hazavao ny fahamaizinanay ; ary aoka ny famindramponao lehibe no hiarovanao anay amy ny loza sy ny tahotra anio alina : amy ny alalany Ieso Kristy, Zanakao Lahi-tokana Mpanavotra anay.

*Dia hatao amia' izao ny hira.*

#### FIVAVAIHANA HIO ANY NY PRESIDENTAN' NY REPOBLIKA FRANTSAY, SY NY MANAM-PAHEFANA REHETRA.

ANDRIAMANITRA be fahasoavana indrindra ô, mangataka aminao izahay mietritena ho any ity Fanjakana ity, ka indrindra ho an' ny Presidentan' ny Repoblika Frantsay sy ny Gouverneur

Général ary ny mpanolo-tsaina azy. Aoka ho sitrakao hitarika sy hanambina ny fiheverany rehetra, hampandrosoana ny voninalitrapa, hanatsarana ny Ekklesianao, hiarovana sy hanabinana ity tany ity ; mba handaharany sy hahavitany ny zavatra rebetra amy ny fanorenana tsara sady mafy indrindra, hahatafatoetra eto aminay ny fihavanana sy ny fahasambarana, ny fahamarinana sy ny fahamasinam-panahy, hatramy ny taranaka faramandimby. Izany, sy izay rehetra hahasoa ny Ekklesianao no angatahinay amy ny fietrentena : amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay isorana indrindra sy Mpamony anay. *Amena.*

#### FIVAVAIHANA HIO ANY NY KLERJÉ SY NY OLONA.

ANDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, Hianao liany no manao fahagagana lehibe : Ampidino ho amy ny Eveka sy ny Klerjé rehetra aminay, sy amy ny Fianganana rehetra izay tandremany, ny fahasoavan' ny Fanahinao mahafinaritra, ary alatsaho aminy ny andon' ny fitahianao mandrakizay mba hanaovany izay rehetra sitrakao tokoa. Omeo azy izany, Tompo ô, noho ny voninahitry Ieso Kristy, Mpandahatra ny teninay sy Mpanalalana ho anay. *Amena.*

#### FIVAVAHANY S. KRYSOSTOMA.

ANDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao efa na nome anay fahasoavana hiraisanay saina hangataka aminao ankhitriny izao. Hianao manaiky hanome izay angatahin' ny roa aman-telo miangona amy ny Anaranao ; Tanteraho amin' izao Tompo ô, ny angatahinay mpanomponao, araka izay antonyon ho anay : ampbahalao ny fahamarinanao izahay amin' izao fainana izao, ary amy ny ho avy omeo fainana mauldrakizy. *Amena.*

2 Kor. xiii. 14.

**N**Y fahasoavany Ieso Kristy Tompontsika, sy ny fitiavan' Andriamanitra, ary ny firaisan' ny Fanahy Masina, ho amintsika rehetra anie mandrakizay. *Amena.*

*Tapitra izao ny filaharan' ny Fivavahana fanao isan-kariva.*

## AMY NY FIVAVAHANA MARAINA.

---

**T** Amin' ireto Festa ireto, dia ny Andro Kristmasy, ny Epifany, S. Matiasy, ny Andro Paska, ny Andro Niakarana, ny Andro Pentekosta S. Iohana Mpanaobatisa, S. Jakoba, S. Bartolomeo, S. Mateo, SS. Simona sy Ioda, S. Andrea ary ny Aladdin' ny Trinité, dia hohiraina na hotononin' ny Ministera sy ny olona mira-mitsangana amisy amy ny Fivavahana Maraina, asolo ny Symbolon' ny Apostolo, ity Fancken' ny Finoantsika Kristiana ity, izay atao noe : Ny Symbolony S. Atanasio.

## QUICUNQUE VULT.

**I**ZAY rehetra mitady famonjena : dia tsy maintsy mitana indrindra ny Finoana Katolika izy.

2 Fa raha tsy mitana izany finoana izany ho tanteraka sady tsy misy kilema izy : dia tsy maintsy ho very mandrakizay.

3 Ary ny Finoana Katolika dia izao : Ny mitsaka an' Andriamanitra Iray ao amy ny Trinité, ary ny Trinité ao amy ny Unité.

4 Tsy mampifangaroharo ny Persona : na mizara ny Substantia.

5 Fa hafa ny Persona any ny Ray, ary hafa ny any ny Zanaka : ary hafa ny any ny Fanahy Masina.

6 Kanefa iray hiany ny fomban' Andriamanitra, na ny any ny Ray, na ny any ny Zanaka, na ny any ny Fanahy Masina : ny voninalihitra dia mitovy,

ary ny fahandrianana dia miaramaharitra mandrakizay.

7 Izay any ny Ray, dia any ny Zanaka : ary any ny Fanahy Masina koa.

8 Ny Ray tsy noforonina, ny Zanaka tsy noforonina : ary ny Fanahy Masina koa tsy noforonina.

9 Ny Ray dia tsy azo ferana, ny Zanaka dia tsy azo ferana : ary ny Fanahy Masina koa dia tsy azo ferana.

10 Ny Ray dia Mandrakizay, ny Zanaka dia Mandrakizay : ary ny Fanahy Masina koa dia Mandrakizay.

11 Nef a tsy Mandrakizay telo : fa Izy telo no Iray Mandrakizay.

12 Tey izany, tsy telo no tsy azo ferana, na telo ro tsy noforonina : fa Izy telo tsy noforonina sy tsy azo ferana no Iray hiany.

13 Toy izany koa, ny Ray dia Tsitoha, ny Zanaka dia Tsitoha : ary ny Fanahy Masina dia Tsitoha.

14 Nef a tsy Tsitoha telo : fa Izy telo no Iray Tsitoha.

15 Ary kea, ny Ray dia Andriamanitra, ny Zanaka dia Andriamanitra : ary ny Fanahy Masina koa dia Andriamanitra.

16 Nef a tsy Andriamanitra telo : fa Izy telo no Andriamanitra Iray.

17 Ary kea, ny Ray dia Tompo, ny Zanaka dia Tompo : ary ny Fanahy Masina koa dia Tompo.

18 Nef a tsy Tompo telo : fa Izy telo no Tompo Iray.

19 Fa isika dia teren' ny Fampianarana Kristiana : hanaiky isam-Persona tsindiray avy ho Andriamanitra sy ho Tompo.

20 Nef a kosa isika dia raran' ny Foto-pincana Katolika : tsy hanao hoe, misy Adriamanitra telo, na Tompo telo.

21 Ny Ray dia tsy natao : tsy noforonina, tsy nateraka.

22 Ny Zanaka dia avy amy ny Ray hiany : tsy natao, tsy noforonina, fa nateraka.

23 Ny Fanahy Masina dia avy amy ny Ray sy ny Zanaka : tsy natao, tsy noforonina, tsy nateraka, fa avy aminy.

24 Koa amin' izany, misy Ray Iray, fa tsy Ray telo, ary Zanaka Iray, fa tsy Zanaka telo : ary Fanahy Masina Iray, fa tsy Fanahy Masina telo.

25 Nef amin' io Trinité io dia tsy misy izay azo atao hoe : aloha sy aoriana, na ambony sy ambanay,

26 Fa miara-maharitra mandrakizay : ary mitovy ny Persona telo.

27 Koa dia araka izay rehetra voalaza : ny Unité ao amy ny Trinité, ary ny Trinité ao amy ny Unité dia tsy maintsy itsaohana.

28 Ka izay rehetra mitady famonjena : dia araka izany no tsy maintsy ilheverany ny amy ny Trinité.

29 Nef a izao koa dia tsy maintsy hatao halhazoana famonjena mandrakizay : dia ny mino marina ny Inkarnationany Ieso Kristy Tompontsika.

30 Fa izao no Finoana marina, dia ny mino sy manaiky : fa Ieso Kristy Tompontsika, Zanak' Andriamanitra, dia Andriamanitra sy Olona.

31 Andriamanitra Izy avy amy ny Substantian' ny Ray, nateraka talohan' izao rehetra izao : ary Olona Izy avy amy ny Substantian' ny Reniny, nateraka teo amin' izao tontolo izao.

32 Andriamanitra tanteraka sy Olona tanteraka Izy : dia manana nefon' olona sy fanahy misy saina.

33 Mitovy amy ny Ray raha araka ny Fomban Andriamanitra : nef a ambanin' ny Ray raha araka ny Fomban' olona.

34 Ary Izy na dia Andriamanitra sy Olona aza : nef a tsy Kristy roa fa Iray hiany.

35 Iray, tsy noho ny niovan' ny Fomban' Andriamanitra ho nofo : fa noho ny nandraisian' Andriamanitra ny Fomban' olona.

36 Iray tokoa : tsy noho ny Substantia misangaroharo fa noho ny Personany no Iray.

37 Fa tahaka ny nofo sy ny fanahy misy saina tafakambana no Olona iray : dia tahaka izany koa Andriamanitra sy Olona tafakambana no Kristo iray.

38 Izay nijaly mba hamonjy antsika : niditra tany amy ny Fianantsihita, ka nitsangana tamy ny maty nony tamy ny andro fahatelo.

39 Niakafra any an-danitra Izy, mipetraka eo amy ny tanan' ankavan'an' ny Ray, Andriamanitra Tsitoha : ary avy any no ihaviany indray hitsara ny velona sy ny maty.

40 Amy ny fihaviany no hitsanganan' ny olona rehetra mibamin' ny tenany : ary hanambarany ny asa nataony.

41 Ary izay rehetra efa nanao tsara dia hankany amy ny fainana mandrakizay : fa izay efa nanao ratsy kosa dia hankany amy ny afo mandrakizay.

42 Izany no finoana Katolika : ary izay tsy mino izany marina tokoa dia tsy halita famonjena.

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka, etc.

Tahaka ny hatramy ny taloha, etc. Amena.

## NY LITANY.

---

*\* Ary izao dia kokirainy na hotononina ny Litany, rehetra vita ny fivavahana maraina isan-Alahady, sy Aborobit, sy Žoma, ary koa raha tendren' ny Erekta na ny solony hateo izany.*

**A**NDRIAMANITRA Ray any an-danitra ô ; maminindrâfo aminay mpanota mahamantra.

*Andriamanitra Ray any an-danitra ô : maminindrâfo aminay mpanota mahamantra.*

Andriamanitra Zanaka, Mpanavotra izao tontolo izao ô ; maminindrâfo aminay mpanofa mahamantra.

*Andriamanitra Zanaka, Mpanavotra izao tontolo izao ô : maminindrâfo aminay mpanota mahamantra.*

Andriamanitra Fanahy Masina avy amy ny Ray sy ny Zanaka ô : maminindrâfo aminay mpanota mahamantra.

*Andriamanitra Fanahy Masina avy amy ny Ray sy ny Zanaka ô : maminindrâfo aminay mpanota mahamantra.*

Trinité masina isacrana sy malaza ô, Persona telo nefà Andriamanitra Iray ; maminindrâfo aminay impatota mahamantra.

*Trinité masina isacrana sy malaza ô, Persona telo nefà Andriamanitra Iray : maminindrâfo aminay mpanota mahamantra.*

Tempo ô, aza mabatsiaro ny fahadisoanay, na ny fahadisan' ny razanay, ary aza mainaly anay araka ny fahotanay ; iantrao izahay, Tempo tsara ô,

iantrao ny olonao, izay navotanao tamy ny ranao soa indrindra, ary aza tezitra aminay mandrakizay.

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Amy ny faharatsiana sy ny loza rehetra; amy ny fahotana; amy ny fitaky ny devoly sy ny fameliny anay; amy ny fahatezeranao, ary amy ny fapanemohana mandrakizay.

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Amy ny fahajambam-po rehetra; amy ny fiavonavonana; amy ny faniriana ny laza foana sy ny fibatsarambelatsihy: amy ny fialonana sy ny fankahalana sy ny lolom-po, ary ny tsi-litiavana rehetra.

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Amy ny fijangajangana sy ny fahamamoana ary ny fahotaua hafa mahafaty rehetra; ary amy ny fitaka rehetra ataon' izao tontolo izao sy ny nofo ary ny devoly.

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Amy ny varatra sy ny tafiodrivetra; amy ny aretin-dratsy misfindra sy ny mosary; amy ny aly sy ny vonoan' olona ary amy ny fahafatesana tam-poka.

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Amy ny fikomiana rehetra, sy ny teti-dratsy mifina, ary ny fiodinana; amy ny fampianarana tsy marina rehetra, sy ny heresy, ary ny fisarahana; amy ny fahasaro tam-po; ary amy fanevatevana ny Teninao sy ny Didinao.

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Noho ny mysterion' ny Inkarnationanao Masina, noho Hianao nateraka sy noforana, noho Hianao natao batisa sy nifady, ary nalaim-panahy.

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Noho Hianao fadiranovana sy nandatsa-dinitra nisy ra, noho Hianao nibantona teo amy ny Hazo fijaliana, sy miaritra fahoriane be, noho Hianao maty, sy nalevina, noho Hianao nitsangana tamy ny maty, sy miakatra any an-danitra, ary noho ny Fahanahy Masina tafulina.

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Amy ny andro rehetra ahorianay, amy ny andro rehetra ahafinaretanay, amy ny andro hahafatesanay, ary amy ny andro fitsarana.

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Izahay mpaniota mifona aminao, Tompo Andriamanitra ô, mihainoa anay; ary aoka mba ho sitrakao hitarika sy hanapaka ny Ekklesianao Masina Katalika amy ny lâlana marina.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hitahy sy hitandrina ny Presidentan' ny Repoblika Frantsay sy ny Gouverneur Général ary ny manampahefana rehetra;

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hanazavasaina ny Eveka, sy ny Presbytera, ary ny Diakona rehetra, amy ny fahalalana marina sy ny fahafantarana ny Teninao, mba hanambara sy haneho izany amy ny tori-teniny sy ny fitondrantenany izy.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hanome fahazavana, sy fahendrena, ary fahalalana ny Mpanolo-tsaina sy ny Mpanapaka rehetra.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hitahy sy hitandrina ny Mpitsara, sy hanome azy ny fahasoavana mba hanaovany ny mahitsy, sy hitandremany ny marina;

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hitahy sy hitandrina ny olonao rehetra.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hanome ny firenena rehetra firaiana, sy fiadanana, ary fifankatiavana.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hanome anay fo tia sy matalotra Anao ary mazoto mantraka ny didiniao.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hanome ny olonao rehetra fitomboam - pahasoavana, hihainoany ny Teninao amy ny fietrentena, sy handraisany Azzy amy ny fitiavana madio; ary hahavokarany ny vokatry ny Fanahy.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hamerina izay rehetra esa tafavily sy voasitaka ho amy ny lélana marina.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hanatanjaka izay rehetra mijoro tsara, ary hampionona sy hanampy izay kivy fo, ary hanangana izay potraka; ary hampionondrika any Satana eo ambanin' ny tongotray amy ny farany.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hanampy, sy hamonjy, ary hampionona izay rehetra tra-doza sy mana-manjo, ary zeim-pahorianana.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hitandrina izay rehetra mandeba na eny an-tanety na eny ambony rano, sy ny vehivavy rehetra izay miteraka, sy ny olona maniry rehetra, sy ny zaza-madinika rehetra, ary

haschonao ny famindramponao amy ny ao an-trano maizina sy ny sambo-belôna rehetra;

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hiaro sy hamelona ny kamboty, sy ny mpitendratena, ary izay rehetra manirery sy ory.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hamindrafô any ny olona rehetra.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hamela ny heloky ny fabavalonay, ny impanenjika anay, sy ny mpifosa anay, ary mba hanova ny fony.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hanome sy hitahiry ny vokatry ny tany samy araka ny karazany avy, hahavokisany anay amy ny fotoany.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hanome anay fibebahaha marina; hamela ny fahotanay rehetra ny tsi-fitandremay, sy ny tsi-fahalalanay; ary hampidina aminay ny fabasoavan' ny Fanahinao Masina, hanitsianay ny fitoudranteranay araka ny Teninao masina.

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Zanak' Andriamanitra ô : mihainoa anay.

*Zanak' Andriamanitra ô : mihainoa anay.*

Zanak' ondrin' Andriamanitra ô : Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao.

*Omeo anay ny fiadananao.*

Zanak' ondrin' Andriamanitra ô : Izay manaisotra ny fanotan' izao tontolo izao.

*Mamindrâfô aminay.*

Kristy ô, mihainoa anay.

*Kristy ô, mihainoa anay.*

Tompo ô, mamindrâfo aminay.

*Tompo ô, mamindrâfo aminay.*

Kristy ô, mamindrâfo aminay.

*Kristy ô, mamindrâfo aminay.*

Tompo ô, mamindrâfo aminay.

*Tompo ô, mamindrâfo aminay.*

¶ Dia hiara-manonona ny Firavarahan' ny Tompo ny Presbytera sy ny mpiangona.

RAINAY Izay any an-danitra ; Hohamasinina anie ny Anaranao : Ho tonga anie ny fanjakanao ; Hatao anie ny sitraponao, Ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamekà ny helokay, tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakam-panahy ; Fa manafaha anay amy ny ratsy. Amena.

*Presbytera.*

Tompo ô, aza manome anay araka ny fahotanay.

*Valiny.*

Ary aza mamaly anay araka ny helokay.

Aôka isika hivavaka.

A NDRIAMANITRA, Ray mamindrâfo ô, Iianao tsy manamavo ny fisentean' ny fo mibebaka, sy ny fanirian' ny malahelo ; Ampio amy ny famindramponao ny vavakay izay ataonay eo anatrelianao, noho ny loza manjo anay sy ny fahorianana rehetra izay ampahoriany anay : ary henoy amy ny fiantranao izahay, mba ho tsinontsinona ireo faharatiana ireo izay ataon' ny devoly na ny olona amy ny fiendrena sy ny fanangolena hanohitra anay, ary

mba hofoanan' ny fahatsaran' ny fitondranao izy : mba tsy ho resin' ny fanenjehana akory izahay mpanponao, ka dia hisaotra Anao mandrakariva eo amy ny Ekklesianao masina : amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay.

*Tompo ô mitsangána, ka ampio izahay, ary afaho izahay noho ny Anaranao.*

A NDRIAMANITRA ô, efa ren' ny sofinay, ary nambaran' ny razanay taminay, ny asa malaza nataonao tamy ny androny, ary tamy ny andro fahiny.

*Tompo ô, mitsangána, ka ampio izahay, ary afaho izahay noho ny voninahitrapo.*

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninahitrapo :

*Valiny.*

Tahaka ny hatramy ny taloha, sy ankehitriny : ary mandrakariva ho mandrakizay, doria doria. Amena.

Arový amy ny fahavalonay izahay, Kristy ô.

*Tsinjory amy, ny fahasoavanao ny fahorianay.*

Jereo amy ny fiantranao ny alahelon' ny fonay.

*Mamekà ny fahotan' ny olona amy ny famindramponao.*

Henoy ny vavakay amy ny fitiavanao sy ny famindramponao.

*Zanaky Davida ô, mamindrâfo aminay.*

Aoka ho sitrakao hihaino anay ankehitriny, sy mandrakizay, Kristy ô.

*Henoy izahay, Kristy ô, amy ny fahasoavanao ; henoy izahay, Kristy Tompo ô, amy ny fahasoavanao.*

*Presbytera.*

Tompo ô, asehoy anay ny famindramponao.

*Valiny.*

Araka ny itokianay anao.

Aoka isika liwavaka.

**M**IFONA aminao amy ny fietrentena izahay, Ray ô, jereo amy ny famindramponao ny fabale-menay : ary noho ny voninalitry ny Anaranao, aza avela hihatra aminay ireo loza ireo, izay tokony hahazo anay marinariana : ary amy ny fahorianay rehetra dia aoka hatoky sy hanantena ny famindramponao izahay ary hanompo Anao mandrakariva amy ny fitondrantena masina sy madio, ho lizanao sy voninahitrapo ; noho ny any Ieso Kristy Mpandalana anay tokana sy Mpandalatra ny teninay. *Amena.*

### FIVAVAHANY S. KRYSOSTOMA.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao efa nanome anay fahasoavana hiraisanay saina hangataka aminao ankhitriny izao : Hianao manaiky hanome izay angatahin' ny roa aman-telo miangona amy ny Anaranao. Tantarafo amin' izao Tompo ô, ny angatahinay impanomponao, araka izay antonony ho anay : ampahalalao ny fahamarananao izahay amin' izao fiainana izao, ary amy ny ho avy omeo fiainana mandrakizay. *Amena.*

2 Kor. xiii. 14.

**N**Y fahasoavany Ieso Kristy Tompontsika, sy ny fitiavan' Andriamanitra, ary ny fiaisan' ny Fanahy Masina, ho amintsika rehetra anie mandrakizay. *Amena.*

*Tapitra izao ny Litany.*

### FIVAVAHANA SY FISAORANA,

METY HATAO ALOHAN' NY FIVAVAHANY

S. KRYSOSTOMA.

¶ *Fivavahana hatao isan' andro, amy ny folovana atao hoe Embra, ho ony izay hotendreha hanao ny raharahan-pivavakana ao amy ny Ekklesia.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Rainay any an-danitra, ny ra scan' ny Zanakao malalanao no nividiananao ny Ekklesia Katolika ho Anao ; Tsinjoyvny amy ny famindramponao izy, ary aoka hotari-hinao sy hotapahinao amin' izao fotoana izao ny sain' ny Eveka impanomponao sy mpanidry ny ondriniao, mba tsy hametrahany tâmana tampoka na amin' iza na amin' iza, fa ho mahatoky sy ho hendry izy hisidy izay olona mendrika hanompo amy ny raharahan' ny Ekklesianao masina : Ary omeo ny fahasoavano sy ny fitahianao avy any an-danitra ho any izay hotendreha ho amy ny fitandremana masina : mba hanchoany ny voninahitrapo amy ny fitondrantenany sy ny fampianaranay sy hampandrosany ny famonjena ny olona rehetra; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Na ihy.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy Mpanome ny fânamezana soa rehetra ô, Hianao efa nanendry filaharana samihafa eo amy ny Ekklesianao noho ny fitandremanao masina azy ; Mifona aminao amy ny fietrentena izahay, omeo ny fahasoavano izay rehetra hantsoina hitondra raharaha na inona na inona eo aminy ; ary fenoy ny fahamarinan' ny teninao izy, ka omeo ny fitondrantena madio, mba hanompeany marina eo anatrehanao ho vonilabity

ny Anaranao lehibe sy ho fanatsarana ny Ekklesia-nao masina : amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**¶ Firavahana fungatahana firaiana.**

**A**NDRIAMANITRA ô, Rainy Ieso Kristy Tomponay sy Mpamony anay, ary Andrian' ny Fihavanana : Omeo fahasoavana izahay, mba hieritreretanay mafy ny loza lehibe izay manodidina anay, noho ny fisarahana mampalahelo eto aminay. Esorij aminay ny fankahalana sy ny hevitra mijery ilany foana rehetra, ary na inona na inona izay misakana anay tsy hifankatia sy hibavana amy ny fahamasiana. Ary satria iray ny tena, sy iray ny Fanahy, ary iray ny fanantenana momba ny fiantsoana anay, iray ny Tompo, iray ny Finoana, iray ny Batisa, iray Andriamacitra sady Rainay rehetra, dia aoka izahay rehetra hiray fo sy fanahy hatramy ny ankehitriny, ka ho tafakambana amy ny fehin' ny Fahamarinana sy ny Fihavanana sy ny Finoana ary ny Fifankatiavana, mba hiarahanay mankalaza Anao amy ny saina iray sy amy ny vava iray : amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**¶ Firavahana mety hatao manaraka ireo aloha ireo.**

**A**NDRIAMANITRA ô, tena toetrao mihitsy ny mamindrafo sy manafaka mandrakariva : Raiso ny vavaka ataonay amy ny fietren-tena, ary na dia voafatotry ny gadran' ny fahadisoanay aza izahay, dia aoka ny famindramponao no hanafaka anay ho voninahity Iesosy Kristy Mpandalalama anay sy Mpandahatra ny teninay. *Amena.*

**¶ Firavahana tokony hatao ho any ny olombelona rehetra raha tsy voatendry hatao ny Litany.**

**A**NDRIAMANITRA ô, Hianao no Mpamorona sy Mpiaro ny olombelona rehetra, mifona aminao amy ny fietrentena izahay ho any ny olona rehetra, na manao ahoana na manao ahoana ny toetrahy :

aoka ho sitrakao mba hampabalala azy ny lâlanao sy hampahafantatra ny firenena rehetra ny famonjenao mahafinaritra. Indrindra mivavaka aminao izahay mba hitoetra tsara ny Ekklesia Katolika ; aoka mba hotarihina sy hotapahin' ny Fanahinao tsara izy ; ka dia hotarihina ho amy ny lâlana marina izay manaiky sy manao ny tenany ho Kristiana, ka hitana ny Finoana amy ny firaisan' ny fanahy, sy amy ny fehim-pihavanana, ary amy ny fahamarinai' ny fitondrantena. Ary dia atolotray ho amy ny fahasoavano, Ray ô, izay rehetra ory sy malahelo, na amy ny saina, na amy ny tena, na amy ny toetra ; \* [indrindra fa izay maniry ny \* Ity no atao raha misy firavahany] acka ho sitrakao maniry ny fivavahen' ny mba hampionona sy hanafaka Fianganana. azy araka izay ilainy ; ampaherezo izy hahazaka izay manjo azy, ary omeo fahafahana mahafinaritra amy ny fahoriany rehetra. Mangataka izany izahay noho ny fitiavany Ieso Kristy. *Amena.*

**¶ Fisiorana noho ny zavatra rehetra.**

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Rain' ny famindrampo rehetra, misaotra anao indrindra izahay mpanomponao tsi-mendrika, noho ny fahasoavanao sy ny famindramponao rehetra aminay, sy amy ny olona rehetra ; \* [indrindra amin' izay maniry ankehitriny izao hanatitra fiderana \* Hatao raha misy manisy fisiorana noho ny famindrampo izay vao nasehonao ny famindrampo esa azony. taminy]. Misaotra Anao izahay noho ny naharianao anay, sy ny fitandremao anay, ary ny fitahiana rehetra amin' izao fainana izao : fa indrindra noho ny fitiavanao tsara tokoa, tamy ny nanavotany Ieso Kristy Tomponay an' izao tontolo izao ; noho ny fahazoam-pahasavana, sy ny fanantenam-boninahitra. Ary dia mangataka aminao izahay, ampihevero marina ny fiantranao rehetra izahay, mba ho feno saotra ny fonay, hanehoanay ny fiderana Anao, tsy amy ny molotray hiany, fa amy ny fitondrantenanay koa ; dia amy ny anolorauay ny tenanay

hanompo Anao, sy ny handeharanay eo anatrebanao  
amy ny fahamasinana sy ny fahamarinana amy ny  
andro rehetra iainanay : amy ny alalany Ieso Kristy  
Tomponay, Izay omeim-boninahitra miaraka aminao  
sy ny Fanahy Masina, mandrakariva ho mandra-  
kizay. *Amena.*

NY KOLEKTA SY NY

EPISTOLA ARY NY FILAZANTSARA  
HATAO MANDRITRA NY TAONA.

NY KOLEKTA SY NY

EPISTOLA ARY NY FILAZANTSARA  
HATAO MANDRITRA NY TAONA.

*Diniko: ny Kolekta voatendry hatao isan' Alahady, na amy ny Festa izay manana Vijly na Vespera, dia hatao kot amy ny Firavahana Harica mialoha izany Andro izany.*

NY ALAHADY VOALOHANY AMY NY ADVENTA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, omeo fahasoavana izahay, mba hanarianay ny asan' ny maizina sy hitafianay ny fadian' ny mazava amin' izao flainana mihelina izao, izay nahatongavany lesy Kristy Zanakao tamy ny fanetrentena lehibe ho aty aminay; mba hitsangananay ho amy ny flainana tsy mihelina amy ny andro farany, izay lihaviany indray amy ny fahandrianany lehibe hitsara ny velona sy ny maty: amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay, izay miara-belona sy miara-manjaka aminao sy ny Fanaly Masina ankehitriny sy mandrakizay. *Amena.*

*Ity Kolekta ity dia hovakina isan' andro manuraka ny Kolekta voatendry amy ny Adventa hatramy ny Vesperany Kristmasy.*

*Ny Epistola.* Rom. xiii. 8.

**A**ZA avela hisy tsy voaloa na amin' iza na amin' iza, afat-sy ny hisfankatia; fa izay tia ny namany dia efa nahatanteraka ny lalana. Fa ny hoe : " Aza mijangajanga, aza mamono mahafaty amin' olona, aza mangalatra, aza mety ho vavolombelona mandainga, aza mitsiriritra zavatr' olona," sy izay didy hafa na inona na inona, dia samy efa ao amin' izao teny izao hoe : " Tiava ny namana tahaka ny tenanao." Ny fitiavana tsy manisy ratsy ny namana; koa dia ny fitiavana no fahatanterala ny lalana. Ary tokony hanao izany indrindra isika, satria mahafantsatra ny andro, fa ankehitriny izao tokony ho efa nifola amy ny fatoriana isika ; fa ankehitriny ny famonjena antsika dia akaiky noho ny tamy ny andro vao ninoantsika. Efa ho lasa ny alina, ka efa omby akaiky ny andro; koa aoka hariansika ny asan' ny maizina ka hitafantsika ny fadian' ny mazava. Aoka isika hitondra tena tsara toy ny amy ny andro ; tsy amy ny laolao ratsy, na amy ny fahamamoana, tsy amy ny fijangajangana, na amy ny fabajejojeoana, tsy amy ny fifandiranana, na amy ny fialonana. Fa itafio Ieso Kristy Tompo, ary aza mialhy ny amy ny nofo amin' izay bahataterahanana ny filany.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xxi. 1.

**A**RY raha nanakaiky any Jerosalema izy ka bantao Betfage, any an-tendrombohitra Oliva, dia baniraka mpianatra roa lalih Ieso ka nanao taminy hoe : Maukanesa eroa amin' iroa volitra tandritareo irea, ary miaraka amin' izay dia hahita boriky misfatotra sy ny zanany eo amiby hianareo; vahao izy, dia ento ety amiko. Ary raha misy manao teny aminareo, dia lazao hoe : Misy raharaha hanalan' ny Tompo azy; dia hampanateriny miarakaminizay izy. Izany rehetra izany dia tonga mba bahatanterahan' izay nampilazaina ny profeta hoe : Lazao amy ny zanakavaviny Ziona : Indro, ny Mpanjakanao avy ho anao, malemy fanahy sady

nitaingina boriky, dia zanaky ny boriky miasa. Ary dia nandeha ny mpianatra ka nanao araka izay nandidiany Ieso azy, dia nitondra ny boriky sy ny zanany izy, dia nameiraka ny lambany tee amboniny, ka Ieso dia natainginy teo. Ary ny vahoaka nameiraka ny lambany tamy ny lalana; ary ny sasany manapaka rantsai-kazo, dia nahahany teny an-dàlana izany. Ary ny ankabiazan' ny vahoaka izay niolahia Azy sy nanaraka dia niantso hoe; Hosana ho any ny Zahaky Davida; Hisorana anie izay avy amy ny anaranay Iehovah; Hosana ao amy ny avo indrindra. Ary nony efa tafiditra tao Jerosalema Izy, dia nihorakoraka ny tanàra rehetra ka nanao hoe : Iza moa izao? Ary ny vahoaka nilaza hoe : Izao no Ieso, Profeta izay avy any Nazareta any Galilea. Ary Ieso niditra teo amy ny kianjan' ny tempolin' Andriamanitra, dia nandroaka izay rehetra nivarotra sy nividy teo amy ny kianjan' ny tempoly ka nani-jera ny Jatakatry ny imparakalo vola sy ny fipe-trahan' ny mpivaretia ny voromailala; dia hoy Izy taminy : Efa voasoratra hoe : " Ny tranoko hatao hoe trano-fivavahana," fa hianareo efa nanao azy ho " zohy fieren' ny jiolahy."

NY ALAHADY FAHAROA AMY NY ADVENTA.

*Ny Kolekta.*

**T**OMPO Isaorana ô, Hianao efa nampanoratra ny Soratra Masina rehetra ho fianaranay, aoka izahay mba lihai no sy hamaky sy hihevitra sy hianatra ary handinika azy ao amponay, sady aoka ny faharetana sy ny fampifalian' ny Teninao Masina no hilazonanay sy hitananay mafy ny fanantenana ny fiainana mandrakizay mahafinaritra, izay efa nomenao anay; amy ny alalany Ieso Kristy Mpamonyj anay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Rom. xv. 4.

**F**A izay rehetra voasoratra fahiny dia nosoratana ho fianarantsika hananantsika ny fanantenana amy ny faharetana sy ny fiononana avy amy ny

Soratra Masina. Fa Andriamaniry ny fabaretana sy ny fiononana anie hampiray hevitra anareo araka any Kristy Ieso, mba ho saina iray sy vava iray no bizarahanaareo mankalaza an' Andriamanitra, Rainy Ieso Kristy Tompontsika. Kea misfampandraisana bianareo tahaka ny nandraisany Kristo antsika koa ho voninahitr' Andriamanitra. Fa lazaiko fa Ieso Kristy efa tonga mpanompon' ny voafora noho ny sahamarinan' Andriamanitra lahafò ny teny fikasana tamy ny razana, mba hankalazan' ny gentilisa an' Andriamanitra koa noho ny famindrampo; araka ny voasoratra hoe : "Izany no hiderako Anao any amy ny gentilisa sy hankalazako ny anaranano." Ary hoy indray Izzy : "Miravoravo, ry gentilisa, mbamby ny olony." Ary koa : "Miderà any Iehovah, ry gentilisa rehetra, ka mankalaza Azy, ry firenena rehetra." Ary hoy koa Isaia : "Hisy solofony Iese, dia Izay hitsaugana hanapaka ny gentilisa; Izzy no hitokian' ny gentilisa." Ary ny Andriamaniry ny fanantenana anie hameno anareo amy ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amy ny finoanareo, mba hitombaanareo amy ny fanantenana noho ny herin' ny Fanahy Masina.

*Ny Filazantsara.* S. Lioka xxi. 25.

**A**RY hisy famantaranana eo amy ny masoandro sy ny volana ary ny kintana, ary ambonin' ny tany faherian' ny firenena amy ny fahaverezan-kevitra, sady hirohondrohona sy hauouja ny ranomasina, ka ho reraka ny fon' ny olona uobo ny fabatalorany sy ny fandrasy ny izay zavatra ho tonga ambonin' ny tany; fa ny herin' ny lanitra hohozongozonina. Ary amin' izany andro izany dia habita ny Zanak' olona avy eo amy ny rahona amin-kery sy voninahittra lehibe izy. Ary raha vao miandoha izany zavatra izany dia miandrindrà ka manandrata ny lohanareo; fa manakaiky ny fana-votana anareo. Ary Izzy nanao fanoharana taminy hioe: Jereo ny aviavy sy ny hazo rehetra. Raha hitanareo fa vao mitsimoka ireo, dia fantatrareo

hiany fa efa akaiky sahady ny fahavaratra. Dia tahaka izany koa hianareo, raha vao hitanareo fa tonga izany zavatra izany, dia mahafantara fa akai-ky ny fanjakan' Andriamanitra. Lazako aminareo marina tokoa, fa tsy ho levona ity faranaka ity mandrapahatongan' izany rehetra izany. Ho levona ny lanitra sy ny tany, fa ny teniko tsy ho levona.

NY ALAHADY FAHAROA AMY NY ADVENTA.

*Ny Kolekta.*

**I**ESO KRISTY Tompo 6, Hianao tamy ny nihavianao voalohany dia naniraka ny frakao hialoha Anao hamboatra ny lâlanao eo alohanao. Aoka ny fanamboaran' ny ministerinao, mpanolotra ny mysterinao, ny lâlanao, amy ny ampiverenany ny son' ny tsy manaiaka ho amy ny fahendren' ny marina, no habitana anay, amy ny fibavianaô faharoa hitsara izao tontolo izao, ho olona ankasisitrhana eo imasonao; Izay miara-belona sy miaramanjaka amy ny Ray sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra Iray, mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 1 Kor. iv. 1.

**A**OKA hataon' ny olona ho mpanompony Kristy sy mpitandrina ny mysterion' Andriamanitra izahay. Ary raha izany dia fantatrareo fa ny mpitandrina dia tokony ho olona mabatoky. Fa raha ny amiko, dia atako ho zavatra kely foana, na hotsarainareo aho, na hotsarain' olona; fa ny tenako aza tsy mitsara ahy. Fa tsy hitako izay tsiniko, nefsa tsy mahamarina ahy izany. Kanefà ny Tompo no impitsara ahy; kea amin' izany aza mitsara na inona na inona alohan' ny fotoana, dia ny fibavian' ny Tompo, Izay hampiharihavy ny zavatra takona ao amy ny maizina ka hampisehio ny fikasan' ny fo, dia samy hahazo izay derany avy amin' Andriamanitra izy rehetra.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xi. 2.

**A**RY rehefa reny Iohana tao an-trano-maizina ny asa nataony Kristy, dia naniraka ny mpianany roa laly izy ka nanao hoe : Hianao va Ilay ho avy, sa izay hafa no andrasantsika? Ary Ieso namaly ka nanao taminy hoe : Mandehana hianareo, ka ambarao aminy Iohana izay renareo sy hitanarco : Ny jamba mahiratra, ary ny mandringa afaka; ny loka diovina, ary ny marenina malady; ny maty atsangana, ary ny malahelo itoriana ny filazantsara. Ary sambatra izay tsy ho tafintolina noho ny amiko. Ary nony nandeha izy roa laly, Ieso vao nilaza any Iohana tamy ny valoaka ka nanao hoe : Hizaha inona no nivoahanareo nankany an-efitra? Volutara nohozongozonin' ny rivotra va? Fa hizaha inona no nivoahanareo? Olona mitena akanjo va? Indro, ny malemy volo dia ao an-tranon' ny mpanjaka. Fa hizaha inona no nivoahanareo? Profeta va? Eny, hoy Izaho aminareo, sady mihoatra nolohy Profeta. Fa izy ilay nanoratana hoe: "Indro, Izaho maniraka ny irako hialoha Anao, izay hamboatra ny lalanao eo alphanao."

NY ALAHADY FAHEFATRA AMY NY ADVENTA.

*Ny Kolekta.*

**T**OMPO ô, mifona aminao izahay, folazy ny herinao ka avia hamonjy anay amy ny fahefanao lehibe, ary satria ny fahotanay sy ny haratsianay no misakana sy nampijanona anay tsy handroso amy ny fihazakazabana nataonao eo alohanay, ampio amy ny fahasoavanao sy ny famindrauponao lehibe izahay ka afaho faingana, noho ny fanavotana nataon' ny Zanakao Tomponay, Izay omem-boninahitra sy haja miraka aminao sy ny Fanahy Masina mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Filip. iv. 4.

**M**IFALIA mandrakariva ao amy ny Tompo; hoy izaho indray : Mifalia. Aoka ho fantatry ny

olona rehetra ny fandelferanareo. Efa mby akaiky ny Tompo. Aza manahy na inona na inona, fa aoka ny fivavahana sy ny fisonana mbamy ny fisaorana no hanambaranareo ny fangatahanarco amin' Andriamanitra, amy ny zavatra rehetra. Ary ny fiadan'an' Andriamanitra, izay miloatra noho ny fahalalana rehetra, biaro ny fenareo sy ny hevitrareo ao aminy Kristy Ieso.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana i. 19.

**A**RY izao no nanambarany Iohana, raha ny Ideana naniraka mpisorona sy Levita avy tao Ierosalema mba hanontany azy hoe : Iza moa hianao? Ary nilaza marina izy ka tsy nandà, fa hoy ny filázany : Tsy izabo no Kristy. Ary izy ireo nanontany azy hoe : Fa ahoana áry? Elia va hianao? Ary hoy izy : Tsy izy aho. Ilay Profeta va hianao? Ary izy namaly hoe : Tsia. Ary dia hoy izy ireo taminy : Iza moa hianao? mba hitondranay valiuy ho amin' izay naniraka anay. Ahoana no ilazanao ny tenanao? Dia hoy izy : "Izaho dia feon' ny miantso mafy any an-efitra hoe : Ataovy mahitsy ny lalany Ichovah," araka izay nolazainy Isaia profeta. Ary Fariseo ireo nirahina ireo. Ary nanontany azy ireo ka nanao taminy hoe : Nahoana áry no manao batisa, raha tsy hianao no Kristy, na Elia, na Ilay Profeta? Iohana namaly azy ka nanao hoe : Izaho manao batisa amy ny rano; fa eto aminareo misy anankiray Izay tsy fantatrareo; Izay no Ilay avy ao aoriako izay efa tonga eo alohako, ka tsy miendrika hamaha ny fehin-kapany aza aho. Izany zavatra izany natao tany Betalara any an-dafiny Iordana, izay nanaovany Iohana batisa.

*Ny andro nahaterahany KRISTY, izay atao hoe :*

ANDRO KRISTMASY.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao efa nanoune anay ny Zanako Lahitokana handray ny fom-

hanay ary toy ny amin' izao fotoana izao hateraky ny Virjina tsy manan-tsiny : aoka izahay, izay efa nateraka indray sy natao ho zanakao noho ny fanaganan-anaka sy ny fahasooavana, mba hohavaozin' ny Fanahinao Masina isan-andro ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay, Izay miara-belona sy miaramanjaka aminao sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra Iray, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Heb. i. 1.

TAMY ny andro samihafa sy ny fanao samihafa no niteuenan' Andriamanitra fahiny tao amy ny profeta ; fa tamin' izao andro farany izao kosa dia niteny tamintsika Izy tao amy ny Zanany, Izay voatendrin sy mpandova ny zavatra rehetra, Izay no nahariany izao tontolo izao, Izay no famirapiratan' ny voninahiry sy endriky ny tenany indrindra ary milhazona ny zavatra rehetra amy ny herin' ny tenany ; ary rehefa nanao fanadiovana hahafaka ny fahotana Izy, dia nipeetraka teo amy ny tanaana ankavan'an' ny Lehibe any amy ny avo ka nataotsara noho ny anjely, araka ny nandovany anarana tsara noho ireny. Fa anjely iza no mba nilazany hoe : "Zanako Hianao, Izaho niteraka Anao andro any ;" Ary koa : " Izabo ho Rainy, ary Izy ho Zanako ?" Ary raha mitondra ny Labimatoa ho amin' izao fainana izao indray, dia hoy Izy : " Ary aoka ny anjelin' Andriamanitra rehetra liankohoka eo anatrehany." Ary ny anjely ilazany hoe : "Izy manao ny anjely ho rivotra, ary ny mpanompony ho lelafo." Fa ny Zanaka dia nilazany hoe : " Ny seza-fiandriananao, Andriamanitra ô, dia mandrakizay mandrakizay ; ary ny tehim-pabitsiana no tehim-panjakanao ; tianao ny fahamarinana, ka halanao ny heloka ; koa Andriamanitra dia Andriamanitrao efa nanoso-diloilo fifaliana Anao mihoatra noho ny namanao." Ary izao : " Hianao Iehovah, tany aloha no nanorenanao ny tany, ary asan' ny tanaanao ny lanitra ; ireo ho simba, fa Hianao no maharitra ; ary izy rehetra ho rovitra toy ny fita-

fiana, ary toy ny lamba no hamalonanno azy ; dia toy ny fitafiana, ka hovana izy ; fa Hianao no tsy miova, ary ny taonanao no tsy ho tapitra."

*Ny Filazantsara.* S. Iohana i. 1.

TAMY ny voalahany ny Teny, ary ny Teny tao amin' Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Izay dia tao amin' Andriamanitra tamy ny voalahany. Izay no naharian' ny zavatra rehetra ; ary afa-tsy Izay dia tsy nisy naharian' izao zavatra ary izao na dia iray aza. Izay no nisiam-piaimanana ; ary ny fainana no fanazavana ny olona. Ary ny mazava dia mazava ao amy ny maizima ; fa ny maizima tsy nandray azy. Nisy lehilahy nirahin' Andriamanitra, Iohana no anarany. Izay tonga ho vavolobelona hanambara ny Mazava, mba hinoan' ny olona rehetra noho ny teniny. Tsy izy anefa no Ilay Mazava, fa tonga ho vavolobelona hanambara ny Mazava izy. Tao ny tena Mazava Izay mana-zava ny olona rehetra tonga amin' izao tontolo izao. Teo amin' izao tontolo izao Izy, ary Izy no nanao-vana izao tontolo izao, ary izao tontolo izao tsy nahalala Azy. Tonga tany amy ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy. Fa izay nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak' Andriamanitra, dia izay nino ny anarany, dia ireo izay tsy nateraky ny ra, na ny sitrapon' ny nofo, na ny sitrapon' ny olona, fa naterak' Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika ; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra miendrika ho any ny Lahitokana avy tany amy ny Ray, sady feno fahasooavana sy fahamarinana.

*Ny Kolekta.*

TOMPO ô, ao amy ny fahorianay rehetra ety an-tany noho ny fanambaranay ny marina dia aoka mba hibanjina ny lanitra izahay, ary any aoka ho hitanay amy ny finoana ny voninahitra izay hascho

aminay; ary dia foney ny Famaly Masina izahay, mba hianaranay ho tia sy hisaotra ny impanenjika anay araka ny nataony Santa Stefana martyronao voalohany, izay nivavaka ho any ny mpamono azy taminao, Ieso isaorana ô, Izay mitoetra ao amy ny tânananankavanana' Andriamanitra hanampy izay rehetra mijaly noho ny Anaranao, Mpanalalanay sy Mpandahatra ny teninay. *Amena.*

*Izao dia atao koa ny Kolektan' ny Andro Kristmasy, izay atao isan-andro hitramy ny Vesperan' ny Famorana.*

*Solon' ny Epistola.* Asa vii. 55.

**F**A Stefana, feno Famaly Masina, dia nibanjina ny lanitra ka nahita ny voninabitr' Andriamanitra sy Ieso nitsangana teo ankavanana' Andriamanitra, dia nanao hoe: Indro, hitako ny lanitra misokatra ary ny Zanak' olona mitsangana eo ankavanana' Andriamanitra. Ary ny olona niantso tamy ny feo mahery sady naintsintadiny ka nirodona taminy, dia nandroaka azy ho eny ivelan' ny tanâna ka nitora-bato azy; ary ny wavelombelona nametraka ny fitafiany teo anilan' ny tongotry ny zatovo anankiray atao hoe Saoly, ary ny olona nitora-bato any Stefana, fa izy kosa niantso hoe: Ieso Tompoko, raioso ny famahiko. Dia nandohalika izy ka niantso tamy ny feo mahery hoe: Tompoko, aza atao ho helony izany ota izany. Ary rehefa nilaza izany izy, dia nody mandry.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xxiii. 34.

**A**RY noho izany, indro, Izaho maniraka profeta sy olon-kendry ary impanora-dalâna ho aty aminareo; ary ny sasany hovonoinareo sy hohomboanareo amiy ny hazo-sijalliana, ary ny sasany hoka-pohinareo ao amy ny synagoganareo ary henjhinaréo mitety vohitra,—mba hanody anareo ny ramarina rehetra, izay nalatsaka tambonin' ny tany, latramy ny rany Abela marina ka batramy ny rany Zakaria, zanaky Barakia, izay novonoinareo teo an-

elanelan' ny tempoly sy ny altara. Lazaike amiharo marina tokea: Hanody izao taranaka izao izany rehetra izany. Ry Jerosalema, ry Jerosalema ô, izay mamono ny profeta sy mitora-bato izay mirabina ho aminao, impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao, tahaka ny fanomban' ny akoho ny zanany ao ambanin' ny elany, fa tsy nety hianareo! Indro, avela ho toy ny lao ho anareo ny traonareo. Fa lazaike aminareo: Hatramin' izao dia tsy hahita Ahy tokoa hianareo mandra-pilazanareo hoe: Hisaorana anie Izay avy amy ny anarany Iehovah.

SANTA LOHANA EVANGELISTA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA mamindrafo ô, mifona aminao izahay, mba ampidino amy ny Ekklesianao ny famirapiratanao mazava: ary aoka ny fabazavan' ny fampihanarany Santa Lohana Apostolonao sy Evangelianao sambatra no handebanany amy ny fabazavan' ny fahamarinanao, habazoany ny fabazavan' ny fiainana mandrakizay; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 1 Lohana i. 1.

**I**ZAY hatramy ny voalohany, dia izay efa renay, izay efa hitan' ny masonay, izay efa nejerenay ary efa notsapain' ny tânanay, dia ny amy ny Teny Fiaianana (fa efa naseho ny fiainana, ary efa nahita azy izahay, dia tonga wavelombelona ka manambara aminareo ny fiainana mandidrakizay, izay tao amy ny Ray ka efa naseho taminy), izay efa hitanay sy renay no ambaranay aminareo koa, mba habazoanareo firaosana aminay koa; ary ny firaosanay dia amy ny Ray sy amy ny Zanany, dia Ieso Kristy, Ary izao zavatra izao no soratanay, mba ho tauiteraka ny fifalianay. Ary izao no teny renay taminy ka ambaranay aminareo kosa: Andriamanitra dia mazava, ary tsy misy maizina akory azy aminy. Raha hoy isika: Manana firaosana aminy isika, kanefa mandeha amy ny maizina, dia man-

dainga isika ku tsy manao ny marina. Fa raha mandeha eo aamy ny mazava isiku, tahaka Azy eo aamy ny mazava, dia manana firaisansa isika, ary ny rany Ieso Zanany manadio antsika ho afaka amy ny ota rehetra. Raha hoy isika: Tsy manana ota isika, dia mamita-teua isika, ary ny marina tsy mba ao anatintsika. Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mameila ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amy ny tsy fahamirana rehetra. Raha hoy isika: Tsy nanota isika, dia manupandainga Azy isika, ary ny teniny tsy mba ao anatintsika.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana xxi. 19.

A RY izany no nolazainy hanambara ny fomban' ny fahafatesana izay hankalazany an' Andriamanitra. Ary rehefa nilaza izany, dia hoy Izy tamin: Manaraha Aliy. Dia nitodika Petera ka nahita ny mpianatra izay tiany Ieso manaraka, dia ilay niankina tamy ny tratrany tamy ny fisakafoana ka nanao hoe: Tompoko iza no hamadika Anao? Ary rehefa hitany Petera izy, dia hoy izy: Tompoko, inona no ho amin'ity lehilahy ity? Hoy Ieso tamin: Raha tiako mba hitoetra mandra-pihaviko izy, ahoanao izany? manaraha Ahy hianao. Ary niely tamy ny rabalahy izany tenty izany, fa tsy ho faty izany mpianatra izany; nefa Ieso tsy nilaza tamin: fa tsy ho faty izy, fa: 'Raha tiako mba hitoetra izy mandra-pihaviko, ahoanao izany?' Izy no ilay mpianatra vavolombelona manambara izany sy manoratra izany; ary fantatray fa marina ny fanambarany. Aiy misy zavatra maro hafa koa izay nataony Ieso, ka iaha voasoratra tsirairay avokoa izany rehetra izany, atacko fa izao tontolo izao dia tsy emby ny boky voasoratra.

NY TSY MANAN-TSINY.

*Ny Kolekta.*

A NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao efa nandry hery avy amy ny vavan'ny zaza madinika

sy ny mpinono, ary nahatonga ny zaza madinika hankalaza Anao. Aringano ka vonoy ny haratsiana rehetra aminay, ary hafanjaho amy ny fahasoaavanao izahay ka ny tsy fanananay tsiny sy ny faharetan' ny fiananay hatrany ny fahafatesana no hankalazanay ny Anaranao Masina; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Solon' ny Epistola.* Fanam. xiv. 1.

A RY nahita aho, ka, indro, ny Zanak' ondry ni-tsangana teo an-tendronubohitra Ziona, ary nisy efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy nomba Azy, manana ny anarany sy ny anaran' ny Rainy voasoratra amy ny handiriny. Ary nandre feo avy tany an-danitra aho, tahaka ny firohondrohon' ny rano be sy tahaka ny fikotroky ny kotrokorana mafy, ary ny feo izay reko dia tahaka ny any mpi-tendry lokanga mitendry ny lokangany. Ary mihira tea tonon-kira vaovao izy eo anoloan' ny seza-fian-drianana sy eo anatrehan' ny zava-manan-aina efatra sy ny loholona; ary tsy nisy nahay nianatra izany fihiranana izany, afa-tsy ny efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy izay navotana niala tamy ny tany. Ireo no tsy voaloto tamy ny vchivavy; fa virjina izy. Ireo no manaraka ny Zanak' ondry na aiza na aiza no alehany. Ireo no navotana avy tamy ny olona ho voaloham-bokatra ho an' Andriamanitra sy ny Zanak' ondry. Ary tsy nisy lainga teo ambavany, sady tsy manan-tsiny izy.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. ii. 13.

A RY nony efa lasa nandeha ireo, indro, nisy anje- lin' Andriamanitra nischo tamin: Iosefa tamin ny nofy ka nanao hoe: Mifohaza hianao, ka ento ny zazakely sy ny reniny, dia mandosira ho any Egypta, ka mitoera any ambara-pilazako aminao, fa Heroda efa hitady ny zazakely hovonoiny. Dia nifoha izy ka nitondra ny zazakely sy ny reniny, raha mbola alina, dia lasa nankany Egypta; ary nitoetra tany, izy ambara-pahafatiny Heroda, mba hahatanterahan'

izay nolazainy Iehovah tamy ny vavan' ny profeta hoe: Nantsoiko hiala tany Egypta ny zanako. Ary nony efa fantatry Heroda fa nadalain' ny Magy izy, dia tezitra indrindra izy ka naniraka namono ny zazakely rehetra tao Betlehema sy ny tany manodidina rehetra, hatramy ny roa taona no ho midina, araka ny andro izay nosotorany fatratra tamy ny Magy. Dia tanteraka izay nolazainy Ieremia proscta hoe: "Nisy feo re tao Rama, dia fisaonana sy fidradradraadrana sy fitomaniana be, Rahely nitomany ny zanany, ary tsy nety nampiononina, satria lany ritra iro zo zanany ireo."

## NY ALAHADY MANARAKA NY ANDRO KRISTMASY.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao efa nanome anay ny Zanakao Luhitokana handray ny fombanay ary toy ny anin' izao fotoana izao hiteraky ny Virjina tsy manan-tsinay : aoka izabay, izay efa nateraka indray sy natao ho zanakao noho ny fananganan-anaka sy ny fahasoavana, mba hohavaozina' ny Fanahinao Masina isan-andro; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay, Izay miara-helona sy miara-manjaka aminao sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra iray, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola. Gal. iv. 1.*

**A**RY boy izaho: Raha mbola zaza ny mpandova, dia tsy hafa noho ny mpanompo izy, na dia tonpon' ny zavatra rehetra aza; fa fehezin' izay mpitandrina sy mpitondra izy mandra-pahatongan' ny fetr-andro voatendrin' ny rainy. Dia tahaka izany koa izabay, fony mbola zaza, dia nandevozin' ny foto pianaran' izao tontolo izao; fa rehefa tante-raka ny foto-andro, dia nirabin' Andriamanitra ny Zanany, nateraka ny veb'ivavy, nateraka tao ambanin' ny la'lâna, hanavotany izay ambanin' ny lalâna, mba handraisantsika ny fananganan-anaka. Ary satria zanaka hianareo, dia nirabin' Andriamanitra ho ao ampontsika ny Fanahin' ny Zanany, mitaraina

hoe: Aba, Ray. Ka dia tsy mpanompo intsony hianao, fa zanaka; ary raha zanaka, dia mpandova koa noho ny ataon' Andriamanitra.

*Ny Filazantsara. S. Mat. i. 18.*

**A**RY ny zahaterahanay Ieso Kristy dia toy izao: Reliefa nanaiky ho fofobadiny Josefa Maria, reniny Ieso, raha tsy mbola nivady izy, dia hita fa nitoe-jaza avy tamy ny Fanahy Masina izy. Fa Josefa vadiny, izay lehilahy marina sady tsy tahanala-baraka azy, dia nikasa hisaotra azy mangingina. Fa raha mbola nisaina izany izy, indro, nisy anjelin' Andriamanitra niseho taminy tamy ny nofika nanao hoe: Ry Josefa zanaky Davida, aza matahotra hampakatra any Maria vadinao; fa ny zaza ao an-kibony dia avy amy ny Fanahy Masina; koa hiteraka zazalahy izy, ary ny anarany hataonao hoe Ieso; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amy ny fahotany. Ary izany rehetra izany dia tonga mba hahatanterahan' izay nolazain' ny Tempo tamy ny vavan' ny profeta hoe: "Indro ilay virjina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; ary ny anarany hataon' ny olona hoe "Imanoela" izany hoe raha adika: "Amintsika Andriamanitra." Ary rehesa nahatsiaro tamy ny torimasyony Josefa, dia nanao araka izay nandidian' ny anjelin' Andriamanitra azy izy ka nampakatra ny vadiny. Ary tsy nahalala azy izy mandra-pite-rany ny zananilahy matoa; ary ny anarany nataony hoe Ieso.

## NY NAMORANA ANY KRISTO.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao nampamora ny Zanakao lahy isaorana sy nampanaraka Azy ny lalâna ho anyny olombelona. Omeo anay famorana marina momba ny fanahy, hanarahananay ny sitraponao finaritra amy ny zavatra rehetra, rehefa voavono ao amy ny fonay sy ao anin' izay rehetra momba anay ny fanirian' izao tontolo izao sy ny filan' ny nefo; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Rom. iv. 8.*

**S**AMBATRA izay olona tsy isainy Iehovah heloka. Koa izany fahasambarana izany moa any ny voafora hiany va, sa any ny tsy voafora koa? fa lazaintsika fa ny finoana no nisaina ho any Abrahamia ho fahamarinana. Ary nanao ahoana no nanisana izany? Tamin' izy efa voafora va, sa tamin' izy tsy mbola voafora? Tsy tamin' izy efa voafora tsy akory, fa tamin' izy tsy mbola voafora. Ary ny fora, izay famantana, dia noraisiny ho tombo-kasen' ny fahamarinana amy ny finoana, izay nananany fony izy tsy mbola voafora, mba ho rain' ny olona rehetra izay mino, na dia tsy voafora aza, mba hisaina ho any ireny koa ny fahamarinana, ary ho rain' ny voafora, dia tsy izay voafora hiany, fa izay mandela araka ny dian' ny finoany Abrahamia raintsika koa, izay nananany fony izy tsy mbola voafora. Fa tsy lalana, fa fahamarinana amy ny finoana, no nahazoany Abrahamia sy ny taranany ny teny fikasana fa ho mpandova izao tontolo izao. Fa raha izay amy ny lalana no mpandova, dia efa feana ny finoana, ary efa tsinontsinona ny teny fikasana.

*Ny Filazantsara. S. Lioka ii. 15.*

**A**RY tamin' izany, rehefa niala taminy ireo anjely ireo ka nankany an-danitra, dia nifampi-laza ny lehilahy, mpiandry ondry, ka nanao hoe: Andeha isika hankany Betlehemia ka hizaha izany zavatra vao tonga izany, izay nampahafantararin' ny Tompo antsika. Dia nandeha faingana izy ka nahita any Maria sy Iosefa mbamy ny zazakely nandry tao amy ny fihinanam-bilona. Ary nony efa nahita izy, dia nampiely izay teny nolazaina taminy ny amin' izany zaza izany. Ary izay rehetra nandre dia gaga tamin' izay zavatra nolazain' ny mpiandry ondry taminy. Fa Maria nitadidy izany teny rehetra izany ka nieritreritra azy tao ampony. Ary ny mpiandry ondry niverina nankalaza sy nidera an' Andriamanitra noho ny zavatra rehetra izay reny sy hitany, araka izay nolazaina taminy.

Ary rehefa tanteraka ny havaloa, ka hoforana ny zaza, dia nataony ny anarana hoe IESO, araka ilay nataon' ny anjely fony tsy mbola ary tao ankibo Izzy.

## NY EPIFANY

NA NY

*Nanchoana any Kristo tamy ny Gentilisa.**Ny Kolektia.*

**A**NDRIAMANITRA ô, ny fitarihan' ny kintana no nampiseloanao ny Zanakao Iahitokana tamy ny Gentilisa. Aoka ny fahalalanay Anao amy ny finoana ankehitriny no hampandroso aney mba hahazoanay ny fampifalian' ny fahitana ny voninahitrap amy ny ho avy; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. Amena.

*Ny Epistola. Efes. iii. 1.*

**A**RY noho izany, izaho Paolo, mpifatolra any Kristy Ieso, noho ny aminarco gentilisa,—raha mba renareo ny fitondrana ny fahasoavan' Andriamanitra izay nomena ahy ho anareo, fa fanambarana no nampahafantarana ahy ny mysterio, araka ny voasoratra tamy ny teny fohifohy teo. Ary araka izany, raha mamaky hianareo, dia ho hainareo fantarina ny fahafantarako ny mysterio ny aminy Kristy, izay tsy mbola nampahafantarina ny zanak' olombelona tamy ny taranana lasa tahaka ny fanambaran' ny Fanahy ankehitriny amy ny Apostolo masina sy ny profeta, dia ny ahatongavan' ny gentilisa ho iray lova sy ho iray tena ahy ho mpiombona ny teny fikasana ao aminy Kristy Ieso noho ny filazantsara, izay nanaovana ahy ho impanompo araka ny fanomezan' ny fahasoavan' Andriamanitra, izay nomena ahy araka ny fiāsan' ny heriny. Ho ahy, izay kely noho ny kely indrindra amy ny olona masina rehetra, no nomena izao fahaseavana izao, dia ny hitory amy ny gentilisa ny hareny Kristy tsy hita lany, ary ny hampalazava ny olona rehetra

mbla halalalany izay fitondrana ny mysterio, dia ilay voâfina hatramy ny nanaovana izao tontolo izao tao amin' Andriamanitra, Izay nanao ny zavatra rehetra; mba hampahafantarina ny fanapahana sy ny fahefana any an-danitra amin' izao aukehitriny izao ny mahamaro samihafa ny fahendren' Andriamanitra amy ny fitondrany ny Ekklesia, araka ny fikasana hattrizay hattrizay izay nataony tao aminy Kristy Tomponsika, Izay ananantsika fahsahiana sy fanatonana amy ny fabatokiana noho ny fincana Azy.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. ii. 1.

A RY rehefa teraka Ieso tao Betlehema any Iodea, tamy ny androny Heroda mpanjaka, indro, misy Magy avy tany atsinanana tonga tany Ierosalema ka nanao hoe : Aiza ilay teraka ho Mpanjakan' ny Iodeana? fa nahita ny kintany teny atsinanana izahay ka tonga liankohoka eo anatrechany. Ary nony nandre izany Heroda mpanjaka dia naingorohoro izy mbaminy Ierosalema rehetra. Dia namory ny lehan' ny mpisorona rehetra sy ny mpanoradakina tamy ny valoaka izy ka nanontany azy hoe : Aiza mea no hiterahana any Kristy? Ary hoy ireo taminy : Ao Betlehema any Iodea; fa izao no voasoratry ny profeta : "Ary hianao, ry Betlehema taniny Iodea, tsy dia keij indrindra ao amy ny andriany Iodea hianao tsy akory; fa avy ao amimo no hischoar' ny Mpanjaka, Izay ho mpiandry ny oloko, dia ny Israely." Dia nampaka ny Magy naingringina Heroda ka namototrafatra izay andro niseloan' ny kintana : dia namiraka azy hankany Betlehema izy ka nanao hoe : Andeha, fotory tsara ny amin' ilay zazakely ; avy rehefa hitanareo izy, dia ambarao amiko, mba haukanesako any koa liankohoka eo anatrechany. Ary rehefa nandre ny tenin' ny mpanjaka izy ireo, dia lasa; ary, indro, ny kintana izay esa hitany teny atsiuaniana mialoha azy mandra-pijanony teo ambonin' izay nitoeran' ny zazakely. Ary nony malita ny kintana, dia nifaly

indrindra izy. Ary rehefa tasiditra tao an-trano, dia nahita ny zazakely sy Maria reniny izy ha nian-kohoka nanaja Azy; ary nony esa nosokafany ny fitehirizan-drakiny, dia nanatitra zavatra ho Azy izy, dia volamena sy zava-manitra ary myra. Ary rehefa notorcan' Andriamanitra hevitra tamy nynofy izy tsy liverina any aminy Heroda, dia lâlana hafa no malehany nody ho any amy ny fonenany.

NY ALAHADY VOALOHANY MANARAKA NY EPIFANY.

*Ny Kolekta.*

TOMPO ô, mifona aminao izahay, raiso amy ny famindramponao ny fivavahan' ny olonao izay mitaraina aminao, ary aoka ho hitamy sy ho fantany izay zavatra tokony hataony mba habazoany fahasoavana sy hery hahatanteraka izany tokoa; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Rom. xii. 1.

K OA amin' izany mangataka aminareo aho, ry rahalaby, noho ny famindrampon' Andriamanitra, mba liatolotraeo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak' Andriamanitra, dia fanompoana mety hataonareo izany. Ary aza manaraka ny fomban' izao tontolo izao : fa miovà amy ny fanavaozana ny sainareo, hamantaranareo ny sitrapon' Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasisatrhana no marina. Fa noho ny fabasoavana nomena ahy dia milaza amy ny olona rehetra izay eo aminareo aho, aza miavonavon-kevitra ka mihevitra mihoatra noho izay tokony hoheverina ; fa mihevera izay enony araky ny ohatra ny finoana, izay nozorain' Andriamanitra ho anareo avy. Fa toy ny ananantsika zavatra maro momba ny tena iray, fa tsy mitovy asa izay rehetra momba ny tena, toy izany koa isika, na dia maro aza, dia tena iray hiany ao aminy Kristy, ary samy miara momba ny tena isika rehetra.

*Ny Filazanteara.* S. Lioka ii. 41.

ARY ny ray aman-dreniny nankany Ierosalema isan-taona, raha avy ny andro firavoravoana any ny Paska. Ary rehefa roa amby ny folo taona Ieso, dia niakatra tany Ierosalema Izzy, araka ny fanao amby ny andro firavoravoana. Ary rehefa tapitra izany andro izany ka nody izy, ny zaza Ieso dia mbola nitoetra tany Ierosalema, fa tsy nahalala izany Ioscka sy ny reniny; ary satria nataony famaraka amby ny miara-dia aminy Izzy, dia nandeha jalana indray andro izy vao nitady Azy tamy ny havany sy ny olompantany. Ary nony tsy nabita Azy izy, dia niverina ho any Ierosalema nitady Azy. Ary rehefa afaka bateloana, dia hitany teo amby ny kianjan' ny Tempoly Izzy nipetraka teo afovoan' ny mampampianatra ka mihaino sy nanontany azy. Ary talanjona indrindra izay rehetra nandre Azy noho ny fahalalan sy ny famaniany. Ary raha nalita azy izy, dia talanjona, ka hoy ny reniny taminy: Anaka, nahoana no nanoa toy izany taminay Hianao? indro, ory ny rainao sy izaho nitady Anao. Ary hoy Izzy taminy kosa: Nahoana no nitady Ahy hia-nareo? tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho ao amby ny any ny Raiko Aho? Ary izy tsy nalaizo ny teny izay nolazainy taminy. Ary niara-nidina taminy Izzy, dia nankany Nazareta ary nanao azy. Ary ny reniny nitabiry izany teny rehetra izany tao ampony. Ary Jeso nitombo saina sy tena sady nandroso fitia tamin' Andriamanitra sy ny olona.

NY ALAHADY FAHAROA MANARAKA NY EPIFANY.

*Ny Kolektka.*

ANDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay 6, Hianao no manapaka ny zavatra rehetra, na ny any an-danitra na ny ety an-tany; mihaino amby ny famindramponao ny fisofan' ny olonao ary manomeza anay ny fiadanana amby ny andro rehetra hainanay; amby ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Rom. xii. 6.

ARY satria samy manana fanomezam-pahasoavana samihafa isika, araka ny fabasoavana izay nomena antsika: raha profetia, dia aoka hatao araka ny obhatry ny finoana: raha fanompoana amby ny Ekklesia, dia aoka ho amby ny fanompoana; raha mampianatra, dia aoka ho amby ny fampianaranana; raha mananatra dia aoka ho amby ny fananaranana; izay manome, dia aoka hataony amby ny fabatsorampy; izay manapaka, dia aoka hataony amby ny fahatzotona; izay mampindrafo, dia aoka hataony amby ny hafaliana. Aoka ny fitiavana ho amby ny tsy fibatsarambelatsihy; mankahala ny ratsy; miraiketa amby ny tsara. Mifankatiava araka ny fifikatiavan' ny mpirahalahy; mitariha lalana amby ny fikamezam-boninahitra. Mazotoa, fa aza malaina, ary aoka hafana fo amby ny fanompoana ny Tompo. Mifalia amby ny fanantenana; miareta amby ny fahoriania; mihareta amby ny fivavahana. Miantra ny olona masina araka izay ilainy; mazotoa mampiantranoo vahiny. Misaora izay manenjika anareo; misaora, ary aza manozena. Miaraha mifaly amin' izay mifaly, ary miaraha mitomany amin' izay mitomany. Mifampiraisa saina. Aza misaina izay hiavonavonana, fa aoka mba ho zatra amby ny fietrentena bianareo.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana ii. 1.

ARY tamy ny andro fahatelo nisy fampakaram-bady tao Kana any Galilea; ary tao ny reniny Ieso. Ary Ieso koa sy ny mifianany dia nalainy ho any amby ny fampakaram-bady. Ary rehefa lany ny divay, dia hoy ny reniny Ieso taminy: Tsy manana divay izy. Hoy Ieso taminy: Ravehivayy, moa mifianinona akory Izaho sy hianao? tsy mbola tonga ny fotoako. Hoy ny reniny tamy ny mpanompo: Izay lazainy aminareo dia ataovy. Ary nisy simy vato enina mahalany rano indrea na intelon' ny vata avy nipetraka teo ho amby ny fanadiovana araka ny fanaon' ny Iodeana. Hoy Ieso taminy: Fenoy rano.

ny siny. Dia nofenoindy hatramy ny molony. Ary hoy Ieso taminy : Tovozy amin' izao, ka ento ho eo amy ny mpandahatra ny fanasana. Dia nentiny. Ary raha nanandrana ny rano tonga divay ny mpandahatra ny fanasana ka tsy nabalala izay nihaviany (fa ny impanompo izay nanovo ny rano no nahalala), dia niantso ny mpampakabady izy ka nanao taminy hoe : Araka ny fanaon' ny olona dia ny divay tsara no arosony aloha ; ary reliéfa nisotro be ny olona, dia vao ny ratsiratsy kokoa ; fa hianareo kosa dia efa nitahiry ny divay tsara ambarak' ankehitriny. Izany voalohan' ny famantaranarina izany no nataony Ieso tao Kana any Galilea, ka neschony ny voninalihiny ; ary nino Azy ny mpianany.

NY ALAHADY FAHATELO MANARAKA NY EPIFANY.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, jereo amy ny famindramponao ny fahalemenay, ary alinjiro ny tânanao ankavanana hiaro anay amy ny loza sy hanampy anay amin' izay tsy ana-nanay rehetra, amy ny alalanay Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Rom. xii. 16.*

**A**ZA manao ny tenanareo ho hendry. Aza mamaly ratsy na amin' iza na amin' iza. Miomâna hanao izay mahamendrika eo imason' ny olona rehetra. Raha azo hatao, dia ny mihavana amy ny olona rehetra no tokony hataonareo. Ry malala, aza mamaly ratsy, fa onco lâlana ny fahatezerana ; fa vea soratra hoe : "Ahy ny famaliana ; Izaho no hamaly, hoy Iehovah." Koa raha noana ny fahavalonao, onco hanina izy ; raha mangetaheta izy, onco hosotroiny ; fa raha manao izany hianao, dia hanambatra vainafo eo an dohany. Aza mety ho resin' ny ratsy hianao, fa reseo amy ny sea ny ratsy.

*Ny Filazantsara. S. Mat. viii. 1.*

**A**RY raha nidina avy tecq an-tendrombohitra Ieso, dia nisy vahoaka betsaka nanaraka Azy. Ary, indro, nisy boka anankiray nanatona, dia niankohoka tecq amatrehany ka nanao hoe : Tompoko ô, raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy. Ary Ieso naninjitra ny tânany, dia namendry azy ka nanao hoe : Mety Aho ; madiova hianao. Dia nadio tamy ny labokany niaraka tamin' izay izy. Ary hoy Ieso taminy : Tandremo mba tsy hilaza amin' olona na dia iray akory aza ; fa mandehana, misheoa amy ny mpiisorona ka mitondrà ny fauatitra izay nandidiany Mosesy bo vavolombelona amin' iro. Ary nony tonga tao Kapernaoma Ieso, dia nisy kapiteny anankiray nankao aminy, dia nifona taminy ka nanao hoe : Tompoko ô, ny ankizilahiko mandry ao antanano, mararin' ny paralysisa ka mangirifiry indrindra. Ary hoy Ieso taminy : Ho avy Aho habasitrana azy. Ary namaly ilay kapiteny ka nanao hoe : Tompoko, tsy miendrika hidiranao ao ambanin' ny tasom-tranoko abo ; fa mitenena hiány, dia ho sitrana ny ankizilahiko. Fa izaho mba lehilahy manan-dehibe hiány ka manana miaramila izay feheziko : ary raha hoy izaho amy ny anankiray : Mandehana, dia mandeha izy ; ary amy ny anankiray koa : Avia, dia avy izy : ary amy ny andevolahiko : Manaova izao, dia manao izy. Ary nony nandre izany Ieso, dia gaga Izy ka niteny tamin' izay nanaraka Azy hoe : Lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy mbola nahiita finoana lehibe toy izany Aho na dia tamy ny Isiraely aza. Fa lazaiko aminareo fa maro ny avy any atsinanana sy any andrefana no ho tonga ka bipetraka hihinana miaraka aminy Abraham sy Isaka ary Iakoba any amy ny fanjakana' ny lanitra : fa ny zanaky ny fanjakana dia hariana any amy ny maizina any ivelany ; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikifrohan' ny nify. Ary Ieso niteny tamin' ilay kapiteny hoe : Mandehana ; tongava aminao araka ny ninoanao. Dia sitrana tamin' izany ora izany ilay ankizilahiny.

NY ALAHADY FAHEFATRA MANARAKA NY EPIFANY.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA ô, Hianao mahalala fa mitoetra eto afovean' ny loza maro sy lehibe izahay, ary noho ny fahalemen' ny fombanay olombelona dia tsy afaka manao hitsimpo mandrakariva. Omco hery sy fiarovana izahay, hanatanjaka anay amy ny loza rehetra ka hitondra anay mba tsy ho resin', ny fakampanahy na inona na inona ; amy ny alalany Ieso Kristy Temponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Rom. xiii. 1.*

**A**OKA ny olona rehetra samy hanaiky ny fahefama lehibe. Fa tsy misy fahefana afatsy izay avy amin' Andriamanitra, fa ny fahefana izay misy dia voatendrin' Andriamanitra. Koa izay manohitra ny fahefana dia manohitra ny voatendrin' Andriamanitra ; ary izay manohitra dia hahazo fanamelohana. Fa ny mpanapaka tsy mba tahotry ny manao tsara, fa ny manao ratsy hiany. Ary ny tsy hatahotra ny fahefana va no tianao ? Ataoovy ary izay tsara, dia hahazo dera avy aminy hianao, fa mpanompon' Andriamanitra izy hahatsara anao. Fa iaha ratsy kosa no ataoao, dia matahora, fa tsy enting foana tsy akory ny sabatra : fa mpanompon' Andriamanitra izy : dia mpamaly handatsaka fahatezerana amin' izay manao ratsy. Koa tsy maintsy manaike ny olona, anefa tsy noho ny fahatezerana hiany, fa noho ny fieritreretana koa. Fa izany hiany no andoavanareo vola hetra : fa mpanompon' Andriamanitra mitandrina izany zavatra izany indrindra ireny. Koa mandoava amin' izy rehetra izay tokony ho azy avy : vola hetra ho any izay tokony handeavan-ketra, fadin-tserauana ho any izay tokony handoavana fadin-tserana, tahotra ho any izay tokony hatalorana, haja ho any izay tokony hohajaina.

*Ny Filazantsara. S. Mat. viii. 23.*

**A**RY nony niondrana an-tsambo kely Izy, dia nana-raka Azy ny mpianany. Ary, indro, misy tafio-

drivotra mafy tonga tany amy ny ranomasina, ka dia esa nila ho veasafotry ny alon-drano ny sambo kely ; fa Izy natoiy. Ary ny mpianany nanatona dia namoha Azy ka nanao hoe : Tompoko, vonjeo, fa maty izahay. Ary hez Izy taminy. Naheoana no saro-tahotra hianareo, ry kely finoana ? Dia nitsangana Izy ka niteny mafy ny rivotra sy ny ranomasina, ka dia tony tsara ny andro. Ary ny olona dia talanjona ka nanao hoe : Lehilahy manao ahoana re Io, fa ny rivotra sy ny ranomasina aza dia manaike Azy ? Ary nony tonga teny am-pita Izy, tao amy ny tanin' ny Gadarena, dia nifanena taminy ny demoniaka rea labhy, niveaka avy teny amy ny fasana, nasiaka indrindra, ka tsy nisy olona nahazo nandalao tamin' izany lalana izany. Ary, indro, niantso mafy izy ka nanao hoe : Moa misauinona akory izahay sy Hianao, ry Zanak' Andriamanitra ô ? tonga aty va Hianao hampijaly anay alohan' ny foteana ? Ary nisy kisoa maro andiany iray nihiuana teny lavidavitra azy. Ary ny demonia nifona taminy Ieso ka nanao hoe : Raha avoakanao izahay, iraho hankany anatin' ireo kisoa andiany. Ary hoy izy taminy : Mandehana. Ary nony tafavoaka ireo, dia lasa naukany anaatin' ny kisoa ; ary, indro, ireo kisoa andiany rebetra ireo nitrotrevatreva tamy ny hantsana ho ao amy ny ranomasina, ka dia maty tao anaatin' ny rano. Ary ny mpiandry nandositra, dia nankany, an-tanana ka nilaza ny zavatra rehetra, dia ny amin' ilay demoniaka. Ary, indro, nivoaka ny tao antanana rehetra mba 'hitsena any Ieso ; ary nony nahita Azy izy, dia nifona taminy mba hiala amy ny fari-taniny.

NY ALAHADY FAHADIMY MANARAKA NY EPIFANY.

*Ny Kolekta.*

**T**OMPO ô, misona aminao izahay, tandremo mandrakariva ao amy ny fivavahana marina aminao ny Ekklesia ankohonao ; ary aoka izay miantchitira amy ny fanautenan' ny fahasoavanao avy any an-dani-

tra mba harovan' ny herinao lehibe mandrakariva; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Kolosiana iii. 12.

KOA mitafia faindrampo sy fiantrana, fahamoram-panahy, fanetretena, fandeferana, araka ny olom-boasidin' Andriamanitra sady masina no malala. Misandefera, ka mifame'heloka hianareo, raha misy manana alahelo amy ny sasany; tahaka qy amelany Kristy ny helokareo no hamelanareo heloka koa. Ary aoka ho ambonin' izany rehetra izany ny fitiavana, fa fehin' ny fahatanterahana izany. Ary aoka hanapaka ao am-ponareo ny fialanany Kristy, fa ho amin' izany no niantsoana anareo tamy ny tena iray; ary aoka hazoto misaotra hianarco. Aoka ny teniny Kristy hitoetra betsaka ao amizareo amy ny fahendrena rehetra, dia misampianara ka misfananara amy ny salano sy ny fihiranay ary ny tononkiram-panahy, mihirà amy ny fahasoavana ao am-ponareo ho an' Andriamanitra. Aiy na inona na inona ataonareo, na amy ny teny, na amy ny asa, dia ataovy amy ny anarany Ieso Tompo izany rehetra izany, ka misaotra an' Andriamanitra Ray amy ny alalany.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xiii. 24.

ARY nanao fancharana bafa koa taminy Izzy ka nanao hoe: Ny fanjukan' ny lanitra dia taliaka ny lehilahy anankiray izay namafy voatsimparifary teo amy ny vary, dia lasa nandeha. Ary rehefuna nimiry ny vary ka niteraka, dia nipsoka koa ny tsimparifary. Dia avy ny mpanompon-dralchilahy ka nanao taminy hoe: Tompoko, tsy voa tsara va no nafafinao tany an-tanimbarinao? Kea avy taiza ny tsimparifary? Ary hoy Izzy taminy: Lehilahy fahavaloo no nanao izany. Aiy ny mpanompony nanao taminy hoe: Kea tianao va handehananay hanongotra sy hanangona azy? Ary hoy izy: Tsia, fandrao, raha

manongotra ny tsimparifary hianareo, dia hengotanareo miaraka aminy koa ny vary. Aoka hiany hiaranamiry izy roroa ambara-pihavin' ny fararano; ary amy fararano dia holazaiko amy ny mpijinja hoe: Angony aloha ny tsimparifary, ka ataovy amboarany mba nodorana, fa ny vary dia taomy ho any antsompitro.

**NY ALAHADY FAHENINA MANARAKA NY EPIFANY.**

*Ny Kolekta.*

ANDRIAMANITRA ô, ny Zanakao isaorana no naseho mba handrava ny asan' ny devoly ka hanangana anay ho zanak' Andriamanitra sy ho mpandova ny fainana mandrakizay: mifona aminao izahay, aoka ny ananay izany fanantenana izany no mba hanadiovanay ny tenanay ho madio tahaka Azy; koa raba hiseo indray amy ny hery sy ny voninalhitra lehibe Izzy, aoha izahay mba hatao ho tahaka Azy ao amny ny Fanjakany malaza mandrakizay, izay itoerany sy anjakany miaraka aminao, Ray ô, sy Hianao Fanahy Masina ô, Andriamanitra iray, mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 1 Iohana iii. 1.

ENDREY ny fitiavana nasehon' ny Ray ho antsika, E dia ny niantsoana antsika hoe zanak' Andriamanitra, sady izany tokeo isika! Koa noho izany dia tsy mahalala antsika izao totolo izao, satria tsy nahalahala Azy izy. Ry malala, ankchitriny dia zanak' Andriamanitra isika, nefy tsy nibola naseho izay ho toetsika rabatrizay; fa izao no fantatsika: raha hiseo Izzy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izzy, dia izay tena endrinny tokeo. Ary izay rehetra manana izany fanantenana miorina aminy izany dia manadio ny tenany mba hadio tahaka Azy. Izay rehetra manota no mandika ny lalana; fa ny ota no fandikana ny lalana. Ary fantatrareo fa Izzy naseho hanaisotra ny ota; ary tsy misy ota ao aminy. Izay rehetra mitsetra ao aminy

dia tsy manota ; izay rehetra manota dia tsy nahita na uahalala Azy. Ily zanaka, aza avela hisy hamitaka anareo: izay manao ny marina no marina; eny, marina tahaka an' Andriamanitra. Izay manota dia avy amy ny Devoly, fa ny Devoly manota hatramy ny voalohany. Izao no nisehcan' ny Zanak' Andriamanitra, dia ny mba handrava ny asan' ny Devoly.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xxiv. 23.

**K**OA raha misy manao aminareo hoe : Indro, aty Kristy, na : Indro, ary ; aza mino hianareo. Fa hisy Kristy sandoka sy profeta sandoka hitsangana, dia haneho famantaranana lehibe sy fahagagana, ka raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza hofitahiny. Indro, voalazako aminareo rahateo izany. Ary amin' izany, raha misy manao aminarco hoe : Indro, any an-efitra Izy, aza maukany hianareo; Indro, any an-efitrano Izy, aza mino. Fa tahaka ny helatra miala avy any atsinanana ka hita hatrany andrefana, dia ho tahaka izany ny fihavian' ny Zanak' olona. Fa izay itoeran' ny faty, dia ao no hiangonan' ny papango amam-borona. Ary raha vao afaka ny fahorianana amin' ireo andro ireo, ny maseandro hohamaizinina, ary ny volana tsy hahazava; ny kintana hianjera avy any an-danitra, ary ny herin' ny lanitra hohozongozonina. Ary amin' izany audro izany, dia hiseho eo amy ny lanitra ny famantaranana ny Zanak' olona, ka dia hitomany ny frenena rehetra ambonin' ny tany, ary hahita ny Zanak' olona avy amin-kery sy voninalitra lehibe co amy ny ralhon' ny lanitra. Ary amy ny ampanencana mafy ny trompetra dia haniraka uy anjely Izy, ary hangonin' ireo ny olom-boafidy avy amy ny vazan-tany efatra hatramy ny faran' ny lanitra rehetra.

NY ALAHADY ATAO HOE SEPTUAGESIMA.

*Ny Kolekta.*

**T**OMPO ô, mifona aminao izahay, miainoa amy ny fahasoavanao ny fivavahan' ny olonao ary

aoka ny fabatsaranao lehibe no hanafaka anay, izay ampijalina marimarina noho ny faharatsianay, ho voninahitry ny anaranao; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra iray, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 1 Kor. ix. 24.

**T**SY fantarareo va fa izay mihazakazaka eo amy ny tany fibazakazabana dia samy mihazakazaka, nefo ny iray liany no mahazo ny loka? Mihazakazaha toy izany mba hahazoanareo. Ary ny mpiezaka rehetra dia mionona amy ny zavatra rehetra. Ireny mitady satro-boninahitra mety ho lo biansy, fa izahay kosa ny tsy mety ho lo. Raha izaho ary, dia mihazakazaka, fa tsy toy ny manao kiteatoa; ary mameley totohondry aho, fa tsy toy ny mameley ny rivotra; fa asiako mafy ny tenako ho mangana ka andevoziko, fandiao, rehefa nitory tany ny sasany aho, dia holavina kesa ny tenako.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xx. 1.

**F**A ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny lehilahy Tompon-trano, izay nivoaka maraina koa hanambony mпиisa ho any an-tanim-bealobony. Ary rehefa naraikiny ny tambin' ny mпиisa ho denaria iray isandro, dia nasainy nankany amy ny tanim-bealobony izy. Ary nivcaka tamy ny ora fahatelo izy, dia nahita ny sasany nitoetra foana tany an-tsena; dia hoy izy taminy : Mandehana koa hianareo han-kany amy ny tanim-bealoboka, ka izay an-keviny marina dia homeko anareo. Ary dia lasa izy. Ary nivoaka tamy ny ora fahenina sy fahasivy indray izy ka nanao toy izany kea. Ary tokony ho tamy ny ora fahiraika amby ny folo dia nivoaka izy ka nahita ny sasany mitoetra eo, dia nanao taminy hoc : Nahana hianareo no mutoetra foana eto mandritra ny andro? Hoy izy taminy : Satria tsy nisy olona ranamby abay. Dia hoy ralchilahy taminy : Mandehana

hana koa hianareo hankany amy ny tanim-boaloboka. Ary rehefa hariva ny andro, dia hoy ny tompon' ny tanim-boaloboka tamy ny mpitandrina ny raharahanay : Antsoy ny mpiasa, dia omeo azy ny tambiny : atombohy amin' ireo taoriana ka vao hatramin' ireo voalohany. Ary rehefa tonga izay notambazava tamy ny ora fahitaika amby ny folo, dia nahazo denaria misesy avy izy. Fa rehefa tonga ireo voalohany, dia nataona fa hahazo mihoatra izy ; kaujo samy denaria misesy avy hiany no azony. Ary rehefa nahazo izany izy, dia nimonomonona tamy ny tompon-trano ka nanao hoe ; Ireo olona farany ireo niasa ora iray hiany, kanefa nataonao mitovy aminay, izay niaritra ny fahatrotrahana sy ny hain' andro. Fa izy namaly ka nanao tamy ny anankiray amin' ireny hoe : Ry namako, tsy mba manao izay tsy marina aminao aho ; tsy efa naraikitrao denaria tamiko va ? Raiso ny anao, ka mandehana ; fa ilay farany dia tiako homenatoraka ny anao. Tsy mahazo manao izay tiako amy ny ahy va aho ? Ratsy va ny masonao, satria tsara aho ? Dia toy izany, ny farany ho voalohany, ary ny voalohany ho farany.

NY ALAHADY ATAO HOE SEXAGESIMA

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tompo ô, Hianao mahita fa tsy misy itokianay izay atoaonay na inona na inona : mamindrâ-fo aminay, ary aoka mba harovan' ny herinao amy ny loza rehetra izahay ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. 2 Kor. xi. 19.*

**F**A sitrakareo ny handefitra amy ny adala satria hendry angaha hianareo. Fa hay ! mandefitra hianareo raha misy mapandevo anareo, raha misy mandany anarco, raha misy misambotra anareo, raha misy mirehareha aminarco, raha misy mameley ny tavanareo. Manala-baraka-tena aho ka toea manailky fa malemy izahay ! Fa anin' izay mabasaly ny olona

NY ALAHADY ATAO HOE SEXAGESIMA.

(miteny toy ny adala aho), dia saby koa aho. Hebrec va izy ? Izaho koa. Israelita va izy ? Izaho koa. Taranaky Abrabrama va izy ? Izaho koa. Mpanompony Kristo va izy ? (Miteny toy ny olona very saina aho) Izaho miloatra : amy ny fisasarana manan-tombo, amy ny trano-maizina matetika kokoa, amy ny kapoka be efa izay tsy izy, amy ny fahafatesana matetika. Indimy no nabazoako tamy ny Iodeana kapoka inesa-pelo latsaka iray avy. Intelo nokapohin-kazo aho, indray maka notoraham-bato aho, intelo no vaky sambo aho, indriay andro sy indriay alina aho teo tamy ny lalina, tamy ny fandehanana matetika, saiky nahita loza tamy ny ony aho, saiky nahita loza tamy ny jiolahy aho, saiky nahita loza tamy ny tompon-tany namako aho, saiky nahita loza tamy ny gentilisa aho, saiky nahita loza tamy ny tanâna aho, saiky nahita loza tamy ny efitra aho, saiky nahita loza tamy ny ranomasina aho, saiky nahita loza tamy ny rahalahy sandoka aho, tamy ny fisasarana sy ny fikelezan' aina, tamy ny tsy fahitana tory matetika, tamy ny hanoanana sy ny hetaheta, tamy ny fidadian-kanina matetika, tamy ny hatsiaka sy ny fitanjahana. Afa-tsye izany rehetra izany dia mbola misy izay mahazo ahy isanandro, dia ny fiahiana ny fiangonana rehetra. Iza no malemy, ka fiahiana ny malemy aho ? Iza no tafintochina, ka tsy mirehitra aho ? Raha tsy maintsy mirehareha aho, dia izay momba ny fahalemeko no hataoko rehareha. Ny Andriamanitra, dia Rainy Ieso Tompo, Izay sambatra mandrakizay, mahalala fa tsy mandainga aho.

*Ny Filazantsara. S. Lioka viii. 4.*

**A**RY nisy vahoaka betsaka niangona, ka nanatona Azy ny olona avy tamy ny isan-tanâna, dia nanao fanoharana hoe Izy : Nivoaka ny mpamiafy hamasy ny voa; ary raha namafy izy, dia latsaka ny sasany teo amoron-dâlana ka voahitsakitsaka, ary dia lanin' ny voro-manidina. Ary latsaka ny sasany teo ambonin' ny vatolampy; ary raha vao

naniry, dia nalazo izy, fa tsy nisy mandoinando. Ary latsaka ny sasany teo afovoan' ny tsilo; ary ny tsilo niara-naniry taminy, dia nangeja azy. Ary latsaka ny sasany teo amy ny tany tsara, dia naniry ka namoa zato heny. Ary rehefa nilaza izany Izy, dia niantso nanao hoe : Izay manan-tsosina ho entimihaino, aoka izy bihaino. Ary ny mpianany nantany Azy ka nanao hoe : Ahoana ange izany fanoharana izany? Dia hoy Izy : Hianareo no nomena halalala ny mysterion' ny fanjakan' Andriamanitra ; fa amy ny olon-kasa dia fanoharana no atao, mba hijery izy, fa tsy hahita, ayy handre, fa tsy hahafantatra. Kea ny hevity ny fanoharana dia izao : Ny voa dia ny tenin' Andriamanitra. Ilay teo amoron-dálana dia izay mandre, fa avy ny Devoly ka manaisotra ny teny ao ampony, fandrao hino izy ka hovonjena. Ilay teo ambonin' ny vatolampy, dia izay mandre sady mandray ny teny amy ny hafaliana ; ary tsy manam-paka ireo, fa mino vetivety hiány, fa amin' izay andro isian' ny fakampanahy dia mihemotra izy. Ilay teo amy ny tsilo dia izay mandre, fa nony mandeha izy, dia voagejan' ny fiahiahiana sy ny harena ary ny fahafinaretan' izao fiainana izao ka tsy mahavanom-boa. Fa ilay teo amy ny tany tsara, dia izay mandre ny teny amy ny fo sady marina no tsara, dia mitana azy ka mamoia amy ny faharetana.

*Ny Kolekta.*

TOMPO 6, Hianao efa nampianatra anay fa tsinontsinona izay rehetra ataonay raba tsy omban' ny fitiavana. Iraho ny Fanahinao Masina ka ampidiño ao amponay izany fanomezam-pitiavana tsara indrindra izany, dia ny fehin' ny fihavanana sy ny fahatsaram-panahy rehetra, fa izay velona tsy manana izany dia isaina ho maty eo anatrehanao ; omeo anay izany amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. 1 Kor. xiii. 1.*

NA dia miteny amy ny fitenin' ny olona sy ny anjely aza aho ka tsy manana fitiavana, dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikaranitsana aho. Ary na dia manana profetia aza aho ka mahalala ny mysterio rehetra sy manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombolitra, kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho. Ary na dia omeko hohanin' ny malahelo aza ny fananako rehetra, ary na dia hatolotro hodorana aza ny tenako, kanefa tsy manana fitiavaña aho, dia tsy mahaso ahy akory izany. Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy ; ny fitiavana tsy foizina, tsy mirehareha, tsy miebocbo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy sosotra, tsy manao otiro, tsy misaly amy ny tsy fahamarinana, fa miara-mifaly amy ny fahamarinana kosa, mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, mahañitra ny zavatra rehetra. Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay ; fa raha ny profetia dia ho levona ; na ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra ; na ny fahalalana dia ho foana. Fa sombiny kely ny fahalalantsika, ary sombiny kely ny fanaovantsika profetia ; fa rehefa tonga ny tanteraka, dia tsy hisy sombiny kely intsony. Fony mbola zaza aho, dia niteny toy ny zaza ; nihevitra toy ny zaza, misaina toy ny zaza ; fa nony efa lehibe aho, dia nariako ny fahazazana. Fa ankehitriny isika mahita ao amy ny fitaratra ka tsy mahita marina ; rahañtrizay dia mifanatrika ; ankehitriny sombiny kely no fantatro ; rabatrizay dia ho fantatro toy izay nahafantarana ahy. Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra : ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana, fa ny lehibe amin' ireo dia ny fitiavana.

*Ny Filazantsara. S. Lioka xviii. 31.*

ARY Ieso naka ny roa amby ny folo laby ka nanao taminy hoe : Indro miakatra ho any Ierosalema

isika, dia ho tanteraka ny zavatra rehetra izay voasoratry ny profeta ny amy ny Zanak'olona. Fa hatolotra ho any ny gentilisa Izzy, dia hesoiny sy hisetrasetrany sy hororany ary hokapohiny sy hovonoiny, ary amy ny andro fahatelo dia hitsangana Izzy. Ary tsy nisy azony akory izany; fa nafenina taminy izany teny izany, ka dia tsy fantany izay nolazainy. Ary raha nanakaiky any Ieriko Ieso, dia nisy jamba anankiray nipetraka nangataka teo amoron-dalana. Ary raha nandre ny vahoaka mandalo izy, dia nanontany hoe: Inona izany? Ary hoy ny olona taminy; Ieso avy any Nazareta no mandalo. Dia niantso mafy ralehilahy ka nanao hoe: Ieso, zanaky Davida ô, mamintrareo amiko. Ary izay nandeha nialoha niteny mafy azy mba hangina, fa vao mainka nianisoantso izy nanao hoe: Ry zanaky Davida ô, mamintrareo amiko. Ary Ieso nijanona, dia nasainy ho entina eo aminy ralehilahy; ary rehefa omby akaiky izy, dia nanoutany azy Ieso ka nanao hoe: Inona no tianao hataoko aminao? Ary hoy izy: Tompoko, mba hahiratra anie ny masoko. Ary hoy Ieso taminy: Mahirata ny masonao; ny finoanao no efa nahavony ny ahamo. Ary niaraka tamin' izay dia nahiratra ny masony, ka nanaraka any Ieso izy sady nankalaza an' Andriamanitra; ary ny vahoaka rehetra, raha nalita, dia nidera an' Andriamanitra.

NY ANDRO VOALOHANY AMY NY FOTOAM-PIFADIANA,  
ATAO HOE:

*Alarobia Andro Larenona.*

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitola sy mandrakizay ô, tsy misy tsy tianao izay efa nataonao na inona na inona, sady avelanao ny helek' izay rehetra mibebaka. Torony fo vaovao sy torotoro ao anatinay mba hahalahelovanay mafy noho ny fahotanay sy hanaikenay ny haratsianay ary hahazoanay ny fahafhana tanteraka sy ny famelankeloka avy aminao, Izay Andriamaniry ny famindrampo rehetra; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

¶ *Ity Kolekta ity dia hovakina isanandro mandritra ny Fotoam-pifadiana, ka hatao manaraka ny Kolekta efa notendrena ho any ny Andro.*

*Ny Solon' ny Epistola. Ioel. ii. 12.*

**K**OM ankehitriny, hoy Iehovah: Miverena aty amiko, amy ny fonareo rehetra hianareo sy amy ny fifadiana sy amy ny fitomaniana ary amy ny fisaonana. Ary ny fonareo no triatriaro, fa aza ny fitafianareo, ary miverena aminy Iehovah Andriamanitrareo: fa mamintrareo sy miantra Izzy; miadampahaezerana, ka be famindrampo, ary manenina ny amy ny ratsy Izzy. Iza no mahalala na hiverina amana hanenina Izzy; ka hamela fitahiana ao aorinany: dia fanatitra hohanina sy fanatitra hosotroina ho any Iehovah Andriamanitrareo. Mampanenoa ny trompetra ao Ziona ka manendre fanasana, miantsoa andro fifadiana. Angony ny olona, hasino ny fiangonana, vorio ny loholona, angony ny ankizy sy ny minono: aoka ny mpampakatra hivoaka ao an-tranony, ary ny ampakarina hivoaka ao an-trano fandriana. Aoka ny mpisorona mpanompony Iehovah hitomany eo anelanelan' ny fidirana sy ny fivoadiana; ary aoka izy hanao hoe: Tsimbino ny olonao, Iehovah ô, ary aza omen-ko-latsa ny lovanao, banapahan' ny firenena azy: ka nahoana no hanaovany ao amy ny olona hoe: Aiza no Andriamaniny?

*Ny Filazantsara. S. Mat. vi. 16.*

**A**RY raha mifady hauina hianareo, aza mety ho tahaka ny mpilatsaravelatsihy, izay malahelo tareby; fa mampisotisoty ny tavany izy hiseboany amy ny olona fa mifady. Lazaike aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany. Fa hianao kosa, raha mifady hanina, dia hosory ny lohanao, ary sasao ny tavanao, mba tsy hiseboanao amy ny olona fa mifady, fa amy ny Rainao Izay ao amy ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amy ny mangingina, no hamaly anao. Aza mihary ho anareo

harena ety an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba azy, sady misy mpangalatra manamitrano sy mangalatra. Fa miharia ho anareo harena any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba azy, sady tsy misy iupangalatra manamitrano na mangalatra. Fa izay itoeran' ny harenao, dia ho any koa ny fonao.

## NY ALAHADY VOALOHANY AMY NY FOTOAM-PIFADIANA.

*Ny Kolektă.*

**T**OMPO 6, Hianao nifady efa-polo andro sy efa-polo alina noho ny fitiavanao anay, aoka hifady tahaka izany koa izahay, mba handresen' ny Fanahy ny nefonay, hanaikenay ny fitaomanao tsara amy ny fahamarinana sy ny fahamasinana marina, ho lazanao sy ho voninahitrao; Izay miara-belona sy miara-manjaka amy ny Ray sy ny Fanahy Masina Andriamanitra iray hiany, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola. 2 Kor. vi. 1.*

**A**RY izahay mpiara-miasa aminy dia mangataka anareo koa mba tsy handraisanaresco foana ny fahasoavan' Andriamanitra (fa hoy izy : "Tamy ny taona fankasitrahana no nibainoako anao, ary tamy ny andro famonjena no namonjeko anao;" indro, ankchitriny no andro fankasitrahana; indro, anke-hitriny no andro famonjena); fa tsy manao izay mahatafintohina izahay na amin' inona na amin' inona, mba tsy homen-tsiny ny fanompoana; fa amy ny zavatra rehetra dia mampiseho ny tenanay ho mpanompon' Andriamanitra izahay, dia amy ny faharetana be, amy ny fahoriania, amy ny fahaterena, amy ny fahantrana, amy ny kapoka, amy ny fahoriania, amy ny tabataba, amy ny fisasarana, amy ny tsy fahitana tory, amy ny fifadian-kanina, amy ny fahadiovana, amy ny fahalalama, amy ny fahari-po, amy ny falamoram-panahy, amy ny Fanahy Masina, amy ny fitiavana tsy mihatsaravelatsihy, amy ny

tenin' ny fahamarinana, amy ny herin' Andriamanitra, amy ny fiadian' ny fuhamarinana na amy ny ankavananana na amy ny ankavia, amy ny voninahitra sy ny fahafaham-boninahitra, amy ny laza ratsy sy ny laza soa; tahaka ny mpamitaka, nefä marina hiany; tahaka ny tsy fantatra, nefä fantatra tsara hiany; tahaka ny efa ho faty, nefä, indro, velona hiany; tahaka ny faizana, nefä tsy atao maty; tahaka ny ampalahelovina, nefä faly mandrakariva; tahaka ny malahelo, nefä mampanan-karena ny maro; tahaka ny tsy manana na dia kely akory aza, nefä manana ny zavatra rehetra.

*Ny Filazantsara. S. Mat. iv. 1.*

**A**RY lesy dia nentin' ny Fanahy naukany anefitra, mba halain' ny Devoly fanahy. Ary nifady hanina efa-polo andro sy efa-polo alina Izy, ary nony afaka izany dia noana. Ary nanatona ny mpaka fanahy ka nanao taminy hoe: Raha Zanak' Andriamanitra Hianao, dia mitenena mba ho tonga mofo ireto vato ireto. Ary Izy kosa namaly ka nanao hoe: Voasoratra hoe: "Tsy mofo hiany no hiveloman' ny olona fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra." Ary ny Devoly nitondra Azy nankany amy ny tanâna masina ka nampitoetra Azy teo an-tampon' ny tempoly, dia nanao taminy hoe: Raha Zanak' Andriamanitra Hianao, mianjerâ any ambany any; fa voasoratra hoe: "Ny anjely omeny didy ny aminao; Ary eny an-tâhany no hitondran' ireo Anao, Fandrao ho tafitohina amy ny vato ny tongotrao." Hoy Ieso taminy: Voasoratra hoe koa: "Aza maka fanahy any Iehovah Andriamanitra." Ary ny Devoly nitondra Azy indray nankany an-tendombolohitra avo dia avo ka naneho Azy ny fanjakana rehetra amin' izao tontolo izao sy ny voninahiny, dia nanao taminy hoe: Izao rehetra izao homeko Anao, raha hiankohoka eto anatrehako Hianao. Dia hoy Ieso taminy: Mandehana hianao, ry Satana; fa voasoratra hoe: "Iehovah Andriamanitra no hiankohofanao, ary Izy hiany no hotom-

poinao." Dia nandao Azy ny Devoly, ary, indro, nisy anjely tonga ka nanompo Azy.

## NY ALAHADY FAHAROA AMY NY FOTOAM-PIFADIANA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao mahita fa tsy mahaleo tena izahay raha tsy ampianao, tehirizo ny tenanay sy ny fanahinay mba ho voaro izahay amy ny loza rehetra izay hihatra amy ny tenanay sy amy ny hevi-dratsy rehetra izay hamefy sy hanimba ny fanahinay; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. 1 Tes. iv. 1.*

**A**RY koa, ry rahalahy, mangataka aminareo sy mananatra anareo ao aminy feso Tompo izabay, ho araka ny nandraisanareo taminay izay mety han-dehananareo sy hanaovanareo ny sitrapon' Andriamanitra—dia araka ny andehananareo hiany—no hitomboanareo bebe kokoa. Fa fantarareo izay didy nomenay anareo avy taminy Ieso Tompo. Fa izao no sitrapon' Andriamanitra, dia ny fahamasinanareo hifadianareo ny fijangajangana, mba samy hahafantatra izay hazoanareo ny fanaky ny tenany avy amy ny fahamasinana sy ny voninahitra, tsy amy ny filâna fotsiuy, tahaka ny gentilisa izay tsy malalala an' Andriamanitra, mba tsy hisy hanao saina hifetsy ny rahalahiny amin' izany; fa ny Tompo no mpamaly ny amin' izany zavatra rehetra izany, toy ny nelazainay sy nambaranay taminareo rahateo. Fa Andriamanitra tsy niantso antsika ho amy ny fahalotoana, fa amy ny fahamasinana. Koa izay mandà, tsy olona no laviny, fa Andriamanitra, Izay manome anareo ny Fanahiny Masina.

*Ny Filazantsara. S. Mat. xv. 21.*

**D**IA niala teo Ieso ka nankany amy ny taniny Tyro sy Sidona. Ary, indro, nisy vehivavy Kananita anankiray nivoaka avy amin' izany tany

izany ka nitaraina mafy nanao hoe: Mamindráfo amiko, Tompoko, zanaky Dayida ô; ny zanako-vavy ampahorin' ny demonia indrindra. Fa Izzy tsy namaly teny azy. Dia nanatona ny mpianany ka nangataka taminay nanao hoe: Ampandehano izy; fa miantso mafy ato aorantsika izy. Ary Izzy namaly ka nanao hoe: Tsy nirahina Aho afa-tsyo ho any amy ny ondry very amy ny taranaky Israely. Fa nanatona ravehivavy, dia niankohoka teo anatre-hany ka nanao hoe: Tompoko ô, vonjeo aho. Fa Izzy namaly ka nanao hoe: Tsy mety raha maka ny moson' ny zaza ka manipy azy ho any ny amboakely. Ary hoy ilay vehivavy: Marina izany, Tompoko: kanefa ny amboakely aza mba mihinana ny sombintombiny izay latsaka avy any ny latabatry ny tompony. Dia namaly Ieso ka nanao taminay hoe: Ravchivavy, lehibe ny finoanao; tongava-aminao araka izay ilainao. Dia sitrana ny zanani-vavy hatramin' izay ora izay.

## NY ALAHADY FAHATELO AMY NY FOTOAM-PIFADIANA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, mifona aminao izahay, jerco ny fanirian' ny feno' ny mpanorionao mietritena, ary ahinjiro ny tâmana ankavanan' ny fahandriananao biao anay amy ny fahavalonay rehetra; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Efesiana v. 1.*

**K**OA amin' izany dia aoka hanahaka an' Andriamanitra tahaka ny zanaka malala lianareo; ary mandehana amy ny fitiavana, toy ny mitiavany Kristy anareo koa ka nanolorany ny tenany ho fanta-trita sy ho fanavotana amin' Andriamanitra, ho hanitra mamy fofona, hamony aksika. Fa ny fijangajangana sy ny fahalotoana rehetra, na ny fieremana, dia aza avela hotononina eo aminareo akory aza, fa tsy miendrika ny olona masina izany, na

fahavetavetana, na resa-peana adala, na voso-dratsy, izay tsy tokony hatao, fa alco misaotra. Fa fanta-trereo marimarina fa samy tsy manana lova eo amy ny fanjakany Kristy sy Andriamanitra na ny mpi-jungajanga rehetra, na ny olona vctaveta, na ny olona mierina (mpanompo sampy izany). Aza avela hofitahin' olona amy ny teny foana hianareo; fa izany zavatra izany no ahatongavan' ny fahatezeran' Andriamanitra amy ny zanaky ny tsy fanarahana. Koa aza mety ho mpiombona aminy hianareo. Fa maiolina hianareo fahiny, fa mazava ao amy ny Tompo kosa ankelitriny; mandehana tahaka ny zanaky ny mazava (fa ny vokatry ny mazava dia ao amy ny fahatsarana rehetra sy fabamarinana ary fahitsiana), mamantatra izay ankasitrahana' ny Tompo. Ary aza miray aminy amy ny asan' ny maiolina tsy misy soa fa aleo mananatra izany. Fa izay atacony ao amy ny mafina, dia mahameuatra na dia ny milaza izany aza. Fa ny zavatra izay anatin' dia asehon' ny mazava; fa na inona na inona ascho dia mazava. Koa izany no ilazany hoe: Mifohaza hianao izay matory, ary mitsangána amy ny maty, dia hampahazava anao Kristy.

*Ny Filazantsara.* S. Lioka xi. 14.

**A**RY Ieso namoaka demonia, ary moana izany. Ary rehefa nivoaka ny demonia, dia niteny ilay moana; ka dia gaga ny vahoaka. Fa hoy ny sasany; Belzeboba, lohan' ny demonia, no amoahany ny demonia. Fa ny sasany kosa naka fanaby Azy, dia nangataka famantarana taminy avy any an-danitra. Fa Izzy nahalala ny heviny, dia nanao taminy hoe: Ho foana ny fanjakana rehetra izay miady an-trano; ary ho rava ny ankohonana izay miady an-trano. Ary Satana koa aza, raha miady an-trano ahoana no habaretan' ny fanjakany? Fa hoy hianareo: Belzeboba no amoahako ny demonia. Fa raha Izaho mamoaka demonia amy ny heriny Belzeboba, amy ny herin' iza no amoahan' ny zanakareo azy? koa amin' izany dia bo mpitsara anareo izy.

Fa raha ny rantsan-tánan' Andriamanitra kosa no amoahako ny demonia, dia mihatra aminareo tekeo ny fanjakany' Andriamanitra. Raha ny mahery mivonona amy ny fadiany no miaro ny tronony, dia tsy haninona ny fananany. Fa raha avy kosa izay mahery noho izy ka mandresy azy, dia halainy ny fadiany rehetra izay nitokiany, ary izay azony ho babo dia hozarainy. Izay tsy momba Ahy dia manohitra Ahy; ary izay tsy mihara-mamory amiko dia manahaka. Raha ny fanaby maloto mivoaka amy ny olona, dia mandeha mitety ny tany tsy misy rano izy, mitady fitsaharana; ary rehefa tsy mahita, dia hoy izy: Hôdy any an-tranoko izay nivoahako aho. Ary nony tonga izy, dia litany fa voafafa sy voaveatra ny trano. Ary dia mandeha izy ka mitondra fanaly fito hafa koa ratsy noho izy; dia miditra ieo ka mitoetra ao; ary ratsy ny faran' izany olona izany noho ny voalobhany. Ary raha nilaza izany Ieso, dia nisy velivavy anankiray tamy ny vahoaka niantso ka nanao taminy hoe: Sambatra ny kibo izay nitondra Anao ary ny nono izay ninonoanao. Fa Izzy kosa nanao hoe: Eny tokea, kanefa mainka sambatra ny mihaino ny tenin' Andriamanitra ka mitandrina izany.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, mifona aminao izahay, aoka ny fampionenana avy amy ny fahasoavanao no hanafshan' ny famindranponao anay, izay tokony hampijalina marimarina noho ny asa ratsy nataonay; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay sy Mpamony anay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Gal. iv. 21.

**M**I LAZA amiko hianareo izay te-ho ambanin'ny lalána: tsy renareo va ny lalána; fa voasora-tra hoe: "Abrahaina nanana zanaka roa laby, ny anankiray tamy ny andevovavy, ary ny anankiray

tamy ny tsy andevo. Kanefa ilay tamy ny andevo vavy dia nateraka araka ny nofo ; fa ilay tamy ny tsy andevo kosa dia nateraka noho ny teny fikasana.” Ary izany dia azo atao fanoharana ; fa izy rea vavy ireo dia fanaikena roa ; ny anankiray avy tamy ny tendrombolitra Sinay miteraka ho amy ny fahandevozana, dia Hagara izany. Ary ny hoe Hagara dia ny tendrombolitra Sinay any Arabia ka misfamaly aminy Ierosalema ankehitriny ; fa andevo izy mbamy ny zanany. Fa Ierosalema any ambony kosa, izay renintsika, dia tsy andevo. Fa voasoratia hoe : “ Mifalia, ramomba, izay tsy miteraka ; Miantsoa sy minanananana, hianao izay tsy mboia marary hiteraka ; fa maro ny zanaky ny tsy manambady noho ny any ny manana.” Fa isika, ry raha-lahy, dia zanaky ny teny fikasana tahaka any Isaka. Kanefa tahaka ny tamin’ izany andro izany ilay teraka araka ny nofo nanenjika ilay teraka araka ny Fanahy, dia tahaka izany koa ankehitriny. Fa ahoana anefana lazain’ ny Soratra Masina ? “ Roahy ny andevo vavy mbamy ny zananalihy ; fa ny zanaky ny andevo tsy hiara-mandova amy ny zanaky ny tsy andevo.” Ary amin’ izany, ry rabalahy, dia tsy zanak’ izay andevo vavy isika, fa zanaky ny tsy andevo.

### *Ny Filazantsara. S. Iohana vi. 1.*

**R**EHEFA afaka izany, dia niala Ieso ka lasa nita ny Ranomasiny Galilea, dia ny Ranomasiny Tiberia izany. Ary nisy valioaka betsaka nanaraka Azy noho ny nahitany ny famantaranana izay efa nataony tamy ny marary. Ary Ieso niakatra tao an-tendrombolitra, dia nipetraka tao mbamy ny mpianany. Ary efa akaiky ny Paska, izay andro firavoravoan’ ny Iodeana. Ary Ieso nanopy ny masonry ka nalihita fa nisy valioaka betsaka manatona Azy, dia hoy Izzy taminy Filipo : Afza no hividiansika mofo lechanin’ ireo ? Ary izany no nataony nizahany toetra azy ; fa Izzy nahalala hiany izay efa hataony. Filipo namaly Azy hoe : Mofo vidina

denaria roan-jato tsy aumpy azy rehetra halhazoany kely avy. Ny mpianany anankiray, dia Andrea, rahalahiny Simona Petera, nilaza taminy hoe : Misy zazalahy aty manana mofo vary hordea dimy sy hazandrano madinika rea, fa aumpy ho inona izany amin’ izao olona be izao ? Ary hoy Ieso : Asaovy mipetraka ny olona. Aiy nisy alitra be teo. Ka dia nippetakra ny lehilahy, tokeny ho dimy arivo no isany. Ary Ieso nandray ny mofo ; ary rehefa nisaotra, dia nizara izany tamy ny mpianatra, ary ny mpianatra kosa nizava azy tamin’ izay nipetraka nihinana ; ary ny hazandrano koa araka izay nilainy. Ary rehefa voky ny olona, dia hoy Ieso tamy ny mpianany : Angony ny sisa tsy lanu, mba tsy lisy ho very. Dia nanangona izy ka nahafeno harena roa amby ny folo tamy ny sorabintombin’ ny mofo vary hordea dimy, izay ambiuy tsy lanin’ ny nihinana. Ary hoy ireny olona ireny, rehefa nihita ny famantaranana izay nataony Ieso : Ity tokoa no Hay Profeta Izay ho tonga amin’ izao tontolo izao.

### *Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, mifona aminao izahay, jereo amy ny famindramponao uy olonao ; mba hotapahina sy harovan’ ny fahasoa-vanao lehibe mandrakariva izy amy ny tenany sy amy ny fanahiny ; amy ny alalany Ieso Kristy Tempiony. Amena.

### *Ny Epistola. Hebreo ix. 11.*

**F**A Kristy, rehefa tonga ho mpisorona-be ny amy ny zavatra tsara ho avy, dia namaky teo amy ny tabernakela lehibe lavitra sady tsara lavitra, tsy nataon-tanana, izay hoe, tsy isan’ izao zavatra ary izao, ary tsy nitondra ran’ ny osy sy ny zanak’ omby, fa ny ran’ ny tenany, dia nidiitra indray mandeha ho any amy ny fitoerana masina Izzy ka nahazo fanavotana mandrakizay. Fa raha ny ran’ osy sy ny any ny umbilahy ary ny lavenon’ ny

vantotr' ombivavy afafy amin' izay voaloto no manamasina hatramy ny fanadiovana ny nofo, mainka ny rany Kristy, Izay nanatitra ny tenany tsy manan-tsiny ho an' Andriamanitra, tamy ny alalan' ny Fanahy mandrakizay, no hahadio ny fieritreretanareo ho afaka amy ny asa maty mba hanompoanareo ny Andriamanitra velona. Ary noho izany dia mpanalalana amin' izay fanaikena vaovao Izy, mba hahazoan' izay voantso ny teny fikasana dia ny loya mandrakizay, rehefa niaritra fabafatesana Izy, ho fanavotana amy ny fahotana natao tamy ny fanaikena voalohany.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana viii. 46.

**H**OY Ieso : Iza moa aminareo no mampiseho Ahy ho nanota? Raha ny marina no lazaiko, naohoana hianareo no tsy mino Ahy? Izay avy amin' Andriamanitra mihaihino ny tenin' Andriamanitra; izany no tsy ihaihaoanareo, satria tsy avy amin' Andriamanitra hianareo. Dia namaly ny Iodeana ka nanao taminy hoe : Tsy milaza marina va izahay fa Samaritana Hianao sady manana demonia? Ieso namaly hoe : Izaho tsy manana demonia; fa mankalaza ny Raiko Aho, ary hianareo kosa mahafaboninahitra Ahy. Fa Izaho tsy mitady ny voninahitro; misy Iray mitady sy mitsara. Laizaiko aminareo marina dia marina tokoa : Raha misy olona mitandrina ny teniko, dia tsy mba hitita fahafatesana mandrakizay izy. Dia hoy ny Iodeana taminy : Fantatray amin' izao fa manana demonia Hianao. Maty Abrahama sy ny profeta ary hoy Hianao : Raha misy olono mitandrina ny teniko dia tsy hanandrana fahafatesana mandrakizay izy. Moa Hianao lehibe noho Abrahama rainay, izay efa maty va? sady efa maty koa ny profeta; manao Anao ho Iza Hianao? Ieso namaly hoe : Raha mankalaza ny tenako Aho, dia tsinontsinona ny lazako; ny Raiko, Izay ataoanareo fa Andriamanitrareo, Izy no mankalaza Ahy. Tsy fantatrareo Izy, fa Izaho no mahalala Azy; azy

raha hoy Izaho : Tsy fantattro Izy, dia ho mpanainga tahaka anareo koa Aho; fa mahalala Azy Aho ka mitandrina ny teniny. Ravoravo Abrahama rainareo hahita ny androko; ary nahita izy ka faly. Dia hoy ny Iodeana taminy : Tsy mbola dinau-polo taona akory Hianao ka efa nahita any Abrahama va? Hoy Ieso taminy : Lazaike aminareo marina dia marina tokoa : Raha tsy mbola áry Abrahama, dia Izy Aho. Dia naka vato hitoraka Azy ny olona; fa Ieso niery, dia nivoaka tamy ny kianjan' ny Tempoly ary namaky teo afovoan' ny olona ka lasa.

NY ALAHADY MIALOHA NY ANDRO PASKA ATAO HOE :

*Ny Alahadin' ny Sampandrofia.*  
*Ny Kolektia.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, Hianao, noho ny fitiavanao ny olona, dia nanihira ny Ieso Kristy Zanakao Mpamoranjy anay, mba hitafy ny nofonay ka hiaritra ny fahafatesana amy ny hazo fijaliana hanarahan' ny olona rehetra ny fanetrentenany lehibe; mamindráfo aminay, ary aoka mba hanaraka ny nataony tamy ny niaretany izahay, ary hatao ho mpiombona ny fitsanganany tamy ny maty; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Filip. ii. 5.

**A**OKA ho ao aminareo izao saina izao, izay tao aminy Kristy Ieso koa, Izay, na dia nanana ny endrik' Andriamanitra aza, dia nataony tsy ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin' Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamy ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amy ny olona; ary rehefa hita nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramy ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamy ny hazo fijaliana. *Koa izany* no nanandratan' Andriamanitra Azy indrindra sy nano-

mezany Azy ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, miba ho amy ny anaranay Ieso no handohalehan' ny lohalika rehetra, na ny any andanitra, na ny ety an-tany, na ny any ambanin' ny tany, sy hanaiken' ny lela rehetra fa Ieso Kristy no Tempo ho voninahiti' Andriamanitra Ray.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xxvii. 1.

**A**RY nony maraina ny andro, ny lohan' ny mpisorona rehetra sy ny loholona dia niara-nisaina hiampangany any Ieso hamonoany Azy. Ary rehefa nafatony Izzy, dia nentiny ka natolony teo aminy Pontio Pilato governora. Ary Iodasy izay namadika Azy, raha naliita fa nohelohina leso, dia nanenina ka namerina ny sekely volafotsy telo-polo tamy ny lohan' ny mpisorona sy ny loholona ka nanao hoe : Nanota aho, fa namadika ra marina. Fa hoy ireo : Ahoanay izany ? fa asa anao. Ary nony natsipiny teo amy ny tempoly ny vola, dia niala izy, ary dia lasa nandeha, dia nanao tadmody, dia nananton-tena ka maty. Ary ny lohan' ny mpisorona nandray ny vola ka nanao hoe : Tsy mety raha alatsaka ao amy ny rakitry ny tempoly izany, fa vidin-dra. Ary nony niara-nisaina izy, dia namidimy ny sahan' ny mpanefy vilany ny vola ho fandevenambahiny. Koa izany no anaovana ny anaran' izany saba izany mandrak' andro auy hoe Saham-dra. Dia tanteraka izay nampilazaina any Ieremias profeta hoe : "Dia nalainy ny sekely volafotsy telo-polo, dia ny vidin' ilay notombanana, izay notombanan' ny Zanak' Israely ; ary nomeny halhazoana ny sahan' ny mpanefy vilany izany, araka izay efa nandidiany Iehovah ahy." Ary Ieso nitsangana teo anatrehan' ny governora ; ary ny governora nanontany Azy ka nanao hoe : Hianao va no Mpanjakan' ny Iodeana ? Dia hoy Ieso taminy : Voalazanao. Ary raha nam-pangain' ny lohan' ny mpisorona mba ny loholona Izzy, dia tsy namaly akory. Dia hoy Pilato taminy : Tsy renao va izay zavatra maro iampangany Anao ? Fa tsy namaly azy Izzy na indraimbava

akory aza, ka dia gaga indrindra ny governora. Ary raha tonga ny andro firavoravoana, dia fanaon' ny governora ny mandefa mpifatotra anankiray ho any ny vahoaka, araka izay nilainy. Ary tamin' izany dia nanana mpifatotra malaza izy atao hoe Baraba. Koa nony tafangona teo ny olona, dia hoy Pilato taminy : Iza moa no tianareo halefako ho anareo ? Baraba, sa Ieso, Izay atao hoe Kristy ? Fa fantany fa fialonana no nanioloran' ireo Azy. Ary raha nipeetraka teo amy ny fitsarama izy, ny vadiny dia naniraka hankeo aminy ka nanao hoe : Aza manao na inoua na inona amin' izany lehilahy marina izany, fa nampahory ahy be hiany ny nanofisako Azy andro any. Fa ny lohan' ny mpisorona mbamy ny loholona nampanaiky ny vahoaka mba hangataka any Baraba ary hamono any Ieso. Fa ny governora namaly ka nanao taminy hoe : Iza moa amin' izy roa lahy no tianareo halefako ho anareo ? Ary hoy izy : Baraba. Hoy Pilato taminy : Ka ahoana kosa ary no hataoko aminy Ieso, Izay atao hoe Kristy ? Dia hoy izy rehetra : Aoka hohomboana amy ny hazo fijaliana Izzy. Fa hoy ny governora : Inona ary no ratsy nataony ? Fa vao mainka niantsoantso izy ka nanao hoe : Aoka hohomboana amy ny hazo fijaliana Izzy. Ary raha hitany Pilato, fa tsy nahatohitra azy izy, fa vao mainka nisy tabataba bebe kokoa, dia nandray rano izy ka namasa ny tianany teo anatrehan' ny vahoaka ka nanao hoe : Afa-tsmy aho ny amy ny ran' io lehilahy marina io, fa asa anareo. Ary ny olona rehetra dia namaly ka nanao hoe : Aoka ny rauy ho aminay sy ho amy ny zanakay. Ary dia nandefy any Baraba ho amy ny olona izy ; fa Ieso nasainy nokapolina, dia natolony mba hohomboana amy ny hazo fijaliana. Ary ny miaramilan' ny governora dia nitondra any Ieso ho ao amy ny tranon' ny governora, dia nanangona ny miaramila rehetra iray toko aminy hanaraby Azy. Ary rehefa nanala ny fitafany, dia nanaty lambajaky Azy izy. Ary nandrandranana satroka tsilo izy, ka nasatroney ny lohany, ary nanisy volotra teo amy ny tianany ankavananana izy, dia nandohalika

teo anatrehany ka nanaraby Azy hoe : Tsara va Tompoko è, mpanjakan' ny Iodeana ! Dia nororamy Izy, ary nalaiby ny volotara ka nokapohiny ny lohany. Ary rehefa nanaraby Azy izy, dia nanaala ilay lamba taminy, ka nampitafiny Azy indray ny fitafiany, ary dia nentiny Izy mba hohombeana amy ny hazo fijaliana. Ary raha nivoaka izy, dia nahita lehilahy Kyreniana anankiray, atao hoe Simona, ary izy notereny hitondra ny hazo fijaliany Ieso. Ary rehefa tonga teo amy ny tany atao hoe Golgota izy, izany hoe : Ikarandoha, dia nomeny divay miharo afero Izy hosotreiny; ary nony nandramany izany, dia tsy nety nisotro Izy. Ary rehefa voahombony tamy ny hazo fijaliana Izy, dia nanaovany loka no fizirány ny fitafiany. Ary nipeetraka izy, dia niambina Azy teo. Ary napetany teo ambonim' ny lohany ny soratra milaza ny nanamelobany Azy, dia izao : ITY NO IESO, MPANJAKAN' NY IODEANA. Ary nisy jiolahy roa nohombecana tamy ny hazo fijaliana teo an-daminy roa, ny anankiray teo ankavanany, ary ny anankiray teo ankavany. Ary izay nandalo niteny ratsy Azy, dia nihifikifi-doha ka nanao hoe : Ry ilay mandrava ny tempoly sy manangana azy amy ny hatejoana, vonjeo ny tenanao. Raha Zanak' Andriamanitra IIianao, dia midina hiala amy ny hazo fijaliana. Ary toy izany koa ny lohan' ny mpisorona mbamy ny impanora-dalina sy ny loholona nanaraby ka nanao hoe : Ny sasany novonjeny ; fa ny tenany tsy hainy vonjena. Raha Mpanjakan' ny Isiraely Izy, aoka lidina hiala amy ny hazo fijaliana Izy ankehitriny, dia bino Azy izahay ; natoky an' Andriamanitra Izy, ka aoka Izy hamony Azy ankehitriny, raha sitrany Izy ; fa hoy Izy : Zanak' Andriamanitra Aho. Ary toy izany koa no sanditsan' ny jiolahy, izay niaraka nohombecana tamy ny hazo fijaliana. Ary hatramy ny ora fahenina ka hatramy ny ora fahasivy dia maizina ny tany rehetra. Ary raha tokony ho tamy ny ora fahasivy, dia niantso tamy ny feo mahery Ieso hoe : " Ely, Ely, lama sabaktany ? " izany hoe : " Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahcana no efa

mahafoy Ahy IIianao ? " Ary ny sasany tamin' izay nijanona teo, raha nandre izany, dia nanao hoe : Miantso any Elia Illelio. Ary niaraka tamin' izay ny anankiray teo aminy dia nihazakazaka ka nandray sponjy, ary rehefa natsobony tamy ny vimigera izany ka notohiziny tamy ny volotara, dia natohony hotsentsefiny Ieso. Fa ny sasauy kosa nanao hoe : Aoka hizahantsika na ho avy Elia hamony Azy, na tsia, Ary rehefa niantso indray tamy ny feo mahery Ieso, dia afaka ny ainy. Ary, indro, ny efitra lamba tao amy ny tempoly dia triatra ho roa hatrany ambony ka hatrany ambany ; dia nihorohoro ny tany, ka nitresaka ny vatolampy, ary nisokatra ny fasana ; ary maro ny fatin' ny olona masina izay efa nody mandry nitsangana, ka nivoaka avy tae amy ny fasana ireo taorian' ny nitsanganany Ieso, dia nankao amy ny tanána masina ka niseho tamy ny maro. Ary ny kapiteny sy ny nomba azy, izay niambina any Ieso, raha nahita ny horohoron-tany mbamin' izay zavatra tonga teo, dia natalbotra indrindra ka nanao hoe : Marina mihitsy fa Zanak' Andriamanitra io lehilahy io.

**I**ZA ity izay avy any Edoma, avy any Bezra amy ny fitafiana voanato? ity izay malaza fitafiana, mandeha amy ny halchiben' ny heriny? Izaho, izay mitory fahamarinana, mahery hamony. Nahoana no mena ny fitafianao? ary ny akanjonao no tahaka izay manitsaka ny famiazam-boaloboka? Izaho hiány no nanitsaka ny famiazam-boaloboka; ary ny amy ny olona tsy nisy tamiko na iray akory : fa Izaho hamitsaka azy amy ny fahatezerako; ary handia azy amy ny fahavinirako; ary ny ranay hafafy amy ny fitasiako, ary Izaho handoto ny akanjoko rehetra. Fa ato am-poko ny andron' ny famaliako, ary tonga ny taonan' ny voävetro. Ary Izaho njery fa tsy nisy hamony; ary gaga Aho fá

tsy nisy nanohana : ka ny sandriko no nitondra famonjena ho Ahy ; ary ny fahatezerako no nanohana Ahy. Ary Izaho hanitsaka ny olona amy ny fahatezerako, ary hampahalecony azy ny sahavinirako, ary Izaho hampiety ny heriny hatramy ny tany. Izaho ihatsiaro ny famindrampony Iehovah, dia ny siderany Iehovah manaraka izay rehetra nomeny Iehovah antsika, sy ny halehibeny ny fahasoavama amy ny mpianakaviny Isiraely, izay nomeny azy, manaraka ny famindrampony sy ny habeny ny fiantrany. Fa hoy Izy, Oloko tokoa izy, zanaka tsy handainga ; ka dia ho Mpamony azy Izy. Amy ny fahoriany rehetra no nampahoriany azy, ary ny anjelin' ny fanatrehany no namonjy azy : ny fitiavany sy ny fiantrany no nanavotany azy ; ary Izy nanainga azy sy nitondra azy tamy ny andro taloha rehetra. Fa izy niodina, ary nahasosatra ny Fanahy Masiny : ary Izy naijary fahavalony, ka dia niady taminy. Izy nahatsiaro ny andro taloha, Mosesy sy ny olony, hoe : Aiza Izay nampakatra azy tamy ny ranomasina mbamy ny mpiandri-on-driny ? Aiza izay nanisy ny Fanahy Masiny tao anatinny ? Izay nampitarika azy ny tâhana ankavanany Mosesy mbamy ny sandriny malaza, ka mampisaraka ny ranomasina teo anoloany, mba hanaovana anarana mandrakizay ho Azy. Izay nitondra azy hamaky ny lalina, tahuaka ny scavaly any an-efitra, ka tsy tafintohina izy ? Tabaka ny fidinan' ny liby amy ny tany lemaka, ny Fanahiny Iehovali nitondra azy ; dia tahuaka izany no nitondranao ny olonao, mba hanaovana anarana malaza ho Anao. Mitsinjova eny an-danitra, ariy mijere eny amy ny fonehan' ny fahamasinanao sy ny voninabitrao : aiza ny fahazotoanao sy ny herinao, ny fiantran' ny kibonao sy ny famindramponao aniko ? Voiro va izy ? Hianao tokoa no Rainay, kanefa Abrahama tsy mahfantatra anay, ary Israely tsy mahalala anay; Iehovah ô, Hianao no Rainay ; ary Mpanavotra anay ; ny anaranao hatramy ny mandrakizay. Iehovah ô, nahoana no nampaniavinao ny lâlanao izahay, ka nanamafy ny fonay amy ny fabatahorana

Anao ? Miverena noho ny fitiavanao ny mpanomponao, dia ny firenen' ny lovanao. Ny olon' ny fahamasinana nanana azy vetivety foana ; ny fahavalonay efa nanitsaka ny fahamasinanao. Anao izahay ; Hianao tsy mbola nanapaka azy ; izy tsy mba nantsoina tamy ny anaranao.

*Ny Filazantsara. S. Mark xiv. 1.*

RÂHA indreca andro no sisa tsy hahatongavan' ny Paska, fihinanâna ny mofo tsy misy fermenta, ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalâna nitady hisambotra any Ieso tamy ny fitaka hahafaty Azy. Fa hoy izy : Tsy amy ny andro firavoravoana, fandrao hisy tabataba amy ny olona. Ary nony tany Betania tao an-tranony Simona boka Izy ka nipetraka nihinana, dia avy ny vchivavy anankiray nitondra tavoara alabasta feno menaka manitra nisy narda sady tsara no saro-bidy indrindra ; ary novakiny ny tavoara, dia naïliny tamy ny lohany Ieso ny menaka. Ary nisy ny sasany tezitra tam-pony ka namao hoe : Inona na anton' izao fandaniam-poana ny menaka manitra izao ? Fa azo namidy ho lafo tsy onby denaia telon-jato iny menaka manitra iny ka ho nonena ny malahelo. Ary dia tezitra indrindra tamin-dravehivavy izy. Fa hoy Ieso taminy : Avclao izy ; mahoana hianareo no mampahory azy ? Asa soa no nataony tamiko. Fa ny malahelo dia eto aminareo mandrakariva, ary na oviana na oviana no tianareo hanaovana soa aminy, dia mahazo mamao hianareo ; fa Izaho tsy eto aminareo mandrakariva. Efa nanao izay azony nataao izy : namonjy nanosatra ny tenako hanamboarany Ahy halevina izy. Ary lazaike aminareo marina tokoa : Na aiza na aiza amin' izao tontolo izao no hitoriana ny filazantsara, dia holazaina kca izay nataon-dravehivavy ho fahatsiarovana azy. Ary Iodasy Iskariota, ilay isan' ny roa amby ny folo lahy, nankeo amy ny lohan' ny mpisovona hamadika any Ieso aminy. Ary rehefa nandre izany izy ireo, dia faly ka nanaiky hanome vola azy. Ary Iodasy nitady izay andro hahazoany

mamadika Azy. Ary tamy ny voalohan' ny andro fihinanana ny mofo tsy misy fermenta, izay famonana ny Paska, dia hoy ny mpianany taminy : Aiza no tianao halehanay hanamboaranay mba hihinananao ny Paska ? Dia namiraka roa lahy tamy ny mpianany Izy ka nanao taminy hoe : Mankanesa any an-tanána, ary hisy lehilahy mitondra siny feno rano hifanema aminareo ; dia manaraha azy. Ary lazao amy ny tompon' ny trano lidirany hoe : Izao no lazain' ny Mpampianatra : Aiza ny trano hihinanako ny Paska miaraka amy ny mpianatro ? Ary izy hanoro anareo eti-trano malalaka ambony rihana voaisy fipetrahana sady voavoatra tsara ; dia any no amboary ho antsika. Ary ny mpianatra nandeha, dia tonga tany an-tanána ka nahita araka izay nolazainy taminy ; dia namboatra ny Paska izy. Ary nony hariva ny andro, dia avy Izy sy ny roa amby ny folo lahy. Ary raha niptraka nihinana izy, dia hoy Ieso : Lazaiko aminarco marina tokoa fa ny anankiray aminareo, dia izay iray miara-mihinana amiko, no hamadika Ahy. Dia nalahelo izy, ka samy nanao tsirairay taminy hoe : izaho moa no izy ? Ary Izzy nanao taminy hoe : Ilay anankiray amy ny roa amby ny folo lahy izay miara-manatsoboka amiko ao anatin' ny lovia no izy. Fa ny Zanak' olona mandeha hiany, araka ny nanoratana Azy, fa lozan' ilay olona izay hahazoana ny Zanak' olona hatolotra ! Tsara ho an' izany olona izany raha tsy áry izy. Ary raha mbola nihinana izy, Ieso nandray ny mofo ; ary rehefa nisaotra, dia novakiny, dia natolony azy ka nataony hoe : Raiso, hano, ity no tenako. Ary nandray ny kapoaka Izzy, dia nisaotra, ka natolony azy ; dia nisotroan' izy rehetra izany. Ary hoy Izzy taminy : Ity no rako dia ny amy ny fanaikena vaovao, izay alatsaka ho any ny maro. Lazaiko aminarco marina tokoa : Tsy mba hisotroako intsony ny vokatry ny voaloboka mandra-pihavin' ny andro hisotroako izay vaovao amy ny fanjakan' Andriamanitra. Ary rehefa nihira izy, dia lasa nankao amy ny tendrombohitra Oliva. Ary hoy Ieso taminy : Hianarco rehetra ho tafintohina amiko anio alina ;

fa veasoratra hoe : " Hamely ny mpiandry Aho, dia haely ny ondry." Ary rehefa mitsangana Aho, dia hialoha anareo ho any Galilea. Fa hoy Petera taminy : Na dia tafintohina avokoa aza ny olona rehetra, izaho tsy mba ho tafintohina. Ary hoy Ieso taminy : Lazaiko aminarco marina tokoa : Anio, dia amin' ity alina ity, raha tsy mbola misy akoho maneno fanindroany, dia handà Ahy intelo hianao. Fa vao mainka niteny mafinasy kokoa izy hoe : Na dia hiara-maty aminarco aza aho, tsy handà Anao tokoa aho. Ary araka izany koa nolazain' izy rehetra. Ary tonga tany amy ny saha izay atao hoe Getsemane izy ; dia hoy Ieso taminy ny mpianany : Mipetraha eto hianareo mandra-pivavako. Ary nitondra any Petera sy Iakoba ary Iohana Izzy, dia talanjona sady ory indrindra. Ary hoy Izzy taminy : Malahelo indrindra ny fanabiko toy ny efa ho faty ; mitoera eto, ka miareta tory. Ary nony nandroso kelikely Izzy, dia niankohoka tany ny tany ka nivavaka mba hialan' izany ora izany aminy, raha azo atao. Ary hoy Izzy : Aba, Raiko ô, ny zavatra rehetra hainao ; esory amiko ity kapoaka ity ; nefy tsy ny sitrapoko, fa aoka ny Anao anie hatao. Ary avy Izzy ka nahita azy ireo matory, dia hoy Izzy taminy Petera : Ry Simona, matory va hianao ? Tsy nahari-tory na dia ora iray hiany aza va hianao ? Miareta tory hianareo, ka mivavaha, mba tsy hidiranareo amy ny fakampanahy ; mety hiany ny fanahy, fa ny nofo no tsy manan-kery. Dia lasa indray Izzy ka nivavaka nanao ilay tenty teo hiany. Ary nony niverina indray Izzy, dia nahita azy matory, fa efa nilondondo ny masonry, ka tsy fantony izay havaliny Azy. Ary avy fanintelony Izzy, dia nanao taminy hoe : matoria ankehitriny, ka mielà sasatra hianareo. Aoka izay, efa tonga ny ora ; indro, ny Zanak' olona hatolotra an-tanána ny impanota. Mitsangána, andeha isika ; indro efa akaiky ilay mamadika Ahy. Ary tamin' izay, raha mbola niteny Izzy, dia avy Iodasy, isan' ny roa amby ny folo lahy, sy valoaka betsaka niaraka taminy, nitondra sabatra sy langilangy, efa nirahin' ny lehan' ny mpiserona sy ny impanora-

dalána ary ny loholona. Ary ilay hamadika Azy efa nanome azy famantarana ka nanao hoe : Izay horohako no Izy ; sambory Izy ka ento, fa aza avela ho afaka. Ary rehefa tonga izy, dia nanatona any Ieso ka nanao hoe : Raby ô, dia nanoroka Azy. Ary ny olona nanijinitra ny tânany taminy ka nisambotra Azy. Ary ny anankiray amin' izay teo an-ilany namatsoaka ny sabany, dia nikapa ny mpanompon' ny mpisorona-be ka nahafaka ny sofify. Ary Ieso namaly ka nanao taminy hoe : Toy ny fisambotra jiolahy va no ivoaharanco mitondra sabatra sy langilangy hisambotra Ahy? Teo aminareo isan-andro Aho nampianatra teo an-kianjan' ny tempoly, fa tsy nisambotra Ahy hianareo; fa hahantanerahan' ny Soratra Masina izao. Ary sainy nandao Azy izy rchetra ka nandositra. Ary nisy zatovo anankiray nanaraka Azy, ka lamba hariry madinika fotsimy liany no fitafiany, ary nosamborin' ny olona teo izy. Dia navelany teny aminy ny lambany hariry madinika, ka nandositra nitanjaka izy. Ary nitondra any Ieso ho any amy ny loban' ny mpisorona izy ; ary niangona teo ny loban' ny mpisorona rchetra sy ny loholona ary ny mpanora-dalikua. Ary Petera nanaraka Azy teny lavidavita eny hatrany amy ny kianjan' ny tranon' ny mpisorona-be; ary niara-nipetraka teo amy ny mpanompo izy, dia namindro tamy ny afo. Ary ny loban' ny mpisorona sy ny Synedriona rchetra nitady vavolombelona liampanga any Ieso hamonoany Azy, fa tsy naha. Ary maro no niampanga lainga Azy, nefta tsy nifanaraka ny fiampangany. Ary nitsangana ny sasany, dia niampanga lainga Azy nanao hoe : Izahay efa nandre Azy nanao hoe : Izaho handrava ity tempoly nataon-tâmana ity, ary amy ny hateloana dia hanao tempoly hafa tsy nataon-tâmana Aho. Fa tsy nifanaraka ny filazany na dia tamin' izany aza. Ary ny mpisorona-be nitsangana teo afovoany, dia nanontany any Ieso ka nanao hoe : Tsy mamaly akory va Hianao? Inona no iampangan' ireto Anao? Fa tsy niteny Ieso sady tsy namaly akory. Dia nanontany Azy indray ny mpisorona-be

ka nanao taminy hoe : Hianao va no Kristy, Zanaky ny Isaorana? Ary hoy Ieso : Izaho no Izy; ary ho hitanareo ny Zanak' olona mipetraka eo ankavanana, ny Hery ary avy amy ny rahon' ny lanitra. Ary ny mpisorona-be nandriatra ny fitafiany ka nanao hoe : Ahoana no mbola ilantsika vavolombelona indray? Efa renareo ny fitenenany ratsy; ahoana no hevitrapareo? Dia nataon' izy rehetra fa miendrika ho faty Izy. Ary ny sasany nandrora Azy, dia nanaona ny tavany, dia namely totohondry Azy ka nanao hoe : Maminanina ; ary ny mpiandry raharaha namely tebamaina Azy. Ary raha nitoetra teo ambany teo an-kianja Petera, dia avy anankiray tamy ny ankitizavain' ny mpisorona-be; ary nony nahita any Petera namindro izy, dia njery azy ka nanao hoe : Hianao koa nomba any Ieso avy any Nazarea. Fa izy nandà ka nanao hoe : Tsy fantatro ary tsy azoko ny teninao. Dia niala ho eo am-bavahady izy, ary nisy akoho nameno. Ary ilay ankitizavavy nahita azy indray, dia niteny tamin' izay teo an-ilany hoe : Io lehilahy io mba naman' ireny; fa izy nandà indray. Ary nony afaka lehilahy, izay teo an-ilany dia nilaza indray taminy Petera hoe : marina mihitsy fa naman' ireny hianao; fa Galileana hianao. Dia niozona sy nianiana izy ka nanao hoe : Tsy fantattro izany lehilahy lazainareo izany. Ary niaraka tamin' izay nisy akoho naneno fanindroany. Ary Petera naha-tsiaro ny teny izay nolazainy Ieso taminy hoe : Raha tsy mbola misy akoho maneno fanindroany, dia handà Ahy intelo hianao. Ary nony nihevitra izany izy, dia nitomany.

*Ny Solon' ny Epistola. Isaia 1. 5.*

**N**Y Tompo Iehovah nanokatra ny sofiko, ary izaho tsy niodina na nihemotra. Izaho nanolotra ny lamosiko tamy ny mpikapoka, ary ny takolako tamy ny mpanongo-bolo : ny tavako tsy niereko henatra sy rora. Fa ny Tompo Iehovah hanampy aby : ary tsy ho menatra aho : ary ny tavako nataoko tahaka

ny afovato, ary fantatra fa tsy ho menatra aho. Efa akaiky Izay manamarina ahy; iza no hiady amiko? Andeha hiaro-mitsangana isika: iza no fahavaloko? Aoka izy hanatona ahy. Indro, ny Tompo Iehovah hanampy ahy; iza no hanameloka ahy? Indro, izy rehetra bihatonta tahaka ny fitafiana, ho lanin' ny kalalao izy. Iza no matahotra any Ichovah ao aminareo, ka milaino ny feon' ny mpanompony; nefo mandeha amy ny maizina, ary tsy manana fahazavana? aoka izy latoky ny amarany Iehovah, ary hiankina amy ny Andriamaniny. Indro, hianareo rehetra izay mameleona afo, izay manodidina anareo amy ny kilalaon' afo; mandehana amy ny fahazavan' ny afonareo, sy amy ny kilalaon' afo izay narehitrareo. Izany ho azonareo ahy ny tnako, hianareo handry amy ny fahoriania.

*Ny Filazantsara. S. Mark xv. 1.*

ARY niaraka tamin' izay raha vao maraina ny andro, ny lohan' ny mpisorona mbamy ny leholona sy ny mpanora-dalâna ary ny Synedriona rehetra niara-nisaina, dia namatotra any Ieso ary nitondra Azy ka nanolotra Azy teo aminy Pilato. Ary Pilato nanontany Azy hoe: Hianao va no Mpanjakan'ny Iodeana? Ary Izy namaly ka nanao taminy hoe: Voalazanao. Ary ny lohan' ny mpisorona niampaunga Azy zavatra maro. Ary Pilato dia nanontany Azy indray hoe: Tsy mamaly akory va Hianao? He izao hamaroan' ny zavatra iampangany Anao izao! Fa Ieso mbola tsy namaly hiany, na dia indraimbava akory aza, ka dia gaga Pilato. Ary isaky ny avy ny andro firavoravoana dia fanaony ny mandefa mpifatotra iray izay angatahin' ny vahoaka. Ary nisy anankiray, ilay atao hoe Baraba, nifatotra tao mbamy ny mpikomy sasany, izay efa nahafaty olona tamy ny fikomiana. Ary ny vahoaka niakitira ka nangataka taminy mba hanao araka izay fanaony aminy. Fa Pilato namaly azy ka nanao hoe: Tianareo va raha ny Mpanjakan' ny Iodeana no halefako ho anareo? Fa fantroy fa fialonana no na-

noloran' ny lohan' ny mpisorona Azy. Fa ny lohan' ny mpisorona nanome fo ny valioaka, fa aleo Baraba no halefany Pilato ho azy. Ary Pilato namaly ka nanao taminy indray hoe: Ka inona ary no hataoko amin' ilay ataoarco hoe: Mpanjakan' ny Iodeana? Ary ny vahoaka niantso indray hoe: Hemboy amy ny hazo fijaliana Izy. Ary hoy Pilato taminy. Fa inona moa no ratsy nataony? Fa vao mainka niantsoantso izy ka nanao hoe: Hemboy amy ny hazo fijaliana Izy. Ary Pilato ta-hampangina ny olona, ka dia nandefa any Baraba ho azy; fa Ieso nasainy nokapohina, dia natolony azy mba hohomboana amy ny hazo fijaliana. Ary ny miaramila nitondra any Ieso ho eo an-kianja, dia ny atao hoe pretoria, sady nanaengona ny miaramila namany rehetra. Ary nampitafy Azy lamba volomparasy izy, dia nandrindrana satroka tsilo, ka nasatrony ny lohany. Ary dia niarahaba Azy hoe izy: Tsara va Tompoko è, Mpanjakan' ny Iodeana! Ary dia nikapoka ny lohany tamy ny volotara izy, dia nandrora Azy, dia nandohalika sy niankohoka tao anatrehany. Ary rehefa naneso Azy izy, dia namala ilay limba volomparasy taminy, dia nampitafiny Azy indray ny fitafiany; ary dia nentiny hohomboany amy ny hazo fijaliany Izy. Azy Simona Kyreniana (rainy Aleksandro sy Rofo), izay nandalo avy tany an-tsaha, no notereny hitondia ny hazo fijaliany Ieso. Ary Ieso dia nentiny teo amy ny tany Golgota, izay hoe, raha adika, Fitoeran-karan-doha. Dia notolorany divay miharo myra Izy; fa tsy nety nisotro Izy. Ary rehefa voahombony tamy ny hazo fijaliana Izy, dia nanaovany loka no fizara ny fitafiany hahitany izay ho azony avy. Ary tamy ny ora fahatelo no nanomboany Azy tamy ny hazo fijaliana. Ary ny soratra milaza ny nanamelohana Azy dia voasoratra teo amboniny hoe: MPANJAKAN' NY IODEANA. Ary nisy jiolahy roa niaraka nohombioany taminy tamy ny hazo fijaliana, ny anankiray teo ankavavaury, ary ny anankiray teo ankaviany. Ary izay nandalo dia niteny ratsy Azy sady nihifikifi-deha ka nanao hoe: Ilia! ry ilay

maharava ny tempoly sy mahatsangana azy amy ny hateloana, vonjeo ny tenanao, ka midina hiala amy ny hazo fijaliana. Ary toy izany koa no fanceson' ny lohan' ny mpisorona, fa nifampilaza izy sy ny mpanora-dalána nanao hoe : Namonjy ny sasany Izy, fa ny tenany tsy bainy vonjena. Aoka Kristy, Mpanjakan' ny Israely, hidina hiala amy ny hazo fijaliana ankehitriny, mba ho hitantsika sy hinoantsika. Ary izay niaraka nohomboana taminy tamy ny hazo fijaliana dia naneso Azy koa. Ary nony tamy ny ora fahenina, dia tonga maizina ny tany rehetra, ka naharitra hatrany ny ora fahasivy izany. Ary tamy ny ora fahasivy Ieso niantso tamy ny feo mahery ka nanao hoe : Eloy, Eloy, lama sabaktany ! izay hoe, raha adika : Andriamanitra ô, Andriamanitra ô, na-hoana no efa mahafoy Ahy Hianao." Ary ny sasany izay nijanona teo, raha mandre izany, dia nanao hoe : Indro, miantso any Elia Izy. Ary ny anankiray nibazakazaka, dia nanatsoboka spony tamy ny viniger, ka notoliziny tamy ny velotara, dia nampitsentsefiny any Ieso, ka hoy izy : Aoka biany, fa ho hitantsika na avy hampidina Azy Elia, na tsia. Ary Ieso niantso tamy ny feo mahery, dia nialaina Izy. Ary ny esitra lamba tao amy ny tempoly dia triatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambony. Ary ny kapiteny izay nijanona tandrisiny ; raha nahita Azy niantso toy izany sady niala-aina, dia nanao hoe : Marina dia marina fa Zanak' Andriamanitra io lehilahy io.

## ALAROBIA MIALOHA NY ANDRO PASKA.

*Ny Epistola. Heb. ix. 16.*

FA raha misy didim-pananana, dia teny foana izany, raha tsy maty ilay nanao azy. Fa mafy ny didim-pananana, rehefa tonga ny fahafatesana ; fa tsy mafy akory izany, raha mbola velona ilay nanao azy. Koa na dia ny fanaikena voalohany aza dia tsy nohamasinina raha tsy nisy ra. Fa rehefa voalazany Mosesy tamy ny vahoaka rehetra ny didy rehetra araka ny lalana, dia nalainy ny ran' ny zanak' omby

sy ny osy mbamy ny rano sy ny volon' ondry jaky sy ny hysopa ka nafafiny tamy ny tenan' ny boky sy ny vahoaka rehetra ; dia hoy izy : Ity no ran' ny fanaikena izay nataon' Andriamanitra ho anareo. Ary ny tabernakela sy ny fanaka rehetra enti-manao fanompoam-pivavahana dia nosafazany ra toy izany koa. Ary saiky diovina amy ny ra avokoa ny zavatra rehetra araka ny lalana ; fa raha tsy misy ra alatsaka, dia tsy misy famelankeloka. Koa tsy maintsy nodiovina tamin' ireny ny tandindon' ny zavatra any an-danitra, fa ny tenan' ny zavatra any an-danitra tamin' izay fanatitra tsara noho ireny. Fa Kristy tsy niditra tao amin' izay fitoerana masina nataon-tanana, izay tandindon' ny tena izy, fa ho any an-danitra tokoa, mba hiseho eo anatrehan' Andriamanitra ankehitriny ho antsika ; ary tsy niditra Izy mba hanatitra ny tenany matetika, tahaka ny mpisorona-be miditra ao amy ny fitoerana masina isan-taona mitondra ny ran' ny zavatra hafa ; fa raha izany, dia tsy maintsy njaly matetika Izy hattrizy nanaovana izao tontolo izao ; fa ankehitriny dia efa naseho indray mandeha tamin' izao andro farany izao Izy mba hanafaka ny ota amy ny nana-terany ny tenany. Ary tahaka ny nanendrena ho any ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia vao ny fitsarana, dia toy izany koa Kristy, rehefa natolotra indray mandeha hitondra ny otan' ny maro, dia hiseho fanindroany, tsy amin-ota, amin' izay miandry Azy, ho famonjena.

*Ny Filazantsara. S. Lioka xxii. 1.*

ARY efa omby akaiky ny andro firavoravoana fihinanana ny mofo tsy misy fermenta, dia ilay andro atao hoe Paska. Ary ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalána nitady izay hamonoany any Ieso ; fa natahotra ny olona izy. Fa Satana niditra tao anatiny Iodasy, izay atao hoe kea Iskariota, anankiray tamy ny roa amby ny folo lahy, dia nankao amy ny lohan' ny mpisorona sy ny mpifehy ny mpambina izy ka niresaka taminy ny amin' izay

hamadihany Azy aminy. Ary faly izy ireo ka nanaiky hanome vola azy. Ary nanaiky izy ka nitady izay andro mcty hamadihany Azy aminy amy ny tsy misy olona. Ary tonga ny andro filinanana ny mofo tsy misy fermenta, dia ilay tsy maintsy hamonoana ny Paska. Ary Ieso naniraka any Petera sy Iohana ka nanao hoe : Mandehana, ka manamboara ny Paska hohaniantsika. Ary hoy izy taminy : Aiza no tianao hanamboaranay azy ? Ary hoy Izy taminy : Indro, raha miditra ao an-tanana hianarco, dia hisy lehilahy mitondra siny feno rano bifanrena aminareo ; manaraha azy ho ao amy ny trano izay hidirany. Dia lazao amy ny toupon-trano hoe : Izao no lazain' ny Mpampianatra aminao : Aiza ny efi-trano hihinanako ny Paska miaraka amy ny mpianatro ? Ary izy hanoro anareo efi-trano malalaka ambony rihana, izay efa nasiana mipetrahana ; any no ambeary. Dia naudcha izy ka nalita araka izay efa nolazainy taminy ; dia namboatra ny Paska izy. Ary nony tonga ny fotoana, dia mipetrahaka hihinana Izy sy ny Apostole roa amby ny folo lahy. Ary hoy Izy taminy : Naniry koa raha naniry Aho hihinana ity Paska ity miaraka aminareo, dieny mbola tsy mijaly Aho. Fa lazaiko aminareo fa tsy mba hihinana izany intsony Aho ambara-pahatantek' izany ao amy ny fanjakan' Andriamanitra. Ary nandray ny kapoaka Izy, dia nisaotra ka nanao hoe : Raiso ity, ka zarao aminareo ; fa lazaiko aminareo fa tsy hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho mandrapahatongan' ny fanjakan' Andriamanitra. Ary nandray ny mofo Izy ka nisaotra, dia novakimy, ary natolony azy ka nataony hoe : Ity no tenako izay omena ho anaree ; ity no ataovinareo ho falatsiarovana Ahy. Ary araka izany koa ny kapoaka, rehefa vita ny sakafo, dia hoy Izy : Ity kapoaka ity no fanaikena vaovao amy ny rako, izay alatsaka ho anareo. Fa indro, ny tianan' izay mamadika Ahy dia eto amiko ambonin' ny latabatra. Ary ny Zanak' olona mandeha hiany, araka izay nanendrena ; nefo lozan' izay lehilahy hahazoana manolotra Azy. Ary izy ireo nifanontany izay eo aminuy hanao izany.

Ary nisy koa fifandirana tao aminy ny amin' izay anankiray eo aminy atao ho lehibe. Ary hoy Ieso taminy : Ny mpanjakan' ny gentilisa mampanompo azy, ary izay manapaka azy no atao hoe mpanao-soa. Fa tsy mba toy izany hianareo ; fa izay lehibe aminareo dia aoka ho toy ny zandry ; ary izay manapaka dia aoka ho toy ny mpanompo. Ary iza no Ichibe, izay mipetraka mihinana, sa izay manompo ? Tsy izay mipetraka mihinana va ? Fa Izaho dia eo aminareo toy izay manompo. Ary hianareo no naharitra nanaraka Aliy tamy ny fakampahanahy Ahy ; kota Izaho dia maendry fanjakana ho anareo tahaka ny nanendren' ny Raiko ho Ahy, mba hihinana sy hisotro eo amy ny latabatro amy ny fanjakako hianareo sady mipetraka ambony sez a fandrianana mitsara ny firenen' ny Israely roa amby ny folo. Ary hoy ny Tempo : Ry Simona, ry Simona, he ! Satana efa nilofa nitady anareo hikororoka anareo toy ny vary. Fa Izaho naungataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao ; ary hianao, rehefa nibebaka, dia mampahereza ny rahalahinao. Ary hoy izy taminy : Tompoko, vonona hanaraka Anao aho, na ho ao an-trano-maizina, na ho any amy ny fahafatesana aza. Dia hoy Izy : Lazaiko animao, ry Petera : Raha tsy mbola misy akoho maneno anio, dia handà intelo hianao, ka holazainao fa tsy fantatrao Aho. Hoy koa Izy taminy : Raha mirahiko tsy nitondra kitapom-bola na kitapom-batsy na kapa hianareo, mica nisy zavatra nahory anareo va ? Ary hoy izy : Tsy nisy. Dia hoy Izy taminy : Fa izao kesa, izay manana kitapom-bola aoka litondra azy ; ary toy izany koa ny kitapom-batsy ; ary izay tsy manana kosa dia aoka hivavatra ny lambany ka hiividy sabatra. Fa lazaiko aminareo : Tsy maintsy mbola ho tanteraka amiko izao voasoratra izao hoe : " Ary Izy natao ho isan' ny mpanota ; " fa efa ho tanteraka ny amiko. Ary hoy izy : Tompoko, indreto sabatra roa. Ary hoy Izy taminy : Aoka izay. Ary nivoaka Ieso, koa araka ny favaony dia nankeny amy ny iendrombolitra Oliva Izy, ary ny mpianany koa nanaraka Azy. Ary raha vao tonga tainin' izany

tany izany, dia hoy Izy taminy : Mivavaha mba tsy hidiranareo amy ny fakampanahy. Ary Izy nibatka taminy tokony ho indray mitora-bato, dia nandohalika ka nivavaka hoe : Raiko ô, raha sitrakao hanaisotra amiko ity kapoaka ity,—nefa tsy ny sitrapoko, fa aoka ny Anao anie no hatao. Ary nisy anjely avy tany an-danitra niseho teo aminy ka nampahery Azy. Ary fadiranovana Izy, dia nivavaka mafimafy kokoa ; ary ny dininy dia tahaka ny ra mipotrapotraika amy ny tany. Ary nony nitsangana avy nivavaka Izy, dia nankeo amy ny mpianany ka nahita azy matorin-alahelo. Dia hoy Izy taminy : Nahoana no matory hianareo? Mitsangána, ka mivavaha, mba tsy hidiranareo amy ny fakampanahy. Ary raha mbola niteny Ieso, indreco, tamy ny vahoaka, ary izay atao hoe Iodasy, isan' ny rea amby ny fololahi, dia nandeha teo alohany ka nanatona any Ieso hanoroka Azy. Fa hoy Ieso taminy : Ry Iodasy, fanorohama va no amadihanao ny Zanak' olona? Ary izay teo aminy, raha nahita izay efa hanjo, dia nanao taminy hoe : Tompoko, hamely amy ny sabatra va izahay? Ary ny anankiray teo aminy dia nikapa ny mpanompon' ny mpisorona-be ka nahafaka ny sofiny ankavanana. Fa Ieso namaly ka nanao hoe : Aoka hiany na dia izao aza. Ary izy nanendry ny sofiny ka nahasitrana azy. Ary hoy Ieso tamy ny mpisorona-be sy ny mpifehy ny mpiambina ny tempoly ary ny loholona izay tonga teo aminy : Mivoaka mitondra sabatra sy langilangy toy ny hisambotra jiolahy hianareo. Raha teo aminareo isandalro teo amy ny tempoly Aho, tsy naninji-tanana tamiko hianareo ; fa izao no fotoanareo sy herin' ny maizina. Ary izy ireo nisambotra any Ieso, dia nitondra Azy ho ao an-tranou' ny mpisorona-be. Ary Petera nanaraka teny lavidavitra eny. Ary raha nuelona afo teo an-kianja izy ireo ka nipetraka dia Petera koa nipetraka teo afovoany. Ary ny ankizivavy anankiray, nony naliita azy nipetraka teo anilan' ny afo, dia nandinika azy ka nanao hoe : Ity koa nomba Azy. Fa izy nandá any Ieso ka nanao hoe : Ravehivavy, tsy fantatro Izy. Ary

vetivety foana rehefa afaka izany, nisy olona hafa koa nabita azy ka nanao hoe : Hianao koa mba naman'i reny. Ary Petera nanao hoe : Ralehilahy, tsy mba izy aho. Ary rehefa afaka tokony ho ora iray, dia nisy anankiray koa niteny mafy ka nanao hoe : Illelio nomla Azy marina tokoa, fa Galileana izy. Ary hoy Petera : Ralehilahy, tsy fantattro izay lazainao. Ary niaraka tamin' izay, raha mbola niteny izy, dia naneno ny akoho. Ary ny Tompo nitodika, dia njery any Petera. Ary Petera nahatsiaro ny tenin' ny Tompo, izay nolazainy taminy hoe : Raha tsy nisy akoho maneno, dia handà Ahy intelo hianao. Ary nivoaka Petera, dia nitomany mafy indriindra. Ary ny lehilahy izay nitana any Ieso dia nanao Azy ho filoncherezana sy nikapoka Azy. Ary rehefa nanampi-maso Azy izy, dia nameley ny tavany ka nanontany Azy hoe : Mamania, izo no nameley Anao? Dia niteny ratsy izy nilaza zavatra maro hafa koa nanaratsiany Azy. Ary raha vao nazava ny andro, dia niangona ny loholona sy ny lohan' ny mpisorona ary ny mpanoradáiana ka nitondra any Ieso ho eo amy ny Syndriona ka nanao hoe : Raha Hianao no Kristy, dia lazao aminay. Ary hoy Izy taminy : Raha hilaza amimareo Aho, tsy hino hianareo. Ary raha hanontany kosa Aho, tsy hamaly na handesa Ahy akory hianareo. Hatramin' izao ny Zanak' olona hipetra ka eo an-tánaua ankavanana' ny herin' Andriamanitia. Dia hoy izy rehetra : Zanak' Andriamanitia va áry Hianao? Ary boy Izy taminy : Hianareo no milaza fa Izaho no Izy. Ary hoy izy : Ka inona no ilantsika vavolombelona intsony? fa ny tenantsika no efa nandre tamy ny vavany.

**A**RY raha manao izao didy izao aho, dia tsy midera anareo aho, satria tsy miangona milatsara hianareo, fa miharatzy. Fa voalobany indriindra,

raha miangona ao am-pianganana hianareo, reko fa misy fisarahana eo aminareo ; ary mba misy inoako hiany izany. Fa tsy maintsy misy fitokoana eo aminareo, mba hascho eo aminareo izay olona an-kasitrahana. Koa raha miangona hianareo, tsy misy hihinanana Fananan' ny Tompo. Fa raha mihinana hianareo, dia samy homiana ny sakafony avy aloha izy rehetra ; koa ny anankiray dia noana, ary ny anankiray kosa dia mamo. Moa tsy manan-trano hihinanana sy hisotroana va hianareo ? Sa manao tsinontsinona ny fianganon' Andriamanitra hianareo ka manome henatra ny malahelo ? Inona no holazaiko aminareo ? Hidera anareo va aho ? Tsy hidera anareo amin' izany aho. Fa izaho nandray tamy ny Tompo izay natolotro anareo kosa, fa Ieso Tompo tamin' iny alina iny, izay namadihana Azy, dia nandray mofo, ary rehefa misotro Izy, dia novakiny, ka hoy Izy : Ity no tenako izay vakina ho anareo ; izao ataoko izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. Dia toy izany koa ny kapoaka, rehefa nisakafo, dia hoy Izy : Ity kapoaka ity no ilay fanaikena vaovao amy ny rako ; izao ataoko izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro hianareo. Fa na oviana na oviana hianareo no mihinana iny mofo iny sy misotro amy ny kapoaka dia manainbara ny fahafatesan' ny Tompo hianareo mandrapihaviny. Koa na zovy na zovy no mihinana ny mofo sy misotro amy ny kapoaka ny Tompo amy ny tsy fiendrehana, dia ho meloka ny amy ny tena sy ny ran' ny Tompo izy. Fa aoka ny olona hamantatra ny tenany, ary dia aoka izy hihinana ny mofo sy hisotro amy ny kapoaka. Fa izay rehetra mihinana sy misotro dia mihinana sy misotro fanamelohana ho any ny tenany, raha tsy mamantatra ny tena izy. Noho izany dia betsaka no marary sy marofy eo aminareo, ary maro hiany no mody mandry. Fa raba mba namantatra ny tenantsika isika, dia tsy mba tsaraina. Fa raba tsaraina isika dia faizan' ny Tompo mba tsy hohelohina miaraka amin' izao tontolo izao isika. Koa raha miangona hihinana hianareo, ry rabalahy, dia misampiandrasha. Ary raha misy olona

noana, aoka izy hihinana ao an-tranony, mba tsy biangonanareo ho fahamelohana. Ary ny zavatra sisà dia balahatô, rehefa tonga aho.

*Ny Filazantsara. S. Lokasy xxiii. 1.*

A RY olona rehetra nitsangana ka nitondra any Ieso tany aminy Pilato, dia niampanga Azy ka nanao hoe : Ity dia hitanay nampiodina ny firenena sy nandrara tsy handoa hetrica ho any Kaisara sady nilaza ny tenany ho Kristy mpanjaka. Ary Pilato nanontany Azy hoe : Hianao va no Mpanjakan' ny Iodeana ? Ary Izy namaly azy ka nanao hoe : Voa-lazanao. Dia hoy Pilato tamy ny lohan' ny mpisorona sy ny valoaka : Tsy hitako izay helok' ity lehilahy ity. Fa vao mainka naudentika izy ireo ka nanao hoe : Izy nampiodina ny olona ka nampianatra erany Iodea rehetra, nanomboka hatrany Galilea ka hatraty. Raha nandre hoe Galilea Pilato, dia nanontany raha olona avy any Galilea Ieso. Ary rehefa fantany fa avy tamy ny tany tapahiny Heroda Ieso, dia nampitontra Azy tany aminy Heroda izy, fa tao Ierosalema koa Heroda tamin' izany andro izany. Ary faly dia faly Heroda, raha nahita any Ieso ; fa efa naniry ela habita Azy izy, satria nandre Azy nanao zavatra maro ; ary izy nanantena habita famantaranha hataony. Ary izy nanontany Azy teny maro ; fa Ieso tsy namaly teny azy. Ary ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanora-dalâna nijanona teo, dia nitompo teny fantatra hiampanga Azy. Ary Heroda sy ny miaramilany namingavinga Azy sy nanao Azy ho sihomelezana, dia nampiakanjo Azy akanjo tsara ka nampitontra Azy tany aminy Pilato indray. Ary tonga nisakaiza Pilato sy Heroda tamin' izany andro izany ; kandrefa nifandrafy izy roa lahy talohan' izany. Ary rehefa nasainy Pilato novorina ny lohan' ny mpisorona sy ny mpanapaka ary ny valoaka, dia hoy izy taminy : Nentinareo ety amiko ity lehilahy ity toy izay nampiodina ny valoaka ; ary, indro, efa nanadina Azy teto anatrebanareo aho, ka tsy hitako izay helok' ity lehilahy ity amin' izay

jampanganareo Azy. Tsia, na dia Heroda koa aza, fa naniraka anareo tany aminy aho; ary, indro, tsy nisy zavatra nataony izay tokony hahafaty Azy; kov hofaizako Izy, dia halefako. (Fa tsy maintsy manda-fa ny anankiray ho any ny olona izy amy ny andro firavoravoana.) Ary izy rehetra niantso maty indray miredona nanao hoe: Vonoy io, ka alefaso ho anay Baraba. Nef afa natao an-trano-maizina io Baraba io noho ny fiodinana tao an-tanána sy ny vonoan-olona. Ary Pilat, satria ta-handefa any Ieso, dia niteny indray. Fa ny olona niantso kosa ka nanao hoe: Homboy, homboy amy ny hazo fijaliana Izy. Ary hoy izy taminy fanintelony: Ka inona áry no ratsy nataony? tsy hitako izay helony tokony hahafaty Azy; koa hofaizako Izy, dia halefako. Dia niantso tamy ny feo mahery ny olona ka nangataka hanomboana any Ieso amy ny hazo fijaliana. Ary nahery ny feon' ny olona sy ny any ny lohan' ny nipsorona. Ary Pilato nandidy hanao izay nau-gatahiny. Ary dia nalefany ho any ny olona ilay natao tao an-trano-maizina noho ny fiodinana sy ny vonoan-olona, fa izy no nangatahiny; fa Ieso kosa natolony hataony araka ny sitrapony. Ary raha nitondra any Ieso izy, dia nitana ny lehilahy Kyreniana anankiray natao hoe Simona, vao avy any antsaha, ka nampitondra azy ny hazo fijaliana hanaraka any Ieso. Ary nisy valioaka betsaka nanaraka Azy ary velivavy maro izay nalahelo sy nitomany Azy. Fa Ieso nitodika njery azy ka nanao hoe: Ry zanakavaviny Ierosalema, aza mitomany Ahy, fa mitomania ny tenanareo sy ny zanakareo. Fa, indro, avy ny andro izay hilazany hoe: Sambatra ny momba sy ny kibo izay tsy niteraka ary ny nono izay tsy ninonoan-jaza. Diahilaza amy ny tendrombohitra hoe izy: Mianjerà aminay; ary any ny havoana: Sarony izahay. Fa raha ataony amy ny hazo maitso izany, hatao ahoana amy ny maina? Ary nisy roa laby hafa koa, izay olon-dratsy, nentina hevonoina hiaraka aminy. Ary raha vao tonga teo amy ny tany atao hoe Ikarandoha izy, dia teo no namonoanay any Ieso sy ireo olon-dratsy ireo, ny anankiray teo

ankavanany, ary ny anankiray teo ankavany. Ary Ieso nanao hoe: Raiko ô, mameù ny helony, fa tsy fantany izay ataony. Dia nanaovany loka no fizatany ny fitafiany. Ary ny ny olona nijanona teo ka njery. Ary ny loholona kosa izay teo aminy dia nandatsa ka nanao hoe: Ny sasany novonjeny; aoka hamonjy ny tenany Izy, raha Izy no Kristy, izay nosidin' Andriamanitra. Ary ny miamamilà kosa nihomely Azy, dia nankeo ka nanome Azy vinigera, dia nanao hoe: Raha Hianao no Mpanjakan' ny Iodeana, vonjeo ny tenanao. Ary nisy soratra izay nosoratana teo amboni ny tamy ny teny Grika sy Romana ary Hebreo, nanao hoe: ITY NO MPANJAKAN' NY IODEANA. Ary ny anankiray tamin' ireo olon-dratsy nahlantona teo ireo dia niteny ratsy Azy ka nanao hoe: Raha Hianao no Kristo, vonjeo ny teuanao sy izabay. Fa namaly kosa ilay anankiray, dia nananatra ny namany ka nanao hoe: Moa hianao koa tsy matahotra an' Andriamanitra na dia izao samy veaheloka izao aza? Ary isikada voaheloka marina, fa mandray ny niendrchan' ny nataotsika; fa ity lehilahy ity tsy mbola nanao zavatra tsy mety na dia kely akory aza. Ary hoy izy taminy Ieso: Tompoko, tsarovy aho, raha avy amy ny fanjakanao Hianao. Ary hoy Ieso taminy: Lazaike aminao marina tokoa; Anio no hihaonanao amiko any Paradisa. Ary rehetra tokony ho tamy ny ora fahenina, dia maizina ny tany rehetra ka naharitra hatramy ny ora fahasivy. Ary maizina ny masoandro, sady triatra misasaka ny efitra lamba teo amy ny tempoly. Ary niantso tamy ny feo mahery Ieso ka nanao hoe: Raiko ô, eo an-tananao no hatolotro ny fanahiko; ary rehetra nanao izany teny izany Izy, dia niala-aina. Ary ny kapiteny, raha nahita izay zavatra tonga teo, dia nankalaza an' Andriamanitra ka nanao hoe: Lazaike tokoa fa marina ity lehilahy ity. Ary ny valioaka rehetra izay vory teo mba hijery izany, raha nahita ny zavatra tonga teo, dia niverina miteha-tratra. Fa ny olom-pantany rehetra sy ny velivavy izay nanaraka Azy avy tany Galilea dia nijanona eny lavitra eny njery

izany zavatra izany. Ary, indro, nisy lehilahy natao hoe Iosefa, izay isan' ny Synedriona, dia lehilahy tsara fanahy sady marina. Izany lehilahy izany tsy nanaiky ny saina sy ny nataon' ny sasany; avy tany Arimatea izy, tanan'an' ny Iodeana; ary izy niandry ny fanjak'an' Andriamanitra. Izany lehilahy izany dia nankao aminy Pilato, ka nangataka ny fatiny Ieso izy. Ary nampidininy ny faty ka nosfonosinu hariry madinika, dia naleviny tao amy ny fasana nolavahana tamy ny vatomampy, izay tsy mbola nandevenana olona. Ary andro fanamboarana izany andro izany, ka efa antomotra ny Sabata. Ary ny vehivavy koa, izay nomba azy avy tany Galilea, dia nanaraka teo aoriana ka nahita ny fasana sy izay tampandriny ny fatiny. Ary niverina ireo, dia namboatra zava-manitra sy menaka manitra.

ZOMA MASINA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, mifona aminao izahay, jereo amy ny fahasoavanao ny fiana-kavianao, izay netezany Ieso Kristy Tomponay havadika sy hatolotra amy ny tianan' ny olona ratsy fanahy ka hiaritra ny fahafatesana teo ambonin' ny hazo fijaliana; Izay miara-belona sy miara-manjaka auinao sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra iray, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, ny Fanabinao no anapahana sy anamasinana ny Ekklesianao. Raiso ny fitarainanay sy ny fivavahanay izay aterinay eo anatrehanao noho ny toetr' olona maro sy samihafa ao amy ny Ekklesianao masina, ary aoka izy rehetra tsirairay samy hanompo Anao amy ny fahamasinana sy ny fitondrantena sitrakao, araka ny fiantsaona azy sy ny fanompaony avy; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**A**NDRIAMANITRA mandrakizay ô, Hianao no nanao ny olona rehetra ka tsy misy tianao

izay efa nataonao na inona na inona, sady tsy sitrakao ny hahafaty ny impanota fa aleonao ny biovany fanahy hahavelona azy: mamindrâfô amy ny Iodeana sy ny Mahomedana sy ny tsy mino ary ny heretika rehetra ka esory amin' izy rehetra ny tsy fahalalana sy ny fahasaratam-po ary ny fanesoana ny teninao: ka dia ampodio ho isan' ny ondrinao izy, Tompo isaorana ô mba hovonjena miaraka amy ny sisa amy ny Israely marina ka hatao vala iray andrasan' ny Mpiandrâfô iray, dia Ieso Kristy Tomponay, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra iray, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola. Heb. x. 1.*

**F**a ny lalâna, izay misy aloky ny zava-tsoa ho avy, fa tsy ny tena endrik' izany zavatra izany, dia tsy mba mahatanteraka ny olona manatona amin' izay fanatitra ateriny mandrakariva isan-taona. Raha izany, dia tsy ho nitsahatra va ny nanaterany azy, satria rehefa nodiovina indray mandeha ny mpivavaka, dia tsy ho nanana fieritreretana ny amy ny ota intsony? Fa amin' izany fanatitra izany dia misy fahatsiarovana ny ota isan-taona. Fa tsy mahaitsotra ny ota ny ran' ny ombilahy sy ny osy. Koa nony nidiitra amin' izao fainana izao, dia hoy Izy: "Fanatitra alatsa-dra sy fanatitra-hohanina tsy mba nilainao, fa tena no namboarinao ho Ahy; Fanatitr-odorana sy fanatitra noho ny ota tsy sitrakao; dia hoy Izaho: Inty aho tonga—Eo amy ny horonam-boky no nanoratana ahy—Hianao ny sitrapao, Andriamanitra ô." Rehefa nolazainy teo hoe: "Fanatitra alatsa-dra sy fanatitra-hohanina sy fanatitr-odorana ary ny fanatitra noho ny ota" (dia ireny aterina araka ny lalâna) "no tsy ilainao ary tsy sitrakao," dia hoy indray Izy: "Inty aho tonga hianao ny sitrapao." Manaisotra ny voalohany Izy mba hampitocrary ny faharoa. Amin' izany sitrapo izany no nanamasinana antsika tamy ny naterana ny tenany Ieso Kristy indray mandela,

Ary ny mpisorona rehetra mitsangana isanandro manao fanompoam-pivavahana sy manatitra ireny fanatitra ireny hiány matetika, izay tsy mahaisotra ny ota; fa Izy kosa, rehefa nanao fanatitra iray hiány noho ny ota ho mandrakizay, dia efa mipetraka eo amy ny támama ankavanan' Andriamanitra, ka hatramin' izao dia miandry Izy mandra-panaony ny fahavalony ho fitoceran-tongony. Fa ny fanatitra iray hiány no efa nahatanterahanay ho mandrakizay izay olona hamasinina. Ary ny Fanahy Masina koa mananibara izany amintsika; fa rehetra voalazany hoe: "Izao no fanaikena hataoko aminy, rehefa afaka izany andro izany, hoy Iehovah; hataoko ao am-pony ny laláko, sady hosoratako ao an-tsainy," dia hoy koa Izy : "Ny fahotany sy ny helony tsy hotsarovako intsony." Ary izay misy fanelana ireo dia tsy misy fanaitra noho ny ota intsony. Koa amin' izay, ry rahalahy, satria manana fahatokiana hiditra ao amy ny fitoerana masina noho ny rany Ieso isika, amin' izay lálana natokany ho antsika, dia lálana vaovao sady velona, namaky teo amy ny eftira lamba, dia ny nefony, sady manana mpisorona lehibe mitandrina ny tranon' Andriamanitra, dia aoka isika hanatona amy ny fo marina sy amy ny fahatokiana be avy amy ny finoana, manana fo voadio ho afaka amy ny fieritreretana ratsy sy tena voasasa tamy ny rano madio; aoka isika hihazona mafy ny fanaikena ny fanantenana mba tsy hiovany (fa malhatoky Ilay efa nanao ny teny fikasana); ary aoka isika hifampandiniika hampandroso fitiavana sy asa tsava, tsy mahafoy ny iangonantsika tahaka ny fanaon' ny sasany, fa misananatra kosa, ary mainka satria hitanareo fa manatona ny andro.

### *Ny Filazantsara. S. Iohana xix. 1.*

**A**RY tamin' izany Pilato dia naka any Ieso ka A nikapoka Azy. Ary ny miaramila handran-drana satroka tsilo, ka nasatrony ny lolany, ary nakanjoingy volomparasy Izy ka nataony hoe: Tsurà va, ry Mpanjakan' ny Iodeana? dia namely tehamaaina

Azy izy. Dia nivoaka indray Pilato ka nanao taminy hoe: Indro, Izalio mitondra Azy mivoaka ho eto aminareo, mba ho fantatrarco fa tsy hitako izay helony, na dia kely akory aza. Dia nivoaka Ieso misatroka ny satroka tsilo sy miakanjo ny akanjo volomparasy. Ary kox Pilato tamy ny valoaka: Indro ny lehilahy! Aiy rehefa hitan' ny lohan' ny mpisorona sy ny mpiandry raharaha Ieso, dia niantso ireo ka nanao hoe: Homboy amy ny hazo fijaliana, homboy amy ny hazo fijaliana Izy. Hoy Pilato taminy: Eutonareo Izy, ka homboy amy ny hazo fijaliana; fa izaho tsy malita izay helony. Ary ny Iodeana namaly azy hoe: Izahay manana lalána, ary araka ny lalánay dia tokony ho faty Izy, satria nanao ny tenany ho Zanak' Andriamanitra. Ary nony reny Pilato izany teny izany, dia vao mainka natahotra izy, ary naukao amy ny pretoria indray ka nanao taminy Ieso hoe: Avy taiza Hianao? Fa Ieso tsy namaly azy akory. Dia hoy Pilato taminy: Tsy mitenay amiko va Hianao? tsy fantatrao va fa izaho manana falafana hanombo Anao amy ny hazo fijaliana, ary manana falafana handefa Anao? Ieso namaly hoe: Hianao tsy manana falafana amiko akory, raha tsy nomiena anao avy any ambony; koa izay nanolotra Ahy taminao no manan-keloka bebe kokoa. Ary hatramin' izany dia nitady handefa Azy Pilato: fa ny Iodeana niantso ka nanao hoe: Raha halefanao io lehilahy io, tsy mba sakai zany Kaisara hianao; izay rehetra manao ny tenany ho mpanjaka dia manao teny manohitra any Kaisara. Ary rehefa reny Pilato izany teny izany, dia nitondra any Ieso liveaka izy ka nipeetraka teo ambonin' ny seza fitsarana teo amy ny fitoerana atao hoe Lam-pivato, fa amy ny teny Hebrewo Gabata—ary andro fanamboarana amy ny Paska ny andro, tokony ho tamy ny ora fahlenina—dia hoy izy tamy ny Iodeana: Indro ny Mpanjakanareo! ary izy niantso hoe: Ento, ento, homboy amy ny hazo fijaliana Izy. Hoy Pilato taminy: Hohomboako amy ny hazo fijaliana va ny Mpanjakanareo? Ny lohan' ny mpisorona namaly hoe: Izahay tsy manana mpanjaka afa-tsý Kaisara.

Ary tamin' izany Pilato dia nanolotra Azy taminy mba hohomboana amy ny hazo fijaliana. Ary noraisin' izy ireo Ieso ka nentiny nandeha. Ary izy nitondra ny hazo fijaliany, dia nankamy amy ny tany atao hoe Ikarandoha, izay atao amy ny teuy Hebreo hoe Golgota. Tao no nanomboana Azy taminy ny hazo fijaliana sy roa lahy koa niaraka taminy, iray avy teo an-daniny roa, ary Ieso teo afovoany. Ary nanoratra anaiana Pilato ka nametaka azy teo ambony amy ny hazo fijaliana. Ary izao no veasoratra : IESO AVY ANY NAZARETA MPANJAKAN' NY IODEANA. Ary izany anarana izany novakin' ny Iodeana maro, fa akaikin' ny tanana ny tany izay nanomboana any Ieso tamy ny hazo fijaliana ; ary voasoratra tamy ny teuy Hebreo sy Grika sy Romana izany. Ary noho izany ny lolan' ny mpisorona tamy ny Iodeana dia nabao taminy Pilato hoe : Aza soratana hoe · Mpajakau' ny Iodeana ; fa soraty hoe : Izy no nilaza hoe : Mpajakan' ny Iodeana Aho. Pilato namaly hoe . Izay voasoratro dia voasoratro. Ary rehefa voahombon' ny miaramila tamy ny hazo fijaliana Ieso, dia nalainy ny fitafiany ka nozarainy efatra, samy nanaana ny anjaranay avy ny miaramila ; ary ny akanjony nalainity koa ; fa tsy nisy vitrana ny akanjony, fa tenona iray hiany. Dia nifampilaza hoe izy : Aza mba triarintsika, fa aoka hilokantsika ho any izay hahazo azy ; mba hahatanterahan' ny Soratra Masina manao hoe : "Nozarainy ny fitafiaiko, ka nilokany ny akanjoko." Izany zavatra izany no nataon' ny miaramila. Ary nijanona teo akaikin' ny hazo fijaliany Ieso ny reniny sy ny rabavavin-dreniny, Maria vadiny Klopia sy Maria Magdalena. Ary nony hitany Ieso ny reniny sy ilay mpianatra tiany nijanona teo, dia hoy Izay tamy ny reniny : Ravchivavy, indro ny zanakao ! Ary hoy koa Izay tamin' ilay mpianatra : Indro ny reninao ! Ary hatramin' izany ora izany dia noraisin' ilay mpianatra ho any aminy izy. Ary rehefa afaka izany, fanttry Ieso fa efa vita ny zavatra rehetra tamin' izay, mba hahatanterahan' ny Soratra Masina, dia hoy Izay : Mangetaheta Aho. Ary nisy bakely

feno vinigera nipeetraka teo ; ary ny sasany nanatsoboka sponjy tamy ny vinigera ; ary rehefa notohiziny tamy ny tahon' ny hysopa izany, dia nataony tamy ny vavany. Ary hoy Ieso, rehefa nanandrana ny vinigera : Vita ; ary nanondrika ny lohany Izy, dia nanolotra ny fanahiny. Ary satria andro fanamboarana ny andro, ny Iodeana dia nangataka taminy Pilato mba hotapahina ny ranjon' izy telo lahy, ka hesorina ny fatiny, mba tsy hitoeran' ny faty eo amy ny bazo fijaliana amy ny Sabata (fa audro lehibe izany Sabata izany). Dia tonga ny miaramila ka nanapaka ny ranjon' ny voalahany sy ny any ny anankiray koa izay niaraka nohomboana taminy Ieso teo amy ny hazo fijaliana. Fa nony nankeo aminy Ieso izy, dia hitany fa maty sabady Izy, ka dia tsy mba notapaliny ny ranjony. Fa ny miaramila anankiray nandefona ny lanivoany, ary niaraka tamin' izay dia nisy ra sy rano nandeha. Ary ilay nahita dia vavolombelona mananbara, ary marina ny fanaubarany ; ary fantany fa milaza ny marina izy, mba hincanareo. Fa tonga izany mba habatanterahan' ny Soratra Masina hoe : "Tsy hisy tapahina ny taolany." Ary hoy ny teny iray koa ao amy ny Soratra Masina : "Hijery Izay nolefouniny izy."

ANDRO MIALOHA NY ANDRO PASKA.

*Ny Kolekta.*

TOMPO ô, aoka ho tahaka ny nanaovana batisa anay tamy ny nahafatesan' ny Zanakao isaorana, dia Ieso Mpamony anay, no haharinganana mandrakariva ny filanay ratsy, liarahanay milevina aminy Kristy, ary mampaky ny fasana sy ny vavahadin' ny fahafatesana aoka hidiranay ho amy ny fitsanganany mahafaly, amy ny alalany Ieso Kristy Zanakao sy Tomponay, Izay maty sy nalevina ary nitsangana indray ho anay. *Amena.*

*Ny Epistola, 1 S. Pet. iii. 17.*

FIA raha sitrapon' Andriamanitra, dia tsara kokoa ny hitondra fahorianana amy ny anaovan-tsoa

oho ny amy ny anaovan-dratsy. Fa Kristy koa nijaly indray mandeha noho ny ota, ny marina hamonjy ny tsy marina, mba hitondra antsika ho amin' Andriamanitra, ka novonoina tamy ny nofo, fa novelomina tamy ny fanahy, izay nandehanany sy nitoriany teny tamin' ireo fanahy tao an-trano-maizina, dia izay tsy nanaiky fatiny, fony niandry ny fabari-pon' Andriamanitra tamy ny androny Noa, raha mbola namboarina ny sambô-flara, izay nidiran' olom-bitsy, dia izy valo mianaka, ka dia namonjena azy ny rano, izay mamonjy anareo koa an-kehitriny, dia ny batisa, izay tenan' io tandindona io, tsy ny fanesorana ny fabalotoan' ny nofo anefa, fa ny fitadiavana ny fieritreretana tsara eo anatrejan' Andriamanitra amy ny nitsanganany Ieso Kristy tamy ny maty, Izay efa lasa ho any andanitra, dia eo amy ny tâmana ankavanana' Andriamanitra, ka efa naimpamaikenena Azy ny anjely sy ny fahafana ary ny hery.

*Ny Filazantsara.* Mat. xxvii. 57.

A RY nony hariva ny andro, dia avy ny lehilahy manan-karena anankiray, avy any Arimatea, ny anarany atao hoe Iosefa, ary izy koa mpianantry Ieso. Izany lehilahy izany dia nankao aminy Pilato ka mangataka ny fatiny Ieso. Dia nasainy Pilato homena azy izany. Ary rehefa nalainy Iosefa ny faty ka nofonosiny hariry madinika madio, dia naleviny tao amy ny fasany vaovao, izay efa nolavabany tamy ny vatolampy; ary rehefa nanakodia vato lehibe ho eo amy ny varavarana' ny fasana izy, dia lasa nandeha. Ary Maria Magdalena sy ilay Maria anankiray dia niptetraka tandrifin' ny fasana. Ary nony ampitson' ny andro fanamboarana, dia nivory nankeo aminy Pilato ny lohan' ny mpisorona sy ny Fariseo ka nanao hoe: Tompoko, izahay malatsiaro fa iny mpamitaka iny, fony Izy mbola velona, dia nanao hoe: Raha afaka hateloana, dia hitsangana Aho. Koa asaovy hambenana mafy ny fasana mandra-pahatongan' ny andro fahatelo, fandrao

avy ny mpianany ka mangalatra Azy, dia hilaza amy ny olona hoe: Efa natsangana tamy ny maty Izy; ka dia ny fitaka farany ho ratsy noho ny voalahany. Fa hoy Pilato taminy: Makà mpiambina ka mandehana, manaova fiambenana mafy araka ny hainareo. Ary nony lasa izy, dia nalatsany ny mpiambina hiambina mafy ny fasana, rehefa nasiandy tonabo-kase ny vato.

*ANDRO PASKA.*

*¶ Amy ny Firarahana Maraina, dia hohiraina na hotonoina ireto Antifona ireto, asolo ny Salamo, AVIA AKOA ISIKA &c.*

Fa veavono ny Paska ho antsika, dia Kristy: ka dia aoka isika hanao andro firavoravoana,

Tsy amy ny fermenta ela, na amy ny fermenta lolompo sy faharatsiana: fa amy ny mofo tsy misy fermenta, dia ny fahadiovam-po sy ny fabamarinana.

*1 Kor. v. 7.*

Fa rehefa nitsangana tamy ny maty Kristy, dia tsy maty intsony Izy: tsy manapaka Azy intsony ny fahafatesana.

Fa ny amy ny nahafatesany, dia maty ny amy ny ota indray mandeha Izy: fa ny ahavelomany, dia velona ho an' Andriamanitra Izy.

Ary aoka ho tahaka izany koa hianareo, ka ny tenanareo dia ataovy ho maty ny amy ny ota: fa velona ho an' Andriamanitra ao aminy Ieso Kristy Tompontsika. *Rom. vi. 9.*

Efa nitsangana tamy ny maty tokoa Kristy: santatr' izay efa nody mandry.

Ary satria ny olona iray no nisehoan' ny fahafatesana: dia ny olona iray koa no nisehoan' ny fitsanganan' ny maty.

Fa tahaka ny ahafatesan' ny olona rehetra ao aminy Adama: no ahaveloman' ny olona rehetra kosa ao aminy Kristy. *1 Kor. xv. 20.*

Ho any ny Ray, sy ny Zanaka: ary ny Fanahy Masina anie ny Voninalitra.

Tahaka ny hatramy ny taloha sy ankehitriny : ary mandrakariva ho mandrakizay doria doria. Amena.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, ny Zanakao lahitoana Ieso Kristy no efa nandresenao ny fahafatesana sy namohanao ny vavahadin' ny fainana mandrakizay ho anay, mifona aminao amy ny fietrentena izahay, aoka ho tahaka ny ialohan' ny fahasavao anay, izay anisianao faniriana tsara ao amponay, no hanampianao anay mandrakariva hahatanterahanay izany tokoa; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao sy ny Fanahy Masina mandrakizay mandrakizay. Amena.

*Ny Epistola.* Kol. iii. 1.

**K**OA raha miara-natsangana taminy Kristy hianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amy ny itoerany Kristy, Izay mipetraka eo antanana ankavan'an' Andriamanitra. Saino ny zavatra any ambony, fa aza ny zavatra ety an-tany. Fa efa maty hianareo, ary ny fainanareo miara-miasina aminy Kristy ao amin' Andriamanitra. Raha hiseho Kristy fainantsika, dia hiara-miseho aminy koa hianareo amy ny voninahitra. Koa vonoy ny momba ny tenanareo izay ety an-tany, dia ny fijangajangana, fahalotoana, firehetam-po, faniran-dratsy ary fieremana, dia fanompoan-tsampy izany; fa noho izany zavatra izany no ahatongavan' ny fahatezeran' Andriamanitra amy ny zanaky ny tsy fanarahana; izany no nalehanareo koa fahiny, fony mbola velona taminy hianareo.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana xx. 1.

**A**RY tamy ny andro voalohany amy ny herinandro dia avy maraina koa Maria Magdalena, raha mbola maizimaizina, hankany amy ny fasana ka nahita ny vato voaisotra tamy ny fasana. Dia nilaha-

zakazaka izy nankany aminy Simona Petera sy ilay mpianatra tiany Ieso ka nanao taminy hoe: Nalain' olona tao am-pasana ny Tompo, ka tsy fantatray izay nametrahany Azy. Dia nandeha Petera sy ilay mpianatra anankiray ka nankany amy ny fasana. Ary niara-nihazakazaka izy roa lahy; ary ilay mpianatra anankiray nihazakazaka nihoatra any Petera, dia tonga aloha teo amy ny fasana. Ary nony niondrika izy, dia hitany ny lambam-paty nipetraka teo, nefà tsy niditra tao izy. Dia avy koa Simona Petera nanaraka azy, dia niditra tao am-pasana ka njery ny lambam-paty nipetraka teo, ary ny mosara izay nafchy tamy ny lohany tsy mba nipetraka teo amy ny lambam-paty, fa voavalona mitokana. Aiy tamin' izay dia niditra koa ilay mpianatra anankiray izay tonga taloha teo amy ny fasana, dia nahita ka nino. Fa tsy mbola fantany ny Soratra Masina fa tsy maintsy hitsangana amy ny maty Ieso. Dia lasa indray ny mpianatra hody any aminy.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, ny Zanakao lahitoana Ieso Kristy no efa nandresenao ny fahafatesana sy namohanao ny vavahadin' ny fainana mandrakizay ho anay, mifona aminao amy ny fietrentena izahay, aoka ho tahaka ny ialohan' ny fahasavao anay, izay anisianao faniriana tsara ao amponay, no hanampianao anay mandrakariva hahatanterahanay izany tokoa; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao sy ny Fanahy Masina mandrakizay mandrakizay. Amena.

*Ny Solon' ny Epistola.* Asa. x. 34.

**A**RY Petera niloa-bava ka nanao hoe: Hitako marina tokoa izao fa tsy mizaha tavan' olona Andriamanitra; fa amy ny firenena rehetra izay matahotra Azy ka manao ny marina no ankasitrahany. Hianareo malalala ny tony izay hampitondrainy ho

amy ny Zanak' Israely, mitory teny soa milaza fia-danana amy ny alalany Ieso Kristy (Izy no tompon'i zao rehetra izao) dia ilay teny natomboka hatrany Galilea ka notorina tany lodea rehetra teo aorian' ny batisa izay notoriny Iohana, dia ny aminy Ieso avy any Nazareta, Izay nohosoran' Andriamanitra tamy ny Fanaby Masina sy ny hery sady nandehandeha nanao soa sy nanasitrana izay rehetra azon' ny herin' ny Devoly; fa Andriamanitra nomba Azy. Ary izahay no vavolombelon' ny zavatra rehetra izay na-taony tany amy ny tanin' ny Iodeana sy tany Iero-salema; Izy novonoiny nahantony tamy ny hazo; fa natsangan' Andriamanitra kosa Izy tamy ny andro fahatelo ka nasehony marimarina, tsy tamy ny olona rehetra, fa tamy ny vavolombelona izay notendren' Andriamanitra raha teo, dia taminay izay niara-nih-nana sy nisotro taminy, rehetra nitsangana tamy ny maty Izy. Ary Izy nandidy anay hitory any ny olona ka hanambara fa Izy notendren' Andriamanitra ho Mpitsara ny velona sy ny maty. Izy no ambaran' ny profeta rehetra, fa ny anaranay no hahazoan' izay rehetra mino Azy famelan-keloka.

*Ny Filazontsara.* S. Lieka xxiv. 13.

ARY, indro, nisy rea lahy tamin' ireny nandeha tamin' izany andro izany hankany amy ny vo-hitra atao hoe Emaösy, tokony ho enim-polo stadia raha any Ierosalema. Dia nifampiresaka ny amin' izay zavatra rehetra nanjo izy. Ary raha mbola ni-resaka sy nifampisaina izy, dia Ieso no nanakaiky ka niaraka taminy. Fa ny masonry nohazonina mba tsy hahafantarany Azy. Ary hoy Izy taminy: Manao ahoana izao teny resahinareo ety am-pande-hanana izao, no dia malabelo tarehy hianareo? Ary ny anankiray, izay atao hoe Kleopasy, namaly ka nanao taminy hoe: Valiny mitoetra irery angaha hianao ao Ierosalema no tsy mahafantatra izay za-vatra tonga tao tamin' izao andro izao? Dia hoy Izy taminy: Zavatra manao ahoana moa? Ary hoy izy roa lahy taminy: Ny aminy Ieso avy any Nazareta, profeta mahery tamy ny asa sy ny

teny teo anatrehan' Andriamanitra sy ny vahoaka rehetra, ary ny amy ny nanoloran' ny lohan' ny impisorona sy ny mpanapaka cto amintsika Azy, hanamelohany Azy ho faty, sy ny nanomboany Azy tamy ny hazo fijaliana. Nefà nantenainay fa Izy no ilay no efa hanavotra ny Israely; ary tsy izany hiany, fa andro any no andro fahatelo hatr' izay na-hatongavan' izany. Nefà kosa ny vehivavy sasany izay namanay nahaverry hevitra anay, fa tany amy ny fasana maraina koa izy, ary raha tsy nahita ny fatiny, dia tonga izy ka nilaza fa efa nahita fischoan' anjely koa, izay nilaza fa velona Izy. Dia nandeha ny sasany izay nomba anay ka nankany amy ny fasana, ary nahita araka izay nolazain' ny vehivavy; nefà Izy tsy hitany. Aty hoy Izy taminy: Ry adala sy votsa saina ka tsy nimo izay rehetra nolazain' ny profeta. Moa tsy tokony ho niaritra izany va Kristy ka hiditra any any ny voninaliny? Ary nanom-boka hatraminy Mosesy sy ny profeta rehetra Izy dia hanambara taminy ny hevitry ny teny milaza Azy amy ny Soratra Masina rehetra. Ary nana-kaiky ny vohitra izay esa halelan' izy roa lahy Izy; aiy Ieso nanao tea hanleha lavitra kokoa. Fa izy roa lahy nanery Azy ka nanao hoe: Mitoera aty animinay; fa efa ho hariva izao, ka lasan-davitra ny andro. Dia nuditra hitoetra ao aminy Izy. Ary raha niara-nipetraka teo aminy Izy, dia nandray ny mofo ka nisaotra dia namaky sy nanelotra azy. Dia nahiratra ny mason' izy roa lahy, ka nahalala Azy izy; ary Izy kosa dia tonga tsy hitany. Dia nifampilaza hoe izy: Tsy nangorakorakora va ny fontsika, raha niressaka tamintsika teny an-dálana Izy ka namoaka ny hevitry ny Soratra Masina tamintsika? Dia niainga tamin' izany ora izany izy roa lahy ka niverina nankany Ierosalema, ary nahita ny iraika amby ny folo lahy sy izay nomba azy fa tasangona sady nilaza hoe: Efa nitsangana marina tokoa ny Tompo, ka efa nischo taminy Simona Izy. Ary izy roa lahy nilaza izay esa tonga teny an-dálana sy ny nabafantarany Azy tamy ny namakiana ny mofo.

## NY TALATA MANARAKA NY ANDRO PASKA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitola ô, ny Zanakao lalih-tokana Ieso Kristy no efa nandresenao ny fahafatesana sy namohano ny vavahadin' ny fiaimana mandrakizay ho anay, mifona aminao amy ny fietrentena izahay, aoka ho tahaka ny ialohan' ny fahasoa-vanao anay, izay anisianao faniriana tsara ao amponay, no hanampianao anay mandrakariva hahatanterahanay izany tokoa; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao sy ny Fanahy Masina mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola. Asa. xiii. 26.*

**R**Y rahalahy, taranaky Abrahama, ary na zovy na zovy eo aminareeo matahotra an' Andriamanitra, ho aminareeo no nampitondrana ny tenin' izao famojena izao. Fa izay monina any Ierosalema sy ny lohollowny, tsy nahafantatra Azy, ka dia nahatanteraka ny tenin' ny profeta izay vakina isan-tSabata tamy ny nanamelohany Azy izy. Ary na dia tsy hitany aza izay tokony hanamelohana Azy ho faty, dia nangataka taminy Pilato hamoncana Azy. Ary rehefa nahatanteraka izay rehetra voasoratra ny aminy Ieso izy, dia nanala Azy tamy ny hazo ka nandevina Azy tao am-pasana. Fa Andriamanitra kosa nanangana Azy tamy ny maty. Ary Izzy nischo andro maro tamin' izay niara-niakatra taminy avy tany Galilea ho any Ierosalema, ka dia ireo no vavolombelona amy ny olona. Ary izahay mitory ny filazantsara aminareo, dia ilay teny fikasana nolazaina tamy ny razana, dia ny nahatanterahan' Andriamanitra izany tamintsika zanany, raha nanangana any Ieso Izzy, araka ny voasoratra eo amy ny Salamo faharoa hoe: "Hianao no Zanako, Izaho niteraka Anao andro any." Ary ny amy ny nananganany Azy tamy ny maty, ka tsy hiverina ho amy ny lo intsony Izzy, dia izao no voalazany: "Homeko anareo ny fitahiana sady masina no malatoky izay any Davida." Ary

hoy Izzy eo amy ny Salamo hafa koa: "Hianao tsy hamela ny Iray Masina ho tratry ny lo." I'a nody mandry Davida, rehefa nahatanteraka ny sitrapou' Andriamanitra hahasoa ny olona niara-belona taminy, dia nangonina ho any amy ny razany izy ka tratry ny lo; fa Izay natsangan' Andriamanitra no tsy tratry ny lo. Ary aoka ho fantatrareo, ry rahalahy, fa izany lehilahy izany no itorianana famelan-keloka aminareo; ary ao aminy no anamarinana izay rehetra mino ho afaka amy ny heloka rehetra izay tsy azo nanamarinana anareo tamy ny lalany Mosesy. Koa tandremo, fandrao ho tonga aminareo izay voalaza eo amy ny profeta hoe: "Izahaonareo mpamotsifotsy, dia gagà, ka levóna; fa Izaho manao asa amy ny andronareo, dia asa izay tsy ho ninoanareo akory, iha dia nisy nilaza taminareo aza."

*Ny Filazantsara. S. Lioka xxiv. 36.*

**D**IA nitsangana teo afovoany Ieso ka nanao taminy hoc: Fiadanana ho anareo. Dia taitra sady natahotra izy, satria nataony fa nahlita matoatoa. Ary hoy Ieso taminy: Nahoana no taitra hianareo? ary nahoana no mialianahana ny fonareo? Izahao ny tânaoko sy ny tongotro, fa Izaho no Izzy; tsapao Aho, ka jereo, fa ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana, tahaka izao ahitanareo Aly izao. Ary rehefa niteny izany Izzy, dia nasehony azy ny tânanay sy ny tongony. Ary raha mbola tsy nino lihany izy ireo nohony hafaliana sady talanjona, dia hoy Ieso taminy: Manan-kanina ety va hianareo? Ary dia nomeny tapaky ny hazandrano natono sy tantely Izzy. Ary Izzy nandray, dia nihinana teo anatrehany. Dia hoy Izzy taminy: Izao no teny izay nolazaiko taminareo, fony mbola teo aminareo Aho, fa tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra nancratana Ahy teo amy ny lalany Mosesy sy ny profeta ary ny Salamo. Dia nanokatra ny sain' ireo Izzy hahalala ny Soratra Massina. Ary hoy Izzy taminy: Izany no voasoratra, ary izany no iendrehany Kristy hiaritra ary hitsangana amy ny maty amy ny andro fahatelo; ary mba hoto-

rina noho ny anaranay ny fibebahana sy ny famelankeloka amy ny firenena rehetra, manomiboka eto Ierosalema. Ary hianareo no vavolombelon' izany.

*Ny Kolekta.*

**P**AY Tsitoha ô, Hianao efa nanome ny Zanakao labitokana ho faty noho ny fahotanay ary hitsangana indray ho fanamarinana anay; aoka hariana ny fermentan' ny lolompo sy ny fanaovan-dratsy hanomoapanay Anao mandrakariva amy ny fahadiovam-po sy ny fahamarinana; noho ny fitiavany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. 1 S. Iohana v. 4.*

**I**ZAY rehetra naterak' Andriamanitra dia mandresy izao tontolo izao; ary ny fandresena izay enti-mandresy izao tontolo izao dia ny finoantsika. Iza no mandresy izao tontolo izao afas-tsy izay mimo fa Ieso no Zanak' Andriamanitra? Izy no ilay avy tamy ny rano sy ny ra, dia Ieso Kristy; tsy tamy ny rano hiány, fa tamy ny rano sy ny ra. Ary ny Fanahy no manambara, satria ny Fanahy no fahamarinana. Fa misy telo izay manambara, dia ny Fanahy sy ny rano ary ny ra; ary mifanaraka tsara izy telo. Raha mandray ny fanambaran' ny olona isika, lehibe lavitra ny fanambaran' Andriamanitra; fa ny fanambaran' Andriamanitra dia ny nanambarany ny Zanany. Izay mino ny Zanak' Andriamanitra no manana ny fanambarana ao anatin'y; izay tsy mimo an' Andriamanitra dia efa nampandainga Azy, satria tsy mino ny fanambarana izay nanambaran' Andriamanitra ny Zanany izy. Ary izao no fanambarany: fainana mandrakizay no omen' Andriamanitra antsika, ary ao amy ny Zanany izany fainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fainana; izay tsy manana ny Zanak' Andriamanitra no tsy manana ny fainana.

*Ny Filazantsara. S. Iohana xx. 19.*

**A**RY rehefa harivan' ilay andro voalohany amy ny herinandro, raha voarindrina ny varavarai, izay nianganan' ny mpianatra, nobo ny fahatohorany ny Iodeana, dia tonga Ieso, ary nitsangana teo afoboany ka nanao taminy hoe: Fiadanana ho anareo. Ary rehefa nelazainy izany, dia nasehony azy ny tamaný sy ny lanivoany. Dia faly ny mpianatra, raha nabita ny Tempo. Ary hoy indray Ieso taminy: Fiadanana ho anareo; tahaka ny nanihahan' ny Ray Ahy no anirahako anareo koa. Ary rehefa nilaza izany Izy, dia nasiandy fosonaina, ka hoy Izy taminy: Raisony Fanahy Masina; na helok' iza na helok' iza no avelanareo, dia voavela izany; ary na an' iza na an' iza no tsy avelanareo, dia tsy voavela izany.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao efa nanome ny Zanakao labitokana ho fanatitra noho ny ota sy ho mariky ny fitondrantena sitrakao, omeo fahasoavana izahay handraisany izany fahomezana soa indrindra izany amy ny fisaorana mandrakariva, ary hanaovanay izay trathy uy ainay hanarahanay isanandro ny mariky ny fitondrantenany masina indrindra; amy ny alafany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. 1 S. Pet. ii. 19.*

**F**A izao no ankasitrahana: raha misy olona mitondra alahelo ka mandefitra ny tsy marina noho ny fieritrerctana ny amin' Andriamanitra. Fa inona no laza, raha tihiny kapolina noho ny fahadisoana hianareo ka miaritra amin' izany? Fa raha tihiny manao soa hianareo ka mitondra fahoriania ary mandefitra, dia sitrak' Andriamanitra izany. Fa ho amin' izany no niantsoana anareo; fa Kristy aza efa mijaly hamony anareo ka namela fianarana ho anareo.

mba hanarahanareo ny diany ; "Izy tsy nanota, sady tsy nisy fitaka teo am-bavany ;" raha notevatevaina Izy, dia tsy mba nanevateva; raha njaly izy, dia tsy nandrabona, fa nanolo-tena ho any Izay mitsara marina ; ary Izy nitondra ny fahotantsika tamy ny tecnany teo ambonin' ny hazo, mba ho faty ny amy ny ota isika ka ho velona ny amy ny fahamarinana ; ary " ny faharatrany no nahasitranana anareo." Fa efa nania toy ny ondry hianareo, fa ankehitriny efa niverina ho amy ny Mpiaondry sy Mpitandrina ny fanahinareo.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana x. 11.

DIA hoy Ieso taminy, Izaho no mpiandry tsara : ny mpiandry tsara manolotra ny ainy ho any ny ondry. Ary ny mpitamby, satria tsy mpiandry na tompon' ny ondry, koa raha mahita ny amboadiahavy, dia mandao ny ondry izy ka mandositra, ary ny amboadiahavy misambotra ny ondry ka manely azy. Ny mpitamby mandositra, satria mpitamby izy ka tsy mitandrina ny ondry. Izaho no mpiandry tsara ; ary fantatto ny Ahy, sady fantany Aho, tahaka ny ahafantaran' ny Ray Ahy sy ny ahafantarako ny Ray ; ary Izaho manolotra ny aiko ho any ny ondry. Manana ondry hafa tsy amin' ity vala ity Aho ; ary ireny koa dia tsy maintsy ho entiko, ka hilaino ny feoko izy ; ary ho tonga andiany iray izy, sady iray hiany ny mpiandry.

NY ALAHADY FAHATELO MANARAKA NY ANDRO PASKA.

*Ny Kolekta.*

ANDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao mampiseho ny fahazavan' ny fahamarinanao amy ny olona izay efa nania, mba hiverenany ho amy ny lilan' ny fahamarinanao, aoka izay efa tafaray amy ny fivavahana aminy Kristy mba handà izay zavatra manohitra ny fiantsoana azy ka hanaiky izay rehetra mifanaraka amin' izany ; amy ny alahandy Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 1 S. Pet. ii. 11.

RY malala, mananatra anareo aho, satria vahiny sy mpivahiny hianareo, fadio ny filan' ny nofo, fa miady amy ny fanahy ireny ; ka aoka ho tsara ny fitondrantenanareo eo amy ny gentilisa, mba han-kalazany an' Andriamanitra amy ny andro famangiana noho ny ahitany ny asa tsara ataonareo, dia izay anendrikendrehany anareo ho mpanao ratsy. Ary noho ny Tompo dia manaike izay rehetra voatendrin' ny olona, na ny mpanjaka, satria ambony izy, na ny mpanapaka, satria mirahiny ho famaliana izay manao ratsy, fa ho fiderana izay manao tsara. Fa toy izany no sitrapon' Andriamanitra, hampan-ginanareo amy ny fanaovan-tsoa ny tsy fahalalan' ny olona adala ; fa olona a'aka hianareo, nefa aza mitondra ny fahafahanareo ho fanaronana ny ratsy, fa toy ny mpanompon' Andriamanitra. Manajà ny olona rehetra. Tiava ny rahalahy. Matahora au' Andriamanitra. Manajà ny mpanjaka.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana xvi. 16.

DIA hoy Ieso tamy ny mpianany, vetivety foana dia tsy hahita Ahy hianareo ; ary vetivety foana indray dia hahita Ahy hianareo satria Izaho mankany amy ny Ray. Ary ny mpianany sasany nifampilaza hoe : Inona izany nolazainy tamintsika hoe : 'Vetivety foana dia tsy hahita ahy hianareo ; ary vetivety foana indray dia hahita Ahy hianareo,' ary, 'satria mankany amy ny Ray Aho ?' Ary hoy izy : Inona izany lazainy hoe : 'Vetivety foana izany ?' Tsy fantatsika izay lazainy. Ary Ieso nahalala fa ta-hanontany Azy izy, dia hoy Izy taminy : Izany va no ifanontanianareo, satria hoy Izaho : Vetivety foana dia tsy hahita Ahy hianareo, ary vetivety foana indray dia hahita Ahy hianareo ? Lazaike aminareo marina dia marina tokoa : Hitomany sy hisaona hianareo, fa izao tontolo izao kosa bifaly ; ary hianareo dia halahelo, fa ny alahelonareo hody fifaliana. Manam-pahorianana ny vehivavy raha miteraka, satria tonga ny fotoany ; fa rehefa velon-

jaza izy, dia tsy tsaroany iutsony ny fahoriany, nobo ny fisaliany fa misy zaza nateraka ho ambonin' ny tany. Ary hianareo dia manana alahelo ankehitriny; fa halita anareo indiay Aho, ka ho faly ny fonareo, ary tsy misy olona manaisotra ny fisalianareo aminareo.

NY ALAHADY FAHEFATRA MANARAKA NY ANDRO PASKA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA ô, Hianao hiany no mahatapaka ny haditran' ny sitrapon' ny mpanota sy ny filany, aoka mba ho tian' ny olonao izay andrianao ka hiriny izay nampanantenainao azy, ary na dia mivoavao sy miavadibadika mandrakariva aza ny fomban' izao tontolo izao, aoka ho tasaörina ny fonay haniry izay misy fisaliana marina; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* S. Iakoba i. 17.

**N**Y fanomezana soca rehetra sy ny fanomezana tanteraka rehetra dia avy any ambony ka midina avy amy ny Rain' ny fanazavana, Izay tsy misy fiovaovana na aleka avy amy ny fihodinana. Noho ny sitrapony no niterahany antsika tamy ny teny fahamarinana, mba ho santatry ny zavatra noforoniny isika. Fantatrareo izany, ry rahalahy malalako. Kanefa aoka ny olona rehetra halady hilaino, ho malaina hiteny, ho malaina ho tezitra; fa ny fahatezeran' ny olona tsy ahefana izay marina eo imason' Andriamanitra. Koa ario ny fahaloana sy ny lolompo rehetra, ka ekeo amy ny fahalemenipanahy ny teny voavoly, izay mahavonjy ny fahamareo.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana xvi. 5.

**D**IA hoy Ieso tamy ny mpianany, ankehitriny mankany amin' izay naniraka Ahy Aho; ary tsy misy aminareo manontany Ahy hoe: Hankaiza Ilia-no? Fa satria nilaza izany taminareo Aho, dia von-ton' alahelo ny fonareo. Fa Izaho milaza ny marina

aminareo: mahatsara anareo ny fialako; fa raha tsy biala Aho, dia tsy ho avy ety aminareo ny Parakleto; fa raha handeha Aho, dia hirahiko ho ety aminareo Izy. Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny amy ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana: ny amy ny fabotana, satria tsy mino Ahy izy; ny amy ny fahamarinana, satria mankany amy ny Raiko Aho, ka tsy mahita Ahy iutsony hianareo; ny amy ny fitsarana, satria ny andrian' izao tontolo izao efa notsaraina. Mblo manana zavatra maro holazaina aminareo Aho, fa tsy zakanareo ankehitriny. Fa raha tonga Izy, dia ny Fanabin' ny fahamarinana, hitari-dilana anareo liq amy ny marina rehetra Izy; fa tsy hiteny ho Azy Izy, fa izay efa reny dia holazainy avokoa; ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany aminareo. Izy hankalaza Ahy; fa handray avy amy ny Ahy Izy ka hanambara izany aminareo.

NY ALAHADY FAHADIMY MANARAKA NY ANDRO PASKA.

*Ny Kolekta.*

**T**OMPO ô, avy aminao ny zava-tsoa rehetra; aoka izahay mpanomponao mietritena hihewitra izay zavatra tsara noho ny fanomezanao hevitra masina, ka lanao izany noho ny fitarihanao mamindrafo; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* S. Iakoba i. 22.

**F**IA aoka ho mpankatô ny teny hianareo, fa aza mpilaino fotsiny, mamilaka ny tenanareo. Fa raha misy mpilaino ny teny, fa tsy mpankatô, dia toy izay olona mizaha ny tarchiny eo amy ny fitaratra izy; fa mijery ny tenany izy, dia lasa, ary miaraka amin' izay dia hadinony ny tarchiny. Fa izay mandinika ny lalana tanteraka, dia ny lalan' ny fahafahana, ka mahaitra amin' izany, raha tsy mpilaino manadino, fa mpanao ny asa, izany olona izany dia ho sambatra amy ny asany. Raha misy manao azy ho mpivavaka, nefà tsy mamehy ny

vavany, fa mimitaka ny fony, dia zava-poana ny fivavahan' izany olona izany. Izao no fivavahana sady madio no tsy misy loto eo anatrehan' Andriamanitra Ray; mamangy ny kamboty sy ny mpi-tondratena amy ny fahoriany, ary miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin' izao tontolo izao.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana xvi. 23.

**L**AZAIKO aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona hangatahinareo amy ny Ray amy ny anarako dia homeina anarco. Mandrak' ankehitriny tsy mbola nangataka na inona na inona tamy ny anarako hianareo; mangataha, dia hahazo hianareo; mba ho tanteraka ny fifalianareo. Fano-harana no nilazako izany zavatra izany taminareo; fa ho avy ny andro izay tsy hilazako fano-harana aminareo intsony, fa hambarako tsotra aminareo ny amy ny Ray. Amin' izany andro izany dia hangataka amy ny anarako hianareo; ary tsy milaza aminareo Aho fa Izaho no hangataka amy ny Ray ho anareo; fa ny tenan' ny Ray dia tia anareo, satria hianareo efa tia Aby, ary efa nino fa nivoaka avy tamin' Andriamanitra Aho. Nivoaka avy tamy ny Ray Aho ka tonga amin' izao tontolo izao; ary hiala amin' izao tontolo izao indray Aho ka hankany amy ny Ray. Hoy ny mpianany taminy: Indro, milaza tsotra Hianao ankehitriny, fa tsy milaza fano-harana akory. Ankehitriny dia fantatray fa mahalala ny zavatra rehetra Hianao ka tsy mila olona hanontany Anao; izany no inoanay fa nivoaka avy tamin' Andriamanitra Hianao. Ieso namaly azy: Mino va hianareo ankehitriny? Indro, avy ny andro, ary tonga ankehitriny, iaha hiely hianareo samy ho any amy ny azy avy, ary hilaozanareo ho irery Aho; kanefa tsy irery Aho, fa ny Ray no eto amiko. Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hananauareo fiadanana ao amiko. Amin' izao tontolo izao no hanananareo fahoriany; fa matokia; Izaho efa nandresy izao tontolo izao.

NY ANDRO NIAKARANY IESO KRISTY ANY AN-DANITRA.  
*Ny Kolecta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, mifona aminao izahay, noho ny finoanay ny niakarany Ieso Kristy Zanakao lahitokana Tomponay any an-danitra aoka hampiakaranay ny fonay sy ny sainay any koa, hiarahanay mitoetra aminy mandrakizay; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay, Izay miara-belona sy miara-inanjaka aminao sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra iray, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola* Asa. i. 1.

**R**Y Teofilo, ilay boky voalohany dia nosoratako ny amin' izay nataony Ieso sy nampianariny hatramy ny andro nampiakarana Azy, rehefa nodidiany tamy ny Fanahy Masina ny Apostolo izay no fidiny, sady nisehoanay koa tamy ny famanatarana maro taurian' ny nijaliany fa velona Izy, fa nischo tamin' ireo cfa-polo andro Izy ka nilaza ny amy ny fanjakan' Andriamanitra. Azy raha tafangona teo aminy Ieso, dia nandidy azy tsy hiala any Ierosalema, fa hiandry ny teny fikasan' ny Ray, izay efa renareo tamiko, hoy izy: fa Iohana nanao batisa tamy ny rano; fa hianareo kosa hatao batisa amy ny Fanahy Masina, rehefa afaka andro vitsivitsy. Koa izay tafangona teo dia nanontany Azy hoe: Tompoko, amin' izao va no hamodianao ny fanjakana amy ny Israely? Fa hoy kosa Izy taminy: Tsy anareo ny bahalala ny andro na ny fotoana izay efa notendren' ny Ray amy ny fahefan' ny tenany. Fa hahazo bery hianareo amy ny hilatsahan' ny Fanahy Masina aminareo ary ho vavolombeloko any Ierosalema sy erany Iodea sy Samaria ary hatramy ny faran' ny tany. Ary rehefa nilaza izany Ieso, dia nakarina Izy, raha mbola njery izy ireo; ary nisy rahona nitondra Azy, ka tsy hitan' ny masonry intsony Izy. Ary raha mbola nandinika ny lanitra izy ireo tamy ny nandehanany Ieso, indro, nisy roa tahi teo anilany niakanjo akanjo fotsy ary nanao hoe: Ry Ichilahy Galileana, nahoana no mi-

janona eto mijery ny lanitra hianareo? Iny Ieso Izay nakarina niala taminareo ho any an-danitra Iny dia ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra.

*Ny Filazantsara. S. Mark xvi. 14.*

**R**EHEFA afaka izany, dia niseho tamy ny iraika ramby ny fololahi Ieso, raha nipeetraka nihinana ireo; ary Izay nanome tsiny azy noho ny tsy finoany sy ny hamafin' ny fony, satria tsy ninoany izay efa nahlita Azy rehetra nitsangana Izay. Ary hoy Izay taminy: Mandebana any amin' izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny filazantsara amy ny olombelona rehetra. Izay mino sy atao batiasa no hovonjena; fa izay tsy mino no hohelohina. Ary izao famantaranana izao no hanaraka izay mino: Hamoaka demonia amy ny anarako izy; hiteny amy ny fiteny izay tsy mbola hainy izy; hitana menarana izy; ary raha misotro zava-mahafaty aza, dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amy ny marary izy, dia ho sitrana ireny. Ary Ieso Tompo, rehefa niteny taminy, dia noraisina niakatra ho any an-danitra ka nipeetraka teo ankavanana' Andriamanitra. Fa izy ireo kosa dia lasaka nitoro-teny eny tontolo eny, ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny tamy ny famantarana izay nombra azy.

NY ALAHADY MANARAKA NY NIAKARANY IESO KRISTY ANY AN-DANITRA.

*Ny Kolekti.*

**A**NDRIAMANITRA Mpanjakan' ny voninahitra ô, Hianao efa nanandratra any Ieso Kristy Zanakao labitokana tamy ny fisaliana lehibe noho ny fandreseny, ho any amy ny fanjakanao any andanitra; mifona aminao izahay, aza mahafoty anay ho kamboty, fa iraho ho aminay ny Fanahinao Masina hampionona anay sy hanandratra anay ho any amy ny fitoerana izay efa nandelhanany Kristy Mpâ-

monjy nialoha anay; Izay miara-belonja sy miarzmanjaka aminao sy ny Fanabô Masina, Andriamanitra iray, mandrakizay. Amena.

*Ny Epistola. 1 S. Pet. iv. 7.*

**F**Â automôtra ny faran' ny zavatra rehetra; koa malebonâna tena, ka dia mionónâna tsara ho amy ny fivavahana. Ary miliefta noko ny zavatra rehetra dia mitankatiava tsara; fa "ny iktiavana manarona fahafana maro." Hifanapanitanano, ka aza mimonomonona. Samia misanompo araka ny fanoomezam-pahaseavana izay noraisinareo, dia talaka ny mpitandrina tsara ny fahasrayana maro samihafa an' Andriamanitra. Itala misy olona miteny, dia aoka izy hiteny toy ny milaza tenia' Andriamanitra; raha misy olena manompo, dia aoka izy hanao izany araka ny hery izay omes' Andriamanitra azy; mba bankalazana an' Andriamanitra amy ny zavatra rehetra amy ny alalany Ieso Kristy; fa Azy ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena.

*Ny Filazantsara. S. Iohana xv. 26.*

**D**AIJA tonga ny Parakleto, Izay hirahiko ho amineo avy amy ny Ray, dia ny Fanahin' ny fahamarinana Izay mivoaka avy amy ny Ray, Izay no vavolombelona hanambara Ahy. Ary hianarco koa dia vavolombelona hanambara, satria hianarco efa tetra amiko hatramy ny taloha. Izany teny izany efa nolazaiko taminareo, mila tsy ho tatintohina hianarco. Hamoaka anarco hiala amy ny synagoga izy; eny, avy ny andro, ka hataon' izay rehetra mamono anarco fa manatitra fanompean-pivavahana ho an' Andriamanitra izy. Ary izany no hataony aminareo, satria tsy fantany ny Ray na Izidro. Fa izany teny izany efa nolazaiko mila hotsaroanareo, raha tonga ny andro, fa Izalio efa nilaza izany taminareo.

NY ANDRO PENTEKOSTA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA ô. Hianko efa nampianatra. Aky ny feno' ny olao mino tamy ny manirahaiao ny fahazavan' ny Fanahinao Masina ho any aminy tamin' izao fotoana izao; aoka izany Fanahy izany no mba hahazoanay hevitra marina any ny zavatra rehetra sy hifalianay mandrakariva any ny fanpianonany masina anay, noho ny fahamendrachany Ieso Kristy Mpamorony anay, Izay miara-belona sy miaramanjaka aminao sy ny Fanahy Masina, mandrakizay. *Amena.*

*Ny Selon' ny Epistola. Asa ii. 1.*

**A**RY nony tonga ny andro Pentekosta, dia niray saina teo any ny fitocrama iray izy rehetra. Ary nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra malihery mitofofoto, ka nanenika ilay trano nipefrahanay. Ary nisy lela maro tahaka ny lelafo niseho taminy, izay nizarazara ka dia nipeetraka tamin' izy rehetra isan-olona. Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia miteny tamy ny fiteny maro samihafa, araka ny nampitenenana' ny Fanahy Masina azy. Ary nisy Iodeana, olona mipyavaka tsara, nitoetra tany Ierosalema, avy tany any ny firenena samihafa rehetra ambanin' ny lanitra. Ary nony tonga izany feo izany, dia nianonga ny olona maro ka very hevitra, satria samy nandre azy ireo manao ny fiteniny avy izy rehetra. Ary talanjona sady gaga izy rehetra ka nifampilaza hoe: Indro, tsy Galileana va ireo rehetra miteny ireo? Ary ahoana no andrenesantsika araka ny fitenentsika avy izay nahabe antsika—Partiana sy Mediana sy Elamita ary imponima any Mesopotamia sy Iodea sy Kapadokia sy Pontosy Asia sy Frygia sy Pamfylia sy Egypta sy ny tany Libya izay manodikina any Kyrena ary ny Romana monina eto, Iodeana sy proselyta, Kretana

sy Arabo—koa ahoana no andrenesantsika ireo miteny araka ny fitenentsika avy ny asa lehibe atao' Andriamanitra.

*Ny Filaretsara. S. Ichana xiv. 15.*

**D**IA hoy Ieso famy ny mpianany: raha tia Ahy hianareo, dia tandremo ny didiko. Ary Izaho hangatoka amy ny Ray, dia hanome anarco Parakleto hafa Izzy mba hiteetra eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin' ny fahamarinana, Izay tsy azon' izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa hianareo no mahafantatra Azy, fa mitoeetra eo aminareo Izzy, ary ho ao anatinareo. Tsy halaföy anareo bo kambioyi Aho; hankaty aminareo Aho. Vetricety foana dia tsy habita Ahy intsony izao tontolo izao; fa hianareo no bahita Ahy; satria velona Aho, dia ho velona koa hianareo. Aun' izany andro izany dia ho fantatireo fa Izaho ao any ny Raiko, ary hianareo ao amiko, ary Izaho ao aminareo. Izay manana ny didiko ka mitandrina izany, dia izy no tia Ahy; ary izay tia Ahy no ho tian' ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hischo aminy. Hoy Iodasy (tsy Iskariota) taminy: Tompoko, Ahoana no hisehoanao aminay, fu tsy amin' izao tontolo izao? Ieso mimaly ka nanao tamainy hoe: Raha misy tia Ahy, dia litandrina ny teniko izy: ary ny Raiko ho tia azy, ary hankao aminay Izahay ka honinao ao aminy. Izay tsy tia Ahy dia tsy mitandrina ny teniko; ary ny teny izay renareo dia tsy Ahy, fa auy ny Ray Izay namiraka Ahy. Izany teny izany efa voalazako aminareo raha mbola eto aminareo Aho; fa ny Parakleto dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin' ny Ray amy ny anarako, Izzy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo. Fiadanana no avelako aminareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny anomezan' izao tontolo izao no anomezako anareo. Aza malahelo na matahotra ny fomareo. Efa renareo fa Izaho nilaza taminareo hoe: Irandeha Aho, ary ho avy aminareo indray. Raha tia ahy

hianareo, dia ho faly, satria nolazaiko hoe : Mankany amy ny Ray Aho ; fa ny Raiko Jehibe noho Izaho. Ary ankehitriny efa nilaza taminareo Aho dieny tsy mbola tonga izany, mba hinoanareo, rehetra tengà. Tsy hilaza zavatra maro aminarco intsony Aho ; fa avy ny andrian' izao tontolo izao, nefa tsy manana na inona na inona ao amiko izy. Fa mba ho fantat' izao tontolo izao fa tiako ny Ray, ary araka izay nandidian' ny Ray Ahy, dia toy izany ne hataoko.

NY ALATSINAINY MANARAKA NY PENTEKOSTA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA ô, Hianao efa nampianatra ny fon' ny olonao mino tamy ny manirahamao ny fahazavan' ny Fanahinao Masina ho any aminy tamin' izao fotoana izao ; aoka izany Fanahy izany no mba hahazoanay hevitra marina amy ny zavatra rehetra sy lifalianay mandrakariva amy ny fampiononany masina anay, noho ny fahamendrehany Ieso Kristy Mpamonjy anay, Izay miara-belona sy miaramajaka aminao sy ny Fanahy Masina, mandrakizay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola. Asa. x. 34.*

**A**RY Petera niloa-bava ka nanao hoe : Hitako marina tokcea izao fa tsy mizaha tavan' olona Andriamanitra ; fa amy ny firenena rehetra izay matalotra Azy ka manao ny marina no ankasitrahany. Hianareo mahalala ny teny izay nampiton-drainy ho amy ny Zanak' Israely, nitory teny soa milaza fiadanana amy ny alalany Ieso Kristo (Izy no tompon' izao rehetra izao), dia ilay teny natomboka hatrany Galilea ka notorina tany Iodea rehetra teo aorian' ny batisa izay notoriny Iohana, dia ny aminy lesy avy any Nazareta, Izay nohosoran' Andriamanitra tamy ny Fanahy Masina sy ny hery sady nandehandeha nanao soa sy nanasistrana izay rehetra azon' ny herin' ny Devoly ; fa Andriamanitra nomiba Azy. Ary izahay no vavolombelon' ny zava-

tra rehetra izay nataony tany amy ny tanin' ny Iodeana sy tany Ierosalema ; Izy novenoindy nahantony tamy ny hazo ; fa natsangan' Andriamanitra kosa Izy tamy ny andro fahatelo ka naschony mari-marina, tsy tamy ny olona rehetra, fa tamy ny vavolombelonia izay notendren' Andriamanitra raha-teo, dia taminay izay niara-nihinana sy nisotre taminy, rehetra nitsangana tamy ny maty Izy. Ary Izy nandiday anay history amy ny olona ka hanambara fa Izy notendren' Andriamanitra ho Mpitsara ny velona sy ny maty. Izy no ambaran' ny profeta rehetra, fa ny anarany no hahazoan' izay rehetra mino Azy famelan-keloka. Raha mbola nilaza izany teny izany Petera, dia nilatsaka ny Fanahy Masina tumin' izay rehetra nandre ny teny. Ary talanjona ny minic isan' ny voafera izay niaraka tamy Petera, satria nilatsaka tamy ny gentilisa koa ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina. Fa nandre azy niteny tamy ny teny tsy fantatra sy nankalaza an' Andriamanitra izy. Dia manauly Petera nanao hoe : Moa misy olona mahazo mandirara ny rano tsy hanaovana batisa ireo, izay efa nandray ny Fanahy Masina tahaka antsika koa ? Dia nasaingy hatao batisa amy ny anaran' ny Tompo izy. Ary nangataka tamy izy ireo mba hitoetra ao andro sasany.

*Ny Filazantsara. S. Iohana iii. 16.*

**F**a toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao ton-tolo izao : nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fia-nana mandrakizay. Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanany ho amin' izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao. Izay mino Azy dia tsy helohina ; fa izay tsy mino dia voaheloka rahateo, satria tsy nimo ny anaran' ny Zanaka Lahitokan' Andriamanitra izy. Ary izao no fanamelohana, fa ny mazava dia tonga amin' izao tontolo izao, ary aleon' ny olona ny mai-zima toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany. Fa izay rehetra manao ratsy manukabala ny mazava, sady

tsy manatona ny mazava fandrao hita miharihary ny asany. Fa izay manao ny marina dia manatona ny mazava, mba huseho ny asany, fa atao amin' Andriamanitra izany.

## NY TALATA MANARAKA NY PENTEKOSTA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA ô, Hianao efa nampianatra ny fon' ny olonao mino tamy ny namirahajao ny fahazavan' ny Fanahinao Masina ho any aminy tamin' izao fotoana izao; aoka izany Fanahy izany no mba hahazoanay hevitra marina amy ny zavatra rehetra sy hifalianay mandrakariva amy ny fampiononany masina anay, noho ny fahamendrehany Ieso Kristy Mpamonyjy anay, Izay miara-belona sy miaramanjaka aminao sy ny Fanahy Masina, mandrakizay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola. Asa viii. 14.*

**A**RY nony ren' ny Apostolo tany Ierosalema fa Samaria efa nandray ny tezin' Andriamanitra, dia maniraka any Petera sy Iolana hankony aminy izy. Nony tasolina izy rea lahys, dia nivavaka ho aby ny olona mba handraisany ny Fanahy Masina. Fa tsy mbola nisy nilatsahany izy na dia iray akory aza; fa natao batisa tamy ny anarany Ieso Tompo biansy izy. Ary izy rea lahys nametratamanana taminy, ka nandray ny Fanahy Masina izy.

*Ny Filazantseara. S. Ichana x. 1.*

**I**LAZAIKO aminareo marina dia marina tokoa fa izay tsy miditra amy ny vavahady ho amy ny valan' ondry, fa mananjaka izay lâlan-kafa, dia mpangalatra sy jiolahy. Fa izay miditra amy ny vavahady dia mpiandry ny ondry. Ary izy no vohan' ny mpiandry vavahady; ary ny ondry mihaino ny feony; ary izay ondry tokoa dia antsoiny amy ny anarany avy ka avoakany. Ary raha mimoaka ireo

ondriny ireo izy, dia mialoha azy; ary ny ondriny manaraka azy, satria mahalala ny feony izy. Ary ny valiny tsy arahiny, fa andosirany, satria tsy fantany ny feon' ny valiny. Ieso nilaza izany fano-harana izany taminy, fa tsy azony izay zavatra nolaza ny taminy. Dia hoy Ieso taminy indray: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izaho no vavaladin' ny ondry. Mpangalatra sy jiolahy izay rehetra mialoha Ahy; fa tsy nihaino azy ny ondry, Izaho no vavalady; raha Izaho no hidrair' ny olona, dia hovonjena izy, ary hiditra sy hivoaka ary bahazo hamina. Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fainiana, ary mba hananany be dia be.

## ALAHADIN' NY TRINITÉ.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitha sy mandrakizay ô. A Hianao efa nanome fahaosavana ny mpandomonao noho ny fanambaranana ny finoana marina, izay hanaikenay ny voninahitry ny Trinité mandrakizay sy hitsaohanay ny Unité amy ny herin' ny fahandrianan' Andriamanitra: mifona aminao izahay; tehirizo mafy amin' izany finoana izany izahay ka arovy amy ny loza rehetra, fa Hianao velona sady mananjaka, Andriamanitra iray, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola. Fumam. iv. 1.*

**R**EHEFA afaka izany, dia hitako fa indro, varavarana mivohà tamy an-dauitra; ary ny feo vealohany izay efa reko dia talhaka ny auy ny trom-petra niteny tamoko hoe: Miakara ety, dia haschoko anao izay zavatra tsy maintsy ho avy rahatrizay. Ary niaraka tamin' izay dia voatsindrin' ny Fanahy aho; ary indro seza-fiandravianana niptetraka ao andanitra, ary nisy Anaukiray niptetraka tee ambonin'

ny seza-fiandrianana. Ary ny tarehin' Ilay nipe-traka dia tabaka ny vato jaspy sy karneola ; ary nisy avana mitarechin-tsmaragda manodidina ny seza-fiandrianana. Ary manodidina ilay seza-fiandrianana iray nisy seza-fiandrianana efatra amby roa-polo ; ary teo anbonin' ieo seza-fiandrianana ireo nisy lobolona efatra amby roa-polo nipe-traka, nitafy fitafitana fotsy, ary tamy ny lohany nisy satro-boni-nahitra volamena. Ary nisy helatia sy feo ary kotorokorana niveaka avy tamy ny seza-fiandrianana ; ary nisy familo fito mirehitia teo anolean' ny seza-fiandrianana, dia Fanahy fito an' Andriamanitra iree. Ary teo anolean' ny seza-fiandrianana dia nisy tea ranomasina fitaratra tahaka ny vato mangano-hano ; ary teo afovoan' ny seza-fiandrianana sy manodidina azy dia nisy zava-manan-aina efatra feno maso ny anoleany sy ny ivohony. Ary ny zava-manan-aina voadehany dia tuboka ny lona, ary ny zava-manan-aina fahatelo hanana tava tahaka ny tavan' olona, ary ny zava-manan-aina fahefatra dia tahaka ny akoila manidina. Ary ny zava-manan-aina efatra hanana elatra enina avy, sady feno maso ny tenany rehetra manodidina ka hatreao anaty ; ary tsy mitsahatra andro aman-aina izy manao hoe : Misina, misina, ny Tompo Andriamanitra Tsitolia, Ilay lasa sy ankelitriny ary ho avy. Ary raha ny zava-manan-aina hanome voninalitra sy haja ary fisaerania ho any Ilay nipe-traka eo ambonin' ny seza-fiandrianana, dia Izay velona mandrakizay mandrakizay, dia hiankohoka ny lobolona efatra amby roa-polo eo anatrehan' Izay nipe-traka eo ambonin' ny seza-fiandrianana, ary liivavaka amin' Izay velona mandrakizay mandrakizay, dia hanipy ny satro-bonihany eo anolean' ny seza-fiandrianana ka hanao hoe : Hianao, Tomponay sy Andriamanitra, no mendrika handray ny voninalitra sy haja ary ny hery ; fa Hianao no nahary ny zavatra rehetra, ary neho ny sitap-mao no nahariandy sy misiany,

*Ny Filazantsara.* S. Iohana iii. 1.

**A**RY nisy lehilahy anankiray amy ny Fariseo Nikodemo no azarany, mpampaka tamy ny Iohana. Izay tengà tany aminy Jeso nony alifa ka nanao taminy hoe : Raby ô, fantatray fa mpampianatra avy tamin' Andriamanitra Hianao ; fa tsy misy olona malay manao izao famantaranana ataoao izao, raba tsy Andriamanitra no moniba azy. Jeso namaly ka nanao taminy hoe : Lazaike aminao marina dia marina tokoa : Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjak'an' Andriamanitra izy. Hoy Nikodemo taminy : Hataon' ny olona sheona no hateraka rehefa lehibe ; mahazo miditra ao an-kibon-dreniny indray va izy ka hateraka ? Jeso namaly hoe : Lazaike aminao marina dia marina tokoa : Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amy ny fanjak'an' Andriamanitra izy. Izay ateraky ny nofo dia ufo ; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy. Aza gaga noho ny nilazako taminao hoe : Tsy maintsy hateraka indray hianares. Ny rivotra mitsoska amin' izay tiany, ary renao ny feony, fa tsy fantatray izay ihaviny na izay alehany : tahaka izany izay rehetra ateraky ny Fanahy. Nikodemo namaly ka nanao taminy hoe : Hatao ahoana no bahatonga izany zavatra izany. Jeso namaly ka nanao taminy hoe : Hianao va no mpampianatra ny Israely, ka tsy mahalala izany zavatra izany ? Lazaike aminao marina dia marina tokoa : Izay fantatray no Jazainay, ary izay hitanay no ambaranay ; fa ny famanbaranay tsy raisinareo. Raha ny zavatra ety an-tany no nolazaiko taminareo ka tsy imoanareo, ahoana no hinoanareo, raha milaza aminateo ny zavatra any an-danitra Aho ? Ary tsy nisy niakatra ho any an-danitra, afa-tsy Ilay nidina avy tany an-danitra, dia ny Zanak' olona, Izay any an-danitra. Ary tahaka ny napandratany Mosesy ny menarana tamy an-efitra no tsy maintsy hasandratra ny Zanak' olona, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fia-nana mandrakizay. Fa toy izao no nitavau' Andria-

manitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fainana mandrakizay.

## NY ALAHADY VOALOHANY MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolektu.*

**A**NDRIAMANITRA ô Hianao no herin' izay rehetra matoky Anao, henoy amy ny faniandramponao ny fivavahauy; ary satrit noho ny fahalemen' ny fomban' olona aminay, dia tsy afaka manao tsara na imena na inona izahay raha tsy ampiano; omeo anay ny fanampian' ny fahasoavanao, hankasitralahao anay noho ny fitandremayan ny didinao, na amy ny sitrapo na amy ny asa; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. 1 S. Iohana iv. 7.*

**R**Y malala, aoka hifankatia isika; fa avy amin' Andriamanitra ny fitiavana, ary izay rehetra tia no naterak' Andriamanitra sy mahalala an' Andriamanitra. Izay tsy tia dia tsy mahalala an' Andriamanitra; fa Andriamanitra dia fitiavana. Izao no nanchana ny fitiavan' Andriamanitra antsika: Andriamanitra namiraka ny Zanahilay tokana tamin' izao tontolo izao mba halhavelona antsika amy ny alalany. Izao no fitiavana: tsy ny nitriavantsika an' Andriamanitra, fa ny nitriavany antsika, ka nihaliny ny Zanany ho avotra nobo ny fahofantsika. Ry malala, raha izany no nitriavan' Andriamanitra antsika, dia mba tokony hifankatia kosa isika. Tsy mbola nisy olona nahita an' Andriamanitra na oviana na oviana. Raha nifankatia isika, dia mitoetra ao amintsika Andriamanitra, ary tanteraka ao amintsika ny fitiavany. Izao no ahafantaantsika fa mitoetra ao aminy isika, ary Izy ao amintsika, dia ny nanomezany antsika ny Fanahiny. Ary isika efa nahita ka manambara fa ny Ray efa namiraka ny Zanaka ho Mpamony izao tontolo izao. Na iza na Iza manaiky tia Zanak' Andriamanitra Ieso, Andria-

manitra no mitoetra ao aminy, ary izy kosa ao amin' Andriamanitra. Ary isika efa mahalala sy mino ny fitiavan' Andriamanitra antsika. Andriamanitra dia fitiavana; ary izay mitoetra amy ny fitiavana no mitoetra ao amin' Andriamanitra, ary Andriamanitra ao aminy. Izao no abatanteraha ny fitiavana amintsika, miba hananantsika fahasahiana amy ny andro fitsarana; fa tahaka Azy isika eo amin' izao tontolo izao. Tsy manantahotra ny fitiavana; fa malafaka ny tahotra ny fitiavana tanteraka; fa mampahory ny tahotra. Fa izay matahotra dia tsy mbola tanteraka amy ny fitiavana. Isika tia Azy, satria Izy efa tia antsika voalohany. Raha misy manao hoe: Tia an' Andriamanitra aho, nefà mankahala ny rahalahiny, dia mpandainga izy; fa izay tsy tia ny rahalahiny izay hitany, hataony alocana no fitia an' Andriamanitra Izay tsy hitany? Ary izao no didy efa azontsika taminy: izay tia an' Andriamanitra tsy mantsy tia ny rahalahiny kea.

*Ny Filozofura. S. Lioka xvi. 19.*

**N**ISY lehilahy manan-karena anankiray niakanjo volonparasy sy rongony fotosy madinika sady nanaram-po futratra tony ny fahafinaretana isanandro. Ary nisy olomalahelo ferena anankiray natao hoe Lazarosy napetraka tco anilan' ny vavalahiny; ary satriny lihinana ny sombintombiny izay latsaka avy tamy ny latalatr' ilay manan-karena, fa ny alika kosa no avy ka nilelaka ny feriny. Ary maty ilay olo-malahelo, dia nentin' ny anjely ho any an-tratrany Abrahama; ary maty kea ilay manan-karena, dia nalevina; ary raha nijaly tao Hadesy izy ka niandrandra, dia nahita any Abrahama teny lavitra eny sy Lazarosy teo an-tratrany. Ary izy nisurto ka nanao hoe: Ry Abrahama raiko ô, manindrafo amiko, ka iraho Lazarosy mba hanoboka ny tendron' ny rantsan-tanany amy ny rano mba hampangatsiaka ny lelako; fa fadiranovana aho cto anatin' ity lelafo ity. Fa hoy Alrahama: Anaka, tsarovy fa hianao efa nahazo ny zava-tsezaao tamy ny andro niamanao,

ary Lazarozy kesa ny zava-dratsy; fa ankehitriny izy no ampifalina, ary hianao no fadiranovana. Ary mihoatra noho izany rehetra izany, misy tevana makaniry ajadona ao anelanelantsika, ka tsy afa-mita hankeny aminareo **izay te-hiala ety**, ary tsy afa-mita hankety aminay izay te-hiala eny. Dia hoy izy: Mangaiaka aminao ary aho, ry raiko: mba iraho Lazarosy hankany amy ny tranon' ny raiko (fa manana rahalahy diny aho), mba hilaza tsara aminy, fandrao ho tonga cto amin' ity fijaliana ity koa izy. Fa hoy Abrahama taminy: Manana amy Mosesy sy ny profeta izy; aoka hihaino ireo izy. Fa hoy kosa izy: Tsia, ry Abrahama, raiko; fa raha misy miala amy ny maty hankany aminy, dia hibebaka izy. Fa hoy izy taminy: Raha tsy mihaino any Mosesy sy ny profeta izy, dia tsy hety h'no izy, na dia misy hitsangana amy ny maty aza.

## NY ALAHADY FAHAROA MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolekta.*

**T**OMPO ô, Hianao dia tsy mitsahatra manampy sy manapaka izay efa notarilinao hatalotra sy ho tia Anao: mifona aminao izahay, telirizo amy ny fiarovanao tsara izahay, ary aoka hatalotra sy ho tia ny Auaranao masina mandraka iya izahay; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. S. Iohana iii. 13.*

**A**ZA gaga, ry rahalahy, raha halan' izao tontolo izao hianareo. Isika malhalala fa efa tafasindra niala tamy ny fahafatesana ho amy ny flainana isika, satria tia ny rahalahy. Izay tsy tia dia mitoetra ao amy ny fahafatesana hiany. Izay rehetra mankahala ny rahalahinny dia mpamono olona; ary fanta-trareo fa ny mpamono olona tsy mba manana flainana mandrakizay mitoetra ao anatiny. Izao no alafantarantsika ny fitiavana, fa Izy nanolotra ny ainy hamonyjy antsika; ary isika kosa tokony hanolotra ny aintsiaka hamonyjy ny rahalahy. Ary izay rehetra

## NY ALAHADY FAHAROA MANARAKA NY TRINITÉ. 167

manam-pananana amin' izao flainana izao, ary mahita ny fahantran' ny rahalahinny ka mihirim-befona aminy, ahoana no itoeran' ny fitiavana an Andriamanitra ao anatiny? Ry zanaka, aoka tsy ho tia amy ny teny na ainy ny lela hiany isika, fa ainy ny asa sy amy ny marina. Izany no halafantarantsika fa avy ainy ny marina isika sy hampahatokantsika ny fantsika eo anatrehan, na amin' inona na amin' inona no anamclohan' ny fantsika antisika, satria Andriamanitra lehibe noho ny fantsika ka mahalala ny zavatra rehetra. Ry malala, raba tsy mba manameloka antisika ny fantsika, dia manana fahasahiana eo anatrehan' Andriamanitra isika. Ary na inona na inona no angatalhantsika dia raisintsika aminy, satria mitandrina ny didiny sy manao izay arkistrabana eo imasonry isika. Ary izao no didiny, dia ny hinoantsika ny anarany Ieso Kristy Zanany sy ny hifankatiavantsika araka ny nandidiany antisika. Ary izay mitandrina ny didiny no mitoetra ao aminy, ary Izy kosa ao aminy. Ary izao no ahafantarantsika fa mitoetra ao amintsika Izy, dia ny Fanahy Izay nomeny antisika.

*Ny Flaventura. S. Lieka xiv. 16.*

**F**A hoy Ieso taminy: Nisy olona anankiray nanao fausana lehibe ka nanao olona maro. Ary naniraka ny mpanorapony izy tamy ny fotoana fisakafcana hanao amin' iziy efa nasaina hoo: Andeha, fa efa voaveatra izao ny zavatra rehetra. Fa izy rehetra dia nitovy salua ka samy nanao flainana. Iloy ny vealobany taminy: Efa nividy tany aho ka tsy maintsy mandela hizaba azy; masina hianao, ekeo ny fandavako. Ary hoy ny anankiray koa: Efa nividy omby folo aho ka handeha hamantatra azy; masina hianao, ekeo ny fandavako. Ary hoy ny anankiray koi: Efa nampaka bady aho, koa amin' izany tsy afaka mankany. Ary nony tonga ilay mpanompo, dia nambarany tamy ny tompony izany. Dia tezitra ny tompon-trano ka nanao tamin' ilay mpanompony hoo: Mandehana

faingana ho eny amy ny lalam-be sy ny sakeli-dálana eto an-tanána, ka ampidiro ny malahelo sy ny kile-maina sy ny mandringa ary ny jamba. Ary hoy ilay mpanompo : Tompoko, efa vita izay nandidiana, ary mbola misy hiterana hiamy. Ary hoy ny Tempo tamin' ilay mpanompony : Mandehena ho eny amy ny lalam-be sy ny sisim-boly, ka terco ny olona hiditra, mba ho feno ny traumoko. Fa lazisko aminareo : Tsy hisy hanandрана ny nahandroko irony olona nasaiко irony na dia iray skory aza.

*Ny Kolekta.*

**T**HOMPO δ, mifona aminao izahay, henoy amy ny famindramponeo izahay : ary aeka izahay, izay efa nomenao fo tie fivavahala, no mba harovan' ny fanampiana leibile sy hampiononina amy ny loza sy ny falieriana rehetra izay manjo anay; amy ny alalany Iesο Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. 1 S. Pet. v. 5.*

**A**RY hianareo izay mbola tanora fanaly kosa, dia mamaike ny lholona. Eny, samia misikina fanfrentena hianareo ka hifanompo ; fa Andriamanitra manohitra ny miavonavona, fa manome fahasoavana ho auy ny manetritena. Koa amin' izany manetre tena ambanin' ny tama-maherin' Andriamanitra, mba hanandratany ainaro amy ny fotoan-andro ; ary apetraho aminy ny fiahiahianareo rehetra ; fa Izy mialhy ny aminareo. Mahonóna tena, miambena ; fa ny Devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany : tohero izy, ka miorcua tsara any ny finoana hianareo, satria fantatrareo fa izany fahoriana izany dia manjo ny rahalahinareo eran' izao tontolo izao. Ary Andriamaniry ny fahasoavana rehetra. Izay efa niantso amaro ho auy amy ny voninahiny mandrakizay ao aminy Kristy, rehetra niaritra fahoriana vetricety hianareo, dia Izy no ha-

hatanteraka sy hampiorina ary hampitoctra anareo. Ho Azy anie ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Tilazàntera. S. Lioka xv. 1.*

**A**RY ny farantsa rehetra sy ny mpanota nana-kaiky hihaino any Ieso. Dia nimononomouona ny Fariseo sy mpanora-dálina nanae hoe : Ity mandray ny mpanota ka miara-nihiranana aminy. Fa Izy nanao izao faneharana izao taminy hoe : Iza no olona ao aminareo, raha manana ondry zato, ku very ny anankiray, no tsy mandaو ny sivy amby sivi-folo any an-efitra ka mandcha hitady ilay efa very mandra-pahitany azy ? ary rehetra hitany, dia ataony eo an-tsorony, ka dia faly izy ; ary rehetra tonga aô au-trano izy, dia mamory ny sakaizany sy ny namany ka manao aminy hoe : Avia hiara-nifaly amiko ; fa efa hitako ilay ondriko very. Lazaiко aminareo fa hisy sisaliana toy izany any an-danitra ny amy ny mpanota iray izay mibebaka noho ny amy ny olona marina sivy amby sivi-folo, izay tsy misy tokony libebahany. Ary iza no vchivavy manana furantsakely folo, ka very ny anankiray, no tsy mandrahitra jiro ka mamafa-trano sy mitady tsara mandrapahitany azy ? Ary raha hitany, dia mamory ny vchivavy sakaizany sy ny namany izy ka manao hoe : Avia hiara-nifaly ; fa efa hitako ny furantsakely izay very. Lazaiко aminareo fa misy fifaliana toy izany eo anatrehan' ny anjelin' Andriamanitra ny amy ny mpanota izay mibebaka.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA δ, Hianao no Mpiao izay rehetra matoky Abao, raha tsy Hiato dia tsy misy matanjaka ary tsy misy masina. Ampitombay sy hamaroy aminay ny famindramponao, ary satria sy hamaroy aminay ny famindramponao, ary satria Hianao no mpabapaka sy mpitendra anay dia aoka

ny andanianay ny zavatra vetricety foana no hahazoanay ny zavatra maharitra mandrakizay amy ny farany; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Rom. viii. 18.

**I**LA atao ko fa ny fiaretana amin' izao andro ankehitriny izao tsy tokony hohariná amy ny voninahitry izay hasého amintsika. Fa izao zavatra áry rehetra izao maniry fatra tra ka miandry ny fampiseloana ireo zanak' Andriamanitra; fa izao zavatra áry rehetra izao dia nampanaikena ho zavapoana, nesa tsy nobo ny sitrapony, fa noho Izay nampanaiky azy, sady nahazo fanantenana fa izao zavatra áry rehetra izao aza dia hovotsorana amy ny fahandevozana, dia ny fahalóvana, ho amy ny fahafahana kosa, dia ny voninahitry ireo zanak' Andriamanitra; fa fantatsika fa izao zavatra áry rehetra izao dia miara-misento sy miara-marary toy izay efu hiteraka mandrak' ankehitriny; ary tsy izany hiany, fa isika kea, na dia manana ny santatry ny Fanahy aza, dia misento ao anafantsika, miandry ny fananganan-anaka, dia ny fanavotana ny tenantsika.

*Ny Filoanteara.* S. Lieka v. 36.

**K**OA aoka mba ho mpamindrafo hianareo hanahaka ny Rainareo mpamindrafo. Ary aza misara, dia tsy hotsaraina hianareo; ary aza maname-loka dia tsy hohelohina hianareo; manuela, dia havela hianareo; omeo dia homena hianareo; fatra tsara sady ahintsana no afatratra ka mihoatra no homeny ho ao am-pofoanareo. Fa izay fatra ataonareo no hanamarana ho anareo kosa. Ary Ieso nauao fanoharana taminy hoe: Ny jamba va no mahatari-dálana ny jamba? Tsy hianjera any an-kady va izy roa? Ny mpianatra tsy mihoatra noho ny mpampianatra azy; fa izay rehetra tanteraka dia ho tahaka ny mpampianatra azy hiany. Ary naheana no mijery ny sombin-kazo izay eo amy ny mason'

ny rahalahinao hianao, nefà ny andry izay eo amy ny masonao kosa dia tsy mba tsaroanao akory? Ary ahoana no ilazanao amy ny rahalahinao hoe: Ry rahalahy, aoka hesoriko ny sombin-kazo izay amy ny masonao, nesà tsy hitanao ny andry izay eo amy ny musonao? Ry mpilatsaravelatsihy, esory aloha ny andry eo amy ny masonao, dia ho hitanao tsara ny hanaisotra ny sombin-kazo izay eo amy ny mason' ny rahalahinao.

NY ALAHADY FAHADIMY MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolekta.*

**T**OMPO ô, mifona aminao izahay, aoka ny fandehanan' izao tontolo izao hotiapahinao amy ny fiadanana, mba hanompo Anao amy ny fisaliana sy ny fiadanana marina ny Ekklesianao; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 1 S. Pet. iii. 8.

**F**ARANY, miraisa saina hianareo rehetra ka miarahana ory, misankatiava tahaka ny mpirahalahy, mifamindràfo, manetre tena, tsy namaly ratsy ny ratsy, na ny fanaratsiana amy ny fanaratsiana; fa aoka hisaotra kosa, satría ho auin' izany no niantsoana anareo, mba handova fitahiana. "Fa na iza na iza maniry fiaimana sy ta-haliita andro soa, aoka izy liaro ny lelany amy ny ratsy ary ny molony mba tsy hiteny fitaka; ary aoka izy hiala amy ny ratsy ka hanao soa; aoka izy hitady fihavanana sy hanaraka azy. Fa ny mason' ny Tompo amy ny marina, ary ny sofny mihaino ny fitarainany; fa ny tavan' ny Tompo vinitra amy ny impanao ratsy." Ary iza no hanisy ratsy anareo, raha mazoto ho any izay tsara hianareo? Fa raha tâhiny mitondra fahorianana noho ny fahamainana hianareo, dia sambatra; ary "aza matahotra tahaka azy, ary aza mangaroharo hianareo; fa manamasina any Kristy ho Tompo ao amponareo;" ary aoka ho vonona

mandrakariva hianareo hamaly izay manontany ana-reo ny amy ny anton' ny fanantenana ao anatinareo, nefä amy ny fahalemem-panahy sy ny fanajana.

*Ny Filazantsara. S. Lioka v. 1.*

**A**RY raha nifanizina taminy ny valoaka hihaino ny tenin' Andriamanitra, dia nijanona teo amoron' ny fariliiny Genesareta Ieso; ary nahita sambokehely roa nipetraka teo amoron' ny farily Izzy; fa ny impanarato efa niala taminy ka nanasa ny haratony. Ary rehefa nidlitra teo any ny sambokehely anankirir, izay any Simona, Izzy, dia nangataka taminy hilatataky ny tany. Dia nipetraka teo antsambokehely Izzy ka nampianatra ny valoaka. Ary nony nitsahatra niteny Ieso, dia hoy Izzy taminy Simona: Mandrosoa ho any any ny Lalina, dia alatsaho ny haratonareo hahazoana hazandrano. Ary Simona namaly ka nauao taminy hoe: Tompoko, mandritra ny alina no efa mikelzanay aina ka tsy nahazo na kely akory aza; kaufa noho ny teniniao, dia halatsako ny harato. Ary rehefa nataony izany, dia nahazo hazandrano be indrindra izy, ka efa saiky triatra ny haratony. Ary izy nanatsika ny namany, izay teo an-tsambokehely bafa, mba ho avy hanampy azy. Dia avy izy, ka nafenoindy ny sambokehely roa, ka efa saiky silentika ireo. Ary rehefa hitany Simona Petera izany, dia niankohioka tamy ny tongotry Ieso izy ka nauao hoe: Tompoko, miala amiko; fa olona meloka aho. Fa talanjona izy sy ny namany noho ny haben' ny hazandrano izay azony. Ary toy izany koa Iakoba sy Iohana, zanaky Zelèdeo, izay niombon-drahavala taminy Simona. Ary hoy Ieso taminy Simona: Aza mata-hetra; hatramin' izao ankelitriny izao dia hahazo olona hianao. Ary rehefa nampiantsona ny sambokeliny teo an-tanety izy, dia nahafoy ny zavatra rehetra ka manaraka any Ieso.

NY ALAHADY FARENINA MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolektia.*

**A**NDRIAMANITRA ô, efa namboarinao izay zavatra tsara tsy takatry ny sain' olona ho any izay tia Anao. Ampidino ho ao amponay ny fitiavina Anao mba hitiavanay Anao milhoatra noho ny zavatra iehetra, ary mba hahazoanay ny fampanantenaiao anay izay tsara lavitra noho ny zavatra rehetra azonay irina; amy ny alatany Ieso Kristy Tomponay. *Amen.*

*Ny Epistola. Rom. vi. 3.*

**T**SY fantatraro va fa na iza na izi isika no natao batisa ho aminy Ieso Kristy dia natao batisa ho any ry fahafatesany? Koa niara-nalevina taminy isika tamy ny batisa ho any ny fabafatesana, mba ho tahaka ny nananganana any Kristy tamy ny maty tamy ny voninality ny Ray no handehanantsika koa any ny fahavaozam-piainana. Fa raha nampiraisina taminy tamy ny endriky ny fahafatesany isika, dia ho tahaka izany koa any ny fitsanganauny; fa fantatsika fa ny toetsika taloha niaraka nolomboana taminy hanimbana ny tenan' ny ota, miala tsy hanompantsika ny ota intsony. Fa izay maty dia afaka any ny ota. Ary raha niara-maty taminy Kristy isika, dia mino fa hiara-belona anony koa isika; fa fantatsika fa rehefa nitsangana tamy ny maty Kristy, dia tsy maty intsony Izzy; tsy manapaka Azy intsony ny fahafatesana. Fa ny any ny nahafatesany, dia maty ny any ny ota indray mandeha Izzy; fa ny any ny abavelomany, dia velona ho an' Andriamanitra Izzy. Ary aoka ho tahaka izany kea hianareo, ka ny tenanareo dia atao-ovy ho maty ny any ny ota, fa velona ho an' Andriamanitra ao aminy Ieso Kristy Tompoutsika.

*Ny Filazantsara. S. Mat. v. 20.*

**F**a lazaiko aminarco : Raha tsy milhoatra noho ny any ny impanora-dalâna sy ny Fariseo ny

fahamarinamareo, dia tsy liditra amy ny fanjakam' ny lanitra mihitsy hianareo. Efa renareo fa voalaza tamy ny ntaolo hoe : "Aza mamono olona ;" ary izay mamono olona dia miendrika hohelohina amy ny fitsarana. Fa Izaho kosa milaza aminareo : Izay rehetra tezitra amy ny rahalahiny dia miendrika hohelohina amay ny fitsarana; ary na zovy na zovy no hanao amy ny rahalahiny hoe : Raka, dia miendrika hohelohina amy ny Synedriona ; ary na zovy na zovy no hanao amy hoe : More, dia miendrika ho ao aminy Gehena mirchitra afo. Ary amin' izany raha mitondra ny fanatitrapo ho eo amy ny altara hianao, ary eo no mahatsiaro fa ny rahalahinao manana alahelo aminao, dia avelao ny fanatitrapo eo anoloan' ny altara, dia mandehana aloha, ka manaova izay hihavananao amy ny rahalahinao, ary rehefa niverina, dia atero ny fanatitrapo. Mihavána faingana amin' ilay manan-ady amirao, raha mibola mirai-dia aminy hianao, fandrapo ilay manan - ady aminao hanolotra anao amy ny mpitsara, ary ny mpitsara hanolotra anao amy ny mpamatotra, ka hataeo ao antrano - maizina hianao. Lazaiko aminao marina tokoa : Tsy ho afaka ao mihitsy hianao, ambarapandoanao ny vari-irai-venty farany indiindra.

## NY ALAHADY FAHAFITO MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolektiu.*

**TOMPON'** ny sahefana sy ny hery rehetra ô. Hianao no Mpamorona sady Mpamome ny zavatsoa rehetra, ampidino ho ao aiponay ny fitiavana ny Anaranao, ampitomboy aminay ny fitiavahana marina aminao, taizao izahay amy ny fahatsarana rehetra, ary tandremo amy ny famindramponao lehibe izahay amin' izany rehetra izany; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Rom. vi. 19.*

**M**ITENY araka ny fanaon' ny olona aho noho ny fahalemen' ny nosonareo; fa tahaka ny nano-

loranareo ny momba ny tenanareo ho mpanompon' ny fahalotoana sy ny tsy fanarahaman-dalána hahatantekera ny tsy fanarahaman-dalána, dia atolory ankehitriny toy izany koa ny momba ny tenanareo ho mpanompon' ny fahamarinana hahatantekera ny fahamasinana. Fa fony mpanompon' ny ota hianareo, dia afaka tamy ny fahamarinana. Inona ary no vokatra azonareo fabiny tainin' izay zavatra mahamenatra anareo ankehitriny? fa fahafatesana no farai' izany zavatra izany. Fa ankehitriny, rehefa afaka amy ny ota hianareo ary efa tonga mpanompon' Andriamanitra, dia manana ny vokatrareo ho amy ny fahamasinana, ary ny farany dia fainana mandrakizay. Fa fahafatesana no tambin' uy ota; ary fainana mandrakizay no fanomczampahaosavana avy amin' Andriamanitra ao anainy Ieso Kristy Tompontsika.

*Ny Filazausara. S. Mark viii. 1.*

**TAMIN'** izany andro izany, raha betsaka indray ny valoaka teo sady tsy manan-kohanina, dia nantsoiny Ieso hanatoin Azy ny mpianauy ka nilazany hoe : Mahoncina Ahy ny valoaka, fa hateloam izay no nitocerany taty amiko, sady tsy manan-kohanina izy ; koa raha hampodikò ho any an-tranony mibola tsy nihinana izy, dia ho reraka eny an-dálanà, fa avy lavitra ny sasany. Ary ny mpianany namaly Azy hoe : Aiza no habazoo' olona mofo aty an-efitra halavoky ireto olona ireto? Ary Izy nanontauy azy hoe : Mofo firy no anananareo? Ary hoy izy : Fito. Ary dia nasainy nipetraka tamy ny tany ny valoaka; dia nandray ny mofo fito Izy, ary rehefa misaotra, dia novakiny ka natolony ny mpianany mba harosony eny anoloan' ny valoaka ; dia narosony teny anoloan' ny valoaka izany. Ary nana nazaandrano madinika vitsy koa izy ; ary rehefa nanaovany Ieso fisaorana ireo, dia nasainy naroso teny anoloany koa. Ary nihinana ny olona, ka dia voky ; ary nangoniny ny soubintombiny sisatsy lany, ka nisy fito sobiky. Ary izay nihinana tokony ho efatra arivo. Dia nampolinny izy.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA ô, ny fitandremanao tsy mitsabatra no andaharanao ny zavatra rehetra na ny any an-danitra na ny ety an-tauy ; mifona aminao amy ny fiétrentena izahay, esory aminay izay zavatra manimba anay, ary omeo anay izay zavatra mahasoa anay, amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Rom. viii. 12.

**A**RY amin' izany, ry rahalahy, dia mpitrosa isika tsy amy ny nofo anefa ho velona araka ny nofo. Fa raha velona araka ny nofo hianareo, dia tsy main-tsytso maty ; fa raha ny Fanahy no amonoanareo ny asan' ny temo, dia ho velona hianareo. Fa izay taribin' ny Fanahin' Andriamanitra dia zanak' Andriamanitra. Fa tsy mandray ny fanahim-pahandevozana ho amy ny tabotra indray hianareo, fa mandray ny fanabin' ny zanaka natsangana, izay itaramantsika hoe : Aba, Ray. Ny Fanahy miara-milaza amy ny fanahintsika fa zanak' Andriamanitra isika. Ary raha zanaka, dia mpandova ; eny, sady mpandovar' Andriamanitra no mpiray lova aminy Kristo, raha uiaramiaritra aminy mba biaara-manambonihafitra aminy koa isika.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. vii. 15.

**I**IA mitandrema hianareo, fandrao ho voafitaky ny profeta santloka, izay mankao aminareo amy ny fitafian' ny ondry, fa ao anatiny dia amboadia mitoha izy. Ny voany no hahafantaranareo azy tsara. Manoty voaloboka amy ny tsilo va ny olona, na voara amy ny songosongo? Toy izany, ny hazo tsara rehetra mamoatso voa ratsy. Ny hazo tsara tsy mahay mamoatso voa ratsy, ary ny hazo ratsy tsy mahay mamoatso voa tsara. Ny hazo rehetra izay tsy

mamoatso voa tsara dia kapaina ka atsipy any anaty afo. Ka dia ny voany no hahafantaranareo azy tsara. Tsy izay rehetra milaza amiko hoe : Tompoko, Tompoko, no hiditra any ny fanjakan' ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon' ny Raiko izay any an-danitra.

NY ALAHADY FAHASIVY MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolekta.*

**T**OMPO ô mifona aminao izahay, omeo anay ny fanahy mihevitra sy manao izay marina mandrakariva : ary satria izahay tsy afaka manao izay zavatra tsara na inona na inona ralia tsy ombanao, dia aoka Hianao no hahazoanay hitondratena araka ny sitraponao; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 1 Kor. x. 1.

**F**IA tsy tiako tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, fa ny razantsika rehetra dia tambanin' ny rahona, ary izy rehetra namaky ny ranomasina, ary izy rehetra natao batisa ho aminy Mosesy tao amy ny rahona sy ny ranomasina, ary izy rehetra nihinana ny fihinam-panahy iray hiany, ary izy rehetra nisotro ny fisotro fanahy iray hiany ; fa nisotro tamy ny vatolampy fanahy izay nanaraka azy izy, ary Kristy izany vatolampy izany. Nefy ny ankabiazany dia tsy sitrak Andriamanitra, fa naripaka tany an-efitra. Ary izany zavatra izany dia tonga anatra ho antsika, mba tsy ho mpila zava-dratsy isika toy ny nilan' ireny. Ary aoka tsy ho mpandompo sampy hianareo tahaka ny sasany tamin' ireny, araka ny voasoratra hoe : "Ny olona niptreka hihinana sy hisotro ka nitsangana hilalao." Ary aoka tsy hijangajanga isika tahaka ny sasany tamin' ireny, ka telo arivo amby roa alina no ringana indray andro. Ary aoka tsy haka fanahy ny Tompo isika, tahaka ny sasany tamin' ireny naka fanahy Azy, ka matin' ny menarana ireny. Ary

aoka tsy himonomonona hianareo taliaka ny susany tamin' ireny, ka matin' ny mpandringana ireny. Ary izany dia nanjo azy ho anatra; ary voasoratra izany ho fananarana antsika izay niharan' ny faran' izao tontolo izao. Koa izay manao azy fa esa mijoro tsara, dia aeka izy hitandrina fandrao ho potraka. Tsy misy fakam-panahy nahazo anareo afatsy izay zakan' ny olombelona; fa mahatoky ny Andriamanitra, Izay tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo; fa moniba ny fakam-panahy dia hasiary lálana bahafahanareo koa mba hahazakanareo azy.

*Ny Filazantsara.* S. Lioka xvi. 1.

**A**RY hoy koa Ieso tamy ny mpianany: Nisy olona manan-karena anankiray izay nanana mpitandrina ny fananary; ary ilay iny nam pangain' olona taminy ho mandray ny fananary. Ary izy nam-paka azy ka manao taminy hoe: Manao ahoana izao fandrenesako anao izao? Manoaha ny amy ny fitandremanao ny fananako; fa tsy mahazo mitrandrina ny fananako intsony hianao. Fa ilay mpitandrina ny fananana manao tao am-pony hoe: Inona ange no hataoko, fa ny tompeko manaisotra amiko ny fitandremana ny fananany? Ny misasa tamy tsy haiko; ny mangataka mahainenatra ahy. Fantatio izay hataoko, mba hisy handray ahy ho ao an-tranony, rehefa voisisotra amy ny fitandremana ny fananana aho. Dia nianfso izay rehetra nitresa tamy ny tompony hankao aminy izy ka manao tamy ny vealohany hoe: Heatrinona no tresan' ny tompeko aminao? Dia hoy izy: Dilolo injaton' ny famarana. Ary hoy izy taminy koa: Inty, raioso ny taratasinao, dia mipeetraba faingana, ka soraty di-mami-polo. Dia hoy izy tamy ny anankiray koa: Ary heatrinona kosa no trosa aminao? Ary hoy izy: Vary injaton' ny famarana. Dia hoy izy taminy koa: Inty, raioso ny taratasinao, ka soraty di-mami-polo. Ary ny tompony nidera ilay mpitandrina tsy marina, satria nanan-tsaina izy fa ny zak' izao tontolo izao dia manan-tsaina kokoa ny

amy ny karazany noho ny zanaky ny mazava. Ary hoy Izaho aninareo: Manaova ho anareo sakauza amy ny Mamora tsy marina mba haundraisany anareo ho any amy ny fonehana mandrakizay, rehefa maty hianareo.

NY ALAHADY FAHAFOLO MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolktu.*

**T**OMPO ô, atongilano amy ny famindramponao ny sofinao hibaino ny fivavahan' ny mianomponao mietriten'i; ary mba hahazoaly izay anga ahiny, aoka hangatashiny ny zavatra sitrakao; amy ny ala-lany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 1 Kor. xii. 1.

**A**RY ny amy ny zava-panaby, ry rahalahy, dia tsy tiako tsy ho fantatrareo. Fantatrareo fa fony gentilisa hianareo, dia nentina ho any amy ny samby moana araka izay mituomana anareo. Koa manipahafantatra anareo aho fa tsy misy olona ampiteneun' ny Fanahin' Andriamanitra ka manao hoe: Anatema Ieso; ary tsy misy mahay mahaiky hoe: Ieso no Tompo, raha tsy ao amy ny Fanahy Masina. Zarazaraina ho samihafa ny fanomezam-pahasoavana, fa ny Fanahy iray liany. Ary zarazaraina ho samihafa ny fauompoana, fa ny Tompo iray liany. Ary zarazaraina samihafa ny asa, fa Andriamanitra iray liany, Izay niasa ny zavatra rehetra amy ny olona rehetra. Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampischoana ny Fanahy hahasoa. Fa ny anankiray nomen' ny Fanahy tenim-pahendrena, ary ny anankiray tenim-pahalalana araka izany Fanahy izany liany, ary ny anankiray fino-ana amin' izany Fanahy izauy liany, ary ny anankiray fanomezam-pahaseavana ho enti-mahasitrana amin' izany Fanahy iray izany, ary ny anankiray ny manao fabagagana, ary ny anankiray ny profetia, ary ny anankiray ny mahafantatra fanaby samihafa, ary ny anankiray ny miteny amy ny fiteny

samihafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra. Ireo rehetra ireo dia asan' ny Fanahy iray hiány, zarazarainy ho azy rehetra isany araka ny sitrapony.

*Ny Filazantsara.* S. Lioka xix. 41.

**A**RY raha nanakaiky Izy ka nahlita ny tanána, dia nitomany azy ka nanao hoe : Nony mba nahafantatra mantsy hianao na dia amin'ity andronao ity aza izay momba ny fiadananao ! fa ankehitriny miasina amy ny masonao izany. Fa ho avy aminao ny andro izay hananganan' ny fahavalonao manda manodidina anao, dia hanemitra anao izy ka hanidy anao manodidina, ary handrava anao hatramy ny tany sy ny zanakao ao anatinao, ka tsy havelamy hisy vato misanoungoa eo aminao ho valin' ny tsy nahafantatra ny andro namangiana anao. Ary niditra teo ahy ny kianjan' ny tempoly Ieso dia nandroaka izay nivarotra sy nividy teo ka nanao taminy hoe : Efa voasoratra hoe : "Ny tranoko dia trano fivavahana ;" fa hianareo efa nanao azy bo "zohy fierent' ny jiolaly." Ary nampiantatra isan-andro teo amy ny kianjan' ny tempoly Izy.

NY ALAHADY FAHA-11 MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolektă.*

**A**NDRIAMANITRA ô. ny famindramponao sy ny fiantranao no ampisehoana indrindra ny herinao tsitoha, mamindráfo aminay, ary ampidino aminay ny fahaseavanao handrosoanay faingana amy ny lâlan' ny didinao sy hahazoanay izay zava-tsca ampanantenainao anay, ary hanaovana anay ho mpiombona amy ny harenao anay an-danitra; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 1 Kor. xv. 1.

**A**RY ampahasantiko anareo, ry rahalahy, ny filazantsara izay notoriko taminareo, ary izay

noraisinareo sady iorenanareo koa, izay amonjenia anareo koa, raha tânanareo tsara araka izay teny notoriko taminarco, raha tsy nino foana hianareo. Fa natolotro anareo ho isan' ny zavatra voalohany indrindra ilay noraisiko, dia izao : Kristy maty noho uy fahotantsika araka ny Soratra Masina, ary nalevina, nefà natsangana tamy ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina; ary hitany Kefasy Izy, dia vao ny roa amby ny folo laby koa. Rehefa afaka izany, dia ny rahalahy tsy omby diman-jato niara-nahita Azy, ny aukamarao' ireny mibola velona mandrak' ankehitriny, fa ny sasany efa nody mandry. Rehefa afaka izany, dia hitany Iakoba Izy, dia vao ny Apostolo rehetra. Ary faran' izy rehetra, izaho, izay toy ny tsy tonga volana, dia mba nahita Azy kea. Fa izaho dia ambauny indrindra amy ny Apostolo ka tsy miendrika hatao hoe Apostolo, satria nanenjika ny Ekklesian' Andriamanitra aho. Fa ny fahasoavan' Andriamanitra no nahatoy izao ahy; ary tsy foana ny fahasoavany tamiko; fa efa niasa fatratra mihoatra ncho izy rehetra aho, nefà tsy izaho, fa ny fahasoavan' Andriamanitra no niaraniasa tamiko. Koa na izaho na rizareo, dia araka izany no fitorinay, ary araka izany no ninoanareo.

*Ny Filazantsara.* S. Lioka xviii. 9.

**A**RY Ieso nauao ity fanoharana ity tamy ny sanya izay nateky ny tenany ho marina ka namavio ny sasany : Nisy roa laby niakatra teo amy ny tempoly hivavaka : ny anankiray Fariseo, ary ny anankiray farantsa. Ilay Fariseo mitsangana ka nivavaka nitokana hoe : Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tsy tahaka ny olona sasany aho, mpandroba, tsy marina, mpijangajanga, na dia tahaka io farantsa io aza. Mifady indroa isan-kerinandro aho; mandoa ny fahafolokarena amin' izay azoko rehetra aho. Ary ilay farantsa kosa nijamona eny lavitea eny, sady tsy nety niandrandra uy lanitra akory, fa niteha-tratra ka nanao hoc : Andriamanitra ô, mamindráfo amiko mpaneta. Lazaiko animareo :

Izany lehilahy izany midina tany an-tranony nohamarinina noho ny anaokiray; fa izay rehetra manandra-tena no hëttry, ary izay rehetra manetry tena no hasandratra.

NY ALAHADY FAHA-12 MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay 6, Hianao noho ny famindrampo lehibe dia te-hihaino ny fivavahauay miheatra noho izahay te-hivavaka, ary ta-hanome anay miheatra noho izay angauahinay na tokony ho azonay: ampidino be animay ny famindramponao, afaho izahay amin' izay atahoran' ny fieritreretanay, ary omeo anay izay zavatra tsara tsy mendrika hangatabinay, afatsy any ny fitiavany sy ny alalany Ieso Kristy Zanakao sy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 2 Kor. iii. 4.

**A**KY manana izany fahatekiana izany ny amin' Andriamanitra izabay amy ny alalany Kristy. Kanefia tsy hamboinay lo avy aminay ny fahaleovana lihevitra na inoma na imona: fa ny fahaleovanay avy amin' Andriamanitra, Izay efa nampahaleo anay kea ho mpanompo amin' izay fanaikena vaovao, tsy amy ny soratra, fa amy ny fanahy; fa ny soratra mahafaty, fa ny fanahy no mahavelona. Fa raha ny fanompoana nitondra fahafatesana tamy ny soratra, izay voasoratra tao amy ny vato, no misy voninahitra, ka ny Zanak' Israely tsy nahabanjina ny tavany Msesy noho ny voninahitry ny tavany, izay nihalevona, dia tsy mainka va hisy veninahitry ny fanompoana ompan' ny Fanahy? Fa raha misy veninahitry ny fanompoana nitondra ny fanamelohana, mainka hanantombom-boninalitra ny fanompeana mitondra ny fahamarimana.

*Ny Filazantsara.* S. Mark vii. 31.

**A**RY Ieso niala indray tamy ny sisin-taminy Tyro, dia namaky any Sidona ka naukany amoron' ny Ranomesiny Galilea namaky ny tany Dekapoly. Ary ncentiuy tany aminy ny anaokiray izay marenina sady raiki-dela, ka nangataka taminy ireo mba hametra-fanana aminy. Ary Izy nitondra an-drale-hilahy nitanila miala teo amy ny vahoaka, dia nangarona ny sofiny tamy ny rantsan-taminy, dia nandrora ka naendry ny lelany; ary niandraindra ny launtra Izy, dia nisento ka nanao taminy hoe: Efata, izay hoe: Maladia. Ary dia nalady ny sofiny, sady voavaha ny fatoran' ny lelany, ka dia nahateny tsara izy. Ary nandrara ny olona teo Ieso mba tsy hilazalaza amih olona; fa na dia noraranay aza izy, dia, vao maioka nampiely izany bebe kokea. Dia talanjona indriundra ny olona ka nanao hoe: Tsara ny namaovany ny zavatra rehetra; fa sady mampahiladry ny marenina no mampiteny ny moana Izy.

NY ALAHADY FAHA-13 MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mamindrafo 6, noho ny fanomezanao hiány no anaovan' ny olom-pidinao ny fanompoana mety sady aukasitra-hianao: mifona aminao izahay, aoka hanompo Anao marina izahay amin' izao fainana izao mba hahatratraranay izay nampanantenainao anay any an-danitra amy ny farany; noho ny fitiavany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Gal. iii. 10.

**A**RY taminy Abraham sy ny taranany no milazaua ny teny fikasana. Tsy lazainy hoe: Ary ho any ny taranaka, toy ny milaza ny maro; fa toy ny milaza ny anankiray, "ary ho any ny taranakao," dia Kristy izany. Ary izao no lazaiko: ny fanaikena izay nataon' Andriamanitra mafy fahiny tsy tsoahan'

ny lalána, izay vao natao telo-polo amby efa-jato taona tato aoriana, bahafoana ny teny fikasana. Fa raha avy amy ny lalána ny lova, dia tsy avy amy ny teny fikasana Intsony; nefà taminy Alrahauna dia teny fikasana no manomezan' Andriamanitra azy. Inona ary ny lalána? Nanampy noho ny fabadisoana izy ambara-pihavin' ny taranaka izay nomena ny teny fikasana; ary nalahatr' anjely teo an-tanàn' ny mpanalalana izany. Ary ny mpanalalana dia tsy any ny irery, fa Andriamanitra dia Iray hiany. Koa ny lalána manohitra ny teny fikasau' Andriamanitra va? Sanatria izany! Fa raha nisy lalána mahavelona nomena, dia avy tamy ny lalána toko a ny fahamarina. Fa ny Sorastra Masina cfa nanidy azy rehetra teo amy ny fahofana, mba homena ny mibô ny teny fikasana noho ny finoana azy Ieso Kristy.

*Ny Filazantsaina.* S. Lioka x. 23.

**S**AMBATRA ny maso mahita izay hitanareo. Fa lazaiko aminareo fa profeta sy mpanjaka maro no nañiry hahita izay hitanareo, fa tsy nahita, ary nañiry labare izay renareo, fa tsy nahare. Ary, indro, nisy mpandaha-dalâna anankiray nitsangana ka naka fanahy any Ieso hoe: Mpampianatra ô, inona no hataoko handlovako fainana mandrakizay? Ary hoy Izy taminy: Inona no voasoratra ao amy ny lalána? Manaõ ahoana no fannakinao azy? Ary izy namaly ka nanao hoe: "Tiava any Iehovah Andriamanitrao amy ny fonao rehetra sy ny ainao rehetra sy ny herimao rehetra ary ny saïno rehetra; ary tiava ny namanao tahaka ny temanao." Ary hoy Ieso taminy: Marina ny navalinao; ataoovy izany, dia ho veloma hianao. Fa izy ta-hanamarina ny tenany, dia nanao taminy Ieso hoe: Ary iza no namako? Ary Ieso namaly ka nanao hoe: Nisy lehilahy anankiray nidina avy tany Ierosalema hankany Teriko, dia azon' ny jolahy, izay namala lamba sy nikapoka azy ary nandao azy rehetra saiky maty. Ary sendra nisy mpisorona anankiray nidima

tamin' izany lâlana izany; ary raha nahita an-drale-lilahy izy, dia nandalo azy. Ary toy izany koa ny Levita anankiray izay tonga teo, dia nanatona ka njery azy, fa nandalo koa. Fa nisy Samaritana anankiray nandeha tamy ny nalehany ka tonga teo aminy, ary nony nahita azy, dia onena. Dia napatona izy ka nañichy ny feriuy sady nanisy diloilo sy divay azy; dia naumpitaingina azy tamy ny bibiny izy ka nitondra azy ho any amy ny tronom-bahiny ary nitsabo azy. Ary nony ampitsô' iay, raha vao hiala izy, dia naka denaria roa, ary nomeny ny tompon' ny tronom-bahiny, ka nanao taminy hoe: Tsaboy izy; azy na mahafaly hoatrinona na hoatrinona miheatra noho izany hianao, izaho dia hamonitra rehesa miverina. Koa iza tamin' izy tselo lâhy no ataonao ho nanan' ilay azon' ny jolahy? Ary hoy izy: Ilay navindrafo taminy. Dia hoy Ieso taminy: Mandehana hianao, ka manaova toy izany koa.

NY ALAHADY FAHA-14 MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolokta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, ampitombay ao anatinay ny finoana sy ny fenantenana ary ny fitiavana: ary aocka ho tianay izay andidiana, mba halhatraranay izay nampantenainao anay: amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Gal. v. 16.

**F**A hoy izalio: Mandehana araka ny Fanahy dia tsy habatanteraka ny filan' ny nofo, hianareo. Fa ny nofo manohitra ny Fanahy, ary ny Fanahy manohitra ny nofo; azy misanohitra izy roroa, mba tsy ho azonareo atao izay zavatra tianareo. Fa raha taribin' ny Fanahy hianareo, dia tsy mba ambanin' ny lalâna. Fa miharihary ny asan' ny nofo, dia izao: Fijangajangana, fahaloteana, fifejojejoana, fanompoan-tsampy, faunaovan-oly ratsy, fandrafiana, fifandiranana, adil-lahy, fiafonafonana, fifampiandani-

ana, fisarahana, fitokoana, fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany, izay lazaiko aminareo rahaiteo, tahaka ny voalazako fahiny kea, fa izay manao izany dia tsy handova ny fanjak'an' Andriamanitra. Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia ftiavana, fialiana, fiadanana, faharipo, fahamorampanahy, fahatsarana, toetra mahafatra-po, fahalemempanahy, fahiononam-po; tsy misy lalana manohitra izany. Fa izay any Kristy Ieso dia efa nanombro ny nofo mbanhy ny fanirany sy ny filany tamy ny hazo fijaliana.

*Ny Filazaantsara.* S. Lieka xvii. 11.

ARY raha niakatra ho any Jerosalema Ieso, dia mandeha nannaky any Samaria sy Galilea. Ary raha niditra tao any ny vohitra anankiray Izzy, dia misy beka folo lahysifanena taminy, izay nijanona tenty lavitra eny. Ary izy ireo nianiso mafy nanao hoe: Ieso, Tompoko, manindrâfô aminay. Ary raha litany, dia hoy Izzy taminy: Mandehana, mischeoa amy ny mpisorona. Ary reheta lasa izy, dia nadjo tenty am-pandehanana. Ary ny anankiray tamin' ireny, raha nahita fa sitrana izy, dia niverina ka nankalaza an' Andriamanitra tamy ny feo mahery sady niankohoka tamy ny tongotry Ieso ka nisaotra Azy; ary Samaritana iny lehilahy iny. Dia namaly Ieso ka nanao hee: Tsy veadio avokôva va izy solo lahys? fa aiza ny sivy? Moa tsy misy hita niverina hanome voninalitra an' Andriamanitra va ata-tsy ity olona hafa firenena ity hiány? Ary hoy Izzy taminy: Mitsangúna, mandehana; ny fineanao no efa nala-vonjy anao.

NY ALAHADY FAHA-15 MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolektu.*

TOMPO ô, misona aminao izahay, arovy amy ny famindramponao miasa mandrakariva ny Ekklesianao, ary satria noho ny fahalemen' ny olonbelona, raha tsy ombanao dia tsy maintsy ho potraka

izy, aoka ny fanampianao no hiaro anay amia' izy rehetra manimba anay, ary hitondra anay ho any amy ny zavatra rehetra mabasoa anay; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistela.* Gal. vi. 11.

INDRO ny havaventin' ny soratra izay soratan' ny tânaoko hiány ho anareo. Na iza na iza te-hiseho ho tsara ny amy ny nofo, dia ireo no manery anareo hoforana, nefa' noho izao hiány: fandrao henjhima noho ny bazo fijaliany Kristy izy. Fa na dia ny tenan' izy veafora aza tsy mitandrina ny lalana; kanefa tiany hoforana kea hianareo, mba hirehavelany amy ny nofonareo. Fa sanatria raha misy bataoko ho rehareha afutsy ny hazo fijaliany Ieso Kristy Tompontsika, Izay nanomboana izao tontolo izao tamy ny bazo fijaliana, raha ny amiko, ary izaho kosa, raha ny amin' izao tontolo izao. Fa samy tsy mahasoa na ny fora na ny tsy fora, fa olom-baovao. Ary izay rehetra mandeha araka ity fitsipika ity, ho aminy anie ny fiadarana sy ny famindrâfô ary ho amy ny Israelin' Andriamanitra. Amin izao sisazao tsy hisy hanahirana ahy; fa izaho mitondra ny mariky Ieso voatomboka eo amy ny tenako. Ry lehilahy, ho amy ny fanahinareo anie ny fahasaoavany Ieso Kristy Tompontsika. *Amena.*

*Ny Filazaantsara.* Mat. vi. 24.

TSY misy olona mahay manompo tempo roa; fa ny anankiray ho halany, ary ny anankiray ho tiany, ary ny anankiray ho malauy, ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy malay manompo an' Andriamanitra sy Mamona hianareo. Ary noho izany dia lazaiko aminareo: Aza manahy ny amy ny amareo, dia izay hohaminareo na izay hosotroinareo, na ny amy ny tenanareo, dia izay hotafinarco. Moa ny aina tsy mihoatra noho ny hanina va, ary ny tena noho ny fitafiana? Tsingôv y ny voro-manidina, fa tsy mamafy, na mijanja, na mitaona ho any an-isompitra ireny; ary ny Rainareo Izay any an-danitra

mamelona azy. Mea hianarco tsy mihoaatra lavitra noho ireny va? Ary iza ao animareo, na dia manahy aza, no mahay manampy ny andro hiaimany na dia kely monja aza? Ary naheana no manahy ny amy ny fitafiana hianareo? Diniho tsara ny fanirin' ny vonin-kazo any an-tsaha; tsy miasa na mamoly irony; nesa lazaiko aminareo fa na dia Solomona tao amy ny voninahiny rehetra aza tsy mba nitafy tahaka ny anankiray amin' ireny. Ary raha ny abitra any an-tsaha, izay any liany anto ka batsipy ao am-patana rahampitso, no ampitafin' Andriamanitra toy izany, tsy mainka va hianareo, ry kely fineana? Koa aza manahy hianareo manao hoe: Inona no hohaninay? na: Inona no hosotroinay? na: Inona no hotasinay? Fa izany rehetra izany no katsahin' ny gentilisa fatratra; fa fantatry ny Rainareo Izay any an-danitra fa tokony bo anareo izany rehetra izany. Fa katsaho aloha ny fanjakanay sy ny fahamarinany, ary izany rehetra izany dia hanampy ho anareo. Ary auuin' izany dia aza manahy ny amy ny ampitsos hianareo; fa ny ampitsos hanahy ny azy. Ampy ho any ny andro ny ratsy mischo ao aminy.

NY ALAHADY FAHA-16 MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolektia.*

**T**OMPO ô, mifona aminao izahay, aoka ny fian-trano tsy mitsahatra no hanadio sy biao ny Ekklesianao: ary satria tsy afaka maharitra sea aman-tsara raha tsy vonjenao izy, dia aoka ny fanampianao sy ny fahatsaramao no hiarovanao azy; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Efes. iii. 13.*

**K**OA izany no angatahako anareo mba tsy ho ketraka amy ny fahoriako ho anareo, fa voninahitrareo izany. Ary noho izany no handohalchako amy ny Ray, Izay ahazoan' ny firazanana rehetra any an-daniira sy ety an-tany anarana, mba homeny

anareo araka ny haren' ny voninahiny, mba hohatan-jahina fatratra amy ny Fauahiny ny toe-panahihareo; mba hitoerany Kristy ao am-ponareo amy ny finoana, ka hamaka sy liorina tsara amy ny fitiavana hianareo, mba ho hianarco mbamy ny olona masina rehetra ny bahasantatra tsara izay sakany sy lavany ary habavony sy halalin, ary hahalala ny fitiavany Kristy, izay milheatra noho ny fabalalana, mba hamenoana anareo ho amy ny fahafenoan' Andriamanitra rehetra. Ary ho any Izay mahay manao miheatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoaatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika, araka ny hery izay miasa ao amintsika, ho Azy anie ny voninahitra ao auy ny ekklesia sy ao aminy Kristy Ieso hatramy ny tavanaka farany indrindra mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Filazantsara. S. Lioka vii. 11.*

**A**RY nony ampitson' iny, dia nankany antanána atao bee Naina Ieso; ary nomba Azy ny mpianany maro sy ny valoaka betsaka. Aiy rehetra nankaiky ny vavahalin' ny tamána Izzy, indro, nisy fatindehilahy anankiray nentina niveaka, izay zanakalahy tokan' ny reniny, sady mpitondra-tena ravehivavy; ary nisy valoaka betsaka avy tao an-tanána nomba azy. Ary ny Tompo, nony nahita an-dravelihivavy, dia onena azy ka nanao taminy hoe: Aza mitomana. Ary nanatona Izzy ka nanendry ny tranovorona; ary nijanona izay nilanja ny fatiny. Ary hoy Ieso: Ry zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena. Dia niarina ny maty sady niteuy. Dia nanolotra azy tamin-dreniny Izzy. Ary raiki-tahotra ny olona rehetra, dia nankalaza an' Andriamanitra ka nanao hoe: Profeta Ichibe noefa nitsangana eto amintsika; ary Andriamanitra efa namangy ny olony. Dia niely ny lazan' izany zavatra izany teny Todea rehetra sy teny amy ny tany rehetra manodidina.

*Ny Kolekta.*

**T**OMPO ô, mifona aminao izabay, aoka ny fahasoavanao no bialoha sy hanaraka anay, mba hanaovanay mandrakariva ny asa tsara rehetra; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Efes. iv. 1.*

**A**RY noho izany izaho, mpifatotra noho ny Tompo, dia mangafaka anareo handeha miendrika ny fiantsoana Izay niantsoana anareo, amy ny faneentretena rehetra sy ny fahalemem-panahy, amy ny fahari-po, mifandefitra amy ny fitiavana, mazoto mitana ny firaiana avy amy ny Fanahy amy ny fechimpihavaiana. Iray no tena, ary iray ny Fanahy, dia toy ny niantsoana anarco ho amy ny fanantenana iray amy ny fiantsoana anareo; iray no Tompo, iray no finoana, iray no batisa, iray no Andriamanitra sady Rain' izy rehetra, Izay ambonin' izy rehetra sy manerana azy rehetra ary ao amin' izy rehetra.

*Ny Filazantsara. S. Lioka xiv. 1.*

**A**RY raha nidiitra mba hihinana tao amy ny trano'ny loholona anankiray tamy ny Fariseo Ieso tamy ny Sabata, dia nizaha taratra Azy izy ireo. Ary, indro, nisy olona manirano anankiray teo anatrehany. Ary Ieso namaly, dia nanao tamy ny mpandahadalâna sy ny Fariseo hoe: Mety va raha manasitrana amy ny Sabata? Fa tsy niteny ireo. Ary Izzy nanendry any ilay marary, dia nanasitrana azy ka nandesa azy handeha. Ary Izzy namaly azy ireo hoe: Iza moa ao aminareo, raha manana boriky na omby latsaka any an-kady, no tsy handeha hamony azy iniaraka amin' izay, na dia amy ny andro Sabata aza? Ary tsy nabavalys Azy tamin' izany zavatra izany izy. Ary Ieso nanao fancharana tamin' izay nasaina, raha nahita azy mifidy ny

fipetrahana aloha, ka hanao faminy hoe : Raha misy maka anao ho any amy ny fampakaram-bady, dia aza mipetraka eo amy ny fipetrahana aloha, fandrainy olona nalaina izay hajaina kokoa nohc hianao, ka ho avy izay nanasa anao sy izy ka hilaza aminao hoe : Omco toerana io olona io; dia ho menatra lianao ka hisindra ho any amy ny fipetrahana acirana indrindra. Fa raha misy manasa anao, mandehana, ka mipetraka eo amy ny fipetrahana acirana indrindra, ka rehôfa tonga ilay nanasa anao, dia mahazo manao aminao hoe : Ry sakaza, mandrosoa etsy alohaloha kokoa; dia bahazo haja eo imason' ny niara-mipetraka mihinana aminao hianao. Fa izay rehetra manandra-tena zo haëtry; any izay maneritena no hasandratra.

*NY ALAHADY FAHA-18 MANARAKA NY TRINITÉ.**Ny Kolekta.*

**T**OMPO ô, mifona aminao izahay, omco fabasovana ny olonao hanohery ny fakam-panahy amin' izao tontolo izao sy ny nofo ary ny devoly, sy hanarahany Anao, Izay hiany no Andriamanitra, amy ny fo sy ny saina madio; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. 1 Kor. i. 4.*

**M**ISAOTRA ny Andriamanitra mandrakariva aminareo aho noho ny fahasoavan' Andriamanitra izay omena anareo ao aminy Ieso Kristy, dia ny nampananana harena anareo ao aminy amy ny zavatra rehetra, na ny teny rehetra, na ny fabalalana rehetra, araka ny niorenan' ny filazana any Kristy teo aminareo, ka dia tsy latsaka amy ny fanomezampahascavana rehetra hianareo, miandry ny fischoany Ieso Kristy Tomponsika, Izay hampicrina anareo koa hatramy ny farany, ka dia tsy hanan-tsiny hi-anareo amy ny androny Ieso Kristy Tomponsika.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xxii. 34.

**F**A ny Fariseo, nony nandre fa nampahasina ny Sadokeo Izy, dia niangona. Ary ny anankiray tamin' ireo, izay mpandaha-delâna, nanontany nakanafanahy Azy ka manao hoe : Mpampianatra ô, ny didy manao alécana no lehibo ao amy ny lalkina? Atiy hoy Ieso taminy : "Tiava any Iehovah Andriamanitrao amy ny fomao rehetra sy amy ny fanahinao rehetra ary amy ny sainao rehetra." Izany no didy lehibe sady vealohany. Ary ny faharoany, izay tahaka azy hiany, dia izao : "Tiava ny namanao tahaka ny tenauao." Izany didy roa izany no iantonan' ny lalâna rehetra sy ny profeta. Ary rehetsa tafangona ny Fariseo, dii nanontany azy Ieso ka manao liec : Manao ahoana no hevitrareo ny amy ny Kristy? Zanak' iza Izy? Hoy izy taminy : Zanaky Davida. Hoy Ieso taminy : Alécana ary Davida amy ny Fanahy no manao Azy hoe "Tompoko," raha manao hoe : "Iehovah milaza tamy ny Tompoko hoe : Mipetralha eo an tânako ankavanana. Ambara-panaoko ny fahavalonao ho eo ambanin' ny tongotrao?" Raha Davida ary manao Azy hoe Tompo, ahoana no maba-zanany Azy? Dia tsy nisy nahavalay Azy na dia teny iray akory aza, ary hatramin' izay andro izay dia tsy nisy sahy nanontany Azy intsony.

NY ALAHADY FAHA-19 MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA ô, mamindrâfo aminay, ary aoka ny Fanahinao Masina no hitondra sy hanapaka ny sonay amy ny zavatra rehetra, fi tsy afaka manksitraka Anao raha tsy ampianao izahay; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 1 Efes. iv. 17.

**K**OA izao no lazaiko ka ambarako ao amy ny Tompo : ny tsy handehananareo intsony tahaka

NY ALAHADY FAHA-19 MANARAKA NY TRINITÉ. 193

ny fandchan' ny gentilisa amy ny fahafanânan' ny sainy; fa efa tonga maizin-tsaiva sy olon-ko azy amy ny fainan' Andriamanitra ireny noho ny tsy fahalalana izay ao aminy, noho ny hamafin' ny fony, dia olona izay efa tsy mahalala henatra intsony ka nanolo-tena ho amy ny ijejojejoana hanao izay fahalotoana rehetra amy ny fieremana. Fa hianareo kosa, dia tsy niba toy izany no nianaranareo any Kristy, raha Izy tokoa no renareo sy tao aminy no nampianarana anarco, araka ny fisiam-pahamarinana ao anuinny Ieso, mba hialamarco ny toetrareo taloha araka ny fitoudran-tenanareo fahiny, izay mihasinba araka ny filan' ny fitaka; fa niba hohavaozina kosa hianareo amy ny fanahin' ny sainareo, ary mba hotafinareo ny toetra vaovao, izay neforonina araka an' Andriamanitra amy ny fahitsiana sy ny falamasi-nana mombany fahamarinana. Koa esory ny lainga, ka samia milaza ny marina amy ny namany avy hianareo rehetra; fa mîra-momba ny tena isika. Tezera, fa aza manota; aoka tsy ho tratry ny masoandro milentika ny fahatezeranareo. Aza manome toerana ho aey ny Devoly. Aoka izay nangalatra tsy hangalatra intsony; fa aleo likely aina ka biasa izay tsara amy ny tânany mba hisy homeny izay tsy manana. Aoka tsy haloaky ny vavanareo izay teny maloto, fa izay tsara ho fampandrosoana, araka izay tekony hanaovana, mba lahazcan' ny mihaïno fahasovana. Ary aza manone alahelo ny Fanaly Masin' Andriamanitra, izay nanisiana tombo-kase anareo ho amy ny andro fanavotana. Esory aminevra ny fo lentiaka rehetra sy ny fahaviniranana sy ny fahatezerana sy ny fitabatabana sy ny fitenenandratisy ary ny lolompo rehetra; ary aoka samy halenay fanahy amy ny namany avy hianareo, mi-fampiantra, misamela heloka, tahaka ny pamelan' Andriamanitra ny helekareo ao aminy Kristy.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. ix. 1.

**A**RY niendrana an-tsambokely Izy, dia nita ka tonga tao an-tanánany. Ary, indro, nentin'

ny olona teo aminy ny lehilaby anankiray mararin' ny paralysisa nandry teo ampanandriana; ary lesy, nony nabita ny fincan' ireo, dia nanao tamin' izay mararin' ny paralysisa hoe: Matokia anaka; voavela ny helokao. Ary, indro, ny mpanora-dalâna sasany nanao anakampo hoe: Ity Ichilahy ity miteny ratsy. Fa Ieso nahafantatra ny emireriny ka nanao hoe: Nahoana hianareo mieritreritra izay ratsy ao am-ponareo? Fa iza no moramora kokea, ny manao hoe: Voavela ny helokao: sa ny manao hoe: Mitsangâna, ka mandehana? Fa mba ho fuitrareo fa ny Zanak' olona manana fahefana ety ambonin' ny tany hamela heloka (dia hoy Izy tamin' ilay mararin' ny paralysisa): Mitsangâna, betaao ny fandrianao, ka modia any am-tranonao. Dia nitsaugana izy ka lasa nody tany an-tranony. Fa ny vahoaka, raha nalita izany, dia raiki-tahotra ka nankalaza an' Andriamanitra Izay nanome ny olona fahefana toy izany.

NY ALAHADY FAHA-20 MAÑARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolcta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitsha sy maminadrafo indrindra ô, misona anainao izahay, arovy amy ny fahatsaranao lehibe izahay tsy ho tralaly ny loza na inona na inona, ary aoka mba ho voaoüuna ny tenanay sy ny fanabilay, halavita amy ny fiftaliava izay zavatra tianao hatao; amy ny alalanay Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Efes. v. 15.*

**K**OA tandremo tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry, ka vonjeo ny andro azo anaovantsoa, fa ratsy izao fainana izao. Ary noho izany dia aza manao adaladala, fa maliasaintatra izay sitrapon' ny Tompo. Ary aza ho mamon-divay hianareo, fa amin' izany dia misy fanaraham-po amy ny ratsy, fa aoka hofenoina ny Fanahy, ka misfamilazà amy ny

Salamo sy ny fihiranay ary ny tononkiram-panahy, dia mihira sy mikalo ao am-ponareo ho any ny Tompo, misaotra an' Andriamanitra Ray mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amy ny anarany lesy Kristy Tompontsika, sady misfanaiky amy ny fahatahorana any Kristy.

*Ny Filazantsara. S. Mat. xxii. 1.*

**A**RY Ieso namaly, dia nilaza fanoharana tamin' indray ka nanao hoe: Ny fanjakan' ny lanitra dia tahaka ny mpanjaka, izay nanao fanasana fampakaram-bady ho any ny zanany. Ary izy namiraka ny mpanompony hiantso izay efa nasaina mba han-kao amy ny fampakaram-bady; fa tsy nety ho avy ireo. Dia namiraka mpanompo hafa koa indray izy ka nanao hoe: Lazao amin' izay efa nasaina hoe: Indro, efa voavoatra ny nahandroko: efa voavono ny ombiko sy ny nafahiko, ka efa voavoatra avokoa ny zavatra rehetra; mankanesa ho ao amy ny fam-pakaram-bady hianareo. Nefa tsy nahoany akory izany, fa samy lasa nandha izy, ny anankiray ho any amy ny tamiboliny, ary ny anankiray ho any amy ny varony. Ary ny sisa nisambotra ny mpanompony: dia nisetrasetra taminy ka namono azy. Ary dia tezitra ilay mpanjaka ka namiraka ny mia-aramilany, dia handringata izany mpanompo olona izany sady nandoro ny tananany. Dia hoy izy tamy ny mpanompony: Ny fampakaram-bady dia efa voavoatra, fa izay efa nasaina no tsy miendrika. Koa mandehana hianareo any amy ny sampan-dâlana, ary izay hitanareo, dia asao ho ao amy ny fampakaram-bady. Dia nivoaka ho any amy ny lâlana ireny mpanompo ireny ka namory izay rehetra hitany na ny ratsy, na ny tsara; ary dia feno mpilinana ny fampakaram-bady. Ary ny mpanjaka, nony efa nuditra hizaha ny mpilinana, dia nabita lehilahy anankiray izay tsy niakanjo ny akanjo fitondra amy ny fampakaram-bady. Ary hoy izy taminy: Ry sakaiza, ahoana no idiranana eto, nefy tsy miakanjo ny akanjo fitondra amy ny

fampakaram-bady? Dia sina izy. Ary dia hoy ny mpanjaka tamy ny mpanompouy : Afatory ny tongony amantauany, dia ario any amy ny maizina any ivelany izy; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitrohan' ny nify. Fa maro no antsoina fa vitsy no fidina.

NY ALAHADY FAHA-21 MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolektka.*

**T**OUMPO mambindrafo ô, misona aminao izahay, omeo ho any ny olonao mino ny famelan-keloka sy ny fialanana, mba ho voadio amy ny fahotany rehetra izy, ary hanompo Anao amy ny fieritreretana tsara; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Efes. vi. 10.*

**E**ARANY, mahereza ao amy ny Tompo sy amy ny herin' ny faherezany. Tafio avokoa ny fiafian' Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amy ny fanangolen' ny Devoly. Fa isika tsy mitolona amy ny nofo aman-dra, fa amy ny fanapahana maro sy amy ny fanjakana sy amy ny mpanjakani' izao fahamainana izao, amy ny fanaly ratsy eny amy ny rivotra. Ary noho izany dia raiso avokoa ny fiafian' Andriamanitra, mba hahazoanarao hanohitra amy ny andro ratsy; ary rehefa vitanareo avokoa, dia hahafahatra. Mifahara ary, rehefa nosikihanaareo fahamarinana ny valahanareo, sy notafinareo ny fahamarinana ho fiarovan-tratra, ary nokiraroanareo ny fahavononam-panahy avy amy ny filazantsaran' ny fihavanana ny tongotrareo, sady efa notananareo ho fanampin' izany rehetra izany ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny tsipik' afou' ilay ratsy rehetra. Ary raiso ny famonjena ho fiarovan-dola sy ny tenin' Andriamanitra ho sabatry ny Fanahy, ary mivavaha mandrakariva ao amy ny Fanahy amy ny fivavaka rehetra sy ny fangataka, ka mitambena amin' izany amy ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho any ny olona masina rehetra,

ary ho ahy mba homena aby ny liloabava amy ny fabasaliana hampahafantatra ny zava-miafina momba ny filazantsara (iraka noho izany am-patorana aho), mba hiteny izamy amy ny fahasaliana aho toy izay mety hitenenako.

*Ny Filazantsara. S. Iohana iv. 46.*

**A**RY Ieso dia nankany Kana any Galilea indray, tany amin' ilay naimpodiany ny rano ho divay. Ary nisy tandapa anankiray, ka narary tany Kaper-naoma ny zananilahy. Ary rchefa reny fa Ieso efa tonga any Galilea avy tany Iodea, dia nankao aminy izy ka nangataka Azy mba hidina sy hanasitrana ny zanan, fa efa ho faty izy. Dia hoy Ieso taminy : Raha tsy nahlita famantarana sy fahagagana hianareo, dia tsy mba hety hino mihitsy. Hoy ilay tandapa taminy : Tompoko, mba midina re dieny tsy mbola maty ny zanako. Hoy Ieso taminy : Modia; velona ny zanakao. Ary ralehilahy nino ny teny izay nolazainy Ieso taminy, dia jasa nody. Ary nony midina izy, mitsena azy ny mpanompony ka nilaza hoe : Velona ny zanakao. Ary izy nanontany azy ny ora izay vao nanaretany. Ary hoy izy taminy ; Omaly tamy ny o:a fahafito no nialan' ny tazo taminy. Koa fantatry ny rainy fa iny indrindra no ora nanaovany Ieso taminy hoc : Velona ny zanakao; dia nino izy sy ny ankokonany rehetra. Ary izany no famautarana faharea nataony Ieso, raha tonga tany Galilea avy tany Iodea Izy.

NY ALAHADY FAHA-22 MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolektka.*

**T**OUMPO ô misona aminao izahay, tandremo amy ny fahamasinana mandrakariva ny Ekklesia anko-honanao, mba ho afaka amy ny fahorianana rehetra izy noho ny fiarovanao, ary hanompo Anao marina amy ny aza tsara rehetra, ho veninahitry ny Anaranao; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Filip. i. 3.*

**M**ISAOTRA ny Andriamanitra aho amy ny fahavahako rehetra ho anareo rehetra, mangataka amy ny fifaliana nolio ny firaisanaro hampaandroso ny filazantsara hatramy ny andro voalohany ka mandrak' ankelitriny; ary matoky izao indrindra aho, fa Izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany maundra-pihavin' ny androny Ieso Kristy; fa marina raha izany no hevitro ny aminareo rehetra, satria efa mby ao am-poko hianareo any ny fifatorako, fa mpiombona ny fahasoavana ananako hianareo rehetra, na amy ny famaliako hahafa-tsiny ny filazantsara, na amy ny fampianarako hahatsara orina azy. Fa Andriamanitra no vavolembeloko fa manina anareo rehetra indrindra aho amy ny fauindrampony Kristy Ieso. Ary izao no angataliko, dia ny mbola hitomboan' ny fitiavanaro bebe kokoa amy ny fahalalanana tsara sy ny fahafantarana rehetra, mba hamantaranareo izay zavatra samihafa, mba ho madio am-po sady tsy manan-tsiny hianareo ho amy ny androny Kristy, efa feno ny vokatry ny fahamarinana, izay avy amy ny alalany Ieso Kristy, ho voninahitra sy fiderana an' Andriamanitra.

*Ny Filazantsara. S. Mat. xviii. 21.*

**D**IA nanontany Petera ka nanao taminy hoe : Tompoko, impiry no hanotan' ny rabalahiko amiko, ka havelako izy? Hatramy ny impito va? Dia hoy Ieso taminy: Tsy lazaiko aminao hoe: Hatramy ny impito, fa hatramy ny impito amby fito-polo. Koa amin' izany ny fanjakana' ny lanitra dia tahaka ny mpanjaka anankiray, izay te-hidinika amy ny mpanompony ny any ny volany. Ary raha vao nidinika izy, dia nisy anankiray nentina teo aminy, izay nitrosa talenta iray alina. Ary satria tsy nanan-kaloa, dia nasain' ny tompony hamidy izy mbamy ny vadiny amanjanany sy ny fananany rehetra handoavana ny trosa. Dia niankohoka teo

anatrehany ilay mpanompo ka nanao hoe : Tompoko, mahareta fo amiko, dia haloako ny anao rehetra. Ary ny tompon' izany mpanompo izany onena azy, dia nandesa azy ka namoy ny trosa taminy. Ary nony niveaka izany mpanompo izany, dia nahita mpanompo namany anankiray, izay nitrosa denaria zato taminy; ary nisambotra azy izy, dia nanaatraoka ny tendany ka nanao hoe : Aloavy izay trosako. Ary niankohoka ilay mpanompo namany, dia nifona taminy ka nanao hoe : Mahareta fo amiko, dia haloako ny anao. Fa tsy nety izy, fa lasa nampanao azy tao an-trano-maizina mandra-pandoany ny trosa. Koa rehefa hitan' ireo mpanompo namany izay efa natao, dia nalahelo indrindra izy ka nandeha nampahalala tsava ny tompony izay rehetra natao. Dia nampanalain' ny tompony ralehilahy ka noteneniny hoe : Ry mpanompo ratsy fanahy, efa nafoiko ilay trosa rehetra taminao, satria nifona tamiko hianao; tsy tokony ho namindrako tamy ny mpanompo namanao koa va hianao tahaka ny namindrako fo taminao? Dia tezitra ny tompony ka nauolatra azy ho amy ny mpampijaly mandra-pandeany ny trosa rehetra. Ary tahaka izany koa no bataon' ny Raiko Izay any an-danitra aminareo, raha tsy samy mameila ny rahalahiny avy hianareo any ny fonareo.

*NY ALAHADY FAHA-23 MANARAKA NY TRINITÉ.**Ny Kolokta.*

**A**NDRIAMANITRA ô, Hianao no aronay sy herimifona aminao izahay, malakia hihaino ny fivavahana marina atao'ny Ekklesianao, ary aoka mba ho azonay tokoa izay zavatra angatahinay amy ny finoana; amy ny a'alany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Filip. iii. 17.*

**R**Y rahalahy, aoka samy hanahaka ahy hianareo, ka diniho izay mandeha tahaka ny anananareo

auay ny marika. Fa maro no mandleha, izay nolazaiko taminareo matetika sady lazaiko aminarco ankehitriny amy ny fitomaniana, fa fahavaleo'ny hazo fijaliany Kristy izy : fahaverezana no hiafarany, ny kibony no andriamaniny, ny fabamenarany no voninahiny, fa misaina ny amy ny tany izy. Fa ny fanjakantsika dia any an-danitra, ary avy any koa no iandrasantsika Mpamony, dia Ieso Kristy Tompo, izay hanova ny tenan' ny fietrentenantsika hitovy endrika amy ny tenan' ny venimahiny, araka ny fiásan' ny heriny, izay ahaizany hampanaiky ny zavatra rehetra ho Azy.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xxii. 15.

**A**RY tamin' izay dia lasa ny Farisco ka niray tetika mba hamandribany Azy amy ny teniny. Dia namiraka ny mpianany mibamby ny Herodiana hankeo aminy izy ka nanao hoe : Mpianianatra ô, fantaray fa marina Hianao ka mampianatia ny lalan' Andriamanitra amy ny marina, ary tsy manahy ny amy ny olona Hianao, satria tsy mizaba tavan' olona. Lazao aminay ary izay hevitrao : Mety va raha manome voia hetsa ho any Kaisara sa tsia? Fa Ieso nahalala ny fahartsiany, dia nanao hoe : Nahoana no maka fanahy Ahy hianareo, ry mpibatsaravelatsihy? Asc-hoy Ahy ny farantsakely fandoa ny hetra. Dia nitondrau denariaz izy. Ary hoy Ieso taminy : An'iza ity sary aman-tsoratra ity? Hoy izy taminy : Any Kaisara. Dia hoy Ieso taminy : Aloavy ho any Kaisara ary izay any Kaisara, ary ho an' Andriamanitra izay an' Andriamanitra. Ary izy, nouy nandre, dia gaga, ary dia nandao Azy ka lasa nandeha.

NY ALAHADY FAHA-24 MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolekta.*

**T**OMPO ô, mifona aminao izahay mamele ny heloky ny olonao, ary amy ny fahatsaranao lehibe manafaha anay rehetra amy ny fainatoran' ny fahotana nataonay tamy ny fahalemenay : omeo

anay izany, Ray any an-danitra ô; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay isaovana sy Mpamony ny anay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Kol. i. 3.

**M**ISAOTRA an' Andriamanitra, Rainy Ieso Kristy Tompontsika, izabay amy ny sangatahama mandrakariva ho anareo, rehefa renay ny finoanareo any Kristy Ieso sy ny fitiavanareo ny olona masina rehetra, noho ny fanantonana izay telirizina any an-danitra ho anareo, dia ilay efa renareo fahiny tamy ny tenin' ny fahamarinan' ny filazantsara, izay efa mby eo aminarco, tahaka ny eny amin' izay tontolo izao koa, sady vekatra sy intombo tahaka ny eo aminarco koa hatramy ny andro nandraisanaresco sy nahalalanareo tsara ny fahasoavan' Andriamanitra araka ny marina; tahaka ny niamaranareo taminy Epafra, impanompo namuanay sady malala, izay impanompony Kristy mahatoky ho anay, sady efa nanambara taminay koa ny fitiavanareo ao amy ny Fanahy. Ary noho izany izihay kea hatramy ny andro nandrenesay dia tsy mitsahatra mivavaka sy mangataka ho anareo, mba hofenoina ny fahalalana tsara ny sitrapony amy ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina rehetra avy amy ny Fanahy hianareo, mba handehananareo miendrika ny Tompo hanaovana ny sitrapony amy ny zavatra rehetra, dia mahavokatra amy ny asa tsara rehetra sady mitombo amy ny fahalalana tsara an' Andriamanitra, ary amphahatanjhina amy ny hery rehetra araka ny herin' ny veniabiny ho amy ny faharetana rehetra sy ny fandeferana amy ny fahafaliana, ary misaotra ny Ray, Izay nampabamendrika antsika hanana anjara amy ny lovan' ny olona masina eo amy ny mazava.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. ix. 18.

**R**AJA mbula milaza izany taminy Izy, indro, R tonga ny impanapaka avankiray, dia niukohoka too anatrehany ka nanao hoe : Vao maty izao ny

zanako-vavy; fa avia, mba mametraha ny tamanao aminy, dia ho velona izy. Dia nitsangana ka nanaraka azy Ieso mbamy ny mpianany. Ary, indro, nisy vehivavy anankiray, izay efa narary nitsi-drà roa amby ny folo taona, nankeo ivohony ka nanendry ny somotraviavin-dambany. Fa hoy izy anakampony: Raha dia ny lambany hiány aza no bo voatendriko, dia ho sitrana aho. Ary Ieso nihodina ka nahita azy, dia nanao hoe: Matokia, ry zanakovavy, ny finoanao efa nahasistrana anao. Dia sitraua ilay vehivavy hatramin' izay ora izay. Ary Ieso, nony niditra tao antranon' ilay mpanapaka ka nahita ny mpitsoka sodina sy vahoaka nihorakoraka, dia nanao hoe: Mialà; fa tsy maty razazavavy, fa matory. Dia nihomehy Azy fatratra ny olona. Ary nony efa navoaka ny olona, dia niditra Ieso ka handray ny tanan-dratzazavavy, dia nitsangana izy. Ary ny lazan' izany dia niely tamin' izany tany rehetra izany.

NY ALAHADY FAHA-25 MANARAKA NY TRINITÉ.

*Ny Kolekta.*

**T**OMPO ô, mifona aminao izahay, amporisibo ny sitrapon' ny olonao mino, mba hahavokatra be amy ny asa tsara izy, hahazoany valimpitia be avy aminao; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola. Ier. xxiii. 5.*

**I**NDRO, avy ny andro, hoy Ichovah, izay hananganako Rantsana marina ho any Davida, ary Mpanjaka hanjaka sy ho anbininy, ary hanao fitsarana sy rariny amy ny tany. Hovonjeny amy ny andromy Ioda, ary Israely honina fahizay; ary izao no anarany izay hataony azy, IEHOVAAI FAHAMARINANAY. Koa, indro, ho avy ny andro, hoy Ichovah, izay tsy hanaovany hoe intsony: Raha velona Ichovah Izay nanoaka ny zanak' Israely tany ny tany Egypta. Fa: Velona Ichovah, Izay

NY ALAHADY FAHA-25 MANARAKA NY TRINITÉ. 203

nampakatra sy Izay nitari-dálana ny mpianakaviny Israely, avy tany amy ny fany avaratra, sy avy tany amy ny fany rehetra izay nandroahako azy; ary izy honina ao amy ny taniny.

*Ny Filazantsara. S. Iohana vi. 5.*

**A**RY Ieso nanopy ny masonry ka nahita fa nisy valeaka betsaka manatona Azy, dia hoy Izety timiny Filipo: Aiza no hividianantsika mofo hohannin' iro? Ary izany no nataony nizahany toetra Azy; fa Izzy nahalala hiány izay hataony. Filipo namaly Azy hoe: Mofo vidina denaria roan-jato tsy ampy azy rehetra hahazany kely avy. Ny mpianany anankiray, dia Andrea, raha halahiny Simena Petera, nilaza taminy hoe: Misy zazalahy aty manana mofo vary hordea dimy sy hazandranano madinika roa, fa ampy ho imona izany amin' izao olona be izao? Ary hoy Ieso: Asaoovy mipetraka ny olona. Ary nisy abitra be teo. Ka dia nipetraka ny lehilahy, tokony ho dimy arivo no isany. Ary Ieso handray ny mofo; ary rehefa nisaotra, dia nizara izany tamy ny mpianatra, ary ny mpianatra kosa nizara azy tamin' izay nipetraka bhinana; ary ny hazandranano koa araka izay nilainy. Ary rehefa voky ny olona, dia hoy Ieso tamy ny mpianany: Angony ny sisa tsy lany, mba tsy lisy ho very. Dia nanangona izy ka nabafeno harona roa amby ny folo tamy ny sombintsonbin' ny mofo vary hordea dimy, izay amliny tsy lanin' ny nihinana. Ary hoy ireny olona ireny, rehefa nalita ny famantarana izay nataony Ieso: Ity tokoa Ilay profeta Izay ho tonga amin' izao tontolo izao.

*¶ Raha mbola misy Alahady hiány, ka tsy tonga ny Alahady Adventa, ny Kolekta, Epistola, sy Filazantsara izay tsy natao manaraka ny Epifany dia halaina hameno izay tsy ampy. Anefa kosa raha ritsy kokoa ny Alahady, izay ambiny dia hajanona: nefa ireto Kolekta, Epistola, sy Filazantsara ireto no hatso mwendrakariva amy ny Alahady manakaiky mialoha ny Adventa.*

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA ô, ny fahasoavana nomenao any Santa Andrea Apostolonao Masina no manaikeuy faingava ny niantsoany Ieso Kristy Zanakao mba hanaralahany Azy. Aoka izahay rehetra izay antsoin' ny Tenimao Masina mba hanolotra ny tenanay hankatô ny didinao masina amy ny fietrentena; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Rom. x. 9.

**F**RA raha manaiky any Ieso ho Tompo amy ny vavanao hianao ka mino amy ny fonao fa Andriamanitra nanangana Azy tamy ny maty, dia hovonjena hianao. Fa amy ny fo no moa hahazoana fahamarinana, ary amy ny vava no anaikena hahazoana famonjena. Fa hoy ny Soratra Masina : "Tsy ho menatra izay rehetra mino azy." Fa tsy misy hafa, na Iodeana na gentilisa, fa iray hiany no Tompon' izy rehetra sady manan-karena ho any izay rehetra miantso Azy. Fa "izay rehetra miantso ny anaran' ny Tompo dia hovonjena." Hataony ahoana ary no fiantso izay tsy ninoany? Ary hataony ahoana no fino izay olona tsy reny? Ary hataony ahoana no fandre, raha tsy misy impitoy? Ary hataony aheana no fitory, raha tsy irahuna? araka ny voasoratra hoe: "Akory ny hatsaran' ny tongotry ilay mitory fiadanana sy milaza zava-tsca!" Nofa tsy izy rehetra no nanaiky ny filazantsara. Fa hoy Isaia : "Iehovah ô, izo no nino akory ny tori-teninay?" Koa ny finoana dia avy amy ny tori-teny, ary ny tori-teny avy amy ny tenin' Andriamanitra. Fa hoy izaho: Sao tsy nandre izy? Tsia; fa "Efa nivoaka ho any amy ny tany rehetra ny feony, ary ny teniny hatramy ny faran' izao rehetra izao." Fa hoy Izaho: Sao tsy nahalala ny Israely? Voalo-hany, Mosesy manao hoe: "Izaho hampialona anareo amin' izay tsy firenena, dia amin' izay firenena adala

no hampahasosorako amarco." Fa sahy mihitsy Isaia ka nanao hoe: "Hitan' izay tsy namontany Ahy. Fa amy ny Israely dia hoy izy : "Mandrakariva no naminjirako ny fánako tamin' izay firenena sady tsy manaraka no mandà."

*Ny Filazantsara.* S. Mat. iv. 18.

**A**RY nony nitsangantsangana teny amoron' ny Ranomasiny Galilea Ieso, di nahita olona mirahalahy, dia Simona, izay atao hoe Petera, sy Andreja rahalahiny, nanarato tany amy ny ranomasina; fa mpanarato izy. Dia hoy Ieso taminy: Andela hanaraka Ahy, dia hataoko mpanarato olona hianareo. Dia nandao ny harato niaraka tamin' izay izy ka nanaraka Azy. Ary rehetra nandroso avy teo Izzy, dia nahita olona miralahahy hafa koa, dia Iakoba, zanaky Zebedeo, sy Iohana rahalahiny, izay teo antsambokely niaraka taminy Zebedeo rainy namboatra ny haratony; dia niantsio azy roa lahy Izzy. Dia nandao ny sambokely sy ny rainy niaraka tamin' izay izy ka nanaraka Azy.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, Hianao dia tsy misakana any Tomasy Apostolonao masina tsy hisalasala ny any ny nitsanganan' ny Zanakao tamy ny maty mba hanamafy ny finoana: aoka mba tsy hisalasala akory izahay, fa hino tokoa any Ieso Kristy Zanakao mba tsy hisy diso ny finoanay eo anatrehanac. Henoy izahay, Tompo ô, amy ny alalany Ieso Kristy, Izay omem-boninahitra sy laza niaraka aminao sy ny Fanahy Masina, anketitriny sy mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Efes. ii. 19.

**K**OA dia tsy mba vahiny intsony hianareo, fa tompon-tany, mpiray fanjakana amy ny olona

masina sady ankohonan' Andriamanitra, nafsangana teo ambonin' ny fanorenan' ny Apostolo sy ny profeta, ary Kristy Ieso no fehizoro indrindra; ao aminy no itomboan' ny rafitra rehetra, mirafitra tsara ho tempoly masina ao amy ny Tompo. Ary ao aminy no miaraka aörina koa hianareo ho fonean' Andriamanitra amy ny Fanaby.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana xx. 24.

**F**A Tomasy, anankiray tamy ny roa amby ny folo lahy, ilay atao hoe Didymo, dia tsy mba teo aminy raha tonga Ieso. Dia hoy ny mpianatra sasany taminy: Efa nahita ny Tompo izahay. Fa hoy kosa izy taminy: Raha tsy hitako eo amy ny tānany ny holatry ny nohomboana, ary atao ko eo amy ny holatry ny nohomboana ny rantsan-tānako, ary atao ko eo amy ny lanivoany ny tānako, dia tsy mba hino aho. Ary nony afaka havaloa, dia ta-fangona teo indray ny mpianany, ary Tomasy teo aminy koa. Ary avy Ieso, rehefa voarindrina ny varavarana, dia nitsangana teo afovoany ka nanao hoe: Fiadanana ho anareo. Ary hoy Izzy taminy Tomasy: Atchefo eto ny rantsan-tānauao, ary jereo ny tānako; ary atchefo eto ny tānanao, ka ataovy amy ny lanivoako; ary aza ho isan' ny tsy mino, fa ny mino. Ary Tomasy namaly ka nanao tamiuy hee: Tompoko sy Andriamanitra! Hoy Ieso taminy: Satria nahita Ahy hianao, dia nino, ry Tomasy; sambatra izay tsy nahita, nefo nino. Ary famantarana maro bafa koa no nataony Ieso teo imason' ny mpianatra, izay tsy voasoratra amin' ity boky ity; fa voasoratra izao, mba hinoanareo fa Ieso no Kristy, Zanak' Andriamanitra, ary mba hananareo fainana amy ny anaranu, raha minio hianareo.

NY NIOVAM-PANAHINY SANTA PAOLO.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA ô, ny fitorianteniny Santa Paolo Apostolona no nampamirapiratanao ny

fahazavan' ny Filazantsara manerana izao tontolo izao: mifona aminao izahay, aoka ny fahatsiarovanay ny niovam-panahiny malagaga no hanehoanay ny fisaorana Anao noho izany, amy ny fanarahanay ny fampianaranay masina; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola.* Asa. ix. 1.

**A**RY Saoly mbola nifofofoto fampitalorana sy vonoana tamy ny mpianatry ny Tompo, dia nankeo amy ny mpisorona-be ka nangataka taratasy taminy ho amy ny synagoga any Damasko, mba ho entiny mifatotra ho auiy Ierosalema izay rehetra hitany momba izany fampianaranana izany, na lahy na vavy. Ary raha nandeha izy, dia nanakaiky any Damasko; ary nisy mazava avy tany an-danitra nanelatrelatra tampoka manodidina azy; dia lavo tamy ny tany izy ka nandre feo nanao taminny hoe; Saoly, Saoly, naboana no manenjika Ahy hianao? Ary hoy izy: Iza moa hianao Tompoko? Ary hoy ny Tompo: Izalio no Ieso izay enjehinao; sarotra aminao ny hanipaka ny fanindronana. Dia torakovitra izy sady talanjona ka nanao hoe: Tompoko, inona no tiana hataoko? Ary hoy ny Tompo taminy: Mitsangána, ka mandehana ho any antanána, dia holazaina aminao izay mety hataonao. Ary ny olona izay momba azy tamy ny malehany nitsangana tsy nahateny, satria nandre ny feo, fa tsy nahita olona. Ary Saoly nitsangana tamy ny tany, ary rehefa nahirany ny masonry, dia tsy Nahita olona izy; ary nitantana azy ireo ka nitondra azy ho ao Damasko. Ary hateloana dia tsy Nahita izy sady tsy niliinana na nisotro. Ary nisy mpianatra anankiray tamy Damasko, atao hoe Anania; ary hoy ny Tompo taminy tamy ny fahitana: Ry Anania. Ary hoy kosa izy: Inty aho, Tompoko. Ary hoy ny Tompo taminy: Mitsangána, ka mandehana any amy ny lálana atao hoe Iimalitsy, ka tadiavo oa an-tranony Iodasy izay lehilahy atao hoe Saoly avy any Tarso; fa, indro, efa miavaka izy;

ary tamy ny fahitana izy efa nabita lehilahy atao hoe Anania nidiitra dia nametra-tánana taminy, mba bahiratra indray ny masony. Ary Anania namaly hoe : Tompoko, efa reko tamy ny maro ny haben' ny ratsy nataon' izany lehilahy izany tamy ny olonao masina tany Ierosalema. Ary aty koa izy manana fahefana nomen' ny mpisorona-be hamafotra izay rehetra miantso ny anaranao. Fa hoy ny Tompo taminy : Mandehana, fa fanaka voafidy izy ho fitondrama ny anarako eo anatrehan' ny gentilisa sy ny mpanjaka ary ny Zanak' Isiraely ; fa haschoko azy izay tsy maintsy hiaretany ho voninahity ny anarako. Ary nandeha Anania ka nidiitra tao an-trano, dia nametra-tánana taminy ka nanao hoe : Ry Saoly, ralalahy, ny Tompo, dia Ieso Izay nischo taminao teo amy ny lálana nalehanao, efa naniraka ahy mba hahiratan' ny masonao, ary mba hofenoina ny Fahnahy Masina bianaao. Ary niaraka tamin' izay dia nisy zavatra toy ny kiran' ny hazandrano latsaka avy tamy ny masonry, dia naliratra niaraka tamin' izay izy, ary nitsangana ka natao batisa ; ary nihinankanina izy, ka dia natanjaka. Aiy Saoly nitoeatra andro sasany teo amy ny mpianatra tany Damasko. Ary niaraka tamin' izay dia nitory teo amy ny synagoga izy nilaza any Kristy fa Zanak' Andriamanitra. Ary talanjona izay rehetra nandre ka nanao hoe : Tsy ity va ilay nandringana izay niantso izany anarana izany tany Jerosalema, ary tonga taty izy mba hitondra azy misfatotra ho any auy ny mpisorona-be ? Fa Saoly mainka nihahery ary nandresy lahatra ny Iodeana izay nonina tany Damasko ka naneho marimarina fa Ieso no Kristy.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xix. 27.

DIA namaly Petera ka nanao taminy hoe : Indro, izahay efa nahafoy ny zavatra rehetra ary nanaoka Anao ; koa inona no ho azonay amin' izany ? Fa hoy Ieso taminy : Lazaiko aminareo marina tokoa fa rehefa mby amy ny fanavaozana, ka ny Zanak' olona hipetraka amy ny seza-fiandrianan' ny

vonimahiny, dia hianareeo koa, izay nanaraka Aby, no hipetraka amy ny seza-fiandrianana roa amby ny folo ka hitsara ny firenen' ny Isiraely roa amby ny folo. Ary izay rehetra efa nahafoy trano, na ralalahy, na anabavy, na ray, na reny, na zanaka, na tany, noho ny anarako, dia handray zato leny ka handova fianana maadrakizay. Nefa maro izay voalohany ho farany, ary izay farany ho voalohany.

NANOLORANA ANY KRISTY TEO AMY NY TEMPOLY,

ATAO HOE :

NY NANADIOVANA ANY SANTA MARIA ILAY

VIRJINA SAMBATRA.

*Ny Kolekta.*

ANDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, mifona aminao amy ny fietrentena izahay noho ny fahandrianana, aoka izahay mba hatolotry Ieso Kristy Zanakao ho Avao amy ny fo madio sy tsy misy kilema, tahaka ny nanolorana Azy tao tamy ny Tempoly andro any manana ny tenan' ny nefonay ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. Amena.

*Ny Solon' ny Epistola.* Mal. iii. 1.

INDRO, Izaho haniraka ny irako, ary izy hamboatra ny lálana eo alohako : ary ny Tompo izay no katsahinareo ho avy tampoka ho eo an-tempoliny, dia ny iraky ny fanaikena, izay ifalianareo : indro, ho avy izy, hoy Iehovah ny maro. Fa iza no mahatanty ny andro fihaviany ? ary iza no mahatafotoetra raha mposaka Izy ? fa Izy ho tahaka ny afony ny mpanadio, sy tahaka ny savon' ny mpanasa. Ary hipetraka toy ny mpanadio sy mpamotsy volafotsy Izy : ary hamotsy ny zanaky Levy Izy, ary hampangangan-garana azy toy ny volamena sy ny valafotsy, hanaterany fanatitra anim-pahamarinana ho any Iehovah. Dia ho maminy Iehovah ny fanatiry Ieda sy Ierosalema, toy ny tamy ny andro fahiny, ary toy ny tamy ny taona taloha. Ary hanatona anarco ho fitsarana

Aho; ary Izaho ho vavolombelona faingana hanolitra ny mpanao-ody, sy ny mpিজাঙ্গাঙ্গা, sy ny mpianiana tsy to, sy ny mpampahory ny mpitamby amy ny tambiny, ny mpitondratena, sy ny kamboty, ary izay mamily ny vahiny, ka tsy matahotra Ahy, hoy Iehoval ny maro.

*Ny Filazantsara.* S. Lioka ii. 22.

**A**RY rehefa tanteraka ny andro fidiovany, araka ny lalany Mosesy, dia nitondra Azy niakatra tao Ierosalema izy mba hanolotra Azy ho any ny Tompo araka ny voasoratra ao amy ny lalán' ny Tompo hoe : "Ny laly voalohan-teraka rehetra hatao hoe masina ho any Ichovah," ary mba hanatitra fanatitra araka izay voalaza ao amy ny lalán ny Tompo hoe : "domohina roa, na, zana-boromailala roa." Ary, indro, nisy lehilahy tao Ierosalema, Simona no anarany ; ary izany lehilahy izany dia marina sady mpivavaka tsara ka niandry ny fampiononana ny Isirael ; ary ny Fanahy Masina no tao aminy. Ary efa nambaran' ny Fanahy Masina taminy fa tsy lahita fahafatesana izy mandra-pahitany ny Kristin' ny Tompo. Ary feo ny Fanahy Masina izy ka niditra tao amy ny kianjan' ny tempoly ; ary rehefa nampidirin' ny ray aman-dreniny ny zaza Ieso hanovany araka ny fomba ambaran' ny lalána ny amy ny zaza, dia nitrotro Azy izy ka nidera an' Andriamanitra nanao hoe : Tompo ô, ankelitriny ny mpnomponao dia alefanao amy ny fiadanana araka ny teninao. Fa ny masoko efa nahita ny famonjenao, izay namboarinao teo anatrehan' ny firenena rehetra, dia fahazavana hahazava ny firenena sady voninahitry ny Isiracy olonao. Dia gaga Iosefa sy ny renin' ny zaza noho ny teny nilazany Azy. Ary Simeona nitso-drano azy ireo ka nanao taminy Maria, renin' ny zaza, hoe : Indro, Ity no voatendry ho fahalavoana sy ho fitsangaman' ny maro ao amy ny Israely ary ho famantaranana izay holavina—ary ny fanaliniao aza hotsindronin-tsabatra—mba haselo ny hevitry ny fo maro. Ary nisy profetavavy anan-

kiray, Ana, zanakavaviny Fanoela, tamy ny fireneny Asera ; efa anti-panahy tokoa iza ka nitoetra teo amy ny vadiny fito taona hatry ny fony izy nibola virjina ; ary mpitondratena izy sady tokony ho efatra amby valo-polo taona ; ary tsy niala tamy ny kianjan' ny Tempoly izy, fa nanompo tamy ny fifadian-kanina sy ny fivavahana andro aman-alina. Ary nony niditra tamin' izany ora izany izy, dia nisaotra ny Tompo ka nilaza Azy tamin' izay rehetra niandry fanavotana tao Ierosalema. Ary rehefa vitany ny zavatra rehetra araka ny lalán' ny Tompo, dia niverina tany Galilea izy, dia tao Nazareta tananany. Ary ny zaza dia nitombo sady nihahery tam-panahy ka feno fahendrena ; ary ny fahasoavan' Andriamanitra no tao aminy.

SANTA MATIASY.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA ô, Hianao efa nifidy any Matiasy mpanomponao mahatoky hisolo any Iodasy mpamadika, mba ho isan' ny Apostolo roa amby ny folo, aoka ny Ekklesianao ho voäro mandrakariva amy ny apostolo sandoka, ary hotapahina sy hotarihin' ny mpitandrina mahatoky sy marina ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Solen' ny Epistola.* Asa. i. 15.

**A**RY tamin' izany andro izany Petera nitsangana teo afovoan' ny mpianatra (tokony ho roa-polo amby zato no isan' ny olona vory teo) ka nanao hoe : Ry rahalahy, tsy maintsy nota terahina ilay tenin' ny Soratra Masina nampilazain' ny Fanahy Masina rabateo any Davida ny aminy Iodasy, izay tonga mpitarika ny olona nisambotra any Ieso ; fa izy mba isantsika ka nahazo anjara tamin' izao fanoimpiana izao. Koa izany lehilahy izany nahazo saba tamy ny tambin' ny fahotany ; ary potra ka niamkohoka izy, dia vaky ny kibony ka nipoaka, sady niposaka avokoa ny tsinainy. Ary fantatr'

izay rehetra monina eto Jerosalema izany, ka dia ny anaran' izany saha izany amy ny teniny dia atao hoe Akeldama, izany hoe Sahari-dra. Fa voasoratra co amy ny bokin' ny Salamo hoe: "Aoka ho lao ny founçany, ary aoka tsy hisy olona honina ao," ary kea: "Aoka ho lasan' olon-kafa ny anjara-rahara-hany." Koa amin' ireo lehilahy ireo, izay niaraka tamintsika mandrakariva, raha nuditra sy nivoaka tamintsika Ieso Tompo, hatramy ny batisanay Iohana ka hatramy ny andro nampiakarana Azy niala tamintsika, dia tokony hisy anankiray ho namantsika mba ho vavolombelon' ny nitsanganany tamy ny maty. Ary nanendry roa lahy izy, dia Iosefa, atao hoe Barsabasy, izay atao hoe koa Josto, ary Matiasy. Ary nivavaka izy ka nanao hoe: Hianao, Tompo ô, Izay mahalala ny fon' ny olona rehetra, asehoy izay nofidiniao amin' izy roa lahy ireto, mba hahazoany anjara amin' izao fanompoana izao sy ny mah' Apostolo, izay nialany Iodasy handelanany any amy ny fitoerany. Dia nanao filokana izy, ka latsaka taminy Matiasy ny filokana; ary izy no lany ho isau' ny Apostolo iraika amby ny folo lahy.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xi. 25.

TAMIN' izany andro izany dia namaly Ieso ka nanao hoe: Mankalaza Anao Aho, Raiko, Tompon' ny lanitra sy ny tany, fa nañceniao tamy ny hendry sy ny manan-tsaina izany zavatra izany ka nase-hionao tamy ny zaza. Eny, Raiko; fa izany no sitraponao. Ny zavatra rehetra natolotry ny Raiko Aly; ary tsy misy mahalala tsara ny Zanaka, afatsy ny Ray; ary tsy misy mahalala tsara ny Ray, afatsy ny Zanaka sy izay tian' ny Zanaka hanchoana Azy. Mankanesa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, ary Izaho hanone anareo fitsaharana. Ento ny ziogako, ka nianara amiko; fa malemy fanahy Aho sady tsy miavona am-po; dia hahita fitsaharana ho any ny fanahinareo hianareo. Fa mora ny ziogako, ary majavanaugh ny entako.

NY NANAMBARANA TAMINY MARIA ILAY VIRJINA SAMBATRA.

*Ny Kolekta.*

TOMPO ô, mifona aminao izahay, ampidino ho ao amponay ny fahasavaanao, ary satria ny nanambaran' ny Anjely no nahalalanay ny Inkarnationany Ieso Kristy Zanakao, dia aoka ny hazo fijaliany sy ny fahoriany no hitondrany anay ho amy ny voninahitry ny Fitsanganany; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. Amena.

*Ny Solon' ny Epistola.* Isaia vii. 10.

ARY Iehovah niteny taminy Ahaza indray, hoe, Mangataha famantarana aminy Iehovah, Andriamanitro, ho anao; mangataha na amy ny Lalina na amy ny avo ambony. Fa hoy Ahaza, Izaho tsy haugataka, ary izaho tsy haka fanahy any Iehovah. Ary hoy izy, Mihainoa ankehitriny, ry impianakaviny Davida; ataonareo zavatra kely ny banasatra ny olona, fa mba hanasatra an' Andriamanitra koava bianareo? Izany no hanomezan' ny Tompo famantarana ho anareo; Indro, virjina hanan-anaka, ary hiteraka zazalahy, ary ny anarany hatao hoe, Imanoela. Rononomandry sy tantely no hohaniny, mba halhalany handa ny ratsy sy hifidy ny soa.

*Ny Filazantsara.* S. Lieka i. 26.

ARY tamy ny fahenim-bolana dia nirahin' Andriamanitra ny anjely Gabriela ho any antanana anaukiray any Galilea atao hoe Nazareta, ho any amy ny virjina anaukiray, izay voafofo ho vadin' ny lehilahy atao hoe Iosefa,avy tamy ny taranaky Davida; ary ny anaran' ny virjina dia Maria. Ary ny anjely, nony nuditra tao aminy, dia nanao hoe: Arahaba, ry nohasoavina, ny Tompo moniba anao; voatalahy samy vehivavy hianao. Ary nony nahita ny anjely izy, dia taitra mafy noho ny teniny ka nieritreritra izay tokony ho hevit' izany

fiarahabana izany. Ary hoy ny anjely taminy : Aza mafahotra, ry Maria, fa efa nahlita fitia tamin' Andriamanitra hianao. Ary, indro, hitoe-jaza hianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany dia hataonao hoe Ieso. Izy ho lehibe ka hatao hoe Zanaky ny Avo Indrindra ; ary Iehovah Andriamanitra hanome Azy ny sezaifiandrianany Davida rainy ; ary banjaka amy ny taranaky Iakoba mandrakizay Izy ; ary ny fanjakany tsy hisy fabataperana. Ary hoy Maria tamy ny anjely : Hanao alicanca re no hisian' izany, fa tsy mahalala lahy aho ? Ary ny anjely namaly ka nanao taminy hoe : Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary hisy herin' ny Avo Indrindra hanarona anao ; koa ny masina izay ateraka dia hatao hoe Zanak' Andriamanitra. Ary, indro, Elizabeta havanao efa mitoe-jaza koa. na dia efa antitra aza ; ary efa mandray enina izy izao, izay natao hoe momba. Fa tsy nisy zavatra tsy ho azon' Andriamanitra atao. Dia hoy Maria : Inty ny ankizivavin' ny Tompo ; aoka ho tonga amiko araka ny teninao. Dia nandao azy ny anjely.

SANTA MARKO.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, ny fampianarana avy any an-damitra nosoratany Santa Marko Evangelistanao no ampianaranao ny Ekklesianao masina : omeo fahasaoavana izahay, mba tsy ho ta-haka ny ankizy madinika izay ampitambolimbolein' ny rivotry ny fampianarana tsy marina rehetra, fa hiorina amy ny fahamarinan' ny filazantsaranao masina ; amy ny alalany, Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola. Efes. iv. 7.*

**F**À samy nomena ny fahasaoavana araka ny ohatry ny fanomezany Kristy isika relietra. Kea izany no ilazany hoe : " Raha niakatra ho any amy ny avo Izy, dia nitondra olona maro ho babo ka nanoime

fanomezana ho any ny olona." Ary ny amy ny niakatra, inona mba izany, afa tsy ny efa nidina ho any ambanin' ny tany koa ? Izay nidina, dia Izy koa no Ilay niakatra any ambonin' ny lanitra rehetra, hamenoamy ny zavatra rehetra. Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostolo, ary ny sasany ho profeta, ary ny sasany ho evangelista, ary ny sasany ho mpiaudry sy mpampianatra ho fanatanterahana ny olona masina, ho amy ny asan' ny fanompoana amy ny Ekklesia, ho amy ny fampandrosoana ny tenany Kristy, mandra-pahatongantsika rehetra ho amy ny firaisan' ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak' Andriamanitra, ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben' ny fahafenoany Kristy; mba tsy ho zaza intsony isika, ahilangilana sy ampitambolimbolein' ny rivotry ny fampianarana rehetra amy ny saim-petsy atao' ny olona sy ny fiendreny hahatanteraka ny hevitry ny famitahana, fa mba hanaraka ny marina amy ny fitiavana ka liitembo amy ny zavatra rehetra ho amin' Izay loha, dia Kristy ; Izay mampikambana sy mampiray ny tena rehetra, ka amy ny fisanompoan' ny isan-tonony no itomboan' ny tena araka ny fiásan', izay rehetra momba azy amin' izay mety lio anjarasany avy sy ampandrosoany ny tenany amy ny fitiavana.

*Ny Filazantsara. S. Iohana xv. 1.*

**I**ZAHO no tena voaloboka, ary ny Raiko no mampiobatra. Ny sampany rehetra co amiko izay tsy mamoia dia esoriny ; ary ny sampany rehetra izay mamoia dia amboariny, mba hamoa bebe kokoa. Efa madio lianareo ankehitriny noho ny teniko, izay nolazaiko taminareo. Tomoera amiko ary Izaho aminarco. Tahaka ny sampany tsy malhay mamoia ho azy, raha tsy miray amy ny voaloboka izy ; dia toy izany koa hianareo, raha tsy miray amiko. Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia izy no mamoia be ; fa raha misaraka amiko hianareo, dia tsy

mahay manao na inona na inona. Raha misy tsy miray amiko, dia ariana izy tahaka ny sampany ka malazo; ary angonin' ny olona izy ka atsipiny amy ny afo, dia may. Raha miray amiko hianarco, ary ny teniko mitoatra ao aminareo, dia hangatahinareo izay tianareo na inona na inona, ka ho tonga aminareo izany. Izany no ankalazana ny Raiko, mba haino be hianarco ka ho tonga mpianatro. Tahaka ny mitiavany ny Ray Ahy no mitiavako anareo; tomoera ao amy ny fitiavako hianareo. Raha mitandrina ny didiky hianareo, dia hitoetra ao amy ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin' ny Raiko sy ny ifoerako ao amy ny fitiavany. Izany zavatra izany efa nolazaiko taminareo, mba hitoeran' ny fifaliako ao aminareo, ka ho tanteraka ny fisali-anareo.

SANTA FILIPO SY SANTA IAKOBA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, ny fahalalana Anao marina no fiainana mandrakizay : aoka izahay mba hahalala any Ieso Kristy Zanakao ho lâlana sy ho fahamarinana ary ho fiainana, ary hanaraka ny nataony Santa Filipo sy Santa Iakoba Apostolenoa ka handeha marina amy ny lîlana mankany amy ny fiainana mandrakizay ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* S. Iakoba i. 1.

**I**AKOBA, mpanompon' Andriamanitra sy Ieso Kristy Tompo, mainangy ny fireneha roa auliy ny folo monina any ami-piclezana. Ry rahalahiko, ataovy ho fisaliana aveko, raha iharan' ny fakanpanahy sainihafa hianareo, satria fantatrareo fa ny fizahan-toetra ny finoanareo mahatonga fabaretana. Ary aoka ny faharetana hisy asa tanteraka, mba ho tanteraka sy tonga ohatra hianareo, ka tsy hisy tsy ampy na inona na inona. Ary raha misy hia-

SANTA FILIPO SY SANTA IAKOBA.

217

nareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, Izay manome malalaka ho any ny olona rehetra ka tsy mandatsa; ary dia homena azy izany. Nefa aoka hangataka amy ny finoana izy ka tsy hiahannahana akory ; fa izay miahannahana dia toy ny alon-dranomasina entia' ny rivotra ka atopatopary. Fa aoko tsy hampozin' izany olona izany fa handray zavatra amy ny Tompo izy : olona miroa saina izy, miovaova amy ny alchany rehetra. Aoka ny fisandratanoy no hataon' ny rahalahy izay ambany ho reharehany ; fa ny manan-karena kosa ny fietreny, satria ho levona tahaka ny vonin' ny alhitra izy. Fa mposaka ny masoandro mbamy ny haimandro mahamay, dia mampalahazo ny ahitra, ka mihiintsana ny voniny, ary levona ny hatsaran-tarehiny ; dia toy izany koa no hahalazo ny manan-karena amy ny alchany. Sambatra ny olona izay mabarita fakanpanahy ; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satroboninalitra fiainana, izay nolazain' ny Tompo homena izay tia Azy.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana xiv. 1.

**D**IA hoy Ieso tamy ny mpianany : Aza malabelo ny fonareo ; minoa an' Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon' ny Raiko misy fonenana maro ; raha tsy izany, dia ho nilaza taminareo Aho. Handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray Aho ka handray anareo ho any amiko, ka izay ifoerako no hitoeranareo koa. Ary izay alchako dia fantatrareo, ary fantatrareo koa ny lâlana. Hoy Tomasy taminy : Tompoko, tsy fantatrareo izay alehano ; ka hataonay ahoana no hahafantatrareo ny lâlana ? Hoy Ieso taminy : Izaho no lâlana sy fahamarinana ary fiainana ; tsy misy olona mankany any ny Ray, afa-tsy any ny alalako. Raha fantatrareo Aho, dia ho fantatrareo koa ny Raiko ; ary hatramin' izao dia mahafantatra Azy hianareo sady efa nahita Azy. Hoy Filipo taminy : Tompoko, aschoy anay ny Ray, dia ampy

ho anay izay. Hoy Ieso taminy : Izay ela izay no esa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fuitatrao va Aho, ry Filipo? Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray; ary ahoana no ataonao hoe : Aschoy anay ny Ray? Tsy mino va bianaao fa Izaho ao amy ny Ray, ary ny Ray ao amiko? Ny teny izay lazaiko aminareo dia tsy lazaiko ho Ahy; fa ny Ray Izay mitoetra ao amiko, Izy no manao ny asa. Minoa Ahy, fa Izaho ao any ny Ray, ary ny Ray ao amiko; fa raha tsy izany, dia minoa Ahy noho ny asa hiany. Laizaiko aminareo marina dia marina tokoa : Izay mino Ahy, ny asa atao ko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany izy, satria Izaho mankany amy ny Ray, ary na inona na inona no hangatalinareo amy ny anarako, dia hataoko izany mba hankalazana ny Ray eo amy ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amy ny anarako hianareo, dia hataoko izany.

SANTA BARNABASY APOSTOLO.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tompo Tsitoha sy mandrakizay ô, Hianaao dia nampidina fanomezana mahagaga avy any ny Fanahy Masina ho any Barnabasy apostolonao masina: mifona aminao izahay, aza avelanaao hilaozan' ny fanomezana maro izahay, fa aoka ny fahasoavanao no hampiasanay azy mandrakariva ho voninahitrapo sy ho lazanao; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola.* Asa. xi. 22.

**A**RY ren' ny sofin' ny Ekklesia tany Ierosalema izany zavatra izany, ka naniraka any Barnabasy handeha hatrany Antiokia izy. Rehefa tonga izy ka nahita ny fahasoavan' Andriamanitra, dia nifaly izy ka nananatra azy rehetra haharitra hiray amy ny Tompo any ny fo minia fatratra. Falohilahy tsara izy sady feno Fanahy Masina sy finoana; ary maro be ny olona nanampy ho any ny Tompo. Dia lasa

Barnabasy nankany Tarso hitady any Saoly. Ary rehefa nahita azy izy, dia nitondra azy hankany Antiokia. Ary niaraniasa tao amy ny Ekklesia herintaona ngarangidina izy roa lahy ka nampianatra olona maro. Ary tany Antiokia no voalahany nanaovana ny anaran' ny mpianatra hoe Kristiana. Ary tamin' izany andro izany nisy profcta sasany avy tany Ierosalema nankany Antiokia. Ary nitsangana ny anankiray tamin' ireny, izay atao hoe Agabo, dia voatsindrin' ny Fanahy izy ka nilaza fa hisy mesary be eran' ny tany rehetra. Ary dia tonga izany tamy ny androny Klaodio Kaisara. Ary ny mpianatra ninia hampitontra zavatra araka ny ananany hamonjy ny rahalahy izay nonina tany Iodea. Dia nataony izany, ary ny tanany Barnabasy ny Saoly no nampitondrainy izany ho any amy ny loholona.

*Ny Fizazantsara.* S. Iohana xv. 12.

**I**ZAO no didiko, mba hifankatiavanareo tahaka ny nitriavako anareo. Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao ka hanolotra ny ainy ho any ny sakaizauy. Hianareo no sakaizako, raha manao araka izay rehetra andidiako anareo. Tsy hataoko hoe mpanompo intsony hianareo, fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon' ny tompony; fa esa nataoko hoe sakaiza hianareo, fa izay rehetra reko tamy ny Raiko dia nambarako taminareo. Tsy hianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamca, ary mba habaretan' ny vokatrareo, mba homen' ny Ray anareo izay rehetra liangatahinareo amy ny anarako na inona na inona.

SANTA IOHANA MPANAO-BATISA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, ny fanendrenao no nahaterahana any Iohana Mpanao-batisa mpanomponao tamy ny fahagagana, sy nanirahana azy MAL. I.

hamboatra ny lálan' ny Zanakao Mpamony amay tamy ny nitoriany fibebahana : aoka' harahimay ny fampianarany sy ny fitondrantenany masina, hibebahanay araka ny fitorianteniny masina, mba hitenenanay ny marina mandrakariva sy hahasahianay bananatra ny ratsy fanahy ary haharetanay hijaly noho ny fabamarinana araka ny nataony ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola.* Isaia. xl. 1.

**A**MPIFALIO, ampifalionareo ny oloko, hoy ny Andriamanitrareo, Milazà teny mahafaly aminy Ierosalema ; ary torio aminy, fa vita ny adiny, fa navela ny helony : fa izy efa nandray fahasoavana tamy ny tânany Iehovah, indroa toraky ny fahotany rehetra. Ny feon' izay mitaraina ary anefitra, manao hoe, Amboary ny lálany Iehovah, abitsio any en-efitra ny lálam-be ho an' Andriamanitsika. Ny lemaka rehetra hasandratra, ary ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra baôtry, ary ny meloka bohitsina, ary ny maraorao holamaina : Ary ny voninality Iehovah hiseho, ary ny nofo rehetra liara-mahita azy ; fa ny vavany Iehovah no efa niteny izany. Hoy ny feo : Miantsea. Ary hoy izy : Inona no hantsoiko ? Abitra ny nofo rehetra, ary ny hatsarany rehetra tahaka ny vonin-javatra any au-tsaha : Ny ahitra malazo ny vony levona ; fa tsofin' ny fanahy Iehovah izy : ny olona dia ahitra tokoa. Ny ahitra malazo, ny vony levona : fa ny tenin' Andriamanitsika haharitra mandrakizay. Iky Ziona, izay mitondra filazantsara, miakara any au-tendrombohitra avo : Ry Ierosalema, izay mitondra filazantsara, akaro mafy ny feonao, akaro, fa aza matahotra ; lazao amy ny tânanany Ioda : Indro, ny Andriamanitrareo ! Indro, Iehovah, Andriamanitra ho avy hameiy ny mahery, aijy ny sandrinhy haharesy azy : indro, ny fitiany miarakana aminy, ary ny valin' ny asany no eo anoloany. Izy hamalahana ny ondrinhy, tahaka ny mpiandri-ondry : ny sandrinhy no hanangouany ny zanak' ondry, ka hotrotroinuy co an-tratrauy, ary ho entiny miadana ny ampianahana,

*Ny Filazantsara.* S. Lioka i. 57.

**A**RY tonga ny andro havelomany Elizabeta, dia niteraka zazalahy izy. Ary ny niara-monina taminy sy ny havany nandre fa efa nohalehibiazin' ny Tempo ny famindrampony taminy ; dia niaranifaly taminy izy. Ary tamy ny andro fahavaloo dia tonga hamora ny zaza izy, ka efa saiky hataony hoe Zakaria ny anarany, araka ny anaran-drainy. Ary ny reniny naunaly ka nanao hoe : Tsy izany, fa hatao hoe Iohana izy. Ary hoy ny olona taminy : Tsy misy na iray akory aza amy ny havanao, izay tononina amin' izany anarana izany. Ary nanao baikon' ny mona tamy ny rainy izy ireo, izay tokony ho tiany hatao anarany. Ary naugataka láfana izy ka nanoratra hoe : Iohana no anarany. Dia gaga avokoa izy rehetra. Ary nisokatra niaraka tamin' izay ny vavany, ka afaniteny ny lelany ; dia niteny izy ka nidera an' Andriamanitra. Dia raliki-tahotra izay rehetra niaramonina taminy ; ary niely ny lazan' izany rehetra izany teny amy ny tany havoany Iodea rehetra. Ary izay rehetra nandre dia nandatsaka izany tampony ka nanao hoe : Ho zaza hanao aheana re io ? Ary ny tânan' ny Tompo nomba azy. Ary Zakaria, rainy, dia nosenoina ny Fanahy Masina ka nanao profetia hoe : Hisaorana anie ny Tompo, Andriamaniry ny Israely ; fa nitsinjo ny olony Izy ka nanao fanavotana ho azy. Ary nanangana tandropamponjeny ho antsika amy ny taranaky Davida mpanompony Izy araka izay nampilazaiuy ny profetany masina batramy ny fahagola, dia famonjeny antsika amy ny fahavalontsika sy amy ny tânan' izay rehetra mankahala antsika, manefa famindrampony amy ny razantsika sy mahatsiaro ny fenaikeny masina, dia ny fianianana izay nianianany taminy Abrahama razantsika, hanao izay hahazoantsika hivavaka aminy tsy amin-tahotra, satria afaka amy ny fahavalontsika isika, amy ny fahamasinana sy ny fabamarinana eo anatrehany amy ny audro rehetra hiaimantsika. Ary hianao, razaza, hatao hoe prefotan' ny Avo Indrindra ; fa lialoha co anatrehan' ny Tempo

lianao hamboatra ny lalamy, hanome ny olony ny fahalalam-pamponjena amy ny famelana ny helony, noho ny halehiben' ny famindrampon' ny Andriamanitsika, izay nipsosaban' ny mazava avy any amy ny avo ho antsika. Hamirapiratra amin' izay mipe-traka ao amy ny maizina sy ao anbanin' ny aloky ny fahafatesana, hauitsy ny diantsika ho amy ny lalamypiadana. Ary ny zazakely nitombo ka nihahery tam-panahy; ary nitoetra tany an-efitra izy ambaraphatongan' ny andro nischoany tamy ny Isirael.

## SANTA PETERA.

*Ny Kolektá.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Ieso Kristy Zanaka no nampidinanao fanomezana maro ho auy Santa Petera Apostolonao sy nandidianaô azy hazoto hamahana ny ondriniao : misona aminao izahay, aoka hazoto history ny teninao marina ny Eveka sy ny Mpitaandrina rehetra, ary ny olona hazoto hauasy izany, hahazoany ny satro-boninahity ny fainana mandrakizay; amynyalalany Ieso Kristy Tomponay. *Amen.*

*Ny Solon' ny Epistola. Asa. xii. 1.*

**A**RY tamin' izany andro izany Heroda mpanjaka dia nisambotra ny sasany tamy ny Ekklesia mba hampahory azy. Ary namono any Iakoba, ralahabiny Iohana, tamy ny salatra izy. Ary rehefa litany fa sitraky ny Iodeana izany, dia nandroso nisambotra any Petera koa izy (efa onby tamy ny andro fihimanana ny mofo tsy misy fermenta ny andro tamin' izany). Ary rehefa nosamboriny izy, dia nataony tao an-trano-maizina ary natolony ny miramila enina amby ny folo hambenany; dia nikasa hamoaka azy ho amy ny valoaka izy, rehefa afaka ny Paska. Ary Petera nambeuna tao an-trano-maizina; ary ny Ekklesia nahery nangataka tamin' Andriamanitra ho azy. Ary nony efa hamoaka azy Heroda, dia natory tamin' iny alina iny Petera teo

anelanelan' ny miaramila roa lahy, sady voafatotra tamy ny gadra roa izy; ary nisy mpambina niam-bina ny trano-maizina teo an-baravarana. Ary, indro, nisy anjelin' ny Tompo tonga teo, ary nisy mazava namirapiratra tao an-trano; ary izy nanohina ny tebezany Petera, dia namoha azy ka nanao hoe : Mitisangana faingana. Ary ny gadra niala tamy ny tanany. Ary hoy ilay anjely taminy : Misikina, ary fehezo ny kapanao. Dia nataony izany. Ary hoy izy taminy : Tafo ny lambanao, ka manaraha ahy. Dia nivoaka izy ka nanaraka azy; ary tsy fantany ho marina izay nataon' ny anjely, fa nataony ho nahita falitana hiandy izy. Ary rehefa nandaloy ny siambenana voalohany sy fabaroa izy, dia tonga teo amy ny vavahady vy izay mahazo ny lalana ho any an-tanana; dia nivaha ho azy io mba hachany; ary nony nivoaka izy, dia nandroso tamy ny lalana iray; koa niaraka tamin' izay dia nandao azy ny anjely. Ary Petera, rehefa nabatsiaro fanahy, na nanao hoe : Ankchitriny fantattro marina tokoa fa ny Tompo esa namiraka ny anjeliny ka namonjy ahy tamy ny tanany Heroda sy ny fanantenan' ny Iodeana relietra.

*Ny Filazantsara. S. Mat. xvi. 13.*

**A**RY rehefa tonga tany amy ny taniny Kaisaria Filipo Ieso, dia nanontany ny mpianany Izzy ka nanao hoe : Ataon' ny olona ho iza ny Zanak' olona ? Dia hoy izy : Hoy ny sasany : Iohana Mpao-nao-batisa ; fa hoy ny sasany : Elia ; ary hoy ny sasany : Ieremia, na anankiray amy ny profeta. Ary hoy Ieso taminy : Fa hianareo kosa manao Aliy ho iza ? Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe : Hianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra velona. Dia namaly Ieso ka nanao taminy hoe : Sambatra hianao, ry Simona Bar-joua ; fa nofo aman-dra tsy naneho anao izany, fa ny Raiko izay any an-danitra. Ary Izaho milaza aminao koa : Hianao no Petera, ary ambonin' ity vatolampy ity no baôriko ny Ekklesia-ko ; ary ny vavahadiny Hadesy tsy handresy azy. Homeko anaoy fanalahidin' ny fanjakany ny lanitra ;

ka na inona na inona fechezinao ety ambonin' ny tany dia hofchezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanao ety ambonin' ny tany dia hovahana any andanitra.

SANTA IAKOBA APOSTOLO.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA mamindrafo ô, aoka ho tahaka ny nandaozany Santa Iakoba Apostolonaq ny rainy sy izay rehetra nananany sy ny nanarahany ny niantsoany Ieso Kristy Zanakao azy niaraka tamin' izay, no mba handaozanay ny fitiavan' izao tontolo izao sy ny nofo, ary hiomananay mandrakarivana raka ny didinao masina; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola.* Asa. xi. 27—xii. 3.

**A**RY tamin' izany andro izany nisy profeta sasany avy tany Ierosalema nankany Antioka. Ary nitsangana ny anankiray tamin' ireny, izay atao hoe Agabo, dia voatsindrin' ny Fanahy izy ka nilaza fa lisy mosary be eran' ny tany rchetra. Ary dia tonga izany tamy ny androny Klaodio Kaisara. Ary ny mpianatra ninia hampifondra zavatra araka ny ananany hamony ny rabalahy izay nonina tany Iodea. Dia nataony izany, ary ny tânany Barnabasy sy Saoly no nampitondrainy izany ho any amy ny loholona. Ary tamin' izany andro izany Heroda mpanjaka dia nisambotra ny sasany tamy ny fiangonana mba ham-pahory azy. Ary namono any Iakoba, rahalahiny Iohana, tamy ny sabatra izy. Ary rechefa hitany fa sitrakny Iodeana izany, dia nandroso nisambotra any Petera koa izy.

*Ny Filazantsara.* S. Mat. xx. 20.

**A**RY tamin' izany nanatona Azy ny renin' ny zanaky Zebedeo mbamy ny zananilahy, dia nian-kohoka ka nangataka zavatra taminy. Ary hoy Izy

SANTA BARTOLOMEO, APOSTOLO.

225

taminy: Inona no ilaina? Hoy ravehivavy taminy: Mitenena mba hipetrahan' ireto zanako roa lahy ireto, ny anankiray ho eo ankavananao, ary ny anankiray ho eo ankavianao, ao amy ny fanjakanao. Fa Ieso namaly ka nanao hoe: Tsy fantatrareo izay angatalinareo; mahay misotro amy ny kapoaka izay efa hisotroako va hianareo? Hoy izy roa lahy taminy; Hainay hiany. Hoy kosa Izy taminy: Hisotro tokoa amy ny kapoakako hianareo; fa ny hipetraka eo an-tánako ankavanana sy eo an-tánako ankavia, dia tsy Ahy ny hanome izany, fa izay efa nanamboaran' ny Raiko izany no homena. Ary nony nandre izany jify folo lahy, dia tezitra ny amin' izy mirahalahy izy. Fa Ieso niantso azy hankeo aminy ka nanao hoe: Fantatrareo fa ny andrian' ny gentilisa mampanompo azy tokoa, ary ny lehibeny manapaka azy tokoa. Fa tsy mba hatao toy izany aminareo; fa izay te-ho lehibe aminareo dia ho mpanompo anareo; ary izay te-ho aambony indhindra aminareo, dia ho mpanomponareo. Fa tahaka izany, ny Zanak' olona tsy tonga mba hotompaina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro.

SANTA BARTOLOMEO, APOSTOLO.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, Hianao nanome fahasoavana any Bartolomeo Apostolonaq binoany sy hitoriany ny teniniao: mifona aminao izahay, aoka ny Ekklesianao mba ho tia ny teny izay ninoany, sy hitory ary handray izany; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola.* Asa. v. 12.

**A**RY ny tânany ny Apostolo no nanaovana famantaranay sy fahagagana maro tecno amy ny vahoaka; ary izy rehetra niray saina tecno amy ny fialofana nataony Solomona; ary tsy nisy tamy ny olona sisika

rehetra sahy niray taminy ; fa nankalaza azy ny vahoaka. Nefo mainka nisy olona maro na lahy na vavy izay nino ny Tompo nanampy ho isany ; ka dia nentiny tany an-dalam-be ny marary ary napetrany teo ambony farafara sy fandriana, mba hisy ho azon' ny tandindony Petera ahay, raha mandalo izy. Ary ny olona maro avy tamy ny volitra manodidina nivory tany Ierosalema koa, nitondra ny marary sy izay notabatabain' ny fanahy maloto ; dia sitrana izy rehetra.

*Ny Filazantsára.* S. Lioka xxii. 24.

**A** RY nisy koa fifandiran' tao aminy ny amin' izay anankiray eo aminy atao ho lehibe. Ary hoy Ieso taminy : Ny mpanjakan' ny gentilisa mampamempo azy, ary izay manapaka azy no atao hoe mpanao-soa. Fa tsy mba toy izany hianareo ; fa izay lehibe aminareo dia aoka ho toy ny zandry ; ary izay manapaka dia aoka ho toy ny mpanompo. Ary iza no lehibe, izay mipetraka mihinana, sa izay manompo ? Tsy izay mipetraka mihinana va ? Fa Izaho dia eo aminareo toy izay maucmpo. Ary hianareo no naharitra nanaraka Ahy tamy ny fakam-panahy Ahy ; koa Izaho dia manendry fanjakana ho anareo tahaka ny manendren' ny Raiko ho Ahy, mba bihinana sy hisotro eo amny ny latabatroy amy ny fanjakako hianareo sady hipetraka ambony sezafandrianana mitsara ny firenen' ny Isiraely roa amby ny folo.

SANTA MATEO, APOSTOLO.

*Ny Kolektá.*

**A** NDRIAMANITRA Tsitoha ô, ny Zanakao isao-rana no niantsoanao any Mateo hiala amy ny fandraisan-ketra ho Apostolo sy ho Evangelista : omeo fahasoaavana izahay, mba handaozanay ny faniriana ratsy rehetra sy hanarahanay any Ieso Kristy Zanakao, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra iray, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 2 Kor. iv. 1.

**A** RY amin' izany, satria manana izany fanompoana izany izahay, araka ny nahazoanay famindrampo, dia tsy mba ketraka izahay. Fa efa nolavinay ny zavatra takona mahamenatra, ka tsy mandeha amy ny filendrena, na manao izay hahatsatso ny tenin' Andriamanitra ; fa amy ny fanehoana ny marina no ideranay tena amy ny fieritteretan' ny olona rehetra eo imason' Andriamanitra. Fa rahamiasina ny filazantsaranay, dia miafina amin' izay ho very izany, izay nohajambain' ny andriamanitr' izao tontolo izao, dia ny sain' ny tsy mino, mba tsy hiposalan' ny fanazavan' ny filazantsaran' ny voninality Kristy, Izay endrik' Andriamanira. Fa tsy ny tenanay no torinay, fa Kristy Ieso Tompo, ary izahay mpanomponareo nolohy amy Ieso. Fa Andriamanitra, Izay nandidy hoe : Aoka ny mazava hahazava ao amy ny maizina, no nampahazava ny fonay ho fahazavan' ny fahalalana ny voninalitr' Andriamanitra ao amy ny tavany Ieso Kristy.

*Ny Filazantsára.* S. Mat. ix. 9.

**A** RY nouy niala teo Ieso, dia nahita lehilaby atao hoe Mateo niptetraka teo ampamorianketra ; ary hoy Izy taminy : Manaraha Ahy. Dia nitsangana Mateo ka nanaraka Azy. Ary raha nihinana tao antano Izy, indro, nisy mpanota sy farantsa maro tonga ka niara-nipetraka taminy Ieso sy ny mpianganany. Ary ny Fariseo, raha nahita izany, dia niteny tamy ny mpianganany hoe : Nahoana ny mpampiantra anareo no miara-komana amy ny farantsa sy ny mpanota ? Ary Ieso, raha nañdre izany, dia nanao hoe : Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody, fa ny marary. Fa raha miala eto hianareo, dia mianara izay hevity ny teny hoe : " Famindrainpo no sitrako, fa tsy fanatitra alatsa-dra ; " fa tsy tonga hiantso izay marina Aho, fa izay mpanota.

SANTA MIKAELY SY NY ANJELY REHETRA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA mandrakizay ô, Hianao efa naneudry sy nandahatra ny fanompoan' ny Anjely sy ny olona tamy ny filaharana mahagaga : mamindrâfô aminay, ary aoka hotendrenao ny Anjelinao masina mba hamony sy hiaro anay aty an-tany tahaka ny fanompoany Anao mandrakariva any an-danitra ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola. Fanam. xii. 7.*

**A**RY nisy ady tany an-danitra : Mikaely sy ny anjeliny niady tamin' ilay dragona ; ary ilay dragona mibamy ny anjeliny dia niady kosa, fa tsy naharesy, sady tsy nisy fitoerana ho azy intsony tany an-danitra. Ary nazera ilay dragona, dia ila bibilava hatramy ny ela, izay atao hoe Devoly sy Satana, izay mamilaka izao tontolo izao, dia nazera tamy ny tany izy, ary ny anjeliny niaraka nazera taminy. Dia nandre feo mahery tany an-danitra aho manao hoe : Ankehitriny dia tonga ny famonjena sy ny hery sy ny fanjakan' ny Andriamanitsika ary ny faliefan' ny Kristiny, satria nazera ilay mpiampanga ny rahalahintsika, dia ilay niampanga azy teo anatrehan' ny Andriamanitsika andro aman-alina. Ary izy ireo handresy azy noho ny ran' ny Zanak' ondry sy ny teny filazana Azy, ary tsy nankamamy ny ainy intsony izy, na dia ho faty aza. Ary noho izany dia mifalia, ry lanitra sy hianareo izay mitoetra ao aminy. Loza ho amy ny tany sy ny ranomasina fa nidina ho aminareo ny devoly sady manana fahatezerana lehibe, satria fantany fa kely sisà ny androny.

*Ny Filazantsara. S. Mat. xviii. 1.*

**T**AMIN' izany ora izany ny mpianatra nankeo aminy Ieso ka nanao hoe : Iza ary no lehibe indrindra ao amy ny fanjakan' ny lanitra ? Ary Ieso

niantso zaza anankiray hankeo aminy, dia nametraka azy teo afovoany ka nanao hoe : Lazaiko aminareo marina tokea : Raha tsy miova fanahy hianareo ka ho tonga tahaka ny zaza, dia tsy hiditra amy ny fanjakan' ny lanitra militsy hianareo. Ary na zovy na zovy no hietritena tahaka ity zaza ity, dia izy no ho lehibe indrindra amy ny fanjakan' ny lanitra. Ary na zovy na zovy no handray zaza iray aza tahaka itony noho ny anarako, dia mandray Ahy. Fa na zovy na zovy no hanafintohina na dia iray aza amin' ireo madinika ireo izay mino Ahy, dia tsara lavitra ho azy raha anantonana vato lehibe fikosolam-bary ny vozony, ka alentika any amy ny ranomasina Lalina izy. Lozan' izao tontolo izao noho ny fahatafintohinana ! fa tsy maintsy ho avy ny fahatafintohinana, kanefa lozan' izay olona mahatonga ny fahatafintohinana. Fa raha ny tânaao na ny tongotrao manafintohina anao, tapaho izy, ka ario lio afaka aminao ; fa tsara ho anao ny hiditra kilemaina na mandringa amy ny fiainana noho ny manana tâna roa sy tongotra roa, nefâ hariana any amy ny afo maharitra mandrakizay. Ary raha ny masonao manafutohina anao, apotsahy hiala izy, ka ario ho afaka aminao ; fa tsara ho anao ny hiditra toka-maso amy ny fiainana noho ny manana maso roa, nefâ hariana any aminy Gehena mirehitra afo. Mitandrema, fandrao manao tsinontsinona na iray aza amin' ireo madinika ireo hianareo ; fa lazaiko aminareo : Ny anjeliny any an-danitra mahita mandrakariva ny tavan' ny Raiko Izay any an-danitra.

SANTA LIOKA EVANGELISTA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao niantso any Lioka Doktera, izay derain' ny Filazantsara, mba ho Evangelista sy Dokteran' ny fanahy : aoka ho sitran' ny fanofodin' ny fampianarany mahasoa ny aretin' ny fanahinay ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 2 Tim. iv. 5.

**F**A hianao kosa mahonona tena amy ny zavatra rehetra, miareta fahorianan, ataovy ny asan' ny evangelista, tanteraho ny fanompoanao. Fa izaho efa hatoloira sabady, ary ny andro fialako efa mby akaiky. Niady ny ady tsara aho; nahatantera ny sihazakazahako aho; nitahiry finoana aho; hattrizao dia tehirizina ho ahy ny satroboninality ny fahamarinana, izay homen' ny Tompo, mpitsara marina, ho ahy amin' izay andro izay; ary tsy ho ahy hiany, fa ho any izay rehetra tia ny fisehoany koa. Mazotoa hankaty amiko faingana hianao; fa Demasy nandao ahy, satria tia izao fiaimana izao izy, ka lasa nankany Tesaloniko: Kreska lasa nankany Galatia, Titos lasa nankany Dalmatia. Lokasy hiany no ato amiko. Alao Marko, ka ento miaraka aminao, fa mahaseoa ahy any ny fanompoana izy. Ary Tykiko nirahiko ho any Efeso. Ilay kapoty navolako tany Troasy tao aminy Karpo, dia ento, raba mankaty hianao, ary ny boky, indrindra fa ny boky hoditra. Aleksandro, mpanefy varahina, efa nanisy ratsy ahy be hiany; ny Tompo hamaly azy araka ny asany; tandremonao hiany izy iny, fa nanohittra fatratra ny teninay izy.

*Ny Filazantsara.* S. Lioka x. 1.

**A**RY rehefa izany, ny Tompo nanendry olona hafa koa, dia fito-polo lahy, ka naniraka azy tsiroa-roa hialoha Azy any amy ny tanána sy ny tany rehetra izay efa halehany. Ary hoy Izy taminy: Ny vokatra dia be, fa ny mpiasa no vitsy: koa amin' izany mangataha amy ny Tompon' ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny; vokany. Mandehana; indro, Izaho maniraka anareo tahaka ny zanak' ondry eo ampovoan' ny amboadia. Aza mitondra kitapoin-bola, na kitapom-batsy, na kapa; ary aza miarabola olona akory eny an-dáiana. Ary izay trano idiranareo, dia lazao aloha hoe: Fiadanana ho amin' ity trano ity. Ary raha ao ny zanaky ny fiadanana, dia hitoetra ao aniny ny fiadanana tomo-

SANTA SIMONA SY SANTA IODA APOSTOLO. 231

ninareo; fa raha tsy izany, dia hiverina aminareo indray izany. Ary mitoera ao amin' izany trano izany, mihinana sy misotro izay zavatra omeny; fa ny mpiasa miendrika hahazo ny karamany.

SANTA SIMONA SY SANTA IODA APOSTOLO.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao efa nano-rina ny Ekklesianao ambonin' ny fanorenain' ny Apostolo sy ny Profeta, ary Ieso Kristy hiany no vato fehizoro indrindra: aoka ny fampianaranary no hampikambanana anay amy ny firaism-panahy, mba hanaovana anay ho Tempoly masina ankasitr-hanao; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* S. Ioda 1.

**I**ODA, mpanompony Ieso Kristy sy rahalahiny Iakoba, mamangy izay olona voantso, malala ao amin' Andriamanitra Ray sy voatahiry ho any Ieso Kristy: hampitomboina ho anareo anie ny famin-drampo sy ny fiadanana ary ny fitiavana. Ry malala, raha nanao izay zotom-po rehetra hanoratra aminareo aho hilaza ny amy ny famonjena iombonantsika, dia nisy nahatera ahy hanoratra aminareo hananatra anareo mba liezahanareo mafy liaro ny fioanea izay efa voatolotra indray mandeha monja ho any ny olona masina. Fa misy olona sasany efa niditra misokosoko, izay voasoratra fahiny ho amin' izany fahamelohana izany, dia olona ratsy fanahy, izay mainadika ny fahasoavan' ny Andriamanitsika ho fijejojeoana ary mandà ny Andrian-tokana, dia Ieso Kristy Tomponsika. Ary ta-hampahatsiaro anareo aho, na dia efa fantatrareo rahateo aza ny zavatra rehetra, fa rehetra novonjen' ny Tompo ho afaka tany Egypta ny olona, dia narangany tao aorian' izany kosa izay tsy nino. Ary ny anjely izay tsy nitahiry ny anjarafanapahany, fa nandao ny fonenany, dia voahazony amy ny fatorana mandrakizay ao amy ny

maizina ho amy ny andro fitsarana lehibe. Ary toy izany koa, Sodoma sy Gomora sy ny tanána nanodidina azy, izay nijangajanga tabaka ireny ka lasa nanaraka nofo hafa, dia ascho ho fananarana amy ny iaretany fjaliana amy ny afo mandrakizay. Kanefa toy izany koa, ireo dia manonofy ka mandoto ny nofo sady manda ny manam-pahalehibazana ary miteny ratsy ny misy voninahitra.

*Ny Filazantsara. S. Iohana xv. 17.*

**I**ZANY zavatra izany no andidiako anareo, mba hifankatiavanareo. Raha izao tontolo izao mankahala anareo, dia fantaro fa Izaho efa halany talohanareo. Raha avy amin' izao tontolo izao bianareo, izao tontolo izao dia ho tia ny azy; fa satria tsy avy amin' izao tontolo izao hianareo, fa Izaho nifidy anareo tamin' izao tontolo izao, dia halan' izao tontolo izao hianareo. Tsarovy ny teny izay nolazaiko taminareo hoe: Ny mpanompo tsy lehibe noho ny tompony. Raha nanenjika Ahy izy, dia hanenjika anareo koa ; raha nitandrina ny teniko izy, hitandrina ny anareo koa. Fa izany rehetra izany no hataony aminareo noho ny anaroko, satria tsy malhalala Izay naniraka Ahy izy. Raha tsy tonga Aho ka niteny taminy, dia tsy ho nanankeloka izy ; fa ankehitriny dia tsy misy fialana azony atao ny amy ny helony. Izay mankahala Ahy dia mankahala ny Raiko koa. Raha tsy nataoko teo aminy izay asa tsy nataon' olona, dia tsy ho nanan-keloka izy ; fa ankehitriny efa hitany ary efa halany Izaho sy ny Raiko koa, fa mba lahataiterahan' ny teny izay voasoratra ao amy ny lalámy hoe : "Halany foana Aho." Fa raha tonga ny Parakleto Izay hirahiko ho aminareo avy amy ny Ray, dia ny Fanahin' ny fahamarinana Izay mi-voaka avy amy ny Ray, Izy no vavolombelona hanambara Ahy. Ary bianareo koa dia vavolombelona hanambara, satria bianareo efa teto amiko hatrany ny taloha.

NY SANTA REHETRA.

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao efa nam-piray ny olompidinao amy ny fikambanana sy ny fiombonana iray ao amy ny tena mystikaliny Ieso Kristy Zanakao, Tomponay : omco fahasoavana izahay mba hanaraka ny olonao masina amy ny fahatsarampanahy sy ny fitondrantena masina, bahazoanay ny fjaliana tsy takatry ny sainay, izay efa namboarinao ho any izay tia Anao marina tokoa ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Solon' ny Epistola. Fanam. vii. 2.*

**A**RY nahita anjely hafa koa aho, niakatia avy tany atsinanana, nanana ny fanombohan-kasen' Andriamanitra velona; ary izy niantso ny anjely efatra izay navela hanimba ny tany sy ny ranomasina tamy ny feo mahery hoe : Aza manimba ny tany, na ny ranomasina, na ny hazo, mandra-panisainay tombokase ny mpanompon' ny Andriamanitsika amy ny handriny. Ary nandre ny isan' izay voaisy tombo-kase aho : efatra arivo amby efatra alina amby iray hetisy no voaisy tombo-kase avy tamy ny firenen' ny Zanak' Israely rehetra. Avy tamy ny fireneny Ioda rea arivo amby iray alina no voaisy tombo-kase. Avy tamy ny fireneny Robena rea arivo amby iray alina. Avy tamy ny fireneny Ascia roa arivo amby iray alina. Avy tamy ny fireneny Naftaly roa arivo amby iray alina. Avy tamy ny fireneny Manase roa arivo amby iray alina. Avy tamy ny fireneny Simeona rea arivo amby iray alina. Avy tamy ny fireneny Levy roa arivo amby iray alina. Avy tamy ny fireneny Isakara roa arivo amby iray alina. Avy tamy ny fireneny Zebolona roa arivo amby iray alina. Avy tamy ny fireneny Iosefa roa arivo amby iray alina. Avy tamy ny fireneny Beniamina rea arivo amby iray alina no voaisy tombo-kase. Rehefa afaka izany, dia nahita aho, ka, indreco, misy olona betsaka tsy tambo isaina avy

tamy ny firenena rehetra sy ny fokem-pirenena sy ny olona ary ny fiteny samihafa nitsangana teo anoloan' ny seza-fiandrianana sy teo anatralan' ny Zanak' ondry, niakanjo akanjo fotsy lava ary nanana sampandrofia teny an-täuany, dia niantso tamy ny feo mahery hoe : Ny famonjena ho any ny Andriamanitsika anie, Izay mipetraka eo ambonin' ny seza-fiandrianana, ary ho any ny Zanak' ondry. Ary ny anjely rehetra nitsangana manodidina ny seza-fiandrianana sy ny loholona ary ny zava-manan-aina csatra, dia niankohoka teo anoloan' ny seza-fiandrianana izy ka nivavaka tamin' Andriamanitra hoe : Amena ! Ny saotra sy ny voninalahitra sy ny fahendrena sy ny fisaoarana sy ny haja sy ny hery ary ny faherezana anie ho any ny Andriamanitsika mandrakizay mandrakizay. Amena.

*Ny Filazantsara. S. Mat. v. 1.*

A RY nony nahita ny vahoaka Ieso, dia niakatra teo an-tendrombohitra Izzy ; ary rehefa tafapetraka Izzy, dia nanatona Azy ny mpianany. Dia niloa-bava Izzy ka nampianatra azy hoe : Sambatra ny malahelo ampanahy fa azy ny fanjakan' ny lanitra. Sambatra ny ory ; fa izy no hampifalina. Sambatra ny malemy fanahy ; fa izy no handova ny tany. Sambatra ny noana sy ny mangetaheta ny fahamarinana ; fa izy no hovokisana. Sambatra ny miantra ; fa izy no hiantrana. Sambatra ny madio am-po ; fa izy no halita an' Andriamanitra. Sambatra ny mpampihavana ; fa izy no hatao hoe zanak' Andriamanitra. Sambatra ny enjehina noho ny fahamarinana ; fa azy ny fanjakan' ny lanitra. Sambatra hianareo, raha haratsin' ny olona sy enjehiny ary asiary izay teny ratsy reletra hitenenany laingga anareo noho ny anarako. Mifalia sy ravoravao hianareo, fa lehibe ny valim-pitanareo any an-danitra ; fa toy izany no nanenjehany ny profeta izay talohanareo.

# PORTIONS OF THE BOOK OF COMMON PRAYER IN MALAGASY.

CONTAINING  
THE ORDER OF BAPTISM BOTH PUBLIC AND PRIVATE.  
THE ORDER OF BAPTISM FOR THOSE OF  
RIPER YEARS.  
THE CATECHISM.  
THE ORDER OF CONFIRMATION.  
THE FORM OF SOLEMNIZATION OF HOLY MATRIMONY.  
THE ORDER FOR THE VISITATION OF THE SICK.  
THE ORDER FOR THE BURIAL OF THE DEAD.  
THE THANKSGIVING OF WOMEN AFTER CHILD-BIRTH.  
A COMMUNION.



SOCIETY FOR PROMOTING CHRISTIAN KNOWLEDGE,  
LONDON: NORTHUMBERLAND AVENUE, W.C.  
1904.

# NY FANAOVÁNA BATISA NY ZAZA

ATAO

AO AN-TRANO FIANGONANA.

¶ Tokony hilazana ny olona fa tsy tokony hisy batisa mihitsy afa-tsy amy ny Alahady sy ny Andro Festa hafa koa, izay iangonan' ny olona maro;

Ary misy zavatra roa makamety izany.

1. Mba ho ravalombelona ny fandraisana izay vita batisa ho isan' ny Ekklesiany Kristy ny mpiangona.

2. Ary koa mba hahatsiarovao' ny vita batisa izay nataony teo anitrehan' Andriamanitra tamy ny nanaorana batisa azy.

Kanefa (raha tsy azo avele), dia azo atao batisa hiany ny zaza, na amy ny andro inona na amy ny andro inona.

¶ Ary tsarovy, fa tokony hisy olona roa hiantoka ny hatalo batisa : lehilahy iray sy rehivavy iray.

¶ Raha misy zaza hatao batisa, dia tsy maintsy holazain' ny ray aman-dreniny amy ny Ministera alohan' ny andro hanavana izany na alohan' ny fivavahana maraina. Ary ny ray aman-dreniny mlamy ny mpian-toka ny zaza, dia tsy maintsy manatona ny Fonta, raha vita ny Lesena faharoa na amy ny Fivavahana Maraina na amy ny Fivavahana Hariva, araka izay hotendren' ny Ministera. Dia hanatona ny Fonda (izay tsy maintsy hofencina rano malis amin' izany) ny Presbytera, dia habsungana eo izy ka hanao hoe:

**M**OA efa vita batisa va ity zaza ity sa tsia ?

*Raha mamaly hoe izy, Tsia : ny Presbytera dia hiteny hoe :*

**P**Y MALALA, satria torontoronina sy teraka RAY amy ny ota ny olona rhetra, ary nolazainy Kristy Mpamony antsika, fa tsy misy mahazo midi-tra ao amy ny fanjakan' Andriamanitra raha tsy ateraky ny Rano sy ny Fanahy Masina indray izy; dia mangataka aminareo aho, mba hitaraina amin' Andriamanitra Ray, amy ny alalany Ieso Kristy Tomponsitska hanomezany *ity zaza ity*, noho ny halehiben' ny famindrampony, izay zavatra tsy azony horaisina raha araka izao toetrarynay izao; dia mba hatao batisa amy ny Rano sy ny Fanahy Masina izy, ka hampiandrancina ho ao anatin' ny Ekklesia masina any Kristy, sady hatao ho sampana velona momba azy.

*Dia ketaon' ny Presbytera hoe :*

Aoka isika hivavaka.

*Ary dia handohalika ny mpianjona rhetra.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, tamy ny famindramponao lehibe, rano no namonjenao any Noa sy ny mpianakaviny teo amy ny Sambo fiara mba tsy ho faty; ary koa Hianao dia nitondra soa aman-tsara ny zanak' Israely olonao namaky ny Ranomasina Mena, ka nampiseho tamin' izany ny tandindon' ny Batisanao masina; ary koa, tamy ny nanaovana batisa any Ieso Kristy Zanakao malalanao tao amy ny renirano Iordana, Hianao dia nanamasina Rano ho fanasana mystikaly manafaka ny fabotana; Koa satria ny famindramponao dia tsy hitalany, mangataka aminao izahay, tsinjoyv amy ny fiantranao *ity zaza ity*; sasao izy ka hamasino amy ny Fanahy Masina; mba ho afaka amy ny fahatezeranao ka horaisina ho ao anatin' ny Sambo fiaran' ny

Ekklesiany Kristy ; ary noho izy maharitra amy ny finoana sy mifaly amy ny fanantenana ary miorina amy ny fitiavana, aoka ny hamakiany ny onjan' izao fainana mitopatopa izao no hahazoany ho tonga any amy ny tanin' ny fainana mandrakizay amy ny farany, mba hiara-manjaka ao aminao mandrakizay mandrakizay ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sady tsy mety maty ô, Mpanampy izay rehetra mahantre, Mpamony izay rehetra manatona Anao hovonjena, fainan' ny mino, ary fananganana ny maty : mitaraina aminao izahay ho any *ity zaza ity*, mba hahazoany ny famelana ny helony amy ny fiteraham-baovao, noho ny fanatsaran' ny Batisanao masina. Raiso izy, Tompo ô, araka ny nampanantenao anay amy ny alalan' ny Zanakao malalanao manao hoe : Mangataha, dia homena auareo; mitadiava, dia hahita hianareo; mandondona dia hovohana hianareo; Koa ankehitriny aoka homena izahay, izay mangataka; aoka izahay, izay mitady, hahita; vohay varavarana izahay, izay mandondona, mba hahazoan' *ity zaza ity* ny fitahian' ny fanasanao mandrakizay avy any an-danitra, ka hahatongavany any amy ny fanjakanao mandrakizay, izay efa nampantanenainao azy; amy ny alalany Kristy Tomponay. *Amena.*

*¶ Dia hitsangana ny olona, ary ny Presbytera hanao hoe :*

Henoy ny tenin' ny Filazanisara nosoratany S. Marko ao amy ny toko fahafolo, ary ny andiniuny fahatelo amby ny folo.

**A**RY nisy nitondra zaza ho eo aminy mba hotendreny; fa ny mpianany niteny mafy izay nitondra. Ary Ieso kosa dia tezitra raha nahita izany, ka hoy Izy taminy : Avelao ny zaza hanatona Aly, ary aza rarana; fa any ny toa azy ny fanjakan' Andriamanitra. Lazaike aminareo marina tokoa: Na zovy na zovy no tsy handray ny fanjakan' Andriamanitra tahaka ny zaza, dia isy ho tafiditra

aminy akory. Ary Izy nitrotro azy, dia nametraka tānana taminy ka nitaly azy.

*T Rehefa roavaky ny Filazantsara, dia hananatra ny olona ny Ministera hoe :*

**R**Y MALALA, efa renareo tamin' izany Filazantsara izany ny teniny Kristy Mpamony antsika, fa nasainy ho entina any aminy ny zaza ; fa nomeny tsiny izay te-ho nisakana azy tsy hankany aminy ; sady nanariny ny olona rehetra hanaraka ny tsy fananany tsiny. Koa hitanareo fa ny nataon' ny Tompontsika no nameho ny sitrapony taminy ; fa dia nitrotro azy Izy, dia nametraka ny tānany taminy ary nitaly azy. Koa aza miahahana áry hianareo, fa minoa fatratra fa horaisiny tsara toy izany koa ity zaza eto anatrehantsika ity ; fa hitrotro azy amy ny sandrin' ny famindrampony Izy ; fa hanome azy ny fitahian' ny fiainana mandrakizay ka hampionbona azy ny fanjakany tsy menami-pahataperana Izy. Koa amin' izany, satria isika matoky ny sitrapon' ny Raintsika any an-danitra, izay efa nambarany Ieso Kristy Zanany ny amin' ity zaza ity, ka tsy miahahana akory fa sitrak y ny fony izao asaun-pitiavana ataontsika izao, dia ny itondrantsika ity zaza ity amy ny Batisany masina, dia aoka isika hisaotra Azy amy ny finoana sy ny fietrentena ka hanao hoe :

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay, Ray any an-danitra ô, misaotra Anao amy ny fietrentena izahay, satria efa sitrak y ny fonao hiantso anay ho amy ny fahalalana ny fabasoavano sy ho amy ny finoana Anao : Ampitombay ato anatinay izany fahalalana izany, ary hanafio mandrakariva izany finoana izany. Omeo ny Fanahinao Masina ity zaza ity mba ho teraka indray izy ka hatao ho mpandova ny famonjena mandrakizay ; amy ny alalaný Ieso Kristy Tomponay, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao mbamy ny Fanahy Masina, ankchitriny sy mandrakizay mandrakizay. *Amepa.*

*Dia hananatra ny mpiankolu ny zaza toy izao ny Presbytera :*

**R**Y MALALA, hianareo efa nitondra ity zaza ity eto hatao batisa, ary efa nivavaka hianareo mba ho sitrak y ny fony Ieso Kristy Tompontsika ny handray azy sy ny hanafaka azy amy ny fahotany sy ny hanamasina azy amy ny Fanahy Masina ary ny hanome azy ny fanjakany' ny lanitra sy ny fiainana mandrakizay. Ary koa efa renareo fa Ieso Kristy Tompontsika dia efa nampanantena anareo eo amy ny Filazantsarany izany zavatra rehetra nangatahinareo izany : ary araka ny anjarany, dia hitandrina sy hahatanteraka marina tokoa izany fampanantenana izany Izy. Koa noho izany fampanantenana nomeny Kristy izany, ity zaza ity kosa, araka ny anjarany, dia tsy maintsy miantoka amy ny alalanareo mpiankoka azy, ambarapahaleony tena ka hanaky izany ho azy, handá ny devoly sy ny asany rehetra. sy lino mandrakariva ny Tenin' Andriamanitra Masina, ary hitandrina sy hankato ny didiny.

Koa manontany aho,

**M**OA lavinao va, amy ny anaran' ity zaza ity, ny devoly sy ny asany rehetra, ary ny fireharehamipoana sy ny voninahitr' izao tonfolo izao, mbamy ny faniriany malihitra sy ny filandratsin' ny nofo, ka dia tsy hanaraka izany hianao na hotarihin' izany ?

*Valiny.* Manda izany rehetra izany aho.

**M**OA inoanao va ny Symbolonan' ny Apostolo hoe : **I**zaho mino an' Andriamanitra, Ray Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany :

Ary Ieso Kristy Zanany lahitolana Tompontsika : Izay torontorina tamy ny herin' ny Fanahy Masina, nateraky Maria Virginie ; Nijuly tamy ny nanopahany Pontio Pilato ; Nohomboana tamy ny hazofjaliana, dia maty ka nalevina ; Nidina tany amy ny Fiainana tsy hita ; Ary nony tamy ny andro fahatelo dia nitsangana tamy ny maty ; Dia

niakatra any an-dauitra. Ary mipetraka eo amy ny tîmâna ankavanâna' Andriamanitra Ray Tsitoha; Ary avy any no hihaviany indray hitsara ny velona sy ny maty :

Izaho mino ny Fanahy Masina; Ny Ekklesia masina katolika; Ny Fiombonan' ny Santa; Ny Famelankeloka: Ny Fitsanganan' ny tena amy ny maty; Ary ny Fiamana mandrakizay manaraka ny fabafutesana ?

*Valiny.* Mino fatratra izany rehetra izany aho.

*Ministera.*

**M**OA tianao va ny hatao batisa amin' izany fioanca izany ?

*Valiny.* Izany no tiako.

*Ministera.*

**M**OA hitandrina sy hankato ny sitrapon' Andriamanitra sy ny didiny masina va lianao, ka hitondratena araka izany amy ny andro rehetra hainanao ?

*Valiny.* Hanao ihy aho.

*Dia hatsoi ny Presbytera hoe :*

**A**NDRIAMANITRA mamindrafo ô, aoka halevina anie ny Adama antitra ao amin' ity zaza ity, ary hatsangana ao anatin' ny olom-baovao. *Amena.*

Aoka ho faty ao anatin' anie ny filandratsin' ny nofo rehetra, ary aoka izay rehetra momba ny Fanahy ho velona sy handroso ao anatin'. *Amena.*

Aoka hanana hery sy tanjaka anie izy, mba hifiany amy ny fandresena ny devoly sy izao tentolo izao ary ny nofo. *Amena.*

Aoka anie izay rehetra hanasinina eto ho Anao amy ny rabarahanay sy ny fauompoanay mba hampitafina ny fahatsarana avy any au-danitra ka homena valimpitia mandrakizay noho ny famindramponao, Andriamanitra Tempo isaorana ô, Izay velona, ka manapaka ny zavatra rehetra mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sady velona mandrakizay ô, Ieso Kristy Zanakao malalanao dia nampilatsaka rano sy ra avy tamy ny lanivoany soa indriandra ho famelana ny helokay, ary nandidy ny mpianany handeha sy hampianatra ny firenena rehetra, ary hanao batisa azy amy ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina; Mifona aminao izahay, mba hihainoanao ny sangatahan' ny fiangonanao; hamasino ity Rano ity ho fanasana \* mystikaly manafaka ny fahotana; ary aoka ity zaza ity, izay efa hatao batisa ankehitriny, mba handray ny hafenon' ny fahascavanao ka haharitra ho isan' ny zanakao mahatoky sy voafidy; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Dia hitretro ny zaza ny Presbytera ka hiteny amy ny mpiantoka azy hoe :*

Lazao ny anaran' ity zaza ity.

*Ary rehetra rovalazany, dia hanonona ny anaran' vao nomen' ireo ny Presbytera, ary hanobeka ny zaza amy ny rano ka hanao hoe :*

**R**A... ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. *Amena.*

*Kanefa kosa raha lazain' ireo fa malemy ny zaza, dia mety hiany ny manpidina rano amy ny lohany, ary hanao ilay teny rovalaza leto.*

*Dia hataon' ny Presbytera hoe :*

**M**AMPIANDRANO ity zaza ity ho ao anatin' ny Ekklesian' ny ondry andiany Kristy izahay, ka †manamarika azy amy ny mariky ny hazofijaliana, ho famantarana fa † Eto no hanaov'an' ny Presbytera ny mariky ny hanaiky ny fioana any Kris- handrin' ny zaza.

\* Zava-mitina tsy takatry ny sain' elona.

ny hazofijaliana izy, ary hitombondahy hiady ao ambanin' ny fanevany, manohitra ny fahotana sy izao tontolo izao ary ny devoly, ka haharitra ho miaramila mahatoky sy ho mpanompony Kristy ambarapahafatiny. *Amena.*

*Ary ny Presbytera dia kilaza hoe :*

SATRIA efa hitantsika ankehitriny, ry malala, fa efa teraka indray *ity zaza ity*, ka voatsfokoa ao anatin' ny tenan' ny Ekklesiany Kristo, dia aoka isika hisaotra an' Andriamanitra Tsitoha noho izany zava-tsoa izany, ary hiara-mangataka aminy, mba handehaman' *ity zaza ity* amy ny andro sisa hiainany araka izao iandohanay izao.

*Dia handohalika izy rehetra ka hanao hoe :*

RAINAY Izay any an-danitra, Hohamasinina anie ny Anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao, Et<sup>y</sup> an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamele<sup>j</sup> ny helokay tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakampanaby : Fa manafaha anay amy ny ratsy. *Amena.*

*Dia ny Presbytera hanao hoe :*

MISAOTRA Anao amy ny fonay izahay, Ray mamindrafo ô, fa efa sitrakao hahateraka indray *ity zaza ity* amy ny Fanabinao Masina, sy handray azy ho zanakao amy ny fananganan-anaka, ary hampiditia azy ao amy ny tenan' ny Ekklesianao masina. Ary satria efa maty ny amy ny ota izy sy niara-nalevina taminy Kristy ary velona ny amy ny fahamarinana, dia mifona aminao amy ny fiertrentena izahay, aoka izy mba hanombo ny lahi-antitra amy ny hazofijaliana ka habafoana avokoa izay rehetra mety ho ota ; ary satria efa natao ho mpiombona ny fahafatesan' ny Zanakao izy, dia aoka ho mpiombona ny fitsanganany tamy ny maty kea, mba handovany ny fanjakanao mandrakizay liarakana amy ny Ekkle-

sianao masina sisa amy ny farany ; amy ny alalaney Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Dia hitsangana izy rehetra, ary dia ny Presbytera hananatra ny mpiantoka ny zaza toy izao :*

SATRIA *ity zaza ity* efa nanaiky amy ny alalanareo S mpiantoka azy, handà ny devoly sy ny asany rehetra sy hino an' Andriamanitra ary hanompo Azy ; dia tsy maintsy tsarovanareo fa anjara-rharahanareo sy mety hataonareo ny mitandrina fa raha vao malihay mianatra *ity zaza ity*, dia hampianarina izay voady sy fikasana ary fahaikenena masina efa nataony tamy ny alalanareo. Ary mba hahalalany tsara kokoa izany zavatra izany, dia tsy maintsy asainarreco hihaimo fitioranteny izy ; indrindra fa hotandremanareo mba bianaatra ny Symbolona sy ny Fivavahan' ny Tompo ary ny Didy Folo izy, sy ny zavatra hafa rehetra, izay tokony ho fantafry ny Kristiana sy linoany ho falafinaretana ny fanahiny; sady acka hotaizaina amy ny fahatsaram-panahy *ity zaza ity*, hitondranitena tsara ; koa tsarovy fa ny Batisa no maneho amintsika ny fanaikentsika, dia izao : ny hanaraka izay nataony Kristy Mpamony antsika mba hatao tabaka Azy, fa tabaka ny nahafatesany sy ny fitsanganany tamy ny maty noho isika, no tokony hahafatesantsika koa ny amy ny ota, dia isika izay efa vita batisa, ary hitsangana-ntsika ho amy ny fahamarinana ; mamono mihitsy ny filandratsintsika vetaveta, ka mandroso isandro amy ny fahatsaram-panahy sy ny fitondranten a tian' Andriamanitra.

*Dia hiteny koa ny Presbytera ka hanao hoe :*

TSY maintsy tandremanareo mba ho entina any amy ny Eveka *ity zaza ity* hatao Konfirmationa, rehefa malihay ny Symbololan' ny Apostolo sy ny Fivavahan' ny Tompo ary ny Didy Folo izy, ary efa nampianarina tsara ny Katekisinan' ny Ekklesia, izay voatendry ho amin' izany.

Araka ny Tenin' Andriamanitra, dia fantafra marina fa raha maty fony tsy iabola natao ny zazakely izay efa natao batisa, dia voavonjy marina tolkoza izy.

¶ Dia handohalika izy rehetra, ary ny Ministera dia hisaotra an' Andriamanitra ka hanao hoe :

**M**ISAOTRA Anao amy ny fonay rehetra izahay, Ray mamindrafo indrindra ô, satria efa sitrakao hahateraka indray ity zaza ity amy ny Fanahimao Masina sy handray azy ho zanakao amy ny fananganan-anaka ary hampiditra azy ao amy ny Ekklesianao Masina. Ary mifona aminao amy ny fietrentena izahay, aoka ho mpiombona ny fitsanganan' ny zanakao izy, noho izy izao efa natao ho mpiombona ny fabafatesany, mba handovany ny sanjakanao mandrakizay amy ny farany miaraka amy ny olompidinao; ainy ny alalany Ieso Kristy Zanakao sy Tompenay. Amena.

¶ Ary tsy tokony hisalasala ny olona, fa ny zaza izay efa vita batisa toy izany, dia efa vita marina, ary tsy mety raha atao indray. Nefa kosa, raha velona liany ny zaza izay efa natao batisa toy izany, dia mety raha ho entina any am-piangonana izy, hahalalan' ny Mpiangonana ny nanowvana batisa azy. Ary amin' izany ny Ministera dia kilaza hoe :

**I**ZAHO manambara aminareo, fa efa nanao batisa ity zaza ity aho teo anatrehan' ny vavolombebona, sady araka ny Fomban' ny Ekklesia tany . . . tamy ny andro . . .

Kanfa raha olon-kafa no nanao batisa ny zaza, ny Ministera mpitandrina azy dia hanadina na efa vita batisa marina izy na tsia. Ary amin' izany raha ny mitondra ny zaza ho ao am-piangonana no mamaly hoe, "efaa vita batisa tokoa ny zaza," dia hanontany azy indray ny Ministera hoe :

**I**ZA moa no nanao batisa io zaza io? Ary iza no nanatrika ny nanaovana batisa azy?

Ary satria maika no nanaovana azy ka angamba nisy ny zavatra sasany momba ity Sakramenta ity tsy natao, koa dia manontany aho :

Tamin' inona moa no nanaovana batisa io zaza io?  
Anaran' Iza no nanaovana batisa azy?

## NY FANAUVANA BATISA NY ZAZA,

ATAO

AO AN-TRANO.



¶ Ny Ministera, mpitandrina ny Fianganana, dia tohony hananatra ny olona matetika mba tsy hampijanona ny fanaovana batisa ny zanany ela noho ny Alahady iray na roa manaraka ny nahaterahang, kanefu raha misy mahamaika azy, dia azo atao amin' izay andro masina anclaneliny, raha eken' ny Ministera.

¶ Ary koa tokony hananatra azy izy, fa tsy mety ny manao batisa ny zanany ao an-trano, raha tsy unkamehuna. Ary raha sendra izany, dia hanao batisa azy araka izao :

¶ Voalohany, aoka ny Ministera sy izay tafavory ao hangataka amin' Andriamanitra ka hanao ny Firavahan' ny Tompo sy ny Kolekto efa roatendry ao amy ny fanaovana batisa ao an-trano Fianganana araka izay azo hatao. Ary dia holazaina ny anaran' ny zaza, dia hampidina rano ao amy ny lohany ny Ministera ka hanao hoe :

**R**A... IZAHO manao batisa anao amy ny Anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

*Ary rehefa navalin' ny mitondra ny zaza ka hitan' ny Ministera fa efa vita batisa araka ny fanao izy, dia handray azy ho isan' ny olona Kristiana ka hanao hoe :*

**I**ZAHO manambara aminareo, fa efa vita batisa araka ny fanao io zaza io, izay nateraka tamy ny fahotana nolovany sy tamy ny fahatezeran' Andriamanitra, koa dia efa voaray izy ankehitriny, nobo ny fanasan' ny fiteraham-baovao amy ny Batisa, ho isan' ny zanak' Andriamanitra sy ho mpandova ny Fiainana mandrakizay : fa ny Tompontsika Ieso Kristy tsy manda tsy hanome ny fahasoavany sy ny famindrampony ny zaza, fa asainy hanatona Azy kosa nobo ny fitiavany, araka ny voalazan' ny Filazantsarany masina ho sahafinaretsantsika toy izao :

### S. Marko x. 13.

**A**RY nisy nitondra zaza ho eo aminy imba hoten-dreny ; fa ny mpianamy niteny mafy izay nitondra. Ary Ieso kosa dia tezitra raha nahita izany, ka hoy Izy taminy : Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza rarana ; fa any ny toa azy ny fanjakan' Andriamanitra. Lazaiko aminareo marina tokoa : Na zovy na zovy no tsy handray ny fanjakan' Andriamanitra tahaka ny zaza, dia tsy ho tafiditra aminy akory. Ary Izy nitrotro azy, dia nametraka tanana taminy ka nitahy azy.

*Ary rehefa roavaky ny Filazantsara, dia hananatra ny olona ny Ministera hoe :*

**R**Y MALALA, efa renareo tamin' izany Filazantsara izany ny teniny Kristy Mpamonyjy antsika, fa nasainy ho entina any aminy ny zaza madinika ; fa nomeu tsiny izay te-ho nisakana azy tsy hankany aminy ; sady nanariny ny olona rehetra hanaraka ny tsy fananany tsiny. Koa hitanareeo fa ny nataon' ny Tompontsika no naneho ny sitrapouy taminy ; fa dia nitrotro azy Izy, dia nametraka ny tanany taminy ka nitahy azy. Koa aza mialahanalana ary lianareo, fa minoa fatratra fa horaisiny tsiaia toy izany koa ity zaza eto anatrehantsika ity ; fa hitrotro

azy amy ny sandrin' ny famindrampony Izy ; fa hanome azy ny fitahian' ny fiainana mandrakizay ka hampiombona azy ny fanjakany tsy manam-pahataperana. Koa amin' izany, satria isika matoky ny sitrapon' ny Raintsika any an-danitra, izay efa nambarany Ieso Kristy Zanany, ny amin' ity zaza ity ; dia aoka hisaotra Azy amy ny fiovana sy ny fietrentena, ka hanao ny Fivavahana, izay nampiarin' ny Tompo antsika :

**R**AİNAY Izay any an-danitra, Hohamasinina anie ny Anaranao. Ilo tonga auie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao, ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina salaza ho anay. Ary mameià ny helokay tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakampahanhy ; fa manafaha anay amy ny ratsy. *Amena.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay, Ray any an-danitra ô, misaoira Anao amy ny fietrentena izahay, satria efa sitraky ny fono hiantso anay ho amy ny fahalalana Anao sy ho amy ny finoana Anao : Ampitomboy ato anatinay izany fahalalana izany, ary hamafio mandrakariva izany finoana izany. Omeo ny Fanahinao Masina ity zaza ity, izay efa teraka indray ka natao ho mpandova ny famonjena mandrakizay ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao mbamy ny Fanahinao Masina, ankehitriny sy mandrakizay. *Amena.*

*Dia hanontany ny Anarau' ny zaza ny Presbytera ka holazain' ny mpiantoka azy izany, dia hataon' ny Ministera hoe :*

**M**OA lavinao va amy ny anaran' ity zaza ity ny devolosy ny asany rehetra, ary ny firehareham-poana sy ny voninalith' izao tontolo izao, mbamy ny faniriany mahihitra sy ny filandratsin' ny noto ka dia tsy hanaraka izany hianao na hotarilin' izany ?

*Valiny.* Mandà izany rehetra izany aho.

*Ministera.*

**M**OA inoanao va ny Symbolongan' ny Apostolo hoe : Izaho mino an' Andriamanitra, Ray Tsitoha Mjanao ny Janitra sy ny tany :

Ary Ieso Kristy Zanany labitokana Tomponsika ; Izay torontoronina tamy ny herin' ny Fanahy Masina, nateraky Maria Virjina ; Nijaly tamy ny nanapalahany Pontio Pilato ; Nohomboana tamy ny hazofijaliana ; dia maty ka nalevina ; Nidina tany amy ny Fiainana tsy hita ; ary nony tamy ny andro fahatelo dia nitsangana tamy ny maty ; Dia niakatra any any-danitra ; Ary mipetraka eo ainy ny tānana ankavanana' Andriamanitra Ray Tsitoha ; Ary avy any no hihaviany indray hitsara ny velona sy ny maty :

Izaho mino ny Fanahy Masina ; Ny Ekklesia masina katolika ; Ny Fiombonan' ny Santa ; Ny Famelankeloka ; Ny Fitsanganan' ny tena amy ny maty ; Ary ny Fiainana mandrakizay manaraka ny fahafatesana ?

*Valiny.* Mino fatratra izany rehetra izany aho.

*Ministera.*

**M**OA tianao va ny hatao batisa amin' izany finoana izany ?

*Valiny.* Izany no tiako.

*Ministera.*

**M**OA hitandrina sy hankato ny sitrapon' Andriamanitra sy ny didiuy masina va hianao, ka hitondratena araka izany amy ny andro rehetra hiananao ?

*Valiny.* Hanao izany aho.

*Dia hataon' ny Presbytera hoe :*

**M**AMPIANDRANO ity zaza ity ho ao anatin' ny Ekklesian' ny ondry andiany Kristy izahay, ka \*manamarika azy amy ny mariky ny hazofijaliana, ho famantaraia fa hatrizao dia tsy ho menatra hanaiky ny finoana any Kristy, Izay nehomboana tamy ny hazofijaliana izy, ary hitombendahy hiady ao ambanin' ny fanevany manohitra ny fahotana sy izao toutolo izao ary ny devoly, ka haharitra ho miaramila mahatoky sy ho mpanompony Kristy ambaraphafatiny. *Amena.*

\* Eto no hanaovan' ny Presbytera ny mariky ny hazofijaliana eo amny ny bandriu' ny zaza.

*Dia hataon' ny Presbytera hoe :*

**S**ATRIA efa hitantsika ankehitriny, ry malala, fa efa teraka indray ity zaza ity, ka voatsofoka ao anatin' ny tenan' ny Ekklesiany Kristy, dia aoka isika hisaotra an' Andriamanitra Tsitoha noho izany zava-tsca izany, ary hiaro-mangataka aminy, mba handehanan' ity zaza ity amy ny andro sisa hianinan araka izao jandobany izao.

*Dia hataon' ny Presbytera hoe :*

**M**ISAOTRA Anao amy ny fonay izahay, Ray mbindrafo ô, fa efa sitrakao habateraka indray ity zaza ity amy ny Fanahinao Masina, sy handray azy ho zanakao amy ny fananganan-anaka, ary hampiditra azy ao ainy ny tenan' ny Ekklesianao masina. Ary satria efa maty ny amy ny ota izy sy niaranalevina taminy Kristy ary velona ho any ny fabamarinana, dia mangataka aminao amy ny fietrentena izahay, aoka izy niba hanombo ny lahi-antitra amy ny hazofijaliana ka hahafeva avokoa izay rehetra mety ho ota ; ary satria efa natao ho mpiombona ny fahafatesan' ny Zanakao izy, dia aoka ho mpiombona ny fitsangananany tamy ny maty koa, mba handovany ny sanjakanao mandrakizy hiaraka amy ny Ekklesianao masina sisa amy ny farany ; amy ny alalauv Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Dia hitsungana izy rehetra, ary dia hanarin' ny Presbytera ny mpiankotoa toy izao :*

SATRIA ity zaza ity efa nanaiky amy ny alalanareo mpiankotoa azy, handà ny devoly sy ny asany rehetra sy hino an' Andriamanitra ary hanompo Azy ; dia tsy maintsy tsarovanareo fa anjara-rabara-hanareo sy mety hataonareo ny mitandrina fa raha vao mahay mianatra ity zaza ity, dia hampianarina ny voady sy fikasana ary fanaikena masina efa nataony tamy ny alalanareo. Ary mba hahalalany tsara kokoa izany zavatra izany dia tsy maintsy asainareo hilaino fitorianteny izy ; indrindra fa hotandremareo mba hianatra ny Symbolona sy ny Fivavahan' ny Tompo ary ny Didy Folo izy, sy ny zavatra hafa rehetra, izay tokony ho fantatry ny Kristiana sy hinoany ho fahafinarean' ny fanahiny ; sadly aoka hotaizaina amy ny fahatsaram-panahy ity zaza ity, hitondranitena tsara ; koa tsarovy fa ny Batisa no maneho amintsika ny fanaikentsika, dia izao : ny manaraka izay nataony Kristy Mpamony antsika mba hatao tahaka Azy, fa tahaka ny nahafatesany sy ny nitsanganany tamy ny maty noho isika, no tokony hahafatesantsika koa ny amy ny ota, dia isika izay efa vita batisa, ary hitsanganantsika ho any ny fahamarinana ; mamono mihtisy ny filandratsitsika vetaveta, ka mandroso isan-andro amy ny fahatsaram-panahy, sy ny fitondrantena tian' Andriamanitra.

*Nefo kosa raha ny tenin' ny mitondra ny zaza mampisala sala ny Presbytera ka tsy hita marina fa ny zaza dia efa vita batisa tamy ny Rano, amy ny Anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina (fa izany dia tsy azo avela), dia hanao batisa azy indray ny Presbytera araka ny Fanaovana batisa ny. Zaza ao an-trano Fianyonana ; nefo raha manoboka azy izy na nampidina rano amy ny lohany, izao no tony hataony :*

Raha tsy efa vita batisa lianao, RA . . . Izaho manao batisa anao, Amy ny Anarau' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

## NY FANAOVANA BATISA

### NY OLON-DEHIBE, IZAY MAHAVALY HO AZY.

---

*Raha misy olon-dehibe hatao batisa, ny havary sy ny sakozany dia hampandre ny Eureka na izay Ministera hafa voatendry hanao izany raharaha izany tokony ho herinandro aloha, mba hanadinana azy, hahitana na fantany tsara ny fototry ny firavahana Kristiana na tsia, ary mba hananarana azy hiomana amy ny Fivavahava sy ny Fisadiana ho amy ny fandraisana izany Sokramenta masina izany.*

*Ary raha hitan' ny Ministera fa olona miendrika hatao batisa izy, koa tafavory ny olona amy ny Alahady, na amy ny Andro Festa efa voatendry, dia hitondra ny mpiankotoa azy ho eo akaikin' ny Fonta, rchefa voavaky ny Lesona fakarea na amy ny firavahana maraina na amy ny firavahana hariva.*

*Ary hitsangana eo ny Presbytera ka hanontany na misy efa natao batisa rahateo ireto olona rao atolotra ireto nä tsia : Ary raha lazain' izy ireo "tsy mbola natao batisa izy ;" dia hiteny ny Presbytera ka hanao hoe ;*

**P**Y MALALA, satria torontoroinina sy ateraka amy ny ota ny olona rehetra (ka izay ateraky ny nofo dia nofo), ary izay eo amy ny nofo tsy afaka man kasi-

traka an' Andriamanitra, fa velona amy ny ota ka meloka tokoa ; ary satria nolazainy Kristy Mpamonyj antsika hoe : Tsy misy mahazo miditra ao amy ny fanjakan' Andriamanitra, raha tsy ateraky ny Rano sy ny Fanahy Masina indray izy, dia mangataka aminareo aho, mba hitaraina amin' Andriamanitra Ray, amy ny alalany Ieso Kristy Tompontsika, hanomezany *ity* olona *ity*, noho ny halehiben' ny famindrampony izay zavatra tsy azony horaisina raha araka izao toetraryn izao ; dia mba hataeo batisa amy ny Rano sy ny Fanahy Masina izy, ka hampiandranoina ho ao anatin' ny Ekklesia masina any Kristy, sady hataeo ho sampana velona momba azy.

*Dia hataon' ny Presbytera hoe :*

Aoka isika hivavaka.

*Ary dia handokelika ny mpianyona rehetra.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, tamy ny famindramponao lehibe, rano no namoujenao any Noa sy ny mpianakaviny teo amy ny Sambo fiara mba tsy ho faty ; ary koa Hianao dia nitondra soa aman-tsira ny zanak Israely olonao namaky ny Ranomasina Mena, ka nampiseho tamin' izany ny tandindon' ny Batisanao masina ; ary koa, tamy ny fanaovana batisa any Ieso Kristy Zanakao malalao tao amy ny renirano Iordana, Hianao dia nanamasina Rano ho fanasana mystikaly manafaka ny fahotana ; Koa satria ny famindramponao dia tsy hita lany, mangataka aminao izahay, tsinjoyv amy ny fiantranao *ity* impanomponao *ity*; sasao izy ka hamasino amy ny Fanahy Masina ; mba ho afaka amy ny fahatezerao ka horaisina ho ao anatin' ny Sambo fiaran' ny Ekklesiany Kristy ; ary noho izy maharitra amy ny finoana sy misaly amy ny fanantenana ary miorina amy ny fitiavana, aoka ny hamakiany ny onjan' izao fainana mitopatopa izao no hahazoany ho tonga any amy ny tanin' ny fainana mandrakizay amy ny farany, mba hiara-manjaka ao amirao mandrakizay mandrakizay ; any ny alalauny Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sady tsy mety maty ô, Mpanampy izay rehetra mahantra, Mpamonyj izay rehetra manatona Anao hovonjena, fainan' ny mino, ary fananganana ny maty : mitaraina aminao izahay ho any *ity* olona *ity* mba hahazoany ny famelana ny helony amy ny ny fiteraham-baovao noho ny fanatsaran' ny Batisanao masina. Raiso izy, Tompo ô, araka ny nampanantenanao anay amy ny alalan' ny Zanakao malalao manao hoe : Mangataha, dia homena anareo; mitadiava, dia hahita hianareo ; mandondôna, dia hovohana hianareo : Koa ankehitriny aoka homena izahay, izay mangataka ; aoka izahay, izay mitady, hahita ; vohay varavarana izahay, izay mandondôna, mba hahazoan' *ity* olona *ity* ny fitahian' ny fanasanao avy any an-danitra, ka hahatongavany amy amy ny fanjakanao mandrakizay, izay ef a nainpanantenanao azy ; amy ny alalany Kristy Tomponay. *Amena.*

*T Dia hitsangana ny olona, ary ny Presbytera hanao hoe :*

Henoy ny tenin' ny Filazantsara nosoratany Santa Johana ao amy ny toko fahatelo, manomboka amy ny andininy voalohany.

**N**ISY lehilahy anankiray avy amy ny Fariseo, Nikodemo no anarany, mpanapaka tamy ny lodeana. Izy tonga tany aminy Ieso nony alina ka nanao taminy hoe : Raby ô, fantatray fa mpampianatra avy tamin' Andriamanitra Hianao ; fa tsy misy olona mahay manao izao famantaranana ataoana izao, raha tsy Andriamanitra no momba azy. Ieso namaly ka nanao taminy hoe : Lazaiko aminao marina dia marina tokoa : Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan' Andriamanitra izy. Hoy Nikodemo taminy : Hataon' ny olona ahoana no hateraka rehefa lehibe ; mahazo miditra ao an-kibon-dreniny indray va izy ka hateraka ? Ieso namaly hoe : Lazaiko aminao marina dia marina tokoa : Raha misy olona tsy ateraky ny Rano sy ny Fanahy,

dia tsy mahazo miditra amy ny fanjakan, Andriamanitra izy. Izay ateraky ny nofo dia nofo; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy. Aza gaga noho ny nilazako taminao hoe: Tsy maintsy hateraka indray hianareo. Ny rivotra mitsoka amin' izay tiany, ary renao ny feony, fa tsy fantatrao izay ihaviany na izay 'alehany: tahaka izany izay rehetra ateraky ny Fanahy.

*Rehefa vita izany dia hatoung izao Funanarana izao.*

**R**Y MALALA, efa renarco tamin' izany Filazantsara izany ny teny nataony Kristy Mpamonyjy antsika, fa raha tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy olona, dia tsy mahazo miditra ao amy ny fanjakan' Andriamanitra izy. Izany no ahitantsika fa tsy azo avela mihitsy ity Sakramenta ity, raha misy izay handraisana azy. Ary taloha kelin' ny niakarany Ieso Kristy ho any an-danitra (araka izay vakintsika ao amy ny toko farany amy ny Filazantsarany S. Marko), dia nandidy ny mpianany hoe Izy: Mandehana any amin' izao toutolo izao hianareo ka mitoria ny Filazantsara amy ny olombelona rehetra. Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mino ny hohelohina. Koa izany no ahafantarantsika ny zava-tsao lehibe azontsika avy aminy. Ary koa raha vao nitory ny Filazantsara S. Petera Apostolo, ka nisy maro voatsindrona tampony, ary nanao taminy sy ny Apostolo sasany hoe: Ralolona aman-drahalahy: Inona no hataenay? dia novaliany hoe: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa hianareo rehetra, ho famelana ny heloka, ary dia handray ny fanomezan' ny Fanahy Masina hianareo. Fa ny teny fampantanantena dia ho anareo sy ny zanakareeo ary izay rehetra lavitra, dia izay rehetra hantsoin' ny Tompo Andriamanitsika. Ary nananatra azy koa izy tamy ny teny maro hafa hoe: Vonjeo ny tenanareo amin' ity taranaka maditra ity. Ary (toy ny efa nambaran' izany Apostolo izany hiany eo amy ny andininy hafa), fa famonjena antsika ankelitriny ny Batisa (tsy ny fanesorana ny halotoan' ny nofo anefa, fa ny fitadiavana ny fieritreretana tsara

eo anairehan' Andriamanitra), amy ny nitsanganany Ieso Kristy tamy ny maty. Koa aza miahahanhana áry hianareo, fa minoa fatratra fa Izy dia handray amy ny fitiavana *ity* olona eto anatrehantsika *ity*, izay mibebaka marina tokeo ka manatona Azy amy ny finoana; hamela ny helony Izy, ka hanome azy ny Fanahy Masina; hanome azy ny fitahian' ny fainana mandrakizay ka hanao azy ho mpiombona ny fanjakan' tsy manam-pahataperana. Koa amin' izany, satria isika matoky ny sitrapon' ny Raintsika any an-danitra, izay efa nambaran' Ieso Kristy Zanany ny amin' *ity* olona *ity*; dia aoka isika hisaotra Azy amy ny fineana sy ny fietrentena ka hanao hoe:

**A**NDRIAMANITRA Tsitsaha sy mandrakizay, Ray any an-danitra ô, misaotra Anao amy ny fientrentena izahay, satria efa sitraky ny fonao hiantso anay ho any ny fahalalana ny fahasoavanao sy ho amy ny finoana Anao: Ampitonboy ato anatinay izany fahalalana izany, ary hamafio mandrakariva izany finoana izany. Omeo ny Fanahimao Masina *ity* olona *ity* mba ho teraka indray izy ka hatao ho mpandova ny famonjena mandrakizay; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao mbainy ny Fanahy Masina, ankelitriny sy mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Dia hiteng awy ny olona hatao batisa ny Presbytéra toy izao:*

**R**Y MALALA hianao efa nankaty mba handray ny fiangonana mba ho sitraky Ieso Kristy Tomponsika handray *anao* ka hitahy *anao* sy hanafaka *anao* amy ny fahiotanao ary hanome *anao* ny fanjakan' ny lanitra sy ny fainana mandrakizay. Ary koa efa renao fa Ieso Kristy Tomponsika, dia efa nampantananta *anao* eo amy ny Teniny izany zavatra rehetra efa naungatahantsika izany; ary auaka ny anjarany dia hitandrina sy habatanteraka marina tokeo izany fampantananta izany Izy. Koa ntho

izany fampantanenana nomeny Kristy izany, hianao kosa araka ny anjaranao dia tsy maintsy miantoka eto anatrehan' ireto vavolombelona ireto sy ity fiangonana ity handà ny devoly sy ny asany rehetra sy hino mandrakariva ny Tenin' Andriamanitra masina ary hitandrina sy hankato ny didiny.

*Dia samy hanontanian' ny Presbytera tsirairay avy ny olona hatao batisa amin' izao Fanontaniana izao :*

### *Fanontaniana.*

**M**OA lavinao va ny devoly sy ny asany rehetra, ary ny fircharcham-poana sy ny voninalitr' izao tontolo izao, mbamy ny faniriany mahilitra sy ny filandratsin' ny nofo ka dia tsy hanaraka izany hianao na hotarihin' izany ?

*Valiny.* Manda izany rehetra izany aho.

### *Fanontaniana.*

**M**OA inoanao va ny Symboloran' ny Apostolo hoe : Izaho mino an' Andriamanitra, Ray Tsitoha, Mpaoao ny lanitra sy ny tany.

Ary Ieso Kristy Zanany lahitekana Tompontsika ; Izay torontoronina tamy ny herin' ny Fanaby Masina, nateraky Maria Virginie ; Nijaly tamy ny nanapahany Pontio Pilato ; Nohomboana tamy ny hazofijaliana, dia maty ka nalevina ; Nidina tamy amy ny Fiaianana tsy hita ; Ary nony tamy ny andro fatatelo dia nitsangana tamy ny maty ; Dia niakatra amy an-danitra, Ary mipefraka eo amy ny tanana ankavan'an' Andriamanitra Ray Tsitoha ; Ary avy any no lihaviany indray hitsara ny velona sy ny maty.

Izaho mino ny Fanaly Masina ; ny Ekklesia masina katolika ; Ny Fiomboman' ny Santa ; Ny Famelan-ketoka ; Ny Fitsanganan' ny tena any ny maty ; Ary ny Fiaianana mandrakizay manaraka ny fabafatesana ?

*Valiny.* Mino fatratra izany rehetra izany aho.

*Ministra.*

**M**OA tianao va ny hatao batisa amin' izany sineana izany ?

*Valiny.* Izany no tiako.

*Ministra.*

**M**OA hitandrina sy hankato ny sitrapon' Andriamanitra sy ny didiny masina va hianao, ka hitondratena araka izany amy ny andro rehetra hiaiananao ?

*Valiny.* Hanao izany aho.

*Dia hataoni ny Presbytera hoe :*

**A**NDRIAMANITRA manindrafo ô, aoka halaina anie ny Adama antitra ao amin' ity olona ity, ary hatsangana ao anatinny ny olom-baovao. *Amena.*

Aoka ho faty ao anatinny anie ny filandratsin' ny nofo rehetra, ary aoka iazy rehetra momba ny Fanahy ho velona sy handreso ao anatinny. *Amena.*

Aoka banana hery sy tanjaka anie izy, mba hifaliansy amy ny fandresena ny devoly sy izao toutolo izao ary ny nofo. *Amena.*

Aoka auie izay rehetra hamasinina eto ho Anao amy ny raharalahay sy ny fanompoanay mba ham-pitafina ny fahetsarana avy any an-danitra ka homena valimpitia mandrakizay noho ny famindramponao, Andriamanitra Tompo isaorana ô, Izay velona ka manupaka ny zavatra rehetra mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sady velona mandrakizay ô, Ieso Kristy Zanaka malalanao dia nampilatsaka rano sy ra avy tamy ny lanivoany soa indrindra ho famelana ny helokay, ary nandidy ny mpianany handelia sy hampianatra ny firenena rehetra, ary hanao batisa azy amy ny Anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanaly Masina ; Mifena animao izahay, mba lihameanao ny fangatahan' ny fiangonanao ; hamasine ity Rano ity he fanasana mystikaly manafaka ny fahotana ; ary aoka ity olona ity, izay efa hatao batisa ankehitriny, mba handray ny hafe-

non' ny fahasoavanao ka haharitra ho isau' ny zanakao mahatoky sy voafidy; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Dia handray ny tânana ankavanâr' ny olona efa hatao batisa tsirairay ny Presbytera ka hitondra azy ho eo aakaîn' ny Fonta, dia hanontariany ny Anaranay amy ny npiantoka azy, ary hanoboku azy ao amy ny rano, na hampidina rano eo amboniny ka hanao hoe :*

**RA\*\*\*** Izaho manao batisa anao amy ny Anaranay ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. *Amena.*

*Dia hiteny ny Presbytera hoe :*

**MAMPIANDRANO** ity olona ity ho ao anatin' ny Ekklesian' ny ondry andiany Kristy izahay, ka\* manamarika azy amy ny mariky ny hazofijaliana

\* Eto no hanaovan' ny ho famantarana fa hattrizao Presbytera ny mariky ny dia tsy ho menitra hanaiky hazofijaliana eo amy ny ny finoana any Kristy no-handrin' ny olona. homboana tamy ny hazofijaliana izy, ary hitombondahy hiady ao ambaun' ny fanevany, manohitra ny sahotana sy izao tontolo izao ary ny devoly, ka haharitra ho miarainila mahatoky sy ho mpanompony Kristo ambarapahafatiny. *Amena.*

*Dia hiteny ny Presbytera hoe :*

**SATRIA** esa hitantsika ankehitriny, ry malala, fa esa materaka indray ity olona ity, ka voatsofoka ao anatin' ny tenan' ny Ekklesiany Kristy, dia aoka isika hisaotra an' Andriamanitra Tsitoha noho izany zavatsea izany, ary hiara-mangataka aminy, mba handehanan' ity olona ity amy ny andro sisa hiaianany araka izao iandohany izao.

*Dia handohelika izy rehetra ka hanao ny Ficacahan' ny Tompo.*

**RAINAY** Izay any an-danitra, Ilohamasinina anie Ry ny Anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao. Etý an-tany tahaka ny any

an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mameleá ny helokay tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakampanahy, fa manafaha anay amy ny ratsy. *Amena.*

**MISAOTRA** Anao amy ny fonay izahay, Ray mindrafo ô, satria efa sitrakao hiantso anay ho amy ny fahalalana ny fahasoavanao sy ho amy ny finoana Anao; Ampitombay ato anatin' izany fahalalana izany, ary hamafio mandrakariva izany finoana izany. Ômeo ny Fanahiniao Masina ity olona ity, izay vao teraka indray ka natao ho mpandova ny famoujena mandrakizay, amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay, mba baharetany ho mpanomponao ka hahazoany izay nampanantenainao azy; amy ny alalany Ieso Kristy Zanakao, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao amy ny firaisan' ny Fanahy Masina mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

*Dia hitsangana izy rehetra, ary dia hananatra azy ny Presbytera : nefà ny npiantoka no hitenenany aloha hoe :*

**SATRIA** ity olona ity efa nanaiky eto anatrehanareo handà ny devoly sy ny asany rehetra sy hino an' Andriamanitra ary hanompo Azy, dia tsy maintsy tsarovanareo, fa anjara-raharahanareo sy mety hataonareo ny mampalatsiaro azy izay voady sy fikasana ary fanaikena lehibe esa nataony ankelitriny eto anatrehan' ity fiangonana ity, ary indrindra eto anatrehanareo, izay nofidy ho vavolombelona. Ary koa tsy maintsy hanarinareo izy, mba hazoto handinika ny Tenin' Andriamanitra masina, hitombeany amy ny fahasoavana sy uy fahalalana any Ieso Kristy Tomponsika, ary hitondranitena tsara sy marina amin' izao fiainana izao.

*Dia hiteny amin' izay vao natao batisa kosa izy ka hanao hoe :*

**ARY** ny aminao, izay efa nitafy any Kristy tamy ny Batisa, satria esa natao ho zanak' Andriamanitra sy ny mazava hianao amy ny finoana any

Ieso Kristy, dia anjara-raharahaao sy mety lataonao kosa ny mandeha araka ny miantsoany Kristy *anoo*, sy araka izay mendrika ny zanaky ny mazava ; koa tsarovy, fa ny Batisa no maneho amintsika ny fanai-kentsika, dia izao : ny manaraka izay nataony Kristy Mpamony antsika mba hatao tahaka Azy ; fa tahaka ny nahafitesavy sy ny nitsanganany tainy ny maty noho isika, no tokony habafatesantsika koa ny amy ny ota, dia isika izay efa nataao batisa, ary hitsaugnantisika ho any ny fahamarinana ; mameno mihitsy ny filandratsintsika vetaveta ka mandroso isan-andro amy ny fahatsaram-panahy sy ny fitondrantena tian' Andriamanitra.

*Isan' elona izay vita batisa dia tokony hataon' ny Eucka Konfirmationa rehefa misy izay fotoana hanovany izany mba hamprandraisana azy ny Komonioua masina.*

*Raha misy izay tsy natao batisa fony mbola zaza no halolotra hatao Batisa, nefa tsy mbola mahaleo tena hamaly izy, dia mety raha ny Fanaovana batisa ny Zaza ao an-trano Fiangonana, na (raha sendra misy mahatery indrindra) ny Fanaovana batisa ao an-trano no atao ; Kanefa ny teng hoe, Zaza, dia horana ho Zatovo, na Olona, araka izay mety.*

## KATEKISMA

IZANY HOE, FOTO-PIANARANA IZAY TOKONY HIANARAN' ISAN' OLONA, ALOHAN' NY HANOLORANA AZY HO AMY NY EVEKA HATAO KONFIRMATIONA.

---

### *Fanontaniana.*

IZA no Anaranao?

*Valiny. RA . . .*

*Fanon. Iza no nanome anao izany Anarana izany?*

*Valiny. Ny mpitantoka ahy tamy ny Batisa.*

*Fanon. Toetra inona moa no nampidirana anao tamin' izany Batisa izany ?*

*Valiny. Ny Batisa no nampitoetra ahy ho rantsaby Kristy sy ho zanak' Andriamanitra ary ho mpandova ny fanjak'an' ny lanitra.*

*Fanon. Inona no nataon' ny mpitantoka anao ho anao tamin' izany ?*

*Valiny. Niantoka sy nivoady zavatra telo amy ny anarako izy. Voalohany, handà ny devoly sy ny asany rehetra aho, ary ny fireharehana sy ny zavapoana auvin' izao fainana be fahotana izao, mbamny ny filandratsin' ny nofo rehetra. Fabaroa, hino ny Artikolin' ny Fineana Kristiana rehetra aho. Ary fahatelo, hitandrina ny sitrapon' Andriamanitra sy ny didiny aho, ka handeha amin' izany amy ny andro rehetra hainakko.*

*Fanon. Moa tsy maintsy mino sy manao araka ny tenin' ny mpitantoka nisolo anao va hianao ?*

*Valiny.* Eny tokoa; fa amy ny fanampian' Andriamanitra ahy dia hanao izany aho. Ary misaoatra ny Raintsika any an-danitra amy ny foko rehetra aho, satria efa niantso ahy ho amin' izao toe-pamonjenja izao Izy, amy ny alalany Jeso Kristy Mpamony antsika. Ary mangataka amin' Andriamanitra aho, mba hanome ahy ny fahasoavany, haharetako amin' izany ambarapahafatiko.

*Katekista.*

Tonóny áry ny Artikoliu' ny Finoanao.

*Valiny.*

I<sup>Z</sup>AIIIO mino an' Andriamanitra, Ray Tsitoba, Mpanao ny lanitra sy ny tany :

Ary any Jeso Kristy Zanany labitokana Tompon-tsika, Izay torontoromina tamy ny herin' ny Fanahy masina, nateraky Maria Virjiua, Nijaly tamy ny nampahany Pontio Pilato, Nohombona tamy ny hazofijaliana, dia maty ka nalevina, Nidina tamy amy ny Fiaianana tsy hita ; ary nouy tamy ny andro fahatelo dia nitsangana tamy ny maty, Dia niakatra any an-danitra, Ary mipetraka eo amy ny tianana ankavanana' Andriamanitra Ray Tsitoba ; Ary avy any no ihaviany indray hitsara ny veloua sy ny maty.

Izaho mino ny Fanahy Masina ; Ny Ekklesia masina katolika ; Ny Fiombonau' ny Santa ; Ny famelankeloka ; Ny Fitsanganan' ny tena amy ny maty, Ary ny Fiaianana mandrakizay. Amena.

*Fanon.* Inona moa no afaoao ho foto-kevitra indrindra amin' ireo Artikolin' ny Finoanao ireo ?

*Valiny.* Izao no izy :

Voalohany, ny mino an' Andriamanitra Ray, Izay efa nanao ahy sy izao tontolo izao.

Faharoa, ny mino an' Andriamanitra Zanaka, Izay efa nanavotra ahy sy ny olomibelona rehetra.

Fahatelo, ny mino an' Andriamanitra Fanahy Masina, Izay manamasina ahy sy ny olompidin' Andriamanitra rehetra.

*Fanontaniana.*

Efa nolazaina fa ny mpaintoka anao dia nikasa ho anao fa hitandrina ny Didin' Andriamanitra hianao.

Firy moa izy ?

*Valiny.* Folo.

*Fanon.* Inona avy ?

Ilay nolazain' Andriamanitra eo amy ny Bokin' ny Eksodosy toko faharoapolo, manao hoe : Izaho no Iehovah Andriamanitao, Izay nampivoaka anao avy tamy ny tany Egypta, tamy ny trano fahandevozana.

I.—Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho hiany.

II.—Aza manao sarin-javatra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra izay eo amy ny lanitraambony, na izay eo amy ny tany ambany, na izay ao amy ny rano ambanin' ny tany. Aza miankohoka aminy, ary aza manompo azy : fa Izaho no Iehovah Andriamanitao, Andriamanitra saro-piaro, Izay mamaly ny heloky ny ray ho amy ny zanaka, hatramy ny zafiasy sy ny zafindohalika izay mandrafy Ahy, ary mamindrafo amy ny olona arivo mandimby izay tia Ahy, ka mitandrina ny didiko.

III.—Aza manonona foana ny Anarany Iehovah Andriamanitao ; fa tsy mba hataony Iehovah ho asatsiny izay manonona foana ny Anarany.

IV.—Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy. Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahaao rehetra, fa Sabatany Iehovah Andriamanitao ny andro fahafito : aza manao raharaha akory hianao amin' izany na ny zanakao lahy na ny zanakao-vavy, na ny ankizilahinao, na ny ankizivavinao, na ny bibinao, na ny vahininao izay tafiditra eo am-bavahadinao. Fa henemana no nanaovany Iehovah ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra Izy tamy ny andro fahafito ; izany no nitahiany Iehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy.

V.—Manajà ny rainao sy ny reninao, mba ho maro andro hianao amy ny tany izay omeny Iehovah Andriamanitao ho anao.

VI.—Aza manono olona.

VII.—Aza mijangajanga.

VIII.—Aza mangalatra.

IX.—Aza miampanga lainga ny namanao.

X.—Aza mitsiriritra ny tranon' ny namanao, aza mitsiriritra ny vadin' ny namanao, na ny ankizilahiny, na ny ankizivaviny, na ny omliny, na ny borikany, na izay ananan' ny namanao akory.

*Fanontariana.*

**I**NONA no ataenao ho foto-kevitra indriindra amin' ireo Didy ireo?

*Valiny.* Dia izao: ny mety hataoko amin' Andriamanitra, ary ny mety hataoko amy ny namako.

*Fanon.* Inona no mety hataonao amin' Andriamanitra?

*Valiny.* Ny mety hataoko amin' Andriamanitra dia hino Azy sy hatalotra Azy ary ho tia Azy amy ny foko sy amy ny saiko sy amy ny fanahiko ary amy ny heriko rehetra; hitsaoka Azy sy hisaotra Azy ary hatoky Azy indrindra sy hivavaka aminy sy hanaja ny Anarany masina mba ny Teniny ary hanompo Azy marina amy ny andro rehetra hiainako.

*Fanon.* Inona no mety hataonao amy ny namanao?

*Valiny.* Ny mety hataoko amy ny namako dia ho tia azy tahaka ny tenako sy hanao amy ny olona rehetra tahaka izay tiako hataony amiko: ho tia sy hanaja ary hanampy ny ray aman-dreniko: hanaja sy hanaraka ny Mpanjaka sy izay rehetra manam-pahefana: hanaika ny impanapaka ahy sy ny impampianatra aby sy ny mpitandrina ahy ary ny tompekoh rehetra: hanetritena sy hanaja ny lehibe rehetra: tsy hanimba olona, na amy ny fiteny na amy ny fanao: ho marina sy ho mahatoky amy ny rabarahako rehetra: tsy hitahiry lolombo na fankalahana ao ami-poko: tsy hangalatra na inona na inona, na hifosa, na handainga, na hanendrikendrika; hitahiry ny tenako ao amy ny onony sy ny faharetana ary ny fahadiovana; tsy hila na haniry ny zavatr' olona, fahianatra sy hitady marina kosa izay hahazoako ny fivelomako; ary hanao ny mety amy ny toe-piaianana jantsuan' Andriamanitra aby.

*Katekista.*

**R**Y malala, raha hianao hiany tsy mahatantreka ireo zavatra ireo, dia ny manao araka ny Didin' Andriamanitra sy ny manompo Azy, raha tsy ampian' ny fahasoavany, izay tsy maitsy hangatahinao fatratra mandrakariva amy ny fivavahana, koa aoka hotonominao ny Fivavahan' ny Tompo.

*Valiny.*

**R**AINAY Izay any an-danitra, Hohamasinina anie ny Anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao, ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamele ny helokay tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakampahanay, fa manafaha anay amy ny ratsy. Amena.

*Fanon.* Inona no angatahinao amin' Andriamanitra amin' io Fivavahana io?

*Valiny.* Mangataka amin' Andriamanitra Tompoko Raitsika any an-danitra, Izay Mpanome ny fahatsarana rehetra aho, hampidina ny fahasoavany amiko sy amy ny olona rehetra; hitsahantsika sy hanompo-antsika ary hanarabantsika Azy araka izay tokony hataontsika. Ary koa mangataka amin' Andriamanitra aho, hanomezany antsika ny zavatra rehetra izay ilaina, na ny ho any ny fanahintsika, na ny ho any ny tenantsika; ary mba hamindrafo amintsika Izy ka hamefa ny fahotantsika; ary mba ho sitraky ny fony hamonjy sy liaro antsika tsy ho azon-doza na ny fanahintsika na ny tenantsika; ary hanafaka antsika amy ny fahotana sy ny haratsiana rehetra sy amy ny fahavalon' ny fanahintsika ary amy ny fahafatesana mandrakizay. Ary matoky aho, fa hanao izany Izy, amy ny famindrampony sy ny fahatsarany, amy ny alalany Ieso Kristy Tomponsika. Ko, izany no anaovako hoe: Amena. Ho to izany anie.

*Fanontaniana.*

**FIRY** moa ny Sakramenta izay efa notendreny Kristy ao amy ny Ekklesiany?

**Valiny.** Roa hiany no ilaina bahazoan' ny olona famonjena, dia ny Batisa sy ny Fanasan' ny Tompo.

**Fanon.** Inona moa no hevitra ny teny hoe Sakramenta?

**Valiny.** Ny teny Sakramenta milaza famantaranana hita maso, izay ahazoantsika ny fahasoavan' Andriamanitra tsy hita maso omeny antsika, ary Kristy hiany no nanendry izany famantarana izany, hampandraisany antsika ny fahasoavany sy hampatokiany antsika ny andraisantsika azy.

**Fanon.** Mizara firy moa ny Sakramenta?

**Valiny.** Roa: ny famantarana eo ivelany izay hita, ary ny fahasoavam-panahy ao anaty izay tsy hita.

**Fanon.** Inona no famantarana hita maso ao amy ny Batisa?

**Valiny.** Rano, izay anaovana batisa ny olona, *amy ny Anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fandahy Masina.*

**Fanon.** Inona kosa ny fahasoavam-panahy ao anaty izay tsy hita?

**Valiny.** Ny fahafatesana ny ota ao amintsika, ary ny fiteraham-baovao ho any ny fahamarinana; faizany no anaovana antsika ho zanaky ny fahasoavana, na dia teraka tamy ny ota araka ny toetra nolovana aza isika ka zanaky ny fahatezerana.

**Fanon.** Inona no ilaina amy ny olona izay efa hatao batisa?

**Valiny.** Ny fibebahana, amoizany ny fahotana; ary ny finoana, inoany mafy ny nampanantenain' Andriamanitra azy amin' izany Sakramenta izany.

**Fanon.** Nahoana moa ary no atao batisa ny zazakely, nefas tsy mbola mahavita izany akory noho ny fahakelezany izy?

**Valiny.** Satria ny mpaintoka azy no anaikeny ireo zavatra roa ireo, ary anefa tsy maintsy hotanteharin' ny tenany hiany izany rehefa lehibe.

**Fanon.** Inona moa no anton' ny nanendrena ny Fanasan' ny Tompo?

**Valiny.** Ho fahatsiarovana mandrakariva ny fana-lamboadin' ny nahafatesany Kristy sy ny zava-tsoa izay azontsika amin' izany.

**Fanon.** Inona no famantarana hita maso amy ny Fanasan' ny Tompo?

**Valiny.** Mofo sy Divay izay efa notendren' ny Tompo horaisina.

**Fanon.** Handraisantsika inona moa no nanendreny Kristy izany Sakramenta izany?

**Valiny.** Handraisantsika ny Tenany Kristy sy ny Rany, izay raisin' ny mino sy alaina marina tokoa ao amy ny Komoniona Masina.

**Fanon.** Inona no zava-tsoa izay iombonantsika amin' izany?

**Valiny.** Ny fanatanjahana sy ny famelomana ny fanahintsika amy ny Tenany Kristy sy ny Rany, tabaka ny fanatanjahana sy ny famelomana ny tenantsika amy ny mofo sy ny divay.

**Fanon.** Inona no tsy maintsy bataon' ny olona izay manatona ny Fanasan' ny Tompo?

**Valiny.** Hamantatra ny toe-tenany, na mibebaka marina tokoa roho ny fahotany izy na tsia, ka mikasa mafy hanova ny fitondrantenany ho tsara; na mino amy ny finoana velona ny famindrampon' Andriamanitra amy ny alalany Kristy ka mahatsiaro ny nahafatesany amy ny fisaorana; ary na mihavana amy ny olona rehetra.

*Ny Ministera ao amy ny isam-pangonana, dia tokony hazoto hampianatra sy hanadina ny ankizy rehetra eo amy ny Trano Fianganana amy ny Alahady sy ny Andro Festa.*

*Ary ny ray sy ny reny sy ny tombo rehetra, dia tokony hazoto haniraka ny zanany sy ny mpanompony (izay tsy mbola manatra ny Katekisma) ho any amy ny Trano Fianganana amy ny fotoana voatendry, mba hampianarina.*

*Raha mandroso ny ankizy ka mahay milaza tsy anjery ny Symbolona sy ny Firavahan' ny Tompo ary ny Didy Folo, sady mahay mamaly ny fanontaniana ao amy ny Katekisma, dia hatolotra amy ny Eeeka izy. Ary tokony ho eo koa ny mpaintoka azy ho vavolombelon' ny Konfirmationany.*

*Ary raha sendra lazain' ny Eveka fa mikasa hands  
Konfirmationa ny olona, dia ho entin' ny mpampianatra  
ao amy ny isam-pianganana ho any amy ny Eveka ny  
olona ao aminy izay maniry izony, ka dia hatao Konfir-  
mationa araka izao fano manaraka izao izy.*

NY FANAOVANA  
KONFIRMATIONA,  
NA FAMETRAHAN-TÁNANA AMIN'IZAY EFA  
NATAO BATISA SY MAHALALA NY HE-  
VITRY NY KATEKISMA.

---

*Amy ny andro roatendry, rehefa mitsangana milahatra  
eo anatrehan' ny Eveka izay rehetra hatao Konfir-  
mationa, dia horakin' ny Eveka (na izay Ministra efa  
notendreny) izao manaraka izao hoe :*

**M**BA hanaovana ny Konfimationa hahasoa izay handray azy, dia efa nodidian' ny Ekklesia, fa tsy hisy hatao Konfimationa afa-tsy izay mahay ny Symbolona sy ny Fivavahan' ny Tompo sy ny Didy Folo ary ny fanontaniana ao amy ny Katekisma; ary mety indrindra hotandremana izany didy izany; fa rehefa nampianarina tsara ny olona ny amin'izay niantohan' ny mpaintoka azy tamy ny nanaovana batisa azy, dia ny tenany hiány no mahato sy manamafy izany amy ny vavany sy ny sitrapony eo anatrehan' ny Fiagonana; ary manaiky, fa ny fanampian' Andriamanitra no hitandremany tsara batramy ny farany ny zavatra izay efa nekeny tamy ny sitrapony hiány.

*Dia hataon' ny Eveka hoe :*

**M**OA avaoziareo va eto anatrehan' Andriamanitra sy ity Fiagonana ity ny faneke na sy ny voady masina izay nataonareo tamy ny nanaovana batisa

anareo; koa mahato sy manamafy izany va hianareo, ka manaiky fa tsy maintsy mino sy manao izay rehetra niantohany anareo tamin' izany?

**¶ Ary samy hamaly avy izy rehetra ka hanao hoe :**  
Eny.

*Ny Eureka.*

**N**Y fanampiana antsika dia ny Anaran' ny Tompo. *Valiny.* Izay nanao ny lanitra sy ny tany. *Eureka.* Hisaorana anie ny Anaran' ny Tompo. *Valiny.* Hatramin' izao ankelitriny izao, ary mandrakizay mandrakizay. *Eureka.* Tompo ô, henoy ny fivavahanay. *Valiny.* Ary aoka ny fitarainanay ho tonga eo quoloanao.

*Ny Eureka.*

Aoka isika hivavaka.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, Hianao efa nahateraka indray ireto mpanomponao ireto tamy ny Rano sy ny Fanahy Masina, ary efa nanome azy ny famelana ny helony rehetra; Mifona aminao izahay, hatanjaho amy ny Fanahy Masina Parakleto izy, ka ampitombay ao anatiny isanandro ny fanomezan' ny fahasoavanao maro samihafa: dia ny fanahin' ny fahendrena sy ny fahalalana, ny fanahin' ny fihoverana sy ny faherezana, ny fanahin' ny fahafantarana sy ny fahatsarampanahy araka an' Andriamanitra, ary fenoy ny fahatahorana masina Anao izy, Tompo ô, ankelitriny sy mandrakizay. *Amena.*

*Dia handohalika eo anatrehan' ny Eureka izy rehetra, ary izy dia hametraka ny tânany amy ny lohan' izy rehetra tsirairay ka hanao hoe :*

**T**OMPO ô, arov y amy ny fahasoavanao avy any andanitra ity mpanomponao ity, mba ho Anao mandrakizay izy, ka handroso isan-andro amy ny

Fanahinao Masina, mandrapahatongany any amy ny fanjakanao mandrakizay. *Amena.*

**Dia hataon' ny Eureka hoe :**  
Momba anareo ny Tompo. *Valiny.* Ary momba ny fanahinao.

**Dia handohalika izy rehetra ka hataon' ny Eureka hoe :**

Aoka isika hivavaka.

**R**AİNAY Izay any an-danitra, Ilohamasinima anie ny Anaranao. Ho tonga anie uy fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao, ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamelà ny helokay tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakampahanhy, fa manafaha anay amy ny ratsy. *Amena.*

**¶ Sy ity Kolekta ity.**  
**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, Hianao no fihavian' ny faniriana sy uy fanaovana izay zavatra tsara sy sitraky ny Fahandriananao masina; mifona aminao amy ny fietrentena izahay ho any ireto mpanomponao ireto, izay efa nametrahanay tânanana (araka ny fanaon' ny Apostolonao masina), mba hampahatoky azy ny titiavanao sy ny fahatsaram-pahasoavanao amin' izao famantarania izao. Ary mifona aminao izahay, Ray ô, aoka ny tânanao ho ao amboniny mandrakariva; aoka ny Fanahy Masina ho ao aminy mandrakariva; ary tarilo izy amy ny fahalalana sy ny fankatoavana ny Teninao, mba hahazoany ny fainana mandrakizay amy ny farany; amy uy alalany Jeso Kristy Tomponay, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao, Andriamanitra iray hiany, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

**T**OMPO Tsitoha sy mandrakizay ô, mifona aminao izahay, aoka ho sitrakao hitondra sy hanamasina

ary hanapaka ny fonay sy ny tenanay amy ny lalan' ny lalanao sy amy ny fankatoavanay ny didinao; mba hotandremen' ny fiarovanao mahery indrindra izahay, dia ny tenanay sy ny fanahinay, ankehitriny sy mandrakizay; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay sy Mpamony anay. *Amena.*

*Dia kitso-drano azy ny Eureka toy izao:*

NY Fitahian' Andriamanitra Tsitoha, dia ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, dia ao aminareo ary mitoetra aminareo mandrakariva. *Amena.*

¶ *Ary tsy hisy olona handray ny Komoniona masina roaha tsy efa vita Konfirmationa izy, na miomana sy maniry hatao Konfirmationa.*

## NY FOMBA

### FANAMASINANA NY MARIAZY.

---

¶ *Voalohany, ny anaran' ny olona izay mikasa hatao mariazy dia tsy maintsy holazaina intelo eo amy ny Fiagonana alohan' ny fitorianteny, na amy ny Maraina na amy ny Hariva; ary ny Ministera dia hanao hoe:*

Izaho manambara fa RA . . . mikasa hampakatra an-dRA . . . amy ny Mariazy masina. Koa raha misy aminareo mahalala izay tsy mahamety ny hampikambanana ireo olona ireo, dia aoka holazainareo. Izao no fanambarana voalohany, (na fahaoa, na fahafelo).

¶ *Ary raha samihafa ny tanána itoeran' ny olona hatao mariazy, ny anarany dia tsy maintsy holazaina eo amir' ireo tanána roa ireo: ary ny Ministera any amy ny tanána anankiray dia tsy hanamasina ny mariazy, raha tsy efa nilazan' ny Ministera any amy ny tanána hafa ny nilazang azy intelo.*

¶ *Raha omby amy ny fotoana voatendry, dia hankeo amy ny Fiagonana ny olona hatao mariazy mbamy ny havany sy ny sakazany, ary dia hiara-mitsangana eo izy, ka ny lehilahy hatao eo ankavan'an' ny vehivavy, ary dia hataon' ny Presbytera hoe:*

RY Malala, tafavory eto anatrehan' Andriamanitra sy ity Fiagonana ity isika, hampikambana ity Lehilahy sy ity Vehivavy ity amy ny Mariazy ma-

sina; izay toetra malaza notendren' Andriamanitra raha mbola tsy nanota ny olombelona ka maneho amintsika ny mysterion' ny fikbananay Kristy amy ny Ekklesiany; ary izany toetra masina izany dia nankalazainy Kristy sy nohasoaviny tamy ny nanatrehany ilay fanambadiana tany Kana any Galilea sy ny fahagagany voalohany izay nataony tamin' izay, sady derainy S. Paolo koa ho malaza amy ny olona rehetra: koa amin' izany dia tsy tokony hatao amy ny fahajejoana izy, na amy ny tsy fiheverana sy tsy fitandremana, na mba hamparnarampo ny filan' ny nofo tahaka ny biby tsy manan-tsaina, fa tokony hatao amy ny fanajana sy amy ny fiheverana sy amy ny fiononampo ary amy ny fahatalhorana an' Andriamanitra, mihevitra tsara ny anton' ny nanendrena ny Fanambadiana.

Voalohany, notendrena izy mba ho fiterahan-jaza, hotoizaina amy ny fahatalhorana sy ny fitondrana tian' ny Tompo, ho fiderana ny Anarany masina.

Faharoa, notendrena izy hahafahana amy ny ota sy handosirana ny fijangajangana; mba hahazoan' ny olona tsy maharitra hanambady, hitehirizany ny tenany ho sampara madio momba ny tenany Kristy.

Fahatelo, notendrena izy ho fifampihavanana sy ho fitampiana ary ho fifampiononana, na amy ny fanabinana na amy ny fahantrana. Koa mba hampikambanina amin' izany toetra masina izany no ahatongavan' ireto olona roa ireto eto ankehitriny. Ary amin' izany raha misy aminareo mahay manambara marina, izay tsy mahamety ny hampikambanana azy, aoka izy hilaza izany ankehitriny, fa raha tsy izany, aoka izy tsy hiteny izany intsony mandrakizay.

**¶ Ary dia hiteny amy ny olona izay efa hatao mariazy ka hanao hoe :**

I ZAHO manery sy mandidy anareo, araka ny mbola hovalianareo amy ny andro fitsarana mahatotra, izay hisehoan' ny miafina ao am-po rehetra, raha misy fantatrareo roroa, izay tokony hisakana

anareo tsy hivady, dia lazaonareo ankehitriny izany. Satria fantaronareo marina, fa izay mivady tsy araka ny Temin' Andriamanitra, dia tsy ampikaubanin' Andriamanitra izy, sady tsy marina ny fanambadiany.

*Amin' ilay andro anaovana mariazy, raha misy milaza fa tsy mety ny hivadiany araka ny Didin' Andriamanitra, na araka ny Lalim-panjakana, dia hajanona aloha ny Fanamasinana ambarapahafanatra ny marina.*

*Raha tsy misy milaza fisakanana, dia hataon' ny Presbytera amin-dralehilahy hoe :*

**R**A . . . Moa manaiky ity vehivavy ity ho vadinao va hianao, hiara-lipetraka aminy araka ny fanendren' Andriamanitra amy ny teetry ny Mariazy masina? Ho tia azy va hianao, hamelona azy, hanaja sy hitandrina azy na marary izy na finaritra, ary handà ny vehivavy hafa rehetra va hianao, ka hijanona amin' izy irery hiany raha mbola velona hianareo roroa?

*Dia hamaly ny lehilahy hoe :*

Manaiky izany aho.

*Dia hataon' ny Presbytera amy ny rehivavy hoe :*

**R**A . . . Moa manaiky ity lehilahy ity ho vadinao va hianao, hiara-lipetraka aminy araka ny fanendren' Andriamanitra amy ny teetry ny Mariazy masina? Hanaraka sy hanompo azy va hianao, ho tia sy hanaja ary hitandrina azy na marary izy na finaritra, ary handà ny lehilahy hafa rehetra va hianao, ka hijanona amin' izy irery hiany raha mbola velona hianareo roroa?

*Dia hamaly ny vehivavy hoe :*

Manaiky izany aho.

*Dia hataon' ny Presbytera hoe :*

Iza no mamoaka ity vehivavy ity ho vadin' ity lehilahy ity?

**¶ Dia hifanome toky izy rorva toy izao : Rehefa nandray ny vehivary tamy ny taman' ny rainy na ny havany ny Presbytera, dia hasainy horaisin-dralehilahy ny tamanana ankavanana' ny vehivary amy ny tamanany ankavanana, dia hanaraka an-dralehilahy azy amin' izao tenty izao :**

**I**ZAHO RA . . . mandray anao RA . . . ho vadiko amy ny Mariazy masina, mba hanana sy hitana anao hatramin' ity andro ity, na hihatsara toetra hianao na hiharatsy toetra, na hanankarena na halahelo, na ho farary na ho finaritra, ho tia sy hiahy anao araka ny didin' Andriamanitra aho ambarapampisaraky ny fahafatesana antsika : ary amin' izany dia toky no omeko anao.

*Dia hifanala tamanana izy : ary horaisin' ny vehivavy kosa amy ny tamanany ankavanana' ny tamanana ankavanana' ny lehilahy dia hanaraka ny tenin' ny Ministera ka hanao hoe :*

**I**ZAHO RA . . . mandray anao RA . . . ho vadiko amy ny Mariazy masina mba hanana sy hitana anao hatramin' ity andro ity, na hihatsara toetra hianao na hiharatsy toetra, na hanankarena na halahelo, na ho farary na ho finaritra, ho tia sy hiahy ary hanaraka anao araka ny didin' Andriamanitra aho ambarapampisaraky ny fahafatesana antsika : ary amin' izany dia toky no omeko anao.

*Dia hosarabiny tamanana indray : ary ny lehilahy dia hanome peratra ny vehivary ka hanetraka azy aloha mba ny fanatitra fanao eo amy ny bokin' ny Presbytera. Ary ny Presbytera dia haudray ny peratra ka hanolatra azy amin-dralehilahy indray, mba hetsofony amy ny ran'i-an-tamanana manarakaraka ny ankihilelin' ny tamanana ankavian-drachivavy. Ary ny lehilahy mboala mitana azy hiang dia hanaraka ny tenin' ny Presbytera ka hanao hoe :*

**I**TY peratra ity no ampakaroko anao ho vadiko, ny tenako no anajako anao : Amy ny Anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

**¶ Ary havelan-dralehilahy eo ny peratra, ka dia handohauika izy rorva, ary ny Presbytera hanao hoe :**

Aoka isika hivavaka.

**A**NDRIAMANITRA mandrakizay ô, Mpamiorona sy Mpiaro ny olombelona rehetra, Mpanome ny fahasoavam-panahy rehetra, ary Fototry ny fiainana mandrakizay : Ampidino ny fitahianao amin' ireto impanomponao ireto, dia amin' ity lehilahy sy ity velivavy ity, izay tsosinay rano amy ny Anaranao : ka aoka ho tabaka ny niarahany Isaka sy Rebeka nipetraka tamy ny fifampahatokiana, no mba hahtanterahan' ireto olona ireto sy hitandremany ny veady sy ny fanaikeny vao nataony (ka ny peratra nomicha sy voaray no famantaranana sy toky ny amin' izany) sy hijarahany hipetraka mandrakariva amy ny fifankatiavana sy ny filavanana tanteraka, ary hitondranitena araka ny lalanao ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. Amena.

**¶ Dia hampifandroisin' ny Presbytera ny tamanany ankavanana ka hataony hoe :**

Izayefa nampikambaniv' Andriamanitra, aoka tsy hampisarahin' olona.

**¶ Dia hiteny amy ny olona ny Presbytera ka hanao hoe :**

**S**ATRIA RA . . . sy RA . . . efa nifanaiky amy ny Mariazy masina, ary efa nanambara izany eto anatrehan' Andriamanitra sy ity Fiagonana ity ka efa nifanome toky ny amin' izany, sady efa naneho izany tamy ny nanomezana sy ny nandraisana peratra sy tamy ny nifandraisantamanana : Izaho milaza fa dia mivady izy, Amy ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

*Ary dia hanapian' ny Presbytera izao tso-drano izao :*

**A**NDRIAMANITRA RAY, Andriamanitra Zanaka, Andriamanitra Fanahy Masina, mitahy sy mitandrina ary miavo anareo; ny Tompo mitsinjo anareo amy ny famindrampony sy ny fahasoavany

ka mameo anareo amy ny fitahiampanahy sy ny fahasoa<sup>vana</sup> rehetra, hiarahanareo hipetraka amin' izao fainana izao mba hahazoanareo ny fainana mandrakizay amy ho avy. *Amena.*

¶ *Dia hanatona ny Latabatra Masina ny Ministera ka hanao izao Salamo manaraka izao :*

*Salamo cxxviii. Beati omnes.*

**S**AMBATRA izay rehetra matahotra any Iehovah : dia izay mande<sup>ha</sup> amy ny lalany.

Fa hohaniao tokoa ny asan'ny tanaao : sambatra hianao sady ambinina.

Ny vadinao dia tahaka ny voaloboka mahavokatra ao anatin'ny tranonao : ny zanakao dia tahaka ny zanak'oliva manodidina ny latabatralo.

Indro, fa izany no hitahiana ny lehilahy : izay matahotra any Iehovah.

Hitahy anao avy any Ziona anie Iehovah : ary ho faly hahita ny fahasoa<sup>vany</sup> Ierosalema anie hianao amy ny andro rehetra hiananao.

Eny, hahita ny zafinao anie hianao : fiadanana anie ho amy ny Israely.

Ho any Ray sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninalitra;

Tahaka ny hatramy ny taloha sy ankehitriny : ary mandrakariva ho mandrakizay, doria doria. *Amena.*

*Na izao Salamo izao :*

*Salamo lxvii. Deus misereatur.*

**A**NDRIAMANITRA anie hamindrafo aminay sy hitahy anay : Hampamirapiratra ny tavany aminay anie Izy ;

Mba ho fantatra aty ambonin'ny tany ny lalanao : ny famonjenao any amy ny gentilisa rehetra.

Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô : hidera Anao ny firenena rehetra.

Hifaly sy hihoby ny firenen-tsamihafa : satria mitsara marina ny firenena Hianao, ny firenen-tsamihafa ambonin'ny tany dia entinao.

Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô : hidera Anao ny firenena rehetra.

Efa nahavokatra ny tany : mitahy antsika Andriamanitra, dia Andriamanitsika.

Mitahy antsika Andriamanitra : ary hatalhotra Azy ny vazan-tany rehetra.

Ho any ny Ray sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninalitra.

Tahaka ny hatramy ny taloha sy ankehitriny : ary mandrakariva ho mandrakizay, doria doria. *Amena.*

*Rehefa vitâ ny Salamo, dia handohalika izay olona natao mariazy manatrika ny Altara : ary ny Presbytera dia hitsangana eo akaikin'ny Altara ka hanatrika ny olona ka hanao hoe :*

*Tompo ô, mamintrâfo aminay.*

*Kristy ô, mamintrâfo aminay.*

*Tompo ô, mamintrâfo aminay.*

**R**AINY Izay any an-danitra, Hohamasinina anie ny Anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao, ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina saha ho anay. Ary mamele<sup>la</sup> ny helokay tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakampalahy, fa manafaha anay amy ny ratsy. *Amena.*

*Ministera. Tompo ô, vonjeo ireto mpanomponao ireto.*

*Valiny. Izay matoky Anao.*

*Ministera. Tompo ô, ampidino aminy ny fanam-pianao avy amy ny fitoeranao masina.*

*Valiny. Ary arovy mandrakariva izy.*

*Ministera. Aoka ho fiarovana azy anie Hianao.*

*Valiny. Eo anatrehan'ny fahavalony.*

*Ministera. Tompo ô, mihainoa ny fivavahanay.*

*Valiny. Ary acka ny fitarainanay ho tonga eo anoloanao.*

*Presbytera.*

**A**NDRIAMANITRY Abrahama, Andriamanitry Isaka, Andriamanitry Iakoba ô, tahio ireto mpanomponao ireto, ary afafazo ao am-pony ny voan' ny fainana mandrakizay, mba hahatanerahany tokoa izay hianarany ao amy ny Teninao masina. Tompo ô, tsinjovy avy any an-danitra amy ny famindramponao izy ka talio izy. Ary aoka ho tahaka ny nampidinanao taminy Abrahama sy Saraha ny fitahianao, no mba hampidinanao koa amin' ireto mpanomponao ireto ny fitahianao ho fampiononana azy; ary aoka ny hanarahany ny sitraponao sy ny hiadanany mandrakariva ao ambanin' ny fiarovanao no hitoerany any ny fitiavanao mandrapahafatiny; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

¶ *Ity Firavahana manaraka ity dia hajanona, raha tokony tkey literaka ny vehivavy.*

**T**OMPO mamindrafo, Ray any an-danitra ô, ny fanomezanao mahasoa no mampahamaro ny olombelona; mangatka aminao izahay, aoka ham-pian' ny fitahianao ireto olona roa ireto mba ho maro anaka izy sy ho ela velona any ny fifankatiavana sy ny fahamarinana, mba hitaizany tsara uy zanany araka ny fitondrana Kristiana, ho fiderana sy ho fanajana Anao; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**A**NDRIAMANITRA ô, ny sahefanao lehibe no naharianao ny zavatra rehetra tamy ny tsinontsinona : Hianao koa dia nanendry, fa ny lehilahy (izay nataonao araka ny tarchinao sy ny endrikao) no hihavian' ny vehivavy (rehefa voalahatra ny zavatra hafa rehetra); ary koa nampianatra anay tamy ny nampikambananao azy, fa tsy mety akory ny mampisaraka izay efa nataonao ho tena iray amy ny Mariazy : Andriamanitra ô, Hianao efa nanamasina ny Mariazy mba ho mysterio malaza manambana ny fampakarany Kristy ny Ekklesiany sy ny fira-

sany fanahy aminy. Tsinjovy amy ny famindramponao ireto mpanomponao ireto, mba ho tian' ity lehilahy ity ny vadiny, araka ny teninao (tahaka ny itiavany Kristy ny Ekklesiany sy ny nanomezany ny Tenany hisolo azy), ary mba ho be fitiavana ny vadiny koa ity vehivavy ity ka ho marina sy ho mahatoky sady banaraka azy; ary aoka izy hanahaka ny vehivavy masina sy tsarafanahy amy ny fiadanana sy ny fahonomana ary ny fihavanana rehetra. Tompo ô, tabio izy roroa, ary aoka mba handova ny fanjakanao mandrakizay izy; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Dia halon' ny Presbytera hoe :*

**A**NDRIAMANTRA Tsitoha, Izay namorona any sady nanamasina sy nampikambana azy tamy ny Fanambadiana, mampidina aminareo ny laren' ny fahasaoavany Izy, nanamasina sy mitaby anareo, mba hankasitrahany hianareo, na amy ny tena na amy ny fanahy, ka hiarahanareo mipetraka amy ny fifankatiavana masina mandrapahafatinareo. *Amena.*

*Rchefa vita izany ka tsy misy fitoriantenteny hilaza ny mety hataon' ny mpivady, dia hovakin' ny Presbytera izao teny izao :*

**H**IANAREO rehetra izay efa manambady, na izay mikasa hanambady, mihainoa izay lazain' ny Soratra masina ny amy ny mety hataon' ny lahy amy ny vavy, ary ny mety hataon' ny vavy amy ny lahy.

S. Paolo, eo amy ny Epistola nosoratany tamy ny Efesiana, sy ny Toko fahadimy, dia mandidy ny lehilahy rehetra izay manambady toy izao :

**H**IANAREO lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitavany Kristy ny Ekklesia kosa ka nanolorany ny tenany nisolo azy, mba hahamasina azy amy ny anadiovany azy amy ny rano fanasana amy ny teny; mba horaisiny ho any ny tenany

izany ho Ekklesia malaza, tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy manan-tsiny izy.

Dia tokony ho tian' ny lehilahy tahaka ny tenany hiany ny vadiny. Izay tia ny vadiny dia tia ny tenany.

Fa tsy imbola nisy olona tsy tia nynofony, fa mamelona sy mitaiza azy, dia tahaka any Kristy amy ny Ekklesia;

Fa momba ny tenany isika.

Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny ray aman-dreniny ka hiray aminy ny vadiny, ary ho nofo iray izy roroa.

Mysterio lehibe izany; fa izaho milaza ny aminy Kristy sy ny Ekklesia.

Na dia izany aza, sainia tia ny vadiny tahaka ny tenany hianareo lehilahy rehetra, ary aoka ny vehivavy hanaja ny lahy.

Ary toraky izany koa S. Paolo raha nanoratra tamy ny Kolosiana dia miteny amy ny lehilahy rehetra izay manambady toy izao:

Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, ary aza mampahasosotra azy.

Mihainoa koa izay lazainy S. Petera Apostolony Kristy amin' izay rehetra manambady, fa izy koa dia nanambady.

Hianareo lehilahy, miaraha-mitoetra amy ny vadinareo araka ny marina, manonie baja ny vavy, tahaka izay mety hataeo amy ny fanaka malemilemy kokoa sady mpiara-mandova ny fahasoavan' ny hainana, ---mba tsy ho voasakana ny fivavalahaneo.

Dia efa renareo mandraka ankehitriny ny mety hataon' ny lahy amy ny vavy. Ary izao dia mihainoa kosa hianareo vehivavy, ary ianaronareo ny mety hataonareo amy ny lehilahy, araka ny voalazan' ny Soratra Masina.

S. Paolo eo amy ny Epistola nosoratany tamy ny Efesiana dia mampianatra anareo toy izao:

Hianareo vehivavy, manaike ny vadinareo tahaka ny anaikena ny Tompo.

Fa ny lahy no lohan' ny vavy, tahaka any Kristy

koa no lohan' ny Ekklesia; ary Izy no Mpamony ny tena.

Fa tahaka ny anaiken' ny Ekklesia any Kristy no hauaiken' vy vavy ny lahy koa amy ny zavatra rehetra.

Ary hoy izy indray : Ary aoka ny vehivavy hanaja ny lahy.

Ary S. Paolo eo amy ny Epistola nosoratany tamy ny Kolosiana dia mananatra anareo fohifohy toy izao: Hianareo vehivavy, manaike ny vadinareo araka izay mety hataeo ao amy ny Tompo.

S. Petera koa dia mampianatra anareo tsara toy izao :

Hianareo vehivavy, manaike ny vadinareo, mba ho voataon' ny fitondrantenan' ny vavy izy, na dia tsy amy ny teny aza (raha taliiny misy tsy manaike ny teny) rehefa hitany ny fahadiovan' ny fitondrantenanareo amy ny fahatahorana.

Ary aoka ny firavahaneo tsy ho zavatra eny ivelany, toy ny firandranami-bolo sy ny firava-bolamena na ny fiakanjoana; fa aoka ho toetra mafina ao am-po, dia ny firavaka tsy mety ho lo, dia ny fanahy malemy sady miadana, izay soa indrindra eo imason' Andriamanitra.

Fa tahaka izany no niravahan' ny vehivavy masina fahiny, izay nanantena an' Andriamanitra ary nanaiky ny vadiny; dia tahaka any Saraha nanaiky any Abrahama ka nanao azy hoe tombo; koa zanany hianareo raha mbola manao sea ka tsy matahotra izay fampahatahorana na inona na inona.

*¶ Mety raha ny rao natao mariazy mandray ny Komoniôna Masina amy ny andro nanaorana Marialzy azy na amy ny Fandraisana voalohany manaraka izany.*

ho anay. Ary mamele ny helokay tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakampanalihy, fa manafaha anay amy ny ratsy. *Amena.*

*Ministera.* Tompo ô, vonjeo ny mpanomponao ;  
*Valiny.* Izay matoky Anao.

*Ministera.* Ampidino aminy fanampiana avy amy ny fitoceranao masina.

*Valiny.* Ary arovy mandrakariva amy ny herinao izy.

*Ministera.* Aza avela ho resin' ny fahavalalo akory izy.

*Valiny.* Na hosimban' ny ratsy.  
*Ministera.* Tompo ô, aoka ho fiarovany mafy Hianao.

*Valiny.* Eo anatrehan' ny fahavalony.  
*Ministera.* Tompo ô, henoy ny fivavahanay.

*Valiny.* Ary aoka ny fitarainanay ho tonga any aminao.

*Ministera.*

**TOMPO** ô, tsinjovy avy any an-danitra ka jereo sy vangio ary aiaho ity mpanomponao ity. Tazano any ny mason' ny famindramponao izy, ampionóny, ary omco azy fahatokiana marina Anao, arovy amy ny fanangolen' ny fahavalolo izy, ary telirizo eo amy ny fihavanana sy ny fiadanana mandrakariva; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**A**NDRJAMANITRA Tsitoha sy Mpamorijamamin-drafo indridra ô, henoy izahay, ka omeo ny fahasoavanao ity mpanomponao azon' ny aretina ity. Mifona aminao izahay, Ray ô, aoka hanamasina azy izao fananaranao azy izao; aoka ny fahalalany ny fahalemeny no hanatanjaka ny finoany sy hanamafy ny fibebahany : ary raha sitrakao hampanaritra azy toy ny taloha, dia aoka izy handany ny androny sisà amy ny fahatahorana sy ny fanajana Anao : kanefa raha halaina, dia omeo fahasoavana izy, handraisany izao fananaranao azy izao, hahazoany

## NY FOMBA

### FAMANGIANA NY MARARY.

*Raha misy marary, dia tokony holazaina amy ny Ministera izany ; ary izy rehefa miditra any an-tranon' ny marary, dia hanao hoe :*

**FIADANANA** anie ho amin' ity trano ity, ary ho amin' izay mitoetra ato anatin'y.

*Rehefa tonga eo anatrehan' ny marary izy, dia handohalika ka hanao hoe :*

**TOMPO** ô, aza mahatsiaro ny fahadisoanay na ny fahadisoan' ny razanay : Iantrao izahay, Tompo tsara ô, iantrao ny olonao, izay navotanao tamy ny ranao soa indrindra, ary aza tezitra aminay man drakizay.

*Valiny.*

Iantrao izahay Tompo tsara ô.

*Dia kataon' ny Ministera hoe :*

Aoka isika hivavaka.

Tompo ô, mamindrâfô aminay.

*Kristy ô, mamindrâfô aminay.*

Tompo ô, mamindrâfô aminay.

**DAINAY** Izay any an-danitra, Hohamasinina anie ny Anaranao. Ho tengta anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao, ety an-taony tahaka ny any an-danitra. Omeo anay ario izay hanina sahaza

hipetraka any aminao ao amy ny fainana mandrakizay, rehefa tapitra izao fainana be fahoriania izao; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

¶ *Dia hanarin' ny Ministera ny marary toy izao:*

**R**Y malala, fantaro fa Andriamanitra Tsitoha no Tompon' ny fainana sy ny fahafatesana mba-my ny zavatra rehetra momba azy, toy ny fahatanorana, ny fahatanjahana, ny fahafinaretana, ny fahanterana, ny fahalemena, ary ny faharariana. Koa amin' izany, na inona na inona no aretinao, fantaro marina fa avy amin' Andriamanitra izany. Ary na inona na inona no nahatonga izao aretina izao taninao, na mba hizahaha ny fabaretanao harahin' ny sasany, halitana ny finoanao amy ny andron' ny Tompo miendrika hoderaina, hampitomboana laza sy fahasambarana mandrakizay, na mba hanitsiana sy hanatsarana izay rehetra tsy sitraky ny Rainao ariy an-danitra. Koa fantaro marina izao: fa raha mibebaka tokohianao noho ny fahotanao sy maharitra izao aretina izao ka matoky ny famindrampon' Andriamanitra amy ny alalany Ieso Kristy Zanany malalany ary misaotra Azy amy ny fietrentena noho izao fananarana izao ka manaiky ny sitrapony avokoa, dia ho tonga halasoa anao izao aretina izao ka hampandroso anao eo amy ny jalana mankany amy ny fainana mandrakizay.

¶ *Raha marary mafy loatra ny olona vangiana dia mety raha mijanona amin' izay ny Ministera, kanefa raha azo hatao dia handroso izy ka hanao hoe:*

**K**OA raiso amy ny mahamety azy ny fananaran' ny Tompo; fa hoy S. Paolo ao amy ny toko faharoa amby ny folo amy ny Hebrewo hoe: Izay tiany Iehovah no faizany, ary izay zanaka rehetra raisiny no kapohiny. Raha maharitra ny fananarana hianareo, dia mitondra anareo tahaka ny zanaka Andriamanitra; fa aiza izay zanaka tsy faizandrainy?

Fa raha tsy faizana tahaka ny itondiana azy rchettera hianareo, dia zazasary, fa tsy zanaka.

Ary koa, nanana ny rain' ny nefontsika ho mpanay antsika isika ka efa nanaja azy; tsy mainka kosa va no hanaikentsika ny Rain' ny fanahy, ka ho velona isika?

Fa ieny nanao izay halafay antsika tokoa tamy ny andro vitsy araka ny sitrapony, fa Izy kosa dia ny halasoa, mba handraisantsika ny fahamasinany.

Izany teny izany, ry malala, dia nosoratany ao amy ny Soratra Masina ho fampianarana antsika, mba hiaretantsika amy ny fisaorana ny fananaran' ny Raitsika any an-danitra antsika, na rahoviana no hataony ho mety hananarany antsika araka ny fahatsarany. Ary tokony halafaly ny Kristiana indrina ny atao ho tahaka any Kristy any ny fiaretana fahoriania sy fahalahelovana ary ny faharariana. Fa tsy niakatra ho amy ny fifaliany Kristy, raha tsy efa miaritra aloha; ary tsy niditra any amy ny voninahiny Izy, raha tsy mbola efa nohomboana. Koa ny fiaraha-miaritra aminy Kristy aty no hankanesantsika any amy ny fifaliana mandrakizay; ary ny fiaraha-maty aminy kosa no hidirantsika any amy ny fainana mandrakizay, mba hitsanganantsika amy ny maty sy hiarahantsika mipeetraka aminy amy ny fainana mandrakizay. Koa amin' izany, mananatra anao ankebitriny aho, ekeo amy ny faharetana izao aretinao izao (fa malasoa anao izany), ary tsarovy ny fanaikena nataonao tamin' Andriamanitra tamy ny nanaovana batisa anoa.

Ary satria rehefa afaka izao fainana izao, ny Mpitsara marina Izay hitsara ny olona rehetra ka tsy mizaha tavan' olona, dia tsy maintsy hilazana izay efa nataonao, dia mananatra anao aho mba handinika ny toeatra, na ny amin' Andriamanitra na ny amin' olona; fa raha miampanga sy maname-loka ny tenanao noho ny fahotanao hianao, dia hahazo famindrampo avy amy ny Raitsika any an-danitra amy ny anarany Ieso Kristy hianao, ka tsy hampangaina na hohelohina amin' izany fitsarana mahatahotra izany.

Koa dia hotomoniko izao ny Artikolin' ny Finoanao, halafantarana na marina ny finoanao na tsia.

¶ Dia hotononin' ny Ministera ny Artikolin' ny Finoana ka hanao hoe :

**M**OA inoanao va ny Symbolongan' ny Apostolo hoe :  
Izaho mino an' Andriamanitra, Ray Tsitoha,  
Mpanao ny lanitra sy ny tany ;

Ary Ieso Kristy Zanany lahitolana Tompontsika ;  
Izay torontoronina tamy ny herin' ny Fanahy  
Masina, nateraky Maria Virjina; Nijaly tamy ny  
nanapahany Poutio Pilato; Nohomboana tamy ny  
hazofijaliana ; dia maty ka nalevina ; Nidina tamy  
amy ny Fiaimana tsy hita ; Ary nony tamy ny  
andro fahatelo dia nitsangana tamy ny maty ; Dia  
niakatra any an-danitra ; Ary mipetraka eo amy  
ny tanaana ankavanana' Andriamanitra Ray Tsitoha ;  
Ary avy any no hilaviany indray hitsara ny velona  
sy ny maty ?

Izaho mino ny Fanahy Masina ; ny Ekklesia  
masina katolika ; Ny Fiombonan' ny Santa ; Ny  
Pamelankeloka ; Ny Fitsangananau' ny tena amy ny  
maty ; Ary ny Fiaimana mandrakizay ?

¶ Dia hamaly ny marary ka hanao hoe :

Eny, mino tokoa izany rehetra izany aho.

¶ Dia hanadina azy ny Ministera na mibebaka  
marina izy sy misfankatia amy ny olona rehetra, ary dia  
hanantra azy hamela tokoa ny olona izay efa nahatet  
fintohina azy ; ary raha izy kosa efa nahatetfintohina  
ny sasany dia hangataka ny famelany azy sy hanisy  
soa azy araka izay azony hatao.

Ary raha manankarena ny marary, dia tokony hanariu'  
ny Ministera izy, hanome fiantrana ho any ny malahelo.

Dia hampirisika ny marary hitsotra ny fahotany ny  
Ministera, raha sendra roatsindrona ny fieritreretany  
noho ny fahotana lehibe. Ary rehefa vita izany, ny  
Presbytera dia hanafaka azy (raha maniry izany tokoa  
amy ny fietrentena izy) ka hanao hoe :

**I**ESO Kristy Tompontsika, Izay efa nanome fahie-  
fana ny Ekklesiany hanafaka ny impanota re-  
hetra izay mibebaka marina ka mino Azy, Izy

mamela ny fahotanao noho ny famindrampony le-  
libe : ary noho ny fahefany nomena ahly, izaho dia  
manafaka anao amy ny fahotanao rehetra ; amy ny  
Anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy  
Masina. Amena.

¶ Dia hataon' ny Presbytera izao kolekta manaraka  
izao :

Aoka isika hivavaka.

**A**NDRIAMANITRA mamindrafo indrindra ô,  
Hianao dia manaisetra ny fahotan' ny olona  
izay mibebaka marina ka tsy mahatsiaro azy intsony :  
tsinjoyvny ny famindramponao lehibe ity nepa-  
nomponiao ity, izay maniry fatrafatra ny famelana ny  
helony. Ray be fitia ô, havaozy ao anatiny izay  
efa nosimban' ny fitaka sy ny lolompon' ny devoly,  
mbamby ny fahalemeny sy ny fanirian-dratsin' ny  
nosy : areovy ity marary ity haharetany amy ny  
firaisan' ny Ekklesianao : hevero ny fahatorotoroam-  
pony, ekeo ny randomasyony, ary hakelezo ny aretiny  
araka izay hataonao hahasoza azy. Ary satria ny fa-  
mindrampionao hiany no itokiany, dia aza isaina  
ny fahotany, fa hafanjalio amy ny Fanahinao sam-  
batra izy : Ary raha sitrakao hampiala azy amin'  
izao fiaimana izao, dia raiso izy ho amy ny fitiavanao ;  
amy ny alsany Ieso Kristy Tomponay sy Zanakao  
malalanao indrindra. Amena.

¶ Dia hataon' ny Miallera izao Salamo izao :

Salamo lxxi. In te, Domine, speravi.

**H**IANAO, Ichovah ô, no itokiako : aoka t-ty ho  
menatra aho mandrakizay,

Vonjeo ny fahamarinanao aho ka afaho : atongilano  
amiko ny sofinao ka vonjeo aho.

Aoka ho vatolampy fonenana lohatomiko mandra-  
kariva Hianao, Izay efa nandidy hamony ahy : fa  
harambatoko sy trano farovana ho ahy Hianao.

Andriamanitro ô, afaho amy ny tanaan' ny ratsy  
fanahy aho : dia away ny tanaan' ny impanao moleka  
sy ny loza-be.

Fa Hianao no famantenako, Iehovah Tompo ô : ry tokiko hatry ny fony aho mbola tanora,

Hianao no nanankinana ahy hatrany ambohoka : Hianao namoaka ahy avy tany ankibendreniko ; Hianao no deraiko mandrakariva.

Tonga toa zava-mahagaga eo imason' ny maro aho : fa Hianao no fiarovana mafy ho ahy.

Ny vavako ho feno ny fiderana Anao : sy ny fankalazana Anao mandrakariva.

Aza manary ahy, rehefa antitra aho : aza mahafoy ahy, rehefa ketraka ny heriko.

Fa miresaka ahy ny fahavaloko : ary miara-mioko izay manotrika hahazo ny aiko.

Ka manao hoe : Andriamanitra efa nahafoy azy : enjeho izy, ka sambory, fa tsy misy hamonijy.

Andriamanitra ô, aza manalavitra ahy : Andriamanitra ô, faingána hamonijy ahy.

Aoka ho menatra sy ho levona ny mpanohitra ny fanahiko : aoka hitafy henatra sy fahafaham-baraka izay mitady hanisy ratsy ahy.

Fa izaho kosa dia hanantena mandrakariva : ary hitombo lalandava ny fiderako Anao.

Ny vavako hitory ny fahamarinanao sy ny famonjenao mandrakariva : fa tsy fantatroy ny isany.

Ho entiko ny asa lehibe nataony Iehovah Tompo : hampahatsiaro ny fahamarinanao aho, dia ny Anao hiany.

Andriamanitra ô, Hianao efa nampianatra ahy latry ny fony aho mbola tanora : ary mandrak' ankehitriny dia nitoky ny fahagaganao aho.

Koa mandra-pahantiro sy fotsy volo, dia aza mahafoy ahy Andriamanitra ô : mandra-pilazako ny sandrinao amin' ity taranaka ity sy ny asanao lehibe ainin' izay rehetra ho avy.

Ary mihatra amin' izay avo indrindra ny fahamarinanao, Andriamanitra ô, Izay nanao zava-dehibe : Andriamanitra ô, iza no tahaka Anao ?

Hianao Izay nampahita ahy fahoriana sady be no mafy no hamelona ahy indray : ka hampiakatra ahy indray hiala amy ny fitoerana lalina amy ny tany.

Hampitombo ny voninahitro Hianao : ary mbola championona ahy indray.

Izaho kosa hidra Anao amy ny valiha, dia ny fahamarinanao, Andriamanitra ô : hankalaza Anao amy ny lokanga aho, ry Tray Masin' ny Israely ô.

Hihoby ny molotro, raha mankalaza Anao : ny fanahiko koa izay efa navotanao.

Ary ny lelako hitory ny fahamarinanao mandrakariva : fa efa menatra sy mangaihay izay mitady banisy ratsy ahy.

Ho any ny Ray sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninahitro.

Tahaka ny hatramy ny taloha sy ankehitriny : ary mandrakariva ho mandrakizay, doria doria. Amena.

#### ¶ Dia hiampy izao teny izao hoe :

**M**PAMONJY izao toutolo izao ô, Izay efa nana-votra anay tamy ny hazofijalianao sy ny Ranao soa indrindra : vonjeo, ary ampio izahay, ifonanay aminao, Tompo ô.

#### ¶ Dia hataon' ny Ministera hoe :

**N**Y Tompo Tsitoha, fiarovana mafy ho any izay rehetra matoky Azy, Izay ekena sy andohalehan' ny zavatra rehetra, na ny any an-danitra na ny aty an-tany na ny any ambanin' ny tany, dia ho aronao anie ankehitriny sy mandrakizay ; ary aoka hampahalala anao Izy, fa tsy misy Anarana hafa ambanin' ny lanitra nomena ny olombelona, izay hahazoanao fahafinaretana sy famonjena, afa-tsy ny Anarany Ieso Kristy Tompontsika hiany. Amena.

#### ¶ Dia hataony hoe koa :

**M**ANOLOTRA auao amy ny famindrampo sy ny fahasoavan' Andriamanitra izahay. Hitahy amio anie ny Tompo ka biao anao. Hampamirapiratra ny tavany aminao anie ny Tompo ka hanisy soa anao. Hanandratra ny tavany aminao anie ny Tompo ka hanome anao fiadanana, ankehitriny sy mandrakizay. Amena.

¶ Firavahana ho any ny zaza marary.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy Ray be indrafo ô, avy aminao ny fainana sy ny fahafatesana; mifona aminao amy ny fietrentena izahay, tsinjoyv amy ny famindramponao avy any an-danitra ity zaza ity, izay mandry amy ny aretina ankehitriny : vangio amy ny famonjenao izy, afaho amy ny fainahtainamy amy ny fotoana ankasirahanao, ary vonjeo amy ny famindramponao ny fanahiny. Ary raha ho sitrakao hampahela ny androny ety an-tany, aoka ho velona ho Anao izy, hanompoany marina Anao sy hanaovany soa ho voninahitrap; fa raha halainao kosa izy, dia raiso izy ho any amy ny fitoerana any an-danitra, izay ahasanbaran' ny fanalin' ny mody mandry aminy Ieso Tompo amu ny fitsaharana sy ny fahafatesana mandrakizay. Omeo izany, Tompo ô, noho ny famindrampony Ieso Kristy Zanakao Tomponay, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra iray, mandrakizay mandrakizay. Amena.

¶ Firavahana ho any ny olona marary, raha tsy tokony hanaritra izy.

**I**DAIN' ny famindrampo sy Andriamaniry ny fampiononana rehetra ô, Hianao liany no Mpamampy anay amu ny andro fahoriane; mitaraina aminao izahay mba hamonjenao ity mpanomponao ity, izay mandry eto amy ny falarerahan-tenamy fatratra. Tsinjoyv amy ny fiantranao izy, Tompo ô; ary mifona aminao amy ny fietrentena izahay, ka na dia mandroso aza ny falarerahan, vao mainka aoka hampahatanjahanao ny fanahiny amy ny fahasoavanao sy ny Fanahy Masina. Omeo azy ny fibebahana marina noho ny fahadisoany rehetra tamy ny andreny lasa, ary ny fimoana tsy mety mivoa any Ieso Zanakao mba besainaoo amu ny famindramponao ny fahotany, hahazany ny fanelana ny helony voaisy kase any an-danitra, dieny tsy mbola lasa ka tsy hita intsony. Fantatray, Tompo ô, fa tsy misy tsy hainao hatao; ary raha tianao dia mahay mampitsangana azy Hianao, na dia

izao aza, mba hitocrary ela kokoa eto aminay: Kandrefa satria toa efa akaiky ny andro halalasanany ankehitriny, dia mifona aminao izahay, aoka hampiomaninao izy alohan' ny hahafatesany, mba hialany aina amy ny fiafanana sy amy ny fahasoavanao, ary horaisinao ny fanahiny amy ny fanjakanao mandrakizay, amy ny alalany Ieso Kristy Zanakao lahitolana, Tomponay sy Mpamonyj anay. Amena.

Firavahana anolorana ny marary amin' Andriamanitra rehetra hiala aina izy.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, any aminao no iveloman' ny fanahin' ny olona marina izay efa natao tanteraka, rehetra afaka amy ny trano famatiorana etyan-tany; Mpanao mahateky sy Mpamonyj be indrafo indrindra ô, atolotray amy ny fietrentena eo an-tananao ny fanalin' ity mpanomponao *rahahihinay* malalamy ity, ka mifona aminao izahay, mba ho soa eo imasonao izy. Sasao izy amy ny Ran' ny Zanak' ondry tsy manan-tsiny, Izay novonoina hanaisotra ny fahotan' izao tontolo izao; mba ho afaka amy ny fahaloteana rehetra izay efa azony eto amin' izao tontolo be fahoriane sy be fahotana izao, noho ny filan' ny nofo, na ny fanangoleny Satana azy, ka mba hatolotra madio ary tsy misy pentimpentina eo anatrehanao izy. Ary ampijanaro kosa izahay, izay mbola velona, hahitanay amin' ity fisehoan' ny fahafatesana ity sy ny zavatra izay manje anay isan andro, fa malemy sy miovaöva ny toetray; mba hanisanay ny andronay hananany fo hendry sy masina avy any an-danitra, raha mbola eto izahay, halatratraranay ny fainana mandrakizay amy ny farany, amy ny alalany Ieso Kristy, Zanakao lahitolana Tomponay. Amena.

Firavahana ho any izay efa ory am-pahay ka tsy nahay mampandry azy.

**T**OMPO isaorana ô, Rain' ny famindrampo sy Andriamaniry ny fampiononana rehetra; Mifona aminao izahay, tsinjoyv amy ny fiantranao sy

ny famindramponao ity mpanomponao ory ity. Hianao manoratra zava-mangidy mampahory azy ka mampahatsiaro azy ny fahotany fahiny ; mavesatra aminy ny fahatezeranaoka feno fahoriananysfanahiny. Kanefa Andriamanitra be indrafo ô, Hianao efa nampanoratra ny Teninao masina ho fianaranay, halhazoanay fanantenana noho ny faharetana sy ny fampiononana avy amy ny Soratrazo masina ; aoka ho fantany tsara ny toetry ny fony sy ny fampitahorao ary ny fampanantenanao ; mba tsy hamoirzany fo, na hisy itokiany na inona na inona asa-tsy Hianao hiany. Ampaherezo izy, hanoherany ny fakampanahiny rehetra, ary sitrano ny aretim-panahiny rehetra. Aza tapahina ny harefo mileftra, na vonoina ny labinjiro manetona. Aza manidy an-katezerana ny famindramponao ; fa ampandreneso fifaliana sy faharavoravoana izy, hifalian' ny taolana izay novakivakinao. Manafaha azy amy ny fahatohan' ny fahavalao, ary manandrata ny sahazavan' ny tavanao aminy ka omeo fiadanana izy ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

## NY FOMBA FANAO

AMY NY

FANDEVENANA NY MATY.

---

**T** Tsarory, fa izao fomba fanao amy ny fandevenana izao, dia tsy katoa amin' izay tsy vita batisa, na ny naeng'an' ny Ekklesia, na ng namono-tena.

**P** Ny Presbytera dia kitsena ny Faty eo ambavahadin' ny Tokotanium-pianganana ka hialoha azy na ho ao antranio fiangonana na ho any amy ny Fasana ka hanao hoe :

**I**ZAIIO no fitsanganan' ny maty sy ny fainana, hoy ny Tompo ; izay mino Ahy, na maty aza, dia ho velona. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. *S. Iohana xi. 25, 26.*

**F**ANTATRO fa velona ny Mpanavotra ahy ka hitsangana rahatrizay eo ambonin' ny tany Izy. Ary rehefa simba ny hoditro amin' ity nofo ity, dia hahita an' Andriamanitra aho, tsy ainy ny nofoko aza. Izaho hahita Azy ho an-tenako, ary ny masoko no hijery ka tsy olon-kafa. *Ioba xix. 25-27.*

**F**A tsy nitondra na inona na inona ho amin' izao tontolo izao isika ; satria tsy malatoudra na inona na inona hiala. *1 Timothy vi. 7.*

**N**ITANJAKA nivoahako tany an-kibon-dreniko, ary mitanjaka hiverenako any: Iehovah nanome, ary Iehovah nanaisotra: hisaorana anie ny anarany Iehovah. *Ioba i. 21.*

**A**ry rehesa tafidilira ao ampiangonana, dia horakina ny anankiray amin' ireto Salamo manaraka ireto na izy roa.

Salamo XXXIX. *Dixi, custodiam.*

**H**OY izaho: Hitandrina ny lâlako aho ka tsy nilaza ny tsara aza: dia nihetsika mafy ny fanain-tinan' ny aretiko.

Nangina mihitsy aho, namihim-bava aho ka tsy nilaza ny tsara aza: dia nihetsika mafy ny fanain-tinan' ny aretiko.

Nafana ny foko tao anatiko; raha nieritreritra aho, nisy afo nirechitra: dia niteny tainy ny lâlako aho.

Iehovâb ô, ampafantaro ny farako aho sy izy ohatry ny androko: aoka ho fantatro fa olon-kandalô aho.

Indro efa nataonao ho vediveam-pelatanana ny androko: ary ny fainako toy ny tsinontsinona eo anatrehanao; zava-poana hiany tokeo ny olona rebetra, na dia ny matanjaka aza.

Toy ny aleka tokoa ny fandehandehan' ny olona; zava-poana tokoa no itabatabany: mihary harena izy, nefâ tsy fantany izay bahazo izany.

Ary ankehitriny, inona no andrasako, Tompo ô: Hianao no antenaiko.

Manafaha ahy amy ny fahadisoako rehetra: aza manao ahy ho fanakoran' ny adala.

Mangina aho ka tsy miloa-bava: fa Hianao no nanao izao.

Esory amiko ny kapokao: reraka aho azon' ny famelin' ny tânanao.

Anatra noho ny fahadisoany no ananaranao ny olona, ka manimba ny hatsarau-tarehiny tahaka ny kalalao Hianao: zava-poana tokoa ny olona rehetra.

Mandrenesa ny fivavako, Iehovah ô; ary mihainoa ny fitarainako; aza mangina amy ny ranomasoko: fa vahiny aminao aho sy mpivahiny tahaka ny razako rehetra.

Aza manatrika ahy aloha, dia ho miramirana indray aho: dieny aho tsy mbola lasa ka tsy izy intsony.

Ho any ny Ray sy ny Zanaka: ary ny Fanahy Masina anie ny voninalitra;

Tahaka ny hatramy ny taloha sy ankehitriny: ary mandrakariva ho mandrakizay, doria doria. *Amena.*

Salamo XC. *Domine, refugium.*

**T**OMPO ô, efa fenenanay: hatramy ny taranaka rehetra Hianao.

Fony tsy mbola áry ny tendrombohitra, na voaforona ny tany sy izao rehetra izao: eny, Andriamanitra Hianao hatramy ny taloha indrindra ka mandrakizay.

Mamerina ny olona ho amy ny vovoka Hianao: ka manao hoe : Miverena, ry zanak' olombelona.

Fa co imasonao ny arivo taona dia toy ny fandalon' ny omaly: ary tahaka ny fiambenana iray amy ny alina.

Manindao azy tahaka ny riaka Hianao, torinusao izy: amy ny maraina tahaka ny ahitra mora miova izy.

Amy ny maraina mamony izy, nefâ mora miova: amy ny hariva voajinja izy ka maina.

Fa lanin' ny fahatezeranao izahay: ary raiki-tahotra noho ny fabaviniaranao.

Ny helokay efa nataonao teo anatrehanao: ary ny fahotanay miafina teo amy ny fahazavan' ny tavanao.

Fa ny andronay rehetra efa lasa amy ny fahatezeranao: efa laninay toy ny eritreritra ny taonanay.

Fitopolo taona no andron' ny taonanay, ary raha tabiny mateza aza, dia valopolo taona: sady fahasarana sy zava-poana ny voninahiny, fa lany faingana ireny, dia manilina izahay.

Iza no mahafantatra ny herin' ny fahateceranao : sy ny fahaviniranao araka izay tokony ho fahatalihana Anao ?

Mampianara anay hanisa ny andronay : hahazoanay fo hendry.

Miverena, Ichovah ô ! Mandra-pahoviana : Ary mba aneneno ny amy ny impanomponao.

Vokiso ny famindramponao nouy maraina izahay : mba hilobianay sy hisfalianay amy ny andro rehetra hainanay.

Mampifalia anay araka ny andro nampahorianao anay : sy ny taona nahitanay loza.

Aoka hiseho amy ny impanomponao ny asanao : ary ny vounahitrapo aminy ny zanany.

Ary aoka ho aminay ny fahasoavan' ny Tompo Andriamanitray : ary ampitoero aminay ny asan' ny tamanay ; eny, ny asan' ny tamanay, ampitoero izy.

Ho any ny Ray sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny vounahitrapo.

Tahaka ny hatramy ny taloha sy ankehitriny : ary mandrakariva ho mandrakizay, doria doria. Amena.

¶ Dia hanaraka amin' izao ny Lesona nalaina avy amy ny Toko fahadimy amby ny folo amy ny Epistola aloha nosoratany S. Paolo tamy ny Korintiana.

### 1 Kor. xv. 20-58.

**E**FA natsangana tamy ny maty tokeo Kristy, santomatr' izay efa nody mandry.

Ary satria ny olona iray no nisehoan' ny fahafatesana, dia ny olona iray koa no nisehoan' ny fitsanganan' ny maty.

Fa tahaka ny ahafatesan' ny olona rehetra ao aminy Adama no ahaveloman' ny olona rehetra kosa ao aminy Kristy.

Nefá samy amy ny filaharany avy : Kristy no santatra ; rehetra afaka izany, dia izay any Kristy amy ny fihaviany.

Ary nony afaka izany, dia avy ny farany, ka

amin' izay dia hatolony ny fanjakana ho an' Andriamanitra Ray, rehetra nofoanany ny fanapahana rehetra sy ny fahefana rehetra ary ny hery rehetra.

Fa t-y maintsy manjaka Izay mandra-panaony ny fahavalohetra eo ambanin' ny tongony.

Dia hofoanana ny fahafatesana, izay fahavalohetra fahavalohetra.

Fa "ny zavatra rehetra efa nampanaikeny ho eo ambanin' ny tongony." Fa na dia hataony hoe aza : 'Ny zavatra rehetra no nampanaikeny, dia fantatra marina fa tsy mba isan' izany, Izay nampanaiky ny zavatra rehetra Azy.

Ary rehetra hampanaikeny Azy ny zavatra rehetra, dia ny tenan' ny Zanaka koa aza no hanaiky Izay nampanaiky ny zavatra rehetra Azy, mba tsy hisy fotonysy antony afa-tsy Andriamanitra hiany.

Raha tsy izany, hanao ahoana izay atao batisa ny amy ny maty ? Raha tsy hatsangana mihitsy ny maty, nahoana no atao batisa ny aminy ireny ?

Ary nahoana izahay no manao vy very ny ainay mandrakariva ?

Lazaiko marina, ry rahalahiko, amy ny fireharehako noho ny aminareo, izay ananako ao aminy Kristy Ieso Tomponsika : Maty isan-andro aho.

Raha araka ny fanaon' olona no niadiako tamy ny bibi-dia tany Efeso, inona no soa azoko amin' izany ? Raha tsy atsangana ny maty, dia "Aoka isika hilanana sy hisotro ; fa rahampitso dia maty isika."

Aza mivily hianarco ; ny fikambanana amy ny ratsy manimba ny fitondrantena tsara.

Mifohaza tsara, ary aza manota ; fa ny sasany tsy manana ny fahalalana an' Andriamanitra ; hampahamenatra anareo no ilazako izany.

Fa hisy hanao hoe : Piatao ahoana no fanangana ny maty ? Ary tena manao ahoana no hischoany ?

Ry adala, izay afafinao tsy hovelomina, raha tsy maty izy aloha ;

Ary izay afafinao, tsy ny tenany izay ho avy no afafinao, fa ny voa fotsiny hiany, na voam-bary, na voa hafa ;

Fa Andriamanitra manome azy tena araka izay

sitraky ny fony, ary ny voany rehetra samy omeny ny tenany avy.

Tsy mitovy ny nofo rehetra ; fa hafa ny any ny olona, ary hafa ny nofon' ny bilby, ary hafa ny nofon' ny vorona, ary hafa ny any ny hazandrano.

Ary misy tenan' ny any an-danitra, ary misy tenan' ny ety an-tany ; fa hafa ny voninalitry ny any an-danitra, ary hafa ny any ny ety an-tany.

Hafa ny voninalitry ny masoandro, ary hafa ny voninalitry ny volana, ary hafa ny voninalitry ny kintana ; fa ny kintana anankiray hafa voninalitry noho ny kintana anankiray.

Dia toy izany koa ny fitsanganan' ny maty : Afafy amy ny fahalóvana izy, atsangana amy ny tsy fahalóvana ;

Afafy amy ny fahafaham-boninalitry izy, atsangana amy ny voninalitry ; afafy amy ny fahalemena izy, atsangana amy ny hery ;

Afafy tena araka ny fomban' aina izy, atsangana tena araka ny fomban-panahy. Raha misy tena araka ny fomban' aina, dia misy tena araka ny fomban-panahy koa.

Ary araka izauy no voasoratra koa hoe : "Adama voalohan-dahy natao manan-aina." Adama farany natao fanaly mahavelona.

Anesa tsy izay amy ny fanahy no voalohany, fa izay amy ny manan-aina, dia vao izay amy ny fanahy.

Ny olona voalohany avy amy ny tany, dia tany ; ny olona faharoa dia avy any an-danitra.

Izay amy ny tany dia tahaka ilay amy ny tany ; ary izay any an-danitra dia tabaka ilay any an-danitra.

Ary toy ny nitondrantsika ny endriky ny amy ny tany no hitondrantsika koa ny endrik' Ilay any an-danitra.

Fa izao no lazaiko, ry rahalahy : Ny nofo amandra tsy mahazo mandova ny fanjakan' Andriamanitra, ary ny fahalóvana tsy mandova ny tsy fahalóvana.

Indro, zava-miasina no ambarako aminareo : tsy hody mandry isika rehetra,

Fa rehetra, toy ny indray mapi-maso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovana isika rehetra ; fa hotsofina ny trompetra, ary ny maty hatsangana tsy ho lo intsony, ary isika hovana.

Fa ity mety lo ity tsy maintsy hitafy ny tsy fahalóvana, ary ity mety maty ity tsy maintsy hitafy ny tsy fahafatesana.

Fa rehefa tafin' ity mety lo ity ny tsy fahalóvana, ary tafin' ity mety maty ity ny tsy fahafatesana, dia ho tanteraka ny teny voasoratra hoe : "Ny fahafatesana noresena ka levona."

"Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao ? Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao ?"

Fa ny ota no fanindronan' ny fahafatesana ; ary ny lalána no heriu' ny ota.

Fa isaorana anio Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amy ny alalany Ieso Kristy Tompontsika.

Koa amin' izany, ry rahalahy malalako, dia aoka biorina tsara hianarco, ka aza mety hafindra, ary mahefà be mandrakariva amy ny asan' ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana ny fikelezanareo aina ao amy ny Tompo.

*Ary rehefa 'mbi ao akaikin' ny Fasana, raha mbola manamboatra ny Faty halervina eo ny olona, dia hataon' ny Presbytera hoe, na hohirainy :*

**N**Y olombelona tera-behivavy dia vitsy andro ka be fahoriane. Mitrebona, ary jinjana toy ny voninkazo izy : mihelina toy ny aloka ka tsy maharitra.

Raha mbola miaina dia antomotra ny fahafatesana sahadys izahay : ary iza no hitadiavanay fanampiana, afa-tsy Hianao, Tompo ô, Izay tezitra marina tokoa noho ny fahotanay ?

Koanefa Andriamanitra Tompo masina ô, Tompo mahery, Mpamony masina sy mamindrafo ô, manafaha anay mba tsy ho azon' ny ngidin' ny fahafatesana mandrakizay.

Tompo ô, Hianao mahalala ny miasina ao am-ponay ;

henoy amy ny famindrampao ny fivavahanay : iantrao izahay, Tompo masina ô, Andriamanitra mahery, Mpamony masina sy mamindrafo, Mpitsara marina sy mandrakizay ô, aza avela hiala aminao izahay, raha omby eo am-bavalhaona, noho ny fangirifirian' ny fahafatesana.

**T Raha mbola mandraraka tany ambonin' ny faty ny mijanona ao akaikiny, ny Presbytera dia hanao hoe :**

**S**ATRIA efa sitrak' Andriamanitra Tsitoha noho ny famindrampony lehibe handray ny fanalin' ity *rahalahintsika* malala vao lasa ity, dia atolotsika ny tany ny tenany ; tany ho tany, lavenona ho lavenona, vovoka ho vovoka ; amy ny fanantenana mahatoky sy marina ny hitsanganana ho amy ny fainana mandrakizay, amy ny alalany Ieso Kristy Tompontsika, Izay hanova endrika ny tenan' ny fanetrentenantsika ho endriky ny tenan' ny vonihiny, araka ny fiasan' ny heriny, izay hampanaikeny ny zavatra rehetra ho Azy.

**T Dia hotononina na hohiraina :**

**N**ANDRE feo avy tany an-danitra aho nanao hoe : Soraty ; Sambatra ny maty, izay maty ao amy ny Tompo batramin' izao : Eny, hoy ny Fanahy, mba hitsahatra amin' izay nisasarany izy.

**T Ary ny Presbytera dia hanao hoe :**

Tompo ô, mamindrafo aminay.

*Kristy ô, mamindrafo aminay.*

Tompo ô, mamindrafo aminay.

**R**AİNAY, Izay any an-danitra, Hohamasinina anie ny Anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao, Etô an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamele ny helokay tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakampanahy : Fa manafaha anay amy ny ratsy. Amena.

*Ny Presbytera.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, any aminao no iveloman' ny fanahin' izay maty ao amy ny Tompo, ary any aminao no ifalian' ny fanahin' ny mino sy ahasambarany, rehefa afaka auy ny fahavesaran' ny nofo izy ; Misotra Auao tokatokoa izahay, satria efa sitrakao hanafaka ity *rahalahinay* ity amy ny fahorian' izao fainana be fahotana izao : ary mifona aminao izahay, aoka ho sitrak' ny fahatsaranao soa indrindra halatantteraka vetivety ny isan' ny olompidinao sy hampahatonga faingana ny fanjakanao, mba halazoanay sy izay rehetra efa lasa tamy ny finoana marina ny Anaranao masina ny fahasambaranay sy ny fisalianay tanteraka amy ny tena sy amy ny fanahy, ao amy ny voninahitrapa malaritra mandrakizay ho mandrakizay; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA mamindrafo ô, Rainy Ieso Kristy Tomponay, Izay Fitsanganan' ny maty sy Fiaianana, ary Izay hiveloman' ny mino na dia maty aza ; ary izay rehetra velona ka mino Azy dia tsy ho faty mandrakizay ; Ary koa Izay efa nam-pianatra anay (taminy S. Paolo Apostolou masina) mba tsy halahelo tabaka ny olona tsy manam-panantenana noho izay efa mody mandry eo aminy ; Mifona aminao amy ny fietrentena izahay, Ray ô, mba hanangana anay hiala amy ny fahafatesan' ny fahotana ho amy ny fainan' ny fahamarinana ; ary aoka izahay hitoetra eo aminy Ieso Kristy, rehefa miala amin' izao fainana izao, tahaka ny fanantenanay ny itoeran' io *rahalahinay* io, mba ho olona ankasitrahaha eo imasonao izahay, amy ny fananganana ny maty amy ny andro farany, ka handray ny fitahiana izay hotononin' ny Zanakao malalanao amin' izay rehetra tia sy matahotra Anao, manao hoe : Avia, ry zanaka notalini' ny Raiko, mandovà ny fanjakana voavoatra ho anareo latrizay nanorenana izao tontolo izao. Omeo izany, Ray mamindrafo ô, amy ny alalany Ieso Kristy Mpanalalanay sy Mpanavotra anay. *Amena.*

Ny fahasoavany Ieso Kristy Tompontsika sy ny ftiavan' Andriamanitra ary ny firaosau' ny Fanahy Masina ho amintsika rehetra anie mandrakizay.  
*Amena.*

## NY FANAOVAN'

### NY VEHHAVYY FISAORANA REHEFA AVY NITERAKA IZY.

**T** Rehefa afaka amy ny fisanana ny vehiravy, araka ny fanao, dia hankao amy ny Fiagonana, ary ny Presbytera dia hilaza aming hoe :

**S**ATRIA efa sitrak' Andriamanitra Tsitoha, noho ny fahatsarany, hanafaka anao soa aman-tsara ka efa niaro anao tao amy ny ady masfy izay momba ny fiterahana ; koa dia tokony hisaotra an' Andriamanitra amy ny fonao hianao ka hanao hoe :

(¶ Dia horakin' ny Presbytera ny Salamo exvi.)  
Salamo exvi. Dilexi, quoniam.

**I**ZAHO tia any Iehovah : satria mandre ny feon' ny ffonako Izy.

Satria nanongilana ny sofiny tamiko Izy : dia hiantso aho raha mbola velona koa.

Nanodidina ahy ny fatoran' ny fahafatesana, ary nahazo ahy ny fahoriany Sheola : nahita fahoriany sy alahelo aho.

Dia niantso ny anarany Iehovah aho : Iehovah ô, mifona aminao aho, vonjeo ny fanahiko.

Mamindrafo sy marina Iehovah : eny, miantra ny Andriamanitsika.

Miaro ny tsy ampy saina Iehovah : efa reraka aho, dia namonjy ahy Izy.

Miverena ho amy ny fitsaharanao, ry fanahiko : fa Iehovah efa nanisy soa anao.

Fa efa namonjy ny fanahiko tamy ny fahafatesana Ilianao : ary ny masoko tamy ny ronomaso sy ny tongotro tamy ny fahatafintohinana.

Handeha eo anatrehanay Iehovah : eo amy ny tanin' ny velona aho.

Nino aho ka dia niteny : mahantre indrindra aho.

Izaho nalaky nanao hoo : Fandainga ny oloma rehetra.

Inona no havaliko any Iehovah : noho ny soa rehetra nataony tamiko ?

Handray ny kapoaky ny famonjena aho : ka hiantso ny anarany Iehovah.

Hanefa ny voadiky aminy Iehovah : eo anatrehan' ny olony rehetra aho,

Dia eo an-kianjan' ny tranony Iehovah : eo afovoanao, ry Ierosalema ò.

Ho any ny Ray sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninahitra.

Tahaka ny hatramy ny taloha sy ankehitriny : ary mandrakariva ho mandrakizay, doria doria. Amenà.

### Salamo exxvii. *Nisi Dominus.*

**R**AHA tsy Iehovah no manao ny trano, dia miasa foana ny mpañaao azy : raha tsy Iehovah no miambina ny tanâna, dia miari-tory foana ny mpiam-bina.

Zava-poana ho anareo ny mifoha maraina sy ny alim-pandry ka homana ny hamina azo amy ny fahashiranana : izany anefâ omeny hiány ho amy ny malalanu, na dia matory aza.

Indro, lova avy amiry Iehovah ny zanaka maro : tamby ny teraky ny kibo.

Tahaka zana-tsipika eo an-tánan' ny mahery : ny zanaky ny fahatanorana.

Sambaratra izay mamenno ny fitondran-jana-tsipikany amin' ireny : tsy ho menatra ireny, raha mifamaly amy ny fahavalô eo am-bavahady.

Ho any ny Ray sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninahitra.

Tahaka ny hatramy ny taloha sy ankehitriny : ary mandrakariva ho mandrakizay, doria doria. Amenà.

### ¶ Dia halaon' ny Presbytera hoo :

Aoka isika hivavaka.

Tompo ô, mamindrâfo aminay.

*Kristy ô, mamindrâfo aminay.*

Tompo ô, mamindrâfo aminay.

**R**AINAY Izay any an-danitra, Hohamasinina anie ny Anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao, Ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mameùa ny helokay tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anaý ho any ny fakampanahy, fa manafaha anay amy ny ratsy. Fa Anao ny fajakana sy ny hery ary ny voninahitra, mandrakizay. Amenà.

*Ministra.* Tompo ô, vonjeo ity mpanompovavinao ity :

*Valiny.* Izay matoky Anao.

*Ministra.* Aoka ho fiarovana azy anie Ilianao ;

*Valiny.* Eo anatrehan' ny fahavalony.

*Ministra.* Tompo ô, henoy ny fivavahanay.

*Valiny.* Ary aoka ny fitarainanay ho tonga any aminao.

*Ministra.* Aoka isika hivavaka.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, misaotra Anao amy ny fietrentena izahay, satria efa sitrakao hanafaka ity mpanompovavinao ity amy ny fanain-tainana momba ny fiterahana; ary mifona animao izahay, Ray mamindrâfo ô, aoka izy hohamasinu' ny fahasoavanao hitondratena tsara ka handeha araka ny sitraponao amin' izao fainana izao, mba

hahazoany ny voninahitra mandrakizay amy ny fiainana ho avy ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**T** Ary ny rehivary izay hanao fisaorana, dia tokony hanalitra izay fomba fanao ; ary raha misy Komoniona atao, dia mety raha mandray ny Komoniona masina izy.

## KOMINATIONA

NA

FANAMBARANA NY FAHATEZERAN' ANDRIAMANITRA AMY NY MPANOTA

SY NY

FITSARANY AZY.

Mbany ny fivavahana sasany koa, izay hatao amy ny voalohan-andron' ny Fotoam-pifadiana sy amy ny andro sasany koa, araka izay hotendren' ny Eveka.

**T** Rehefa tapitra ny Fivavahana Maraina sy ny Litany, dia hiteny ny Presbytera hoe :

**R** Y HAVAKO, tao aloha ny Ekklesia dia nanao fananarana tsara ka tamy ny andro niantombohan' ny Fotoam-pifadiana dia nasaina nampischo mihilarary ny fibebahany ny olona, izay meloka ainy ny fahotana hita marina, ka dia nampijalina izy amin' izao fiainana izao, hamonjena ny fanahiny amy ny andro fitsarana, ary mba hanaovana azy ho anatra ny sasany koa, hahatahorany kokoa ny hanota.

Ary tsara tokoa raha hatao indray izany fananarana izany, kanefa ambara-pamerina izany indray, dia ataon' ny Ekklesia fa mety raha vakina ankehditriny ho solon' izany eto anatrehanareo rehetra, ny teny filazana ny fanozonan' Andriamanitra ny mpamoto tsy mibebaka, nalaina tamy ny toko fahafito amby roapolo amy ny Decuteronomy sy ny toko

sasany ao amy ny Soratra Masina ; ary tokony hova-bianareo hoe : *Amena*, isaky ny tapifra ny filazana azy : Ary ny anton' ny anaovana izany, dia mba hananarama anareo ny amy ny fahatezeran' Andriamanitra amy ny mpanota, ary hitaomana anareo ho amy ny fibebahana mafy sy marina, ary mba hitondranareo tena amy ny fitandremana tsara amin' izao andro be loza izao ka hialanareo amy ny fahotana, izay eken' ny vavanareo ho mendrika ny fahatezeran' Andriamanitra.

**H**OZONINA ny olona izay manao endri-javatra soritana na endri-javatra arendrika, hivava-hana.

¶ *Ary hamaly ny olona ka hanao hoe : Amena.*

**Ministera.** Hozonina izay mamindra ny fari-tanin' ny namany.

*Valiny. Amena.*

**Ministera.** Hozonina izay mampivily ny jamba amy ny lalany.

*Valiny. Amena.*

**Ministera.** Hozonina izay manao fitsarana mian-gatra amy ny valiny sy ny kamboty ary ny mpiton-dratena.

*Valiny. Amena.*

**Ministera.** Hozonina izay mameley mangingina ny namany.

*Valiny. Amena.*

**Ministera.** Hozonina izay mandry amy ny vadin' ny namany.

*Valiny. Amena.*

**Ministera.** Hozonina izay mandray tamby hamono ny olona marina.

*Valiny. Amena.*

**Ministera.** Hozonina izay mamefrika ny tokiny amy ny olona ka manao olona ho fiarovany ka ao am-pony miala amy ny Tompo.

*Valiny. Amena.*

**Ministera.** Hozonina ny tsy mamin drafo, ny mpijangajanga, ny mpaka vadin' olona, ny mpahili-

tra, ny mpanompo sampy, ny mpanendrikendrika, ny mpimambo, sy ny mpaka an-kery.

*Valiny. Amena.*

**Ministera.**

**D**IA hitantsika amin' izany fa ozonina izay rehetra mivily sy mania amy ny didin' Andriamanitra (araka izay nambarany Davida Profeta), koa aoka isika hiverina amin' Andriamanitra Tompontsika amy ny fo torotoro sy mibebaka indrindra, sady mitomany no misaona noho ny fahotana nataontsika, ary manaiky ny helotsika ka mitady hamoa voa mendrika ny fibebahana; mahatsiaro ny fitsarana mahatahotra, izay miraviravy ao ambonin' ny lohantsika ka esa hianjera amiutsika mandrakariva. Fa mipe'traka sahady ny famaky eo amy ny fototry uy hazo koa ny hazo rehetra izay tsy mamaoa voa tsara, dia kapaina ka atsipy any anaty afo. Zavatra mahatahotra ny ho lavo eo an-tanan' Andriamanitra velona : handatsaka fandrika afo sy solifara ary rivo-mandoza amy ny ratsy fanahy Izy, ho anjaran' ny kapeakany izany. Fa indro Iehovah mivoaka amy ny fitoerany, mba hampijaly ny uponina amy ny tany noho ny helony. Fa iza moa no mahatanty ny andro filhavany ? Ary iza no malatoetra raha mipoaka Izy ? Ny fikororohany dia eny an-tanany, ary hanadio tsara ny ao am-pamoloany Izy ka hanangona ny variny bo any an-tsompittra, fa ny akofa sy ny mololo hodorany amy ny afo tsy mety maty. Ho avy ny andron' ny Tempo toy ny mpan-galatra amy ny alina, fa raha hoy ny olona hoe : Piadanana sy fiarovana, dia hanjo azy ny fandranganana tampoka, toy ny fahorian' ny velivavy miteraka ka tsy afaka handositra izy. Dia hiseho amy ny andro famaliana ny fahatezeran' Andriamanitra, izay esa novorin' ny mpanota maditra ho any ny tenany noho ny fahasarotam-pony ; fa izy nanamavo ny fahatsarana sy ny faharetana ary ny fandeferan' Andriamanitra tamy ny niantsoany azy mandrakariva hibebaka. Dia vao hiantso Ahy izy (hoy ny Tompo), fa Izaho tsy hamaly ; dia vao litady Aby

izy, fa Izaho tsy ho hitany ; fa halany ny fahalalana, ary tsy nofidiny ny fahatahorana any Iehovah ; tsy nety nanaraka ny amatro izy, fa nanamavo ny fananaraka azy rehetra. Dia ho aoriana loatra ny mandoudéna, rchefa nairindrina ny varavarana ; ary ho aoriana loatra ny mangataka famindrampo, rchefa tonga ny andro fitsarana. Endrey ! mahatalohtra ny feo fitsarana marina indrindra izay hanameloka azy, raha holazaina aminy hoe : Mialà amiko hianareo izay voaozona ho any amy ny afo mandrakizay, izay voavoatra ho any ny devoly sy ny anjeliny. Koa amin' izany, ry rahalahy, aoka isika hitandrina rahateo, raha mbola maharitra ny famonjena, fa avy ny alina, izay tsy hahazoana hiasa. Fa aoka hino ny mazava isika, raha mbola manana ny mazava, ka mitondratena tahaka ny zanaky ny mazava ; mba tsy hariana any amy ny maizina any ivelany isika, izay itomaniana sy ikitrohana nify. Aza manamavo ny fahatscan' Andriamanitra isika, izay miantsika amy ny famindrampony hibebaka, ka manaiky hamela ny heloka lasa noho ny famindrampony tsy hita lany, raha amy ny fo marina sy mahitsy no irenstantsika aminy. Fa na dia tahaka ny jaky aza ny fahotantsika, dia ho fotosy tahaka ny oram-panala izy ; ary na dia mena tahaka ny sily aza izy, dia ho fotosy tahaka ny landihazo izy. Mialà hianareo (hoe ny Tompo) amy ny fahadisoanareo rehetra, dia tsy ho levon' ny helokareo hianareo. Ario ho afaka aminareo ny haratsiam-panahinarco rehetra ka manao va ovaao sy fumahy vaovao ho anarco ; fa na hoana no te-ho faty hianareo, ry mpianakavin' ny Israely ? fa tsy sitrako ny fahafatesan' izay maty, hoy ny Tompo Iehovah. Koa miovà hianareo, dia ho velona hianareo. Fa na dia efa nanota aza isika, nefà manana Mpandalateny amy ny Ray isika, dia Ieso Kristy ny marina ; fa Izy naratra noho ny fahadisoantsika, ary Izy nototorotoroina noho ny helotsika. Koa aoka isika hiverina any aminy, Izay mandray amy ny famindrampony ny npanota mibe-baka, ka hatoky tsara fa horaisiny isika, ary have-lany ny helotsika, raha manatona Azy amy ny fibe-

bahana marina ; raha manaiky Azy isika ka mandeha hatramin' izao amy ny lâlany ; raha mety hitondra ny ziogany mora sy ny entany maivana isika ka hanaraka Azy amy ny fietrentena sy ny faharetana ary ny fitiavana ka mety hotarihina sy hotapahin' ny Fanahy Masina sy hitady ny voninahiny mandrakariva ary hanompo Azy amy ny fisaorana araka izay mety hataontsika. Raha manao izany isika, Kristy dia hanafaka antsika amy ny fanozonan' ny lâlana, ary amin' ilay fanozonana mafy indrindra, izay hianjera amin' izay hapetraka eo amy ny tânany ankavia ; ary hametraka antsika eo amy ny tânany ankavanana Izy, ary hanome antsika ny fitahiana mahaso avy amy ny Rainy, ary handidy antsika handova ny fanjakany malaza. Aoka ny famindrampony anie no hitondrana antsika rehetra ho amin' izany. Amena.

*¶ Dia handohalika izy rehetra, ary hataon' ny Presbytera sy ny olona izao Salamo izao :*

Salamo li. *Miserere mei, Deus.*

**MAMINDRÁFO** amiko, Andriamanitra ô, araka ny fahasoavamao : araka ny haben' ny antranao vonoy ny fahadisoako.

Sasao dia sasao aho ho afa-keloka : ary diovy aho ho afa-pahotana.

Fa tsaroako ny fahadisoako : ary ny fahotako dia eo anatrehako mandrakariva.

Taminao dia taminao hiany no nanotako, ary izay ratsy eo imasonao no efa nataoko : mba ho marina Hianao, raha miteny, ary hadio Hianao, raha mitsara.

Indro, tamy ny heloka no niterahana ahy : ary tamy ny fahotana no torontoronica ahy ny reniko.

Indro fahamarinana ao anaty fo no sitrakao : ary fahendrena ao amy ny miafina no ampahafantarinao ahy.

Diovy hysopa ho afa-pahotana aho, dia hadio : sasao aho, dia ho fotosy mangatsakatsaka.

Ampandreneso fifaliana sy faharavoravoana aho : hifalian' ny taolana izay novakivakinao.

Afeno ny tavanao ny fahotako : ary vonoy ny heloko rehetra.

Amorony fo madio aho, Andriamanitra ô : ary havaozy hiorina marina ny fanahiko ao anatiko.

Aza manary ahy hiala eo anatrehanao : ary aza manaisotra ny Fanahinao Masina amiko.

Ampodio amiko ny fifaliana amy ny famonjenao : ary tohány fanahy mazoto aho.

Dia hampianatra ny olon-diso ny lálanao aho : ary ny mpanota hampiverenina aminao.

Vonjeo ho afaka amy ny valin-dra aho, Andriamanitra ô, Andriamaniry ny famonjena ahy : Hihoby ny fahamarinanao ny lelako.

Tompo ô, sokafy ny molotro : ka ny vavako hanambara ny fiderana Anao.

Fa tsy fanatitra no sitrakao ; raha izany, dia nomeko : ny fanatitr-odorana tsy mahafaly anao.

Ny fanatitra ho an' Andriamanitra dia fanahy torotoro : ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao ho tsinontsinona.

Manaovaloa aminy Ziona araka ny fahasoavanao : ataovy ny mändandy Jérosalema.

Dia ho sitrakao ny fanati-pahamarinana sy ny fanatitr-odorana ary ny fanatitra voadotra avokoa : dia hanatitra vantotr' ombilahy eo amy ny altaranao ny olona.

He any ny Ray sy ny Zanaka : ary ny Fanahy Masina anie ny voninalitry,

Tahaka ny hatramy ny taloha sy ankehitriny : ary mandrakariva ho mandrakizay, doria doria. Amena.

Tompo ô, mamindráfo aminay.

*Kristy ô, mamindráfo aminay.*

Tompo ô, mamindráfo aminay.

RAINAY Izay any an-danitra, Hohamasinina R anie ny Anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao, Etì an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay

hanina sahaza ho anay. Ary mamele ny helokay tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakampahanay : Fa manafaha anay amy ny ratsy. Amena.

*Ministera.* Tompo ô, vonjeo ny mpanomponao.

*Valiny.* Izay matoky Anao.

*Ministera.* Alatsaho aminy fanampiana avy any ambony.

*Valiny.* Ary arovymy ny herinao mandrakariva izy.

*Ministera.* Ampio izahay, Andriamanitra ô, Mpamony anay.

*Valiny.* Ary noho ny voninalitry ny Anaranao iantrao izahay ; mamindráfo aminay mpanota noho ny Anaranao.

*Ministera.* Tompo ô, mihainoa ny fivavahanay.

*Valiny.* Ary aoka ny fitarainanay ho tonga amiano.

*Ministera.* Aoka isika hivavaka.

**TOMPO ô**, mifona aminao izahay, henoy amy ny famindrampo ny fivavahanay, ka iantrao izay rehetra manaiky ny fahotany aminao, mba ho afakekola izay ampangain' ny fieritreretany noho ny famelanao azy amy ny famindrampaonao ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. Amena.

**ANDRIAMANITRA** Tsitoha sy Ray be indrafo indrindra ô, Hianao miantra ny olona rehetra ka tsy misy tsy tianao izay efa noforoninao ; Hianao tsy maniry ny hahafaty ny mpanota, fa aleonao ny hialany amy ny fahotany ka ho voavonjy. Mamele ny helokay amy ny famindrauponao : raiosy ampiionony izahay, izay malahelo sy mavesatra entana noho ny fahotanay. Anao ny mamindráfo mandrakariva ; Anao hiany ny mamele heloka. Miantrà anay, Tompo ô, mamele ny olonao, izay efa navotanao ; aza mampiditra ny mpanomponao amy ny fitsarana, izay mpanota mahantre feno haratsiana, fa esory aminay ny fahatezeranao, dia izay manaiky ny haratsianay amy ny fietrentena, sady

mibebaka marina tokoa noho ny fahotanay, ary fain-gaina hanampy anay amin' izao fiainana izao, mba ho velona mandrakizay ao aminao amy ny fiainana ho avy; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**¶ Dia hanonona izao fivarahana manaraka izao ny olona ka ny Ministera no mitarika.**

**A**MPIVERENO izahay, Tompo ô, dia ho voaverina izahay. Manaova soa, Tompo ô, manaova soa amy ny olonao, izay miverina aminao amy ny fitomaniana sy ny fifadiana ary ny fivavahana. Fa Hianao, Andriamanitra be indiafô, dia feno famindrampo, maharipo ka be fiantrana. Hianao miantra raha tokony hampijalina izahay, ary amy ny fahateranao dia mahatsiaro famindrampo hiány. Iantrao ny olonao, Tompo ô, iantrao izy ka aza avela ho latsha ny lovanao. Henoy izahay, Tompo ô, fa lehibe ny famindramponao, ka tsinjoyv izahay, araka ny hamaroan' ny fiantranao, noho ny fitiavana sy ny alalany Ieso Kristy Zanakao isaorana Tomponay. *Amena.*

**¶ Dia ny Ministera hanao hoe :**

**H**ITAHY antsika anie ny Tompo ka hiaro antsika; hampamirapiratra ny tavany amintsika anie ny Tompo ka hanome antsika fiadanana ankehitriny sy mandrakizay. *Amena.*

## MALAGASY VERSION

### OF THE FORM AND MANNER

MAKING, ORDAINING, AND CONSECRATING

OF  
BISHOPS, PRIESTS, AND DEACONS.



SOCIETY FOR PROMOTING CHRISTIAN KNOWLEDGE.

LONDON : NORTHUMBERLAND AVENUE, W.C.

1904.

NY FOMBA FANAO

AMY NY

FANAOVANA, FANENDRENA, SY FANAMASINANA

NY

EVEKA SY NY PRESBYTERA ARY NY DIAKONA,

ARAKA NY FOMBAN' NY

EKKLESIA.

---

SASIN-TENY.

---

*Izay mazoto mamaky ny Soratra Masina sy ny Soratry ny Rain' ny Ekklesia taloha, dia mahita marina fa hatramy ny Androin' ny Apostolo efa nisy Filaharana telo ny Ekklesiany Kristy—dia ny Eveka sy ny Presbytera ary ny Diakona. Ary ny Raharahan' izy ireo dia nohajaina tokoa ka tsy nisy sahy nitondra izany akory, raha tsy voäntso sy voadinika ary fantatra tsara ho olona izay tokony hahatanteraka azy ; ary koa, tsy nisy sahy nitondra izany raha tsy ny Firavarhana eo ampiangonana sy ny Fametrahan-tanana, no nanaikena sy nampidiran' ny Eveka azy hanao izany. Ary amin' izany, mba humpaharetana sy hanajana ireo Filaharana ireo elo Madagaskara, dia tsy hisy hatao ho Eveka na Presbytera na Diakona, na havela hanao izany raharaha amy ny Ekklesia izany afa-tsy izay coäntso sy voadinika ary nampidirina hanao izany, araka izao*

*Fomba izao, izany hoe : izay tsy nahazo Fanamasi-nina na Fandrendre Épiskopaly.*

*Ary tsy hisy hatao ho Diakona raha tsy efa 23 taona izy. Ary ny hotendrena ho Presbytera dia ho 24 taona. Ary ny hotendrena na hohamasinina ho Eeeka tsy ho latsoaka noho ny 30 taona mipaka.*

*Ary rehefa hila fa tsara ny fitondrantean' ny hotendrena ary fa tsy manan-tsiny, sady afaka ny fanadiana ka dia hita fa mahay ny Soratra Masina izy, dia mahazo manao azy ho Diakona ny Eeeka, amy ny fotoana roatendry, na raha misy antony, amy ny Alahady na Andro Festa, nefa eo anatrechan' ny Fiangonana, araka izao Fomba Fanao manaraka izao.*

## NY FOMBA

FANAOVANA DIAKONA.



¶ Rehefa tonga ny Andro efa notendren' ny Eeeka ka vita ny Firarahana Maraina, dia hisy Fitorianteny na Fananaranarina milaza nj raharaha sy ny tokony hataon' ny Diakona, ary ny tsy fahazoana hamela izany Filaharana izany eo amy ny Ekklesiany Kristy, ary koa fa ny raharaha atouon' ny Diakona no tokony hanitan' ny olona azy.

¶ Voalohary ny Arkidialona na ny Solony dia hanolotra izay rehetra hatao Diakona, miakanjo araka ny fanao, amy ny Eeeka (mipetraka amy ny sezany akaikin' ny Altara), ary hanao hoe :

**R**EVERENDA Ray amin' Andriamanitra ô, atelotro anao ireto olona ireto, hatao Diakona.

*Ny Eeeka.*

TANDREMO fandrao ny olona atolotrao ahy no tsy mahay na tsy miendrika, na amy ny fahaizany na amy ny fitondrantenany tsara, hanao marina ny rahavahany, ho voninahitr' Andriamanitra, ary ho fanatsarau' ny Ekklesiany.

¶ *Dia hamaly ny Arkidiakona hoe :*

**E**FA nanontany sy nanadina azy aho, ary atao ko fa mahay sy miendrika izy.

¶ Dia hanao amy ny olona hoe ny Eeeka :

**R**Y JIAVAKO, raha misy aminareo, izay maha-lala fisakanana na tsiny lehibe amin'ireto olona natolotra hatao Diakona ireto, izay tokony tsy ham-pidirana azy hitondra izany raharaha izany, amy ny Anaran' Andriamanitra, aoka izy hitranga ka hampischo izany fisakanana na tsiny izany.

¶ Raha misy tsiny lehibe na fisakanana miseho, ny Eeeka dia hijanona tsy hanendry izay olona ampan-gaina, mandrapahitany fa afaka amin'izany izy.

¶ Dia hangataka ny mpiungona hivaraka ho any izay hotendrena ny Eeeka, ary izy mbamy ny Klerjé sy ny olona eo, dia hanao ny Litany sy ny Firavahana, araka izao manaraka izao :

**A**NDRIAMANITRA Ray, any an-danitra ô : mamin-dráfo aminay mpanota mahamantra.

*Andriamanitra Ray, any an-danitra ô : mamin-dráfo aminay mpanota mahamantra.*

Andriamanitra Zanaka, Mpanavotra izao tontolo izao ô : mainindráfo aminay mpanota mahamantra.

*Andriamanitra Zanaka, Mpanavotra izao tontolo izao ô : mamin-dráfo aminay mpanota mahamantra.*

Andriamanitra Fanahy Masina, avy amy ny Ray sy ny Zanaka ô : mamin-dráfo aminay mpanota mahamantra.

*Andriamanitra Fanahy Masina, avy amy ny Ray sy ny Zanaka ô : mamin-dráfo aminay mpanota mahamantra.*

Trinité masina, isaorana sy malaza ô, Persona telo nefä Andriamanitra iray : mamin-dráfo aminay mpanota mahamantra.

*Trinité masina, isaorana sy malaza ô, Persona telo nefä Andriamanitra iray : mamin-dráfo aminay mpanota mahamantra.*

Tompo ô, aza mahatsiaro ny fahadisoanay, na ny fahadisoanay ny razanay, ary aza mamaly anay araka

ny fahotanay : jantrao izahay, Tompo tsara ô, jantrao ny olonao, izay navotanao tamy ny ranao soa indrindra, ary aza tezitra aminay mandrakizay,

*Jantrao izahay, Tompo tsara ô.*

Amy ny faharatsiana sy ny loza rehetra ; amy ny fahotana, amy ny fitaky ny devoly sy ny famelinianay ; amy ny fahatezeranao, ary amy ny fanamelo-hana mandrakizay,

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Amy ny fahajambam-po rehetra ; amy ny flavonanana, amy ny faniriana ny laza foana sy ny fiabtsarambelatsihy ; amy ny fialonana, ny fankahalana sy ny lolompo ary ny tsy fitiavana rehetra,

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Amy ny fijangajangana sy ny fahamamoana ary ny fahotana hafa mahafaty rehetra ; ary amy ny fitaka rehetra atao' izao tontolo izao sy ny nofo ary ny devoly,

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Amy ny varatra sy ny tafio-drivotra ; amy ny aretin-dratsy misindra sy ny mosary ; amy ny ady sy ny vonoan-olona, ary amy ny fahafatesana tam-poka,

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Amy ny fikomiana rehetra sy ny teti-dratsy mia fina ary ny fiodinana ; amy ny fampianarana tsy marina rehetra sy ny heresy ary ny fisarahana ; amy ny fahasaratam-po, ary amy ny fanevatevana ny Teninao sy ny Didiniao,

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Noho ny Mysterion' ny Inkarnationanao Masina ; noho Hianao nateraka sy nosorana : noho Hianao natao batisa sy nifady ary nalaimi-panahy,

*Manafaha anay, Tompo tsara ô.*

Noho Hianao fadiranovana sy nandatsa-dinitra nisy ra, noho Hianao nihantona teo amy ny hazofijaliana sy niaritra fahoriania be, noho Hianao maty sy nalevina, noho Hianao nitsangana tamy ny maty sy niakatra any an-danitra, ary noho ny Fanahy Masina tafidina,

*Manafaha anay, Tompo tsara 6.*

Amy ny andro rehetra ahorianay, amy ny andro rehetra ahafinaretanay, amy ny andro hahafatesanay, ary amy ny andro fitsarana,

*Manafaha anay, Tompo tsara 6.*

Izahay mpanota mifona aminao, Tompo Andriamanitra ô, mihainoa anay ; ary aoka mba ho sitrakao hitarika sy hanapaka ny Ekklesianao Masina Katolika amy ny lîlana marina ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao mba hitahy sy hitandrina ny Presidentan' ny Republika Frantsay sy ny Gouverneur Général ary ny manampahefana rehetra ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao mba hanazava saina ny Eveka sy ny Presbytera ary ny Diacona rehetra amy ny fahalalana marina sy ny sahafantarana ny Teninao, mba hanambara sy haneho izany amy ny fitoriany teny sy ny fitondrantenany izy ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao hitahy *ireto* mpanompouao *ireto*, izayefa hampidirina ho amy ny Filaharan' ny Diacona [na Presbytera], ary hampidina aminy ny fahasoavanao, hahatanterahany ny raharahany ho fanatsarana ny Ekklesianao, ary ho voninahitry ny Anaranao masina ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao mba hanome fahasoavana sy fahendrena ary fahalalana ny Mpanolotsaina sy ny Mpan-paka rehetra ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao mba hitahy sy hitandrina ny Mpitoara sy hanome azy ny fahasoavana, mba hanovany ny mahitsy sy hitandremany ny marina ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao mba hitahy sy hitandrina ny olonao rehetra ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao mba hanome ny firenena rehetra firaosana, sy fialanana ary fifankatiavana ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao mba hanome anay fo tia sy matahotra Anao ary mazoto manaraka ny didiniao ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao mba hanome ny olenao rehetra fitomboam-pahasoavana, hinoany ny teninao amy ny fit-trentena sy handraisany azy amy ny fitiavana madio ary hahavokarany ny vokatry ny Fanahy ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao mba hamerina izay rehetraefa tafavily sy voafitaka ho amy ny lîlana marina ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao mba hanatanjaka izay rehetra mijoro tsara, ary hampionona sy hanampy izay kivy fo, ary hanangana izay potraka, ary hampiondrika any Satana eo ambania' ny tongotray amy ny farany ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara 6.*

Aoka ho sitrakao mba hanumpy sy hamonjy ary hampionona izay rehetra tra-doza sy mana-manjo ary zoim-pahoriana ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hitandrina izay rehetra mandeha na eny an-tanety na eny ambony rano ; sy ny velhivavy rehetra izay miteraka, sy ny olona marary rehetra sy ny zaza madinika rehetra, ary hasehonao ny famindramponao amy ny ao an-trano maizina sy ny sambo-belona rehetra ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hiaro sy hamelona ny kamboty sy ny mpitondratena ary izay rehetra manirery sy ory ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hamindrafo amy ny olona rehetra ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hamela ny heloky ny fahavalonay, ny mpanenjika anay sy ny mpifosa anay, ary mba hanova ny fony ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hanome sy hitahiry ho anay ny vokatry ny tany samy araka ny karazany avy, havavokisany anay amy ny fotoany ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Aoka ho sitrakao mba hanome anay fibebahaha marina ; hamela ny fahotanay rehetra ny tsi-fitandremanay sy ny tsi-fahalalany ; ary hampidina aminay ny fahasooavan' ny Fanahiniao Masina, hanitsianay ny fitondrantenanay araka ny Teniniao masina ;

*Mihainoa anay, Tompo tsara ô.*

Zanak' Andriamanitra ô : mihainoa anay.

Zanak' Andriamanitra ô : mihainoa anay.

Zanak' ondrin' Andriamanitra ô : Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao ;

*Omeo anay ny fiadananao.*

Zanak' ondrin' Andriamanitra ô : Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao ;

*Mamindrâfo aminay.*

Kristy ô, mihainoa anay.

*Kristy ô, mihainoa anay.*

*Tompo ô, mamindrâfo aminay.*

*Tompo ô, mamindrâfo aminay.*

*Kristy ô, mamindrâfo aminay.*

*Kristy ô, mamindrâfo aminay.*

*Tompo ô, mamindrâfo aminay.*

*Tompo ô, mamindrâfo aminay.*

*Dia hiara-manonona ny Firavahan' ny Tompo ny Presbytera sy ny Mpangona.*

RAINAY Izay any an-danitra, Hohamasinina anie R ny Anaranao. Ilo tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao, Ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sabaza ho anay. Ary mamele ny helokay tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakampanahy : Fa manafaha anay amy ny ratsy. *Amena.*

*Presbytera.*

Tompo ô, aza manome anay araka ny fahotanay.

*Valiny.*

Ary aza mamaly anay araka ny helokay.

Aoka isika hivavaka.

ANDRIAMANITRA, Ray mamindrafo ô, Hianao A tsy manamavo ny fisentoan' ny fo mibebaka sy ny fanirian' ny malahelo; Ampio amy ny famindramponao ny vavakay, izay ataoanay eo anatrehanao neno ny loza manjo anay sy ny fahorianana rehetra

*Presbytera.*

Tompo ô, asehoy anay ny famindramponao.

*Valiny.*

Araka ny itokianay Anao.

Aoka isika hivavaka.

izay ampahoriany anay; ary henoy amy ny fiantranao izahay, mba ho tsinontsinona ireo fahartsiana ireo, izay atao' ny devoly na ny olona amy ny fiendreny sy ny fanangolena hanohitry anay, ary mba hofoaner' ny fahatsarao' ny fitondranao izy, mba tsy ho resin' ny fanenjehana akory izahay mpanomponao ka dia hisaotra Anao mandrakariva eo amy ny Ekklesianao masina; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay.

*Tompo ô, mitsangána ka ampio izahay, ary afaho izahay noho ny Anaranao.*

**A**NDRIAMANITRA ô, efa ren' ny sofinay, ary nambaran' ny razanay taminay, ny asa malaza nataonao tamy ny androny, ary tamy ny andro fahiny.

*Tompo ô, mitsangána ka ampio izahay, ary afaho izahay noho ny voninahitrapo.*

Ho any ny Ray sy ny Zanaka: ary ny Fanahy Masina amie ny voninalitra;

*Valiny.*

Tabaka ny hatramy ny taloha sy ankehitriny: ary mandrakariva ho mandrakizay, doria doria. Amena.

Arovy amy ny fabavalonay izahay, Kristy ô.

*Tsinjoy amy ny fahasoavano ny fahorianay.*

Jereo amy ny fiantranao ny alabelon' ny fonay.

*Mamecia ny fahotan' ny elonao, amy ny famindramponao.*

Henoy ny vavakay amy ny fitiavano sy ny famindramponao.

*Zanaky Darida ô, mamindráfo aminay.*

Aoka ho sitrakao hihaino anay ankehitriny, sy mandrakizay, Kristy ô;

*Henoy izahay, Kristy ô, amy ny fahasoavano; henoy izahay, Kristy Tompo ô, amy ny fahasoavano.*

**M**IFONA aminao amy ny fietrentena izahay, Ray ô, jereo amy ny famindramponao ny fahalemenay; ary noho ny voninahitry ny Anaranao aza avela bihatra aminay ireo fahartsiana rehetra ireo izay tokony habazo anay marimarina; ary amy ny fahorianay rehetra dia aoka hatoy sy hanantena ny famindramponao izabay, ary hanompo Anao mandrakariva amy ny fitondrantena masina sy madio, ho lazanao sy voninahitrapo; amy ny alalany Ieso Kristy, Mpanalalanay tokana sy Mpandahatra ny teninay. *Amena.*

*¶ Dia hatao amin' izao ny Komonionao, mbamy ny Kolekta, Epistola sy Filazantsara, araka izao manaraka izao.*

*Ny Kolekta.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, ny fitandremanao masina no efa nanendrenao ny Filahara-ministera samihafa eo amy ny Ekklesianao: Hianao dia nanolo-tsaina ny Apostolao hifidy any Santa Stefana, Martyronao voalohany, mbamy ny sasany koa, mba hatao amy ny Filaharan' ny Diakona. Tsinjoy amy ny famindramponao *ireto* mpanomponao *ireto*, izay antsoina ankehitriny ho amin' izany filaharana sy raharaha izany. Fenoy ny fahamarian' ny fampianaranao izy, ary taftio ny fitondrantena tsy mangan-tsiny, hanompoany marina tokeo Anao amin' izao raharaha izao, na amy ny teny na amy ny obatra tsara, ho voninalitra ny Anaranao, ary ho fanatsarana ny Ekklesianao; amy ny alalany Ieso Kristy Mpanompy anay, Izay miara-belona sy miaramjaka aminao sy ny Fanahy Masina, ankehitriny sy mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola.* 1 Tim. iii, 8, 13.

**N**Y diakona koa toy izany hiany, maotona, tsy miroa teny, tsy tia divay be, tsy mila harena maloto, mitandrina tsara ny zava-miafina ny amy ny finoana amy ny fieritreretana madio. Ary aoka hizahana toetra ireo aloha, dia vao hanao ny asan' ny diakona izy, raha tsy manan-tsiny. Ny vehivavy koa toy izany hiany : maotona, tsy impanendriken-drika, mahonon-tena, mahatoky amy ny zavatra rehetra. Aoka ny diakona samy hanambady tokana, ary hanapaka tsara ny zanany sy ny ankohonany. Fa izayefa mahavatra tsara ny asan' ny diakona, dia mahazo toerana tsara ho any ny tenany sy fah-sahiana be amy ny finoana izay ao aminy Kristy Ieso.

*Na ity amy ny toko fahenina amy ny Asan' ny Apostolo.*  
Asa vi. 2-7.

**A**RY ny roa amby ny folo lahy nampiangona ny mpianatra rehetra ka nanao hoe : Tsy mety raha mandao ny tenin' Andriamanitra hitandrina latabatra izahay. Koa amin' izany, ry rahalahy, mizahà fito lahy eo aminareo, izay tsara laza sady feno Fanahy Masina sy fahendrena hotendrenay hitandrina izany raharaha izany. Fa izahay kosa haharitra amy ny fivavahana sy ny fampianarana. Ary sitraky ny olona rchettera ny teny; ary izy nifidy any Stefana, lehilahy feno finoana sy Fanahy Masina, ary Filipo sy Prokoro sy Nikanora, sy Timona sy Parmena, ary Nikoleo (proselyta avy tany Antiochia), ireo nampitoeriny teo anatrehan' ny Apostolo; ary rehefa nivavaka ny Apostolo, dia nametra-tanana taminy izy. Dia nandroso ny tenin' Andriamanitra; ary nihamaro indrindra ny i'an' ny mpianatra tany Ierosalema; ary maro-be ny mpisorona nanaiky ny finoana.

*Alohan' ny amakiant ny Filazantsara, ny Eeeka mipetraka amy ny sezany dia hanontany ny hotendrena rehetra eo anatrehan' ny olona, araka izao manaraka izao.*

**M**OA matoky va hianao, fa amporisihin' ny Fanahy Masina hianao, handray izao anjara sy raha-raha izao, hanompoanao an' Andriamanitra ho fam-pielezana ny lazany, ary ho fanatsarana ny olony?

*Valiny.* Itokisako izany.

*Ny Eeeka.*

**M**OA ataonao va fa voäntso marina hianao, araka ny sitrapony Ieso Kristy Tompontsika, hanao izao fanompoana amy ny Ekklesia izao ?

*Valiny.* Ataoko fa izany.

*Ny Eeeka.*

**M**OA inoanao marina tokoa va ny Soratra Masina Kanonikaly, dia ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao?

*Valiny.* Inoako izany.

*Ny Eeeka.*

**M**OA hazoto hamaky azy amy ny olona tafangona ao amy ny Trano Fianganana tendrena mba hanompoanao va hianao?

*Valiny.* IIataoko izany.

*Ny Eeeka.*

**N**Y foto-draharahan' ny Diakona amy ny Fianganana tendrena mba hanompoany dia izao : ny manampy ny Presbytera amy ny Fivavahana amin' Andriamanitra, ary indrindra fa amy ny fanaovana ny Komoniona Masina, sy ny manampy azy amy ny fanolorany azy, ary ny mamaky ny Soratra Masina eo amy ny Fianganana; ny mampianatra ny ankizy madinika ny Katekisma; ny manao batisa raha tsy ao ny Presbytera, ary ny mitoriteny raha avelan' ny Eeeka. Ary izao koa no raharahanay : ny m'zaha ny marary, ny mahantara sy ny malemy, ary ny milaza ny toetrary sy ny anarany ary ny fonenany amy ny Presbytera impitandrina, mba hanampiany

azy avy amy ny rakintry ny fiangonana, na ny fano-mezana hafa avy amy ny sasany. Moa hataonao amim-pifaliana sy fahazotoana va izany?

*Valiny.*

Hataoko izany amy ny fanampian' Andriamanitra ahy.

*Ny Eveka.*

MOA hataonao va araka izay zakan' ny ainao hitondratena sy hampitondratena ny ankoholonanao, araka ny fampianaranany Kristy, mba hanovanao ny tenanao sy ny tenany ho ohatra tsara harahin' ny ondry andiany Kristy?

*Valiny.*

Hataoko izany amy ny fanampian' ny Tompo ahy.

*Ny Eveka.*

MOA harahinao amy ny fanajana va ny Eveka sy ny Ministera lehibenao, mbamin' izay efa nomeny ny fitandremana sy ny fifehezana anao eo amy ny Ekklesia, mankatò ny fananaranany marina amy ny fankasitrhana sy ny tsy simonomonona?

*Valiny.*

Hataoko izany amy ny fanampian' ny Tompo ahy.

*Dia hanetraka ny tânany amy ny lohany tsirairay ary ny Eveka ka hanao hoe :*

RAISO ny fahefana hanaovanao ny Raharahan' ny Diakona eo amy ny Ekklesian' Andriamanitra; amy ny Anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

*Dia hoteloran' ny Eveka ny Testamenta vaovao tsirairay ary izy ka hatrany hoe :*

RAISO ny fahefana hamakianao ny Filazantsara eo amy ny Ekklesian' Andriamanitra sy hitorianao azy, raha avelan' ny Eveka hanao izany hianao.

*Dia hamaky ny Filazantsara ny anankiray aminy, izay notendren' ny Eveka.*

S. L'oka xii. 35-38.

AOKA hisikina ny valahanareo sy hirehitra ny jironareo; ary aoka hianareo ho tahaka ny olona izay miandry ny tompony, raha hody avy amy ny fampakaram-bady izy ka tonga sy mandondona, dia vohany miaraka aminizay. Sanibatra ireo mpanompo ireo, izay ho hitan' ny tompony, raha avy izy, fa miambina. Lazaike aminareo marina tokoa fa hisikina ny tompony dia hampipetraka azy hihinana, dia ho avy ka hanompo azy. Ary na avy amy ny fiambenan-alina faharoa izy, na avy amy ny fiambenan-alina fahatelo, ka mahita azy toy izany, dia sambatra ireo mpanompo ireo.

*Dia handroso hanao ny Komoniona masina ny Eveka, ary dia handray ny Komoniona masina izay rehetra efa voatendry koa.*

*Rehefa vita ny Komoniona sy ny Kolekta farany, dia ireto Kolekta ireto no hatao ulohan' ny Iso-drano.*

ANDRIAMANITRA Tsitoha, Mpanome ny zava-tsoa rehetra ô, noho ny fahatsaranao lehibe, dia efa sitrakao handray ireto mpanomponao ireto hitondra ny raharahan' ny Diakona eo amy ny Ekklesianao; Mangataka aminao izahay Tompo ô, aoka izy ho maotona sy hietritena ary hazoto amy ny fanompoany Anao, ary hanaiky amy ny fankasitrhana ny fananarana rehetra araka ny fanahy : koa aoka ny filazan' ny fierireretana tsara sy ny faharetany mafy aminy Kristy Zanakao no hitondraniteena tsara amin' izao raharaha ambanimbany izao, mba ho miendrika hantsiona hitondra ny raharaha ambonimbo ny efa amy ny Ekklesianao; amy ny alalany Ieso Kristy Zanakao sy Mpamony anay, Izay omem-boninahitra sy laza, mandrakizay mandrakizay. Amena.

TOMPO ô, aoka ny fitiavanao mahasoa indrindra hialoha anay sady hampandroso anay mandra-  
III.

kariva, ka aoka izay rehetra atomboka no hotantekarivao, ao 'aminao ho lazanao sy ho voninahitao, mba hahazoanay ny fainana mandrakizay amy ny farany noho ny famindramponao; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. Amena.

**N**Y fiadanana' Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo anie ao amy ny fahalalana sy ny fitiavana an' Andriamanitra sy Ieso Kristy Zanany Tomponsika : ary ny fitahian' Andriamanitra Tsitoha, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, dia ao aminareo, ary mitoetra aminareo mandrakariva. Amena.

*Ary aoka ho fantatry ny Diakona fa tsy maintsy manao ny raharaha'ny Diakona herintaona mipaka izy [raha tsy misy antony izay ataon'ny Eureka hahamety ny hanovana izany] mba hahazany tsara ny fitondrana ny raharaha momba ny Ekklesia. Ary raha hita marina fa mahatoky sady mazoto amin' izany izy, dia azon' ny Eureka tendrena ho Presbytera izy, amy ny fotoana roatendry, na raha misy antony lehibe, amin' izay andro Alahady na Andro Festa, nefo eo anatrehan' ny Fiango-nana, araka izao fomba manaraka izao.*

## NY FOMBA

### FANENDRENA NY PRESBYTERA.

¶ Rehefa tonga ny andro esa notendren' ny Eureka ka vita ny Firavahana Maraina, dia hisy Fitorianteny na Fananarana milaza ny raharaha sy ny tokony hataon' ny Presbytera ary ny tsy fahazoana hamela izany Filaharana izany eo amy ny Ekklesiany Kristy, ary koa fa ny raharaha ataon' ny Presbytera no tokony hanajan' ny olona azy.

¶ Voalohany ny Arkidiakona na ny Solony dia hanolotra izay rehetra hotendrena ho Presbytera (miakanjo araka ny fano) amy ny Eureka mipetraka amy ny sezany akaikin' ny Altara, ary hanao hoe :

**R**EVERENDA Ray amin' Andriamanitra ô, atolotro anao ireto olona ireto, hotendrena ho Presbytera.

*Eureka.*

**T**ANDREMO fandrao ny olona atolotrao ahy no tsy mahay na tsy miendrika, na amy ny fahaizany na amy ny fitondrantenany tsara, hanao marina ny raharahanay, ho voninahitry' Andriamanitra, ary ho fanatsarana ny Ekklesiany.

*Dia hanaly ny Arkidiakona hoe :*

**E**FA nanontany sy nanadina azy aho, ary atao ko fa mahay sy miendrika izy.

**T** Dia hanao amy ny olona hoe ny Eveka :

**R** Y HAVAKO raha sitrak' Andriamanitra dia kasainay horaisina ireto anio ho amy ny Filahara-masin' ny Presbytera. Fa nony vita ny fanadidana azy, dia hitanay fa tsy misy fisakanana, fa voäntso marina tokoa izy, hanao izao raharahanay izao, sady olona miendrika hanao izany. Kanefà kosa raha misy aminareo izay mahalala fa misy fisakanana na tsiny lehibe amin' ireto olona ireto, izay tokony tsy handraisana azy hanao izany fanompoana masina izany, amy ny Anaran' Andriamanitra, aoka izy hitranga ka hampischo izany fisakanana na tsiny izany.

**T** Raha misy tsiny lehibe na fisakanana miseho, ny Eveka dia hijanona tsy hanendry izay olona ampanjaaina, mandrapahitany fa afaka amin' izany izy.

*Dia hangataka ny mpiangona hiravaka ho any izay hotendrena ny Eveka, ary izy mbamy ny Kleré sy ny olona eo dia hanao ny Litany sy ny Fifavahana sasany, araka izay efa voatendry amy ny Fomba fanaovana Dia-kona ; afa-tsy izao : dia eo amy ny Fifonana voatendry, ny teny hoe : Presbytera no hasolo ny teny hoe : Dia-kona.*

*Dia hatao amin' izao ny Komoniona, mbamy ny Koklcta, Epistola sy Filazantsara, araka izao manaraka izao :*

*Ny Kolektu.*

**A** NDRIAMANITRA Tsitoha, Mpanome ny zava-tsoa rehetra ô, ny Fanahinao Masina no nanendrenao ny Filahara-ministera samihafa eo amy ny Ekklesianao ; Tsinjovy amy ny famindramponao ireto mpanomponao ireto, izay antsoina ankehitriny hanao ny raharaha' ny Presbytera. Fenoy ny fahamarinan' ny fampianaranao izy, ary tafio ny fitondrantena tsy manan-tsiny, hanompoany marina tokoa Anao amin' izao raharaha izao, ho voninahitry ny Anaranao, ary ho fanatsarana ny Ekklesiano ; amy ny alalany Ieso Kristy Mpamony anay, Izay miarabelona sy miara-manjaka aminao sy ny Fanahy Masina, ankehitriny sy mandrakizay. *Amena.*

*Ny Epistola. Efes. iv. 7—13.*

**F**A samy noncna ny fahasoavana araka ny ohatry ny fanomezany Kristy isika rehetra. Koa izany no ilazany hoe : Raha niakatra ho any amy ny avo Izy, dia nitondra olona maro ho babo ka nanome fanomezana ho any ny olona. Ary ny amy ny niakatra, inona moa izany, afa-tsy ny cfa nidina ho any ambanin' ny tany koa ? Izay nidina, dia Izy koa no Ilay niakatra any ambonin' ny lanitra rehetra, hamenoany ny zavatra rehetra. Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostolo, ary ny sasany ho profeta, ary ny sasany ho evanglista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra, ho fanatanterahana ny olona masina, ho amy ny asan' ny fanompoana amy ny fiangonana, ho amy ny fampandrosoana ny tenany Kristy, mandrapahatongantsika rehetra ho amy ny firaisan' ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak' Andriamanitra, ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halchiben' ny fahafenoany Kristy.

*Rehefa vita izany dia hovakina izao Filazantsara izao :*

S. Mateo ix. 36.

**A** RY nony njery ny vahoaka Ieso, dia nahonena Azy ny fijeriny ireo, satria reraka izy ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry. Dia hoy Izy tamy ny mpianany : Be ny volatra, fa ny mpiasa no vitsy ; koa amin' izany mangataha amy ny Tompon' ny volatra, mba hampandehanany mpiasa ho any amy ny volany.

*Na izao manaraka izao :*

S. Iohana x. 1—16.

**L**AZAIKO aminareo marina dia marina tokoa fa izay tsy miditra amy ny vavahady ho amy ny valan' ondry, fa mananika izay lalan-kafa, dia mpanagalatra sy jiolahy. Fa izay miditra amy ny vavahady dia mpiandry ny ondry. Ary izy no vohan' ny mpiandry vavahady ; ary ny ondry mihaino ny feony ; ary izay ondriny tokoa dia antsoiny amy ny

unarany avy ka avoakany. Ary raha mamaoka ireo ondriny ireo izy, dia mialoha azy ; ary ny ondriny manaraka azy, satria mahalala ny feony izy. Ary ny vahiny tsy harahiny, fa handosirany, satria tsy fantany ny feon' ny vahiny. Ieso nilaza izany fano-harana izany taminy, fa tsy azony izay zavatra nolazainy taminy. Dia hoy Ieso taminy indray : Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Izaho no vavahadin' ny ondry. Mpangalatra sy jiolahy izay rehetra nialoha Ahy ; fa tsy nihiaino azy ny ondry. Izaho no vavahady ; raha Izaho no hidrau' ny olona, dia hovonjena izy, ary hiditra sy hivoaka ary hahazo hanina. Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana ; Izaho avy mba hananany fainana, ary mba hananany be dia be. Izaho no mpiandry tsara : ny mpiandry tsara manolotra ny ainy ho any ny ondry. Ary ny mpitamby, satria tsy mpiandry na tompon' ny ondry, koa raha mahita ny amboadia avy, dia mandao ny ondry izy ka mandositra, ary ny amboadia misambotra ny ondry ka manely azy. Ny mpitamby mandositra, satria mpitamby izy ka tsy mitandrina ny ondry. Izaho no mpiandry tsara ; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho, tahaka ny ahafantaran' ny Ray Aliy sy ny ahafantarako ny Ray ; ary Izaho manolotra ny aiko ho any ny ondry. Manana ondry hafa tsy amin' ity vala ity Aho ; ary ireny koa dia tsy maintsy ho entiko, ka hihaino ny feoko izy ; ary ho tonga andi-any iray izy, sady iray hiány ny mpiandry.

*Dia hipetra ka hanca amy ny Sezany ny Eeeka ka hanca amy ny holendrena hoe :*

RY rahalahy, efa renareo tamy ny fanadinana anareo sy tamy ny fananarana vao natao tamareo ary tamy ny Lesona nalaina tamy ny Filazantsara masina sy ny Soratry ny Apostolo, fa zavatra lehibe sy tokony hohajaina izao iantscana anareo izao. Ary amin' izao, amy ny Anarany lesy Kristy Tom-pontsika, dia mananatra anareo indray izahay, mba hahatsiarovanarco mandrakariva ny halehibe sy ny

havesatry ny raharaha sy ny fitandremana izay iantsoana anareo : izany hoe, mba ho iraka sy ho mpiambina ary ho mpitandrin' ny Tompo : mba hanpianatra sy hananatra sy hamahana ary hahiy ny fianakavian' ny Tompo : mba hitady ny ondriny Kristy izay miyahaka amin' izao tontolo izao, mbamy ny zanany eo amin' izao tontolo be fahotana izao, mba bahazoany ny famonjena mandrakizay amy ny alalany Kristy.

Koa amin' izany hevero mandrakariva ny halehiben' ny harena atolotra hotandremareo. Fa izy ireo dia ondriny Kristy, izay novidiny tamy ny fahafatesany, sady nandatsahany ny rany. Ny Ekklesia sy ny Fiagonana izay hotompoinareo no Vadiny sy Tenany. Ary raha tâhiny simba na tafintohin' ny tsy fitandremareo izany Fiagonana izany na izay olona iray aminy aza, dia fantatrareo ny halehiben' ny fahadisoanareo sy ny fampijaliana mahatsiravina manaraka azy. Koa amin' izany eritrereto mafy izay kendrenareo amy ny fanompoanareo ny zanak' Andriamanitra, dia ny Vady sy ny Tenany Kristy : ary tandremo sao mitsahatra na ny asa, na ny fitandremana, na ny fahazotoana, raha mbiola tsy vita izay zakan' ny ainareo (dia ny tena zavatra indrina adilinareo izany) mba hitondranareo izatry rehetra hatolotra hotandremareo ho amy ny finoana sy ny fahalalana an' Andriamanitra, ary ho lehilahy lehibe aminy Kristy, ka tsy hisy hidiran' ny fahadisoam-pivavahana na faharatsiam-pitondrantena ao aminareo.

Ary amin' izany, satria toy izany ny hatsarana sy ny hasarotry ny raharahanareo, dia litanareo, fa fitandremana sy fianarana mafy no tokony hiezahnareo, mba hiselo ho mpanompo mahatoky sadymisatra ny Tompo, Izay efa nanandratra anareo ho amin' izany voninahitra lehibe izany, ary mba hitandrina tsy ho tafintohina, ary tsy hanafintohina olona hianareo. Kanefa kosa raha ny tenanareo hiany, dia tsy hahazo izay saina sy sitrapo hahatanterahanareo izany, fa Andriamanitra irery hiany no manome izany sitrapo sy fahaizana izany ; koa amin' izany

sady tokony hataonareo no tsy maintsy ataonareo ny mivavaka fatratra hahazoanareo ny Fanahy Masina. Ary satria tsy misy izay hahatanterahareo ny raharaha mavesatra toy izany, izay memba ny fanavotana ny olona, afa-tsy ny fampianarana sy ny fananarana azy amy ny Soratra masina, mbamy ny fitondrantenanareo tsara mifanaraka amin'izany, dia hevero izay tokony hahazotoanareo fatratra hamaky sy hianatra ny Soratra masina, ary hitondra ny tenanareo sy ny ankohonanareo araka ny Lalán' ny Soratra masina : ary izany koa no tokony handavanareo sy hamelanareo ny fanahiana sy ny raharaha rehetra momba izao fiafianana izao, araka izay azonareo atao.

Ampoizinay tokoa fa efa noheverinareo sady esa no critreretinarco ela tao am-ponareo ireo zavatra ireo, ary koa fa efa nokasainareo fatratra, araka ny fahasoavan' Andriamanitra, ny hanolo-tena mihitsy hanao izany raharaha izany, izay efa sitrak' Andriamanitra iantsoana anareo : koa izany zavatra izany liany no hiezahanaareo araka izay zakam'ny ainareo ka hahinareo sy hoheverinareo indrindra : dia aoka hivavaka mandrakariva amin' Andriamanitra Ray, amy ny alalany Leso Kristy Mpamony tokana antsika, hahzoanareo ny fanampian'ny Fanahy Masina : koa ny amakianareo isan-andro ny Soratra masina no hahaizanareo kokoa sady haherezanareo kokoa hitondra ny raharahanareo ; ary dia likelezanareo aina mandrakariva hanama-ina ny fitondrantenanareo sy ny ankohonanareo, ary hampanaraka azy ny Lalána sy ny Fampianaranany Kristy mba ho ohatra tsara harahin'ny olona hianareo. Ary amin' izany, dia valio tsotra ireto fanontaniana ireto, izay ataoanay aminareo amy ny Anaran' Andriamanitra sy ny Ekklesia, mba bahalalan'ity Fianganany Kristy tafavory eto ity ny sainareo sy ny sitraponareo amin' ireo zavatra voalaza ireo, ary mba hamporisilin'ity fikasanareo rahateo ity hianareo hahatanteraka ny raharahanareo.

**M**OA ataoao tokoa va fa voäntso marina hanao, araka ny sitrapony Leso Kristy Tomponsika sy

ny Fomban' ny Ekklesia, ho amy ny Filaharana sy ny Raharahan' ny Presbytera?

*Valiny.* Ataoko fa izany.

*Ny Eveka.*

**M**OA ekenao va fa ny Soratra masina no misy ny fampianarana rehetra izay ilaina hahazoana famonjena mandrakizay noho ny finoana any Ieso Kristy ; ary ny Soratra masina va no hampianarinao ny olona atolotra hotandremanao ka tsy hampianatra fa misy zavatra hafa ilaina hahazoany famonjena mandrakizay, afa-tsy izay ataoao fa azo alaina amy ny Soratra masina na azo hamarinin' ny Soratra masina ?

*Valiny.* Ekeko izany, ary iniako hatao izany amy ny fahasoavan' Andriamanitra.

*Ny Eveka.*

**M**OA hazoto mandrakariva tokoa va hianao, hanao ny fampianarana sy ny Sakramenta ary ny fananaranany Kristy araka izay nandidian' ny Tompo sy izay nandraisan'ity Ekklesia ity azy araka ny didin' Andriamanitra mba hampianaranao ny olona atolotra hotandremanao hazoto hitandrina sy hana-raka izany ?

*Valiny.* Hataoko izany amy ny fanampian' ny Tompo aby.

*Ny Eveka.*

**M**OA hazoto tokoa va hianao, handà sy hamongotra ny fampianarana tsy marina rehetra, izay manchitra ny Tenin' Andriamanitra, ary hananatra izay rehetra hotandremanao araka izay mety sy azo aiao, na ny marary na ny finaritra, na amy ny miharihary na amy ny mangingina ?

*Valiny.* Hataoko izany amy ny fanampian' ny Tompo aby.

*Ny Eveka.*

**M**OA hazoto amy ny fivavahana va hianao, ary amy ny fanakiana ny Soratra masina sy ny fileverana izay zavatra rehetra hanampy anao haha-

lala azy ka hamela ny fiheverana izao fainana izao sy ny nofo?

*Valiny.* Hataoko izay tratry ny aiko amy ny fanampian' ny Tompo ahy.

*Ny Eveka.*

**M**OA hazoto va hianao, hitondratena sy hampiton-dratena ny ankohonanao araka ny fampianarany Kristy ; mba hiaranareo hitondratena tsara araka izay zakan' ny ainareo, ho ohatra harahin' ny ondry andiany Kristy ?

*Valiny.* Hataoko izany amy ny fanampian' ny Tompo ahy.

*Ny Eveka.*

**M**OA hampaharitra sy hampandroso ny fiadanana sy ny fihavanana ary ny fisankatiavana amy ny olona rehetra araka izay zakan' ny ainao va hianao, indrindra fa amin' izay hotandremanao ?

*Valiny.* Hataoko izany amy ny fanampian' ny Tompo ahy.

*Ny Eveka.*

**M**OA harahinao amy ny fanajana ny Eveka sy ny Ministera lehibenao, izay efa nomena ny fitandremana sy ny fanapahana anao sy hankato ny fananaiamy amy ny fankasitrahana sy tsy fimononona, ary hanaiky ny hevitra marina atorony ?

*Valiny.* Hataoko izany amy ny fanampian' ny Tompo ahy.

*Dia hitsangana ny Eveka ka hanao hoe :*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha, Izay efa nanome anareo ny sitrapo hanao ireo zavatra ireo, hanome anareo ny tanjaka sy ny hery anie bahatanterahanareo azy, mba habavitany ny asany izay efa natombony taminareo; amy ny alalany Ieso Kristy Tompontsika. *Amena.*

*Dia hangatahina hivavaka mangingina amin' Andriamanitra ny mpiangona hahatanterahanry ireo zavatra ireo : dia hisy fotoana mangingina hanaovana izany fivavaha izany.*

*Rehefa afaka izany, dia hataon' ny Eveka ny VENI, CREATOR SPIRITUS, dia handohalika ny olona izay hotendrena ho Presbytera, ary amin' izany dia hiventy ny hira ny Eveka, ary ny Presbytera sy ny mpiangona ao, dia hisfamaly aminy toy izao :—*

**A**VIA, Fanaby Masina,  
Mpanolo-tsaina marina,  
Midina eto aminay  
Ka hazavao ny hevitray.

Ny fanomezam-pitonao  
Omeo ny mpanomponao,  
Ny Tompo sy Mpanosotra,  
Hitondra sy hampianatra.

Ny hosotrao isaorana,  
Izay mba fampiononana,  
No alatsaho aminay  
Hanendry ny fanahinay.

Mazava tsy mitsahatra  
Aidinonao hanaisotra  
Ny hajanilan' ny masonay  
Habita Anao, ry Tompenay.

Ny tavanay mpanomponao  
No simba sy malemy izao,  
Hosory faliasoavana,  
Omeo faherezana.

Ireco fahavalonay  
Reseo, hiadananay,  
Ka ento izahay hankao  
Au-tany maharavo ao.

Tariho ny fisainanay  
Mba halafantatra ny Ray  
Sy Zanaka, Fanaby koa,  
Mpanjakanay sy Mpanasoa.

Ny dera tsy ho tapitra,  
Ny hiranay maharitra,  
Asandra tray mba ho Anao,  
Hisaotra ny Anaranao.

Dera ho Anao anie,  
Zanaharinay Tsitoha. *Amena.*

*Rehefa vita izany dia hivaraka ny Eeeka ka hanao hoe :*

Aoka isika hivavaka.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sady Ray any andanitra ô, ny fitiavanao anay sy ny fabatsaranao aminay no esa nanomezanao anay any Ieso Kristy Zanakao lahitokana malalanao indrindra ho Mpavotra anay sy ho Fototry ny fainana mandrakizay; ary rehefa nabatanteraka ny fanavotana anay tamy ny nahafatesany Izy ka niakatra any an-danitra, dia naniraka ny Apostolony sy ny Profetany sy ny Evangelistany sy ny Mpampianany ary ny Mpitandrina any amin' izao tontolo izao: ary ny fanompoan' ireo sy ny iaharalanay no famorianty ondry andiany lehibe hidera ny Anaranao masina mandrakizay. Misaotra Anao marina tokoa izahay; midera sy mitsaoka Anao izahay, noho ireo zava-tsoa lehibe indrindra ireo avy amy ny fahasoavanao mandrakizay sy noho ny nankasitrahanao liantso ireto mpanomponao ireto hanao izany raharaha voatendry bahazoan' ny olona famonjena izany. Ary mangataka aminao amy ny fitrentena izahay, amy ny alalan' ny Zanakao isaorana, hanomezanao izay rehetra miantso ny Anaranao masina na aiza na aiza, ny faharetana amy ny fisaorana Anao noho izany sy ny fahasoavanao hafa rehetra, ary aoka ny Fanahy Masina no bitomboanay sy handrosoanay isan-andro amy ny fineana sy ny fahalalana Anao sy ny Zanakao. Koa ireto Ministeranao ireto, ary ny olona izay hanendrenao azy ho Ministerany no aoka han-kalaza ny Anaranao masina, ary lampandroso ny fanjakanao mahasambatra; amy ny alalany Ieso

Kristy Zanakao sy Tomponay, Izay miara-belona sy miara-manjaka aminao amy ny firaisan' ny Fanahy Masina, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

**T** Rehefa vita izany Fivarahana izany, dia hame-traka ny tânany amy ny lohan' ny olona izay hotendrena ho Presbytera tsirairay avy ny Eeeka mbamy ny Presbytera : ary izay hotendrena dia handohalika amy ny fitrentena, dia hanao hoe ny Eeeka :

**R**AISO ny Fanahy Masina, Izay atolotra anao ankehitriny amy ny fanetrahanay tâna, Izay hanaovanao ny raharaha sy ny fanompoan' ny Presbytera amy ny Ekklesian' Andriamanitra. Na helok' iza na helok' iza no avelanao, voavela izany : na helok' iza na helok' iza no tsy avelanao, tsy voavela izany. Ary atolory marina ny Tenin' Andriamanitra sy ny Sakaramentany masina : Amy ny Anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. *Amena.*

**T** Dia hotoloran' ny Eeeka eo an-tânany tsirairay avy ny Soratra masina, raha mbola mandohalika izy ka kataony hoe :

**R**AISO ny fahefaba hitorianao ny Tenin' Andriamanitra sy hanoloranao ny Sakramenta masina ao amy ny fiangonana izay tendrena hanompoanao.

**T** Rehefa afaka izany, dia katoa ny Symbolona Nikena ka handroso hanao ny Komoniona masina ny Eeeka : dia handray koa izay rehetra notendrena ho Presbytera ka hijanona eo amy ny fitoerana izay nauendrena azy mandrapandrainy ny Komoniona.

*Rehefa vita ny Komoniona dia katoa eo alohan' ny Iso-drano izao Kolekta izao:*

**R**AY manindrafo ô, mangataka aminao izahay, Omeo ireto mpanomponao ireto ny fitahianao avy any an-danitra, hampitafiana azy fahamarinana sy habatongavanaugh ny Teninao tononin' ny vavany ho lavorary ka tsy tonouina foana. Ary omeo fahasoavana izahay, hihainoanay sy handraisanay izay avoakan' ny vavany, na ny avy amy ny Teninao

masina indrindra na ny misanaraka amin' izany hahazoanay famonjena : ary mba hitadiavanay ny voninahitao sy ny fandrosoan' ny fanjakanao amy ny teninay sy ny asanay rehetra ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**T**OUMPO ô, aoka ny fitiavanao mahasoa indrindra hialoha anay sady hampandroso anay mandrakariva, ka aoka izay rehetra atomboka no hotantehatinay ao aminao ho lazanao sy ho voninahitao, mba habazoanay ny fainana mandrakizay amy ny farany noho ny famindrampao ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**N**Y Fiadan'an' Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitareo anie ao amy ny fahalalana sy ny fitiavana an' Andriamanitra sy lesy Kristy Zanany Tomponsika : ary ny fitahian' Andriamanitra Tsitoha, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, dia ao aminareo, ary mitoetra aminareo mandrakariva. *Amena.*

*Raha andro iray no anaovana ny sasany ho Diakona, ary ny sasany ho Presbytera, izay hatao ho Diakona no hatolotra voalohany, dia rao izay hotendrena ho Presbytera : ary ny Litany dia hatao indray mandeha hiány. Ny Kolekta roa dia hatao hiány, ny ho any ny Diakona aloha, dia rao ny ho any ny Presbytera koa. Ny Epistola dia ny amy ny Efes. iv. 7-13. Rehefa voavaky izany, izay atao ho Diakona dia hanontaniana ary hotendrena araka ny voalaza. Ary rehefa voavakin' ny anankiray ny Filazantsara (dia ilay amy ny S. Mateo ix. 36-38 araka ny ao amin' ity Fanendrena ity : na ilay amy ny S. Lioka xii. 35-38, araka ny ao amy ny Fanavana Diakona) dia izay hotendrena ho Presbytera koa no hanontaniana ary hotendrena araka ny voalaza ao amin' ity Fanendrena ity.*

## NY FOMBA

FANAMASINANA ARKEVEKA NA EVEKA KA AMY NY ALAHADY NA ANDRO FESTA NO ANAOVANA AZY.

—♦—

*Rehefa vita ny Firavahana Maraina, dia hanomboka ny Komoniona ny Arkeveka (na ny Eveka hafa voatendry) ary izao no hatao ho*

*Kolekta :*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Ieso Kristy Zanakao no nampidinanao fanomezana maro tamy ny Apostolonao masina sy nandidianao azy hazoto hamahana ny ondrinao : mangataka aminao izahay, omeo fahasoavana ny Eveka rehetra, dia ny mipi-andry ny Ekklesianao, hahazotoany mitory ny teninao, sy hitondrany araka izay mety ny fanapahana mahasoa avy amin' izany, ary aoka ny olona hazoto banaiky azy hahazoan' izy rehetra ny satroboninahitry ny fainana mandrakizay ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

*Dia hamaky ny Epistola ny Eveka anankiray.*

1 Timoty iii. 1-7.

**M**AHATOKY izao teny izao : Raha misy olona maniry ny asan' ny Eveka dia maniry asa tsara izy. Koa ny Eveka tsy maintsy ho tsy manan-tsinhy, manam-lady tokana, mahonon-tena, mahay mitondratena, tia filaminana, tia vahiny,

mahay mampianatra, tsy mpimamo lian-ady, tsy mpikapokapoka olona, fa mandefitra, tsy mpila ady, tsy mpitia vola, manapaka tsara ny ankohonany, mampanaiky ny zanany amy ny fahamaotinana tsara (fa raha misy olona tsy mahay mitondra ny ankohonany, hataony ahoana no fitandrina ny Ekklesian' Andriamanitra?), tsy olona izay zaza vao amy ny fivavalhana, fandrao hieboebo foana izy ka ho latsaka amy fahamclohan' ny Devoly. Ary tsy maintsy ho tsara laza koa amin' izay eny ivelany izy, fandrao ho lavo amy ny fananau-tsiny sy ny fandriky ny Devoly.

*Na ity :*

Asa xx. 17-35.

**A**RY raha tany Mileto Paolo, dia namiraka han-kany Efeso izy ka nampaka ny presbyteran' ny Ekklesia hankeo aminy. Ary nony tonga teo aminy ireo, dia hoy izy taminy : Hianareo mahalala hatramy ny andro vealohany nahatongavako teto Asia izay toetry ny fitondrantenako taminareo tamin' izany andro rehetra izany, dia ny nanompoako ny Tompo tamy ny fanetrentena rehetra sy ny ranomaso be ary ny fakampanahy izay nanjo ahy tamy ny fanotrehan' ny Iodeana, ka tsy mba nafeniko izay malhasoa, fa nambarako sy nampianariko anareo teo imason' ny olona ary tao amy ny isantreno ; ary ambarako tamy ny Iodeana sy ny gentilisa koa ny fibebahana amin' Andriamanitra sy ny finoana any Ieso Kristy Tompontsika. Ary ankehitriny, indro, tery am-panahy hankany Ierosalema aho, nesa tsy fantattro izay haujo ahy any, afa-tsy izay naubaran' ny Fanahy Masina ao amy ny tanana rehetra fa hisy famatorana sy fahorianana haujo ahy. Nefa tsy misy ahiko, ka tsy ataoko ho zavatra ny aiko, mba hahavita ny alehako amy ny hafaliana, dia ny fanompoana izay noraisiko taminy Ieso Tompo hanambara ny filazantsaran' ny fahasoavan' Andriamanitra. Ary, indro, ankehitriny, izaho mahalala fa tsy habita ny tavako intsony hianareo

rehetra izay nalehako nitoriaiko ny fanjakan' Andriamanitra. Koa manambara aminareo aho anio fa afaka amy ny ranareo rehetra aho. Fa tsy nafeniko anareo, fa notoriko taminareo avokoa, ny saina rehetra natolot' Andriamanitra. Koa tandremo ny tenanareo sy ny ondry rehetra izay nanaov'an' ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, hiandrasanareo ny Ekklesian' Andriamanitra izay novidiny tamy ny rany. Fa izaho mahalala fa rehefa lasa aho, dia hisy amboadia masiaka hiditra eo aminareo ka tsy hiantra ny ondry. Ary avy aminareo no hiposahan' ny olona sasany mitory teny tsy marina hitaona ny mpianatra hanaraka azy. Koa miambena, ary tsarovy fa telo taona mipaka aho no tsy nitsahatra nananatra anareo rehetra andro aman-alina tamy ny ranomaso. Ary ankehitriny, ry rahalahy, izaho manolotra anareo ho amin' Andriamanitra sy ho amy ny tenin' ny fahasoavany, izay mampandroso anareo sy manome lova anareo eo amin' izay rehetra nohamasinina. Tsy mba naniry volafotsy na volamena na lamban' olona aho. Fa fantatrareo hiany fa ireto tanana ireto no niasa mba hahazoako sy ny niaraka tamiko izay nilainay. Efa nasehoko anareo tamy ny zavatra rehetra fa tokony hiasa toy izany hianareo mba hiantra ny malantra ary hahatsiaro ny teniny Ieso Tompo, izay nataony hoe : 'Mahambatratra kokoa ny manome noho ny mandray.'

*Dia hamaky ny Filazantsara ny Eveka hafa,*

S. Iohana xxi. 15-17.

**A**RY rehefa nisakafo izy, dia hoy Ieso taminy Ahy simona Petera : Simona, zanaky Iona, moa tia Ahy nihoatra noho ireto va hianao? Hoy izy taminy : Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Dia hoy Izy taminy : Fahano ary ny ondrikeliko. Hoy Izy taminy fanindroany : Simona, zanaky Iona, moa tia Ahy va hianao? Dia hoy Izy taminy : Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Dia hoy Izy taminy : Andraso ary ny ondriko. Hoy Izy fanintelony : Simona, zanaky

Iona, moa tia Ahy va hianao? Dia nalahelo Petera, satria Izy nilaza intelo taminy hoe: Moa tia Ahy va hianao? Ary hoy izy taminy: Tompoko, Hianao mahalala ny zavatra rehetra; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Hoy Ieso taminy: Fahano ary ny ondriko.

*Na ity:*

S. Iohana xx. 19-23.

**A**RY rehefa harivan' ilay andro voalohany amy ny herinandro, raha voarindrina ny varavarany, izay niangonan' ny mpianatra, noho ny fabatahorany ny Iodeana, dia tonga Ieso, ary nitsangana teo afovoany ka nanao taminy hoe: Fiadanana ho anareo. Ary rehefa nolazainy izany, dia nasehony azy ny tanany sy ny lanivoany. Dia faly ny mpianatra, raha nahita ny Tompo. Ary hoy indray Ieso taminy: Fiadanana ho anareo; tahaka ny nanirahan' ny Ray Aby no anirahako anareo koa. Ary rehefa nilaza izany Izy, dia nasiany sofona, ka hoy Izy taminy: Raiso ny Fanahy Masina; na helok' iza na helok' iza no avelanareo, dia voavela izany; ary na an' iza na an' iza no tsy avelanareo; dia tsy voavela izany.

*Na ity:*

S. Mat. xxviii. 18-20.

**A**RY Ieso nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny falafana rehetra any an-danitra sy aty an-tany; koa mandehana hianareo, dia ampiarano ny firenena rehetra: manao batissa azy ho amy ny anaran' ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, sady mpianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambarapihavin' ny fahataperan' izao tontolo izao.

*Rehefa vita ny Filazantsara sy ny Symbolona Nihena ary ny Fitorianteny, ny Eveka anankiroa dia hanolotra ny voafidy ho Eveka (mialanjo ny Roseta)*

*amy ny Arkeveka na ny Eveka hafa (mipetraka amy ny Sezany eo akaikin' ny Altara) ka hanao hoe:*

**R**EVERENDA Ray amin' Andriamanitra ô, ato-lotray anao ity olona marina sy mahay ity hohamasinina ho Eveka.

*Dia hampianianina hanaiky ny Arkeveka izy.*

*Ny Fianianana.*

Amy ny Anaran' Andriamanitra. Amena. Izaho RA . . . voafidy ho Evekan' ny Ekklesia sy ny Toko . . . dia manaiky hanaraka ary hanaja araka izay mety ny Arkeveka sy ny Ekklesia metropolitikaly any . . . sy ny mandimby azy: koa hanamphy ahy anie Andriamanitra amy ny alalany Ieso Kristy.

*Nefu tsy hatao izany fianianana izany raha Arkeveka no hamasinina.*

*Dia hamporisika ny olona hivavaka ny Arkeveka manao hoe :*

**R**Y havako, voasoratra ao amy ny Filazantsara nosoratany Santa Lioka, fa naharitra nivavaka mandritra ny alina Kristy Mpamony antsika vao nifidy sy namiraka ny Apostolony. Ary koa dia voasoratra amy ny Asan' ny Apostolo fa nifady sy nivavaka ny mpianatrany Antioka, vao nametia-tanana taminy Paolo sy Barnabasy, sy namiraka azy. Koa aoka isika araka ny nataon' ny Mpamony antsika sy ny Apostolony, hivavaka aloha vao manamasina ary maniraka ity olona natolotra anay ity ho amy ny asa izay niantsoan' ny Fanahy Masina azy.

*Dia hatao amin' izao ny Litany, araka ny voalaza amy ny Fanaovana Diakona; fa rehefa vita ny hoe: Aoka ho sitrakao hanazava saina ny Eveka rehetra etc. izao teny izao no hasolo ny teny manaraka :*

Aoka ho sitrakao mba hitaby ity Rahalahinay voafidy ity sy hanome azy ny fahasoavano, haha-

tanterahany tsara ny raharaha niantsoana azy, hanatsarana ny Ekklesianao, ary ho voninahitra sy fiderana ary lazan' ny Anaranao.

*Dia hatao izao Firarahana izao :*

A NDRIAMANITRA Tsitoha, Mpanome ny zava-tsoa rehetra ô, ny Fanahinao Masina no nandrenao Filahara-Ministera samihafa eo amy ny Ekklesianao : tsinjovy amy ny famindramponao ity mpanomponao ity, izay antsoina hanao ny raharahaao sy ny fanompoau' ny Eveka : fenoy ny fabamarinan' ny fampianaranao izy, ary tafio fitondrantena tsy manan-tsiny, hanompoany Anao marina na amy ny teny na amy ny atao, ho voninalitry ny Anaranao, ary ho fanatsarana sy fanapahana tsara ny Ekklesianao ; amy ny alalany Ieso Kristy Mpamony anay, Izay miara-belona sy miara-manjaka auimao sy ny Fanahy Masina, ankehitriny sy mandrakizay. *Amena.*

*Dia hipetraka amy ny sezany ny Arkeveka ka hanao amy ny hohamasinina hoe :*

R Y rahalahy, satria lazain' ny Soratra Masina sy ny Kaniona fa tsy tokony hisy sahamehana amy ny fametrahana tâna na amy ny fampidirana olona ho mpanapaka amy ny Ekklesiany Kristy izay novidiny tamy ny zavatra tsy hafa fa tamy ny nandatsahany ny Rany : koa vao mampiditra anao amin' izany Fanapahana izany, dia hanontany anao ny zavatra sasany aho mba hamantaran' ity fiangonana ity ny ikasanao hitondranao-tena eo amy ny Ekklesian' Andriamanitra.

Moa matoky va hianao fa voäntso marina ho amin' izao Fanompoana izao araka ny sitrapony Ieso Kristy Tompontsika ?

*Valiny.* Itokiako izany.

*Ny Arkeveka.*

M OA ekenao va fa ny Soratra Masina no misy ny fampianarana rehetra izay ilaina hahazoana

famonjena mandrakizay noho ny finoana any Jeso Kristy ? Ary ny Soratra Masina va no hampianaranao ny olona atolotra hotandremanao, ka tsy hampianatra fa misy zavatra hafa ilaina hahazoana famonjena mandrakizay, afa-tsy izay ataonao ho azo alaina amy ny Soratra Masina, na izay azo hamarinin' ny Soratra Masina ?

*Valiny.* Ekeko izany, ary kasaiko hatao izany amy ny fahasoavan' Andriamanitra.

*Ny Arkeveka.*

M OA hazoto tokoa va hianao handinika tsara ireo Soratra Masina ireo, sy hivavaka amin' Andriamanitra bahalalanao marina ireny ; mba hahaizanao tsara hampianatra sy hananatra araka izay mety, sady haharesy sy hampanaiky ny manohitra ?

*Valiny.* Hataoko izany amy ny fanampian' Andriamanitra ahy.

*Ny Arkeveka.*

M OA hazoto tokoa va hianao, handà sy hamongotra ny fampianarana tsy marina rehetra, izay manohitra ny Tenin' Andriamanitra ; ary hamporisika sy hampahazoto ny sasany koa na amy ny mangingina na amy ny miharihary hanao izany ?

*Valiny.* Hataoko izany amy ny fanampian' ny Tompo ahy.

*Ny Arkeveka.*

M OA holavinao va ny toe-panahy tsy manaraka an' Andriamanitra sy ny filan' izao tontolo izao, ary ho velona amy ny fitondrantena tsara, sy ny fabamarinana, ary ny toe-panahy manaraka an' Andriamanitra amin' izao fainana ankehitriny izao, ka hasehonao ny tenanao amy ny zavatra rehetra ho fianarana ny asa tsara, mba ho menatra izay manohitra, satria tsy manana izay ratsy hitenenany anao ?

*Valiny.* Hataoko izany amy ny fanampian' ny Tompo ahy.

*Ny Arkereka.*

**M**OA hampaharitra sy hampandroso ny fiadanana sy ny fifankatiavana ary ny filavavana amy ny olona rehetra araka izay zakan' ny ainao va hianao; ary hananatra sy hamaly amy ny fahefana izay anananao araka ny Tenin' Andriamanitra, izay mitabataba sy manohitra ary diso ao amy ny Tokonao?

*Valiny.* Hataoko izany amy ny fanampian' Andriamanitra ahy.

*Ny Arkereka.*

**M**OA hazoto va hianao hanendry sy haniraka olona ary hametra-tánana aminy?

*Valiny.* Hataoko izany, amy ny fanampian' Andriamanitra ahy.

*Ny Arkereka.*

**M**OA halemy fanahy va hianao hiantra ny mala-helo sy ny mahantara ary ny vahiny rehetra nəho ny any Kristy?

*Valiny.* Hataoko izany amy ny fanampian' Andriamanitra ahy.

*Dia kitsungana ny Arkereka ka hanao hoe :*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha, Raintsika any andanitra, Izay efa nanomeanao ny sitrapo hanao ireo zavatra rehetra ireo, hanome anao ny hery sy ny tanjaka anie hahantanterahanao azy, mba hahavilyny ny asa tsara izay efa natombony eo aminao, ka hisehoanao tanteraka sy tsy manan-tsiny amy ny andro farany; amy ny alalanu Ieso Kristy Tompon-tsika. *Amena.*

*Dia hanao ny akanjo Episkopaly ny voafidy ho Eveka, dia handohalika izy, ary dia hatao ny VENI, CREATOR SPIRITUS; hiventy azy ny Arkereka, ary ny Ereka hafa sy ny mpiangona no hanaraka hamaly azy.*

**A**VIA, Fanahy Masina, Mpanolo-tsaina marina, Midina eto aminay Ka hazavao ny hevitray.

Ny fanomezam-pitonao Omeo ny mpanomponao, Ry Tompo sy Mpanosotra, Hitondra sy hampianatra.

Ny hosotrao isaorana, Izay mba fampiononana, No alatsaho aminay Hanendry ny fanahinay.

Mazava tsy mitsahatra Aiddinonao hanaisotra Ny hajamban' ny masonay Hahita Anao, ry Tomponay.

Ny tavanay mpanompona No simba sy malemy izao Hesory fahasoavana, Omeo faherezana.

Ireo fahavalonay Reseo hiadanananay, Ka ento izahay hankao An-tany maharavo ao.

Tarilo ny fisainanay Mba hahafantatra ny Ray Sy Zanaka, Fanahy koa, Mpanjakanay sy Mpanasoa,

Ny dera tsy ho tapitra, Ny hiranay maharitra, Asandratray mba ho Anao, Hisastra ny Anaranao.

Dera ho Anao anie, Zanaharinay Tsitoha. *Amena.*

*Dia hataon' ny Arkereka hoe :*

Tompo ô, henoy ny fivavahanay.

*Valiny.* Ary aoka ny fitarainanay ho tonga any aminao.

Aoka isika hivavaka.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy Ray mamin drafo indrindra ô, ny fahatsaranao tsy hita lany no nanomezanao any Ieso Kristy Zanakao lahitolana malalanao indrindra, ho Mpanavotra anay, ary ho Fototry ny flainana mandrakizay, ary Izzy koa rehefa nahatanteraka ny fanavotana anay tamy ny nahafatesany ka niakatra any an-danitra, dia nampidina ny fanomezany maro tamy ny olona, ka nanome ny sasany ho Apostolo, ny sasany ho Profeta, ny sasany ho Evangelista, ary ny sasany ho Mpitandrina sy ho Mpampianatra, ho fantsarana sy ho fanatanterahana ny Ekklesiany; mangataka aminao izalaiy; omeo fahsavana ity mpanomponao ity, hahazotoany mandra kariva hampiely ny filazantsaranao, dia ny fampiavanana aminao, ary hanaovany ny fahefana omena azy, tsy hanimbana, fa hamonjena, tsy handringana, fa hanampiana, mba ho tahaka ny impandompo hendry sy mahatoky izay manome ny fianakavianaoy ny anjarany amy ny fotoana, ka aoka horaisina ho any amy ny flainana mandrakizay amy ny farany izy; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay, Izay miara-belona aminao sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra iray, mandrakizay mandrakizay. Amena.

*Dia hametraka ny tânanâ amy ny lohan' ny roafidy ho Eveka [mbola mandohalika eo anatrehany] ny Arkeveka sy ny Eveka hafa, ary hataon' ny Arkeveka hoe :*

**R**AISO ny Fanahy Masina atolotra anao ankehitriny amy ny fametrahanay tânanâ hanaovanao ny rabaraha sy ny asan' ny Èveka ao amy ny Ekklesian' Andriamanitra : amy ny Anaran' ny Ray sy ny

Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena. Ary mazotoa hampihetsika ny fahasoavan' Andriamanitra omena anao amin' ity fametrahanay tânanâ ity : fa tsy nomen' Andriamanitra fanahim-pahosana isika, fa fanahim-paherezana sy fitiavana ary fahaizamitondratena.

*Dia hanolotra azy ny Soratra Masina ny Arkeveka ka hanao hoe :*

**T**ANDREMO ny famakian-teny, ny fananarana sy ny fampianarana. Eritrereto ny zavatra voasoratra amin' ity Boky ity. Mikeleza aina fatratra aminy, mba hiseho amy ny olona rehetra ny fandrosoanao. Tandremo ny tenanao sy ny fampianarana, mahareta amin' izany : fa raha manao izany hianao dia hamonjy ny tenanao sy izay mihaino anao. Ataovy ny tenanao ho mpiandry ny ondriny Kristy, fa tsy ho amboadia : fahano izy, fa aza mandrapaka azy. Tohany ny malemy, sitrano ny marary, fehezo ny torotoro, ampivereno ny voaroaka, tadiavo ny very ; mamin drafo, fa aza diso famindrafo ; anaro mafy, fa aza manadino famindrampo : mba handrasanao voninahitra mandrakizay amy ny fishehoan' ny mpiandry lehibe ; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponsika. Amena.

*¶ Dia handroso hanao ny Komonianona Masina ny Arkeveka : ary ny Eveka vao nohamasinina, mbamy ny olona hafa, dia handray koa.*

*Ary dia hatao izao fivavhana izao alohan' ny tsodrano.*

**R**AY be indrafo indrindra ô, mifona aminao izahay RAMPIDINO ny fitahianao avy any an-danitra ho amin' ity mpanomponao ity ; aoka ho feno ny Fana hinao Masina izy, ka raha mitory ny Tenimao dia aoka tsy hazoto handresy lahatra sy mampirisika ary hananatra mafy amy ny faharipo sy ny fampianarana rehetra hiany, fa mba ho tonga fianarana tsara ho any ny mino izy amy ny fiteny, amy ny fitondranta, amy ny fitiavana, amy ny finoana, amy ny

faharetana, ary amy ny fahadiovana; ka raha tanteraka tsara ny alehany dia aoka ho azony amy ny andro farany ny satroboninahitry ny fahamariana izay tehirizin' ny Tompo, Mpitsara marina; Izay miara-belona sy miara-manjaka amy ny Ray sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra iray, mandrakizay mandrakizay. *Amena.*

**T**OMPO ô, aoka ny fitiavanao mahasoa indrindra hialoha anay sadymampandroso anay mandrakariva, ka aoka izay rehetra atomboka no hotantehatinay ao aminao ho lazanao sy ho voninahitrac, mba hahazoanay ny fainana mandrakizay amy ny farany noho ny famindramponao; amy ny alalany Ieso Kristy Tomponay. *Amena.*

**N**Y fiadanana' Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo anie ao amy ny fahalalana sy ny fitiavana an' Andriamanitra sy Ieso Kristy Zanany Tompontsika: ary ny fitahian' Andriamanitra Tsitaha, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina dia ao aminareo, ary mitoetra aminareo mandrakariva. *Amena.*

NY FILAHARAN' NY

EOKARISTA,

NA

KOMONIONA MASINA.

NY FILAHARAN' NY

EOKARISTA,

NA

KOMONIONA MASINA.

---

*Izay mikasa handray ny Komoniona Masina dia hilaza amy ny Ministera aloha, ary ny andro alohan' ny andro handraisana no far' andro hilazany azy.*

*Ary raha sendra misy ratsy fitondran-tena amin' izy ireo, ka fantatra tsara fa nanisy ratsy ny namany amy ny teny na ny atao, ary nahatafintohina ny Fiangonana tamin' izany, raha fantatry ny Ministera, dia hiantso sy hananatra azy izy, ary tsy hamela azy hanatona ny Latabatry ny Tompo raha tsy fantatra tsara fa efa mibebaka marina izy, sady nanova ny fitondran-tenany ratsy taloha, ary efa nanao soa tamy ny olona izay asiany ratsy, na milaza fa hanao izany izy raha azony atao, mba hahafaka ahiahy ny Fiangonana izay efa tafintohina taminy.*

*Izany lalána izany dia harahin' ny Ministera raha misy olona izay fantany fa mifankahala ary tsy havelany handray ny Komoniona Masina ambara-pahafantany fa efa mihavana izy ireo. Ary raha ny anankiray aminy hiany no ta-hamela tokoa ny ratsy rehetra nataon' ny hafa taminy, ka hanao soa ho onitry ny ratsy nataony, nefo kosa ny anankiray tsy mety mihavana fa mbola mikiry amy ny ditrany sy ny fahatezerany ; dia ilay mibebaka hiany no havelan' ny Ministera hanatona ny Komoniona Masina. Kanefa, raha misy toy izany, dia tsy maintsy milaza amy ny Episkopo ny Ministera.*

*Amy ny fanaovana ny Komoniona Masina dia velarana*

*lamba fotsy tsara ny Latabatra. Ary ny Presbytera dia hitsangana manatrika ny latabatra eo amy ny ilany ankananana, ka hanao ny Fivavahan' ny Tompo sy ny Kolekta manaraka azy : ary ny olona handohalika.*

**PAINAY** Izay any an-danitra. Hohamasinina anie ny Anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany, tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamele ny helokay, tahaka ny amelanay izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakam-panahy fa manafaha anay amy ny ratsy. Amena.

#### *Ny Kolekta.*

**A NDRIAMANITRA** Tsitoha ô, ny fon' ny olona rehetra dia mihibary aminao, ny faniriany rehetra dia fantatrao, ary tsy misy miafina aminao. Diovy ny hevitry ny fonay amy ny fanoloran-tsain' ny Fanahinao Masina, mba ho tia Anao tokoa izahay, ary hankalaza ny Anaranao Masina, araka izay mety ; amy ny alalany Kristo Tomponay. Amena.

*Dia hanatrika ny olona ny Presbytera ka hanonona ny Didy folo : ary isaky ny voatonona ny anankiray, ny olona mbola mandohalika dia hangataha ny fandin-drampon' Andriamanitra noho ny ota nataony, ary ny fahasoavana hanarahany izany amy ny aoriane, araka izao.*

#### *Ny Ministera.*

**A RY** Andriamanitra dia niteny ireo teny ireo, hoe : **A** Izaho no Iehovah, Andriamanitrao; Aza manana andriamani-kafa hianao, fa Izaho hiany.

#### *Ny olona.*

Tompo ô, mamindráfo aminay, ary tariho ny fonay hankato izany lalána izany.

#### *Ny Ministera.*

Aza manao sampy soritana ho anao hianao na ny mety ho endriky ny zavatra izay eo amy ny lanitra

ambony, na izay eo amy ny tany ambany, na izay eo amy ny rano ambany ny tany. Aza miankohoka aminy hianao, ary aza manompo azy : fa Izaho no Iehovah Andriamanitrao, Andriamanitra saro-piaro, Izay mamaly ny heloky ny ray ho amy ny zanaka hatramy ny zafiafy sy ny zafindohalika izay mandrafy Ahy, ary mamindrafo amy ny olona arivo mandimby izay tia Ahy, ka mitandrina ny didiko.

#### *Ny olona.*

Tompo ô, mamindráfo aminay, ary tariho ny fonay hankato izany lalána izany.

#### *Ny Ministera.*

Aza manonona foana ny Anarany Iehovah Andriamanitrao ; fa tsy mba hataony Iehovah ho afa-tsiny izay manonona foana ny Anarany.

#### *Ny olona.*

Tompo ô, mamindráfo aminay, ary tariho ny fonay hankato izany lalána izany.

#### *Ny Ministera.*

Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy. Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharaha-nao rehetra ; fa Sabatany Iehovah Andriamanitrao ny andro fahafito. Aza manao raharaha akory hianao, na ny zanakao lahy na ny zanakao vavy, na ny ankizi-lahinao na ny ankizi-vavinao, na ny bibinao, na ny vahininao izay tafiditra eo am-bavahadinao. Fa henemana no nanaovany Iehovah ny lanitra sy ny tany, ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra Izzy tamy ny andro fahafito ; izany no nitahiany Iehovah ny andro Sabata sy nanamasi-nany azy.

#### *Ny olona.*

Tompo ô, mamindráfo aminay, ary tariho ny fonay hankato izany lalána izany.

*Ny Ministera.*

Manajà ny rainao sy ny reninao : mba ho ela ve-  
lona hianao amy ny tany izay omeny Iehovah Andria-  
manitrao ho anao.

*Ny olona.*

Tompo ô, mamindráfo aminay, ary tariho ny fonay  
hankato izany lalána izany.

*Ny Ministera.*

Aza mamono olona.

*Ny olona.*

Tompo ô, mamindráfo aminay, ary tariho ny fonay  
hankato izany lalána izany.

*Ny Ministera.*

Aza mijangajanga.

*Ny olona.*

Tompo ô, mamindráfo aminay, ary tariho ny fonay  
hankato izany lalána izany.

*Ny Ministera.*

Aza mangalatra.

*Ny olona.*

Tompo ô, mamindráfo aminay, ary tariho ny fonay  
hankato izany lalána izany.

*Ny Ministera.*

Aza miampanga lainga ny namanao.

*Ny olona.*

Tompo ô, mamindráfo aminay, ary tariho ny fonay  
hankato izany lalána izany.

*Ny Ministera.*

Aza mitsiriritra ny tranon' ny namanao ; aza mi-  
tsiriritra ny vadin' ny namanao, na ny ankizi-lahiny,  
na ny ankizi-vaviny, na ny ombiny, na ny ampon-  
drany, na izay rehetra ananan' ny namanao.

*Ny olona.*

Tompo ô, mifona aminao izahay, mamindráfo  
aminay, ary soraty ao amponay ireo lalánao rehetra  
ireo.

*Dia hanatrika ny Latabatra masina indray ny Pres-  
bytera, ka hivavaka ho any ny Mpanjaka, hoe :*

Aoka isika hivavaka.

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, ny fanjakanao dia  
mandrakizay, ary ny fahefanao dia tsihita-lany :  
Mamindráfo amy ny Ekklesianao, ary tariho ny fon-  
dRANAVALOMANJAKA, Mpanomponao izay nofi-  
dinao ho Mpanjakanay sy Mpanapaka anay, mba hi-  
tadiavany ny voninahitrapo sy ny lazanao mihoatra  
noho ny zavatra rehetra : ary aoka izahay hanompo  
sy hanome voninahitrapo, ary hanaraka azy amy ny fie-  
rentena, ao aminao sady ho Anao, araka ny Teninao  
masina sy ny fanendrenao : amy ny alalany Ieso  
Kristo Tomponay, Izay miara-belona sy miara-man-  
jaka aminao sy ny Fanahy Masina, Andriamanitra  
iray, mandrakizay, mandrakizay. *Amena.*

*Na ity.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, efa  
Hianao no manapaka ny fon' ny Mpanjaka, ka manda-  
hatra sy mitondra azy araka ny fahendrenao masina ;  
Mangataka aminao izahay mba halahatrapo sy hotapa-  
hinao ny fon dRANAVALOMANJAKA, Mpanomponao  
sy Mpanapaka anay, mba hitadiavany mandraka-  
riva ny voninahitrapo sy ny lazanao, amy ny heviny,  
sy ny teniny, ary ny ataony rehetra, ary hiheverany  
izay hitandremany ny olonao anjakany, amy ny fa-  
hafinaretana, sy ny fiadanana, ary ny fahamasinana :  
Tanteraho izany, Ray mamindrafo ô, amy ny alalany  
Ieso Kristo Zanakao, Tomponay. *Amena.*

*Dia hatao ny Kolekta araka ny Andro ; ary manaraka  
izany, dia hovakina ny Epistola, ary alohan' izany dia  
hataon' ny Mpamaky hoe, Ny Epistola (na ny Soratra*

Masina voatendry hisolo ny Epistola) dia voasoratra amy ny Toko . . . , amy ny . . . , miantomboka amy ny andininy . . . ary rehefa voavaky ny Epistola dia hataony hoe, Tapitra eto ny Epistola. Ary rehefa vita izany dia hitsangana ny olona, ka hovakina ny Filazantsara, ary alohan' izany dia hataon' ny Mpamaky hoe, Ny Filazantsara Masina dia voasoratra amy ny Toko . . . , amy ny . . . , miantomboka amy ny andininy . . .

*Dia hataon' ny olona ny hoe,*  
Voninahitra ho Anao, Tompo ô.

*Ary rehefa voavaky ny Filazantsara dia hataony ny hoe,*

Hisorana anie Hianao, Tompo ô, noho izany Filazantsaranao Masina izany.

*Dia hatao amin' izao ity Symbolo ity; ary mbola mitsangana hiany ny olona.*

**I**ZAHO mino an' Andriamanitra iray, Ray Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany, ary ny zavatra rehetra na hita na tsi-hita.

Ary Ieso Kristo Tompo iray, Zanaka Lahitokan' Andriamanitra, Nateraky ny Rainy talohan' izao rehetrarehetra izao, Andriamanitra avy amin' Andriamanitra, ny Mazava avy amy ny Mazava, Andriamanitra tokoa avy amin' Andriamanitra tokoa, Nateraka, fa tsy natao, Mirai-substantia amy ny Ray; Izy no nahariana ny zavatra rehetra, Nidina avy tany an-danitra ho antsika olombelona, sy ho famonjena antsika Izy. Ary nataon' ny Fanahy Masina ho Nofo, avy taminy Maria Virjina, Ary natao ho olona, Dia nohomboana tamy ny hazo fijaliana ho antsika tamy ny nanapahany Pontio Pilato. Nijaly Izy ary nalevina, Ary nony tamy ny andro fahatelo dia nitsangana araka ny Soratra Masina, Ary niakatra any an-danitra, Ary mipetraka eo amy ny tānan'ankavanana' ny Ray. Ary ho avy indray amy ny voninahitra hitsara ny velona sy ny maty

Izy; Ary ny Fanjakany dia tsy hanam-pahataperana.

Ary izaho mino ny Fanahy Masina, 'Tompo sy Mpanome aina, Izay avy amy ny Ray, sy ny Zanaka, Izay itsahana sy ankalazaina miaraka amy ny Ray sy ny Zanaka, Izay niteny tamy ny vavan' ny Profeta. Ary izaho mino ny Ekklesia Iray, Masina, Katolika, sy Apostolika. Ary manaiky ny Batisa iray ho famelan-keloka, Manantena ny fitsanganan' ny maty aho, Ary ny fainana amin' izay ho avy. Amena.

*Dia hambaran' ny Ministera amy ny olona izay Andro masina sy izay Andro fifadiana hotandremana amy ny herinandro manaraka. Ary holazainy koa ny andro hanaovana ny Komoniona masina ary ny anaran' ny olona izay atao Mariazy.*

*Ary tsy hisy hilaza ao am-piangonana afatsy ny Ministera hiány: ary izy aza dia tsy hilaza zavatra hafa afatsy ireo, raha tsy asain' ny Episkopo holazaina izany.*

*Ary dia hatao amin' izao ny Tori-teny.*

*Ary ny Presbytera dia hanatrika ny Latabatry ny Tompo, ka hamaky amin' ireto andininy manaraka ireto, araka izay ataony ho mety.*

**A**OKA hazava toy izany koa ny fahazavanareo eo imason' ny olona, mba hahita ny asa soa atanareo izy ka hankalaza ny Rainareo Izay any andanitra. *S. Mat. v. 16.*

Aza mihary ho anareo harena ety an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba azy sady misy mpangalatra manami-trano sy mangalatra. Fa miharia ho anareo harena any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba azy, sady tsy misy mpangalatra manami-trano, na mangalatra. *S. Mat. vi. 19, 20.*

Koa ny zavatra rehetra tianareo hataon' ny olona aminareo na inona na inona, dia ataovy aminy kosa tahaka izany; fa izany no lalána sy Profeta. *S. Mat. vii. 12.*

Tsy izay rehetra milaza amiko hoe : Tompoko, Tompoko, no hiditra amy ny fanjakan' ny lanitra fa izay manao ny sitrapon' ny Raiko Izay any andanitra. *S. Mat.* vii. 21.

Ary Zakaiosy nitsangana ka nanao tamy ny Tompo hoe : Indro, Tompoko, ny antsasaky ny fananako dia omeko ny malahelo; ary raha misy zavatr' olona nalaiko tamy ny fanambakana, dia honerako avy efatra heny izany. *S. Lok.* xix. 8.

Iza no mandeha miantafika ka mivelona amy ny haren' ny tenany? Iza no manao tanim-boaloboka ka tsy mihinana ny vokany? Ary iza no miandry osy ka tsy mihinana ny rononon' ny osy? *1 Kor.* ix. 7.

Raha izahay namafy izay zavatry ny fanahy ho anareo dia zavatra lehibe va raha mijinja izay ananareo araka ny nofo izahay? *1 Kor.* ix. 11.

Tsy fantatrareo va fa izay manompo amy ny zavatra masina dia mihinana ny zavatry ny tempoly, ary izay manompo eo amy ny altara miombona amy ny altara? Toy izany koa no nandidian' ny Tompo, fa izay mitory ny filazantsara dia hahazo fivelomana amy ny filazantsara. *1 Kor.* ix. 13, 14.

Izay mamafy kely, dia kely kosa no hojinjany; ary izay mamafy be, dia be kosa no hojinjany. Aoka ny olona rehetra samy hanao araka izay inian' ny fony, tsy amy ny alahelo, na amy ny faneritrena; fa ny mpanome amy ny hafaliana no tian' Andriamanitra. *2 Kor.* ix. 6, 7.

Aoka izay ampianarina ny teny hahafoy zavatsoa ho any izay mampianatra. Aza mety ho fitahina hianareo; Andriamanitra tsy esoina, fa izay afafin' ny olona no hojinjany. *Gal.* vi. 6, 7.

Koa araka ny ananantsika andro hanaovana, dia aoka isika hanao soa amy ny olona rehetra, indrindra fa amy ny mpianakavin' ny finoana. *Gal.* vi. 10.

Fa misy tombony lehibe tokoa ny toe-panahy manaraka an' Andriamanitra omban' ny fianinana. Fa tsy nitondra na inona na inona ho amin' izao tontolo izao isika, satria tsy hahatondra na inona na inona hiala. *1 Tim.* vi. 6, 7.

Anaro ny mpanan-karena eo amin' izao fainana

ankehiriny izao, mba hanao soa, mba hanan-karena amy ny asa tsara, hazoto manome sy miantra, ka dia hihary fanorenana tsara ho amy ny tenany ho amy ny andro ho avy, mba hihazonany izay tena fainana. *1 Tim.* vi. 17-19.

Fa Andriamanitra tsy mba tsi-marina hanadino ny asanareo, sy ny fitiavana izay nasehonareo ho voninahitry ny Anarany, raha nanompo ny olona masina hianareo sady mbola manompo hiány. *Hebr.* vi. 10.

Fa aza manadino hanao soa sy hiantra; fa fanta-trita toy izany no sitrak' Andriamanitra. *Hebr.* xiii. 16.

Izay rehetra manam-pananana amin' izao fainana izao, ary mahita ny fahantran' ny rahalahiny ka mihirim-belona aminy, ahoana no itoeran' ny fitiavana an' Andriamanitra ao anatiny? *1 S. Iohana* iii. 17.

Manomeza fiantrana avy amy ny fanananao; ary aza mba manodina ny tavanao hiala amy ny manantra; fa izany no tsy hihodinan' ny tavany Iehovah hiala aminao. *Tobity* iv. 7.

Miantrà araka ny zakanao. Raha be ny fanananao, manomeza be : raha kely ny fanananao, mazotoa hanome amy ny fifaliana avy amin' izany kely izany : fa izany no ahazoanao valimpitia be, raha omby amy ny andro fahantrana. *Tobity* iv. 8, 9.

Izay miantra ny malahelo no mampisambatra any Iehovah; ary izay nomeny dia hovaliany kosa. *Ohab.* xix. 17.

Sambatra izay mahatsiaro ny malahelo : Iehovah mamonjy azy amy ny andro fahoriania. *Salamo* xli. 1.

*Raha mbola vakina ireo andininy ireo, dia handray ny fiantrana ho any ny malahelo, sy ny fanatitra hafa, ny olona izay tendrena hanao izany; ary hitondra izany amy ny Presbytera, ary izy kosa dia hanatitra azy amy ny fietrentena ka hapetrany eo ambonin' ny Latabatra Masina.*

*Raha hatao ny Komoniona, dia hapetraky ny Pres-*

*bytera eo ambonin' ny Latabatra ny Mofo sy ny Divay, araka izay hataony ho ampy.*

*Rehefa vita izany, dia hataon' ny Presbytera hoe,*

Aoka isika hivavaka ho any ny Ekklesiany Kristo izay miady ety ambonin' ny tany.

**A NDRIAMANITRA** Tsitoha sy mandrakizay ô, ny Apostolonao masina noefa nampianarinao anay hanao vavaka sy hataka, sy hanome saotra noho ny olona rehetra; Mangataka aminao izahay

\* *Raha tsy misy fiantranana na fanatitra, ireo teny ireo [ny fiantranay sy ny fanatitray ary] dia ajanona.* mietritena, mba handraisinao amy ny famindramponao lehibe (\* ny fiantranay sy ny fanatitray, ary) izao fivavahanay izao, izay aterinay amy

ny Fiandriananao Masina, sady mba hanoloranao mandrakariva ny Ekklesia Katolika ny fanahin' ny fahamarinana, sy ny firaosana, ary ny fifankatiavana. Ary aoka izay rehetra manaiky ny Anaranao masina, hifanaraka ny amy ny marina amy ny Teninao masina, ka hifankatia tsara araka an' Andriamanitra. Ary mangataka aminao koa izahay, mba hiarovanao ny Mpanjaka, sy ny Zanak' andriana, ary ny Mpanapaka rehetra izay Kristiana: Ary aoka ny Mpanolo-tsaina azy rehetra, sy izay rehetra manam-pahefana, hitsara marina sy tsy miangatra, ka hampijaly ny rafsi-fanahy, sy hamptoetra ny Fivavahana marina aminao, sy ny hatsaram-panahy. Omeo fahasoavana, Ray any andanitra ô, ny Episkopo, sy ny Kleriko rehetra, hanehoany ny Teninao marina sady velona amy ny fitondratenany sy ny fampianarany, ary hanolorany araka izay mety ny Sakramentanao masina. Ary omeo ny fahasoavanao avy any andanitra ny olonao rehetra,indrindra fa ireto olona tafangona ato ireto; ary aoka ny fo mietritena sy ny fanajana tsara no handraisany ny Teninao masina, ka hanompoany Anao tokoa amy ny fahamasi-nana sy ny fahamarinana amy ny andro rehetra

hiainany. Ary mangataka aminao izahay mietritena indrindra, Tompo ô, mba hampiononanao sy hamonjenao amy ny fahatsaranao izay rehetra zoimpahoriana, na malahelo, na mahantre, na marary, na tra-doza hafa amin' izao fiainana mihelina izao. Ary koa dia isaoranay ny Anaranao masina noho ny mpanomponao rehetra izay efa nodimandry tamy ny finoana sy ny fahatahorana Anao; ary dia angatahinay aminao ny fahasoavana hanarahanay ny diany tsara, mba hiarahanay aminy handova ny fanjakanao any an-danitra. Tanteraho izany, Ray ô, noho ny fitiavanao any Ieso Kristo, Mpanalalana anay, sy Mpandahatra ny teninay. *Amena.*

*Raha hataon' ny Ministera ny fananarana ny amy ny Komoniona Masina (izay mety hatao amy ny Alahady alohan' ny fotoana handraisana) rehefa vita ny Fitorienteny dia hamaky izao teny izao izy.*

**R**Y malala, amy ny ——— ho avy, mikasa amy ny fanampian' Andriamanitra aho hanolotra ny Sakramentan' ny Tena sy ny Rany Kristo mahantanjaka indrindra ho any izay rehetra manana fo voaomana tsara handraisany azy ho fahatsiarovana ny Hazo-fijaliany sy ny Niaretany mahamiendrika, fa izany hiány no ahazoantsika famelan-keloka sy mahatonga antsika ho mpiara-mandova ny Fanjakan' ny lanitra. Ary tokony hisaotra an' Andriamanitra Tsitoha Raitsika any an-danitra amy ny fietrentena indrindra isika, noho ny nanomezany any Ieso Kristo Zanany Mpamonjy antsika, mba tsy ny ho faty hiány ho antsika, fa mba ho hanim-panahy sy ho famelomana antsika koa amin' izany Sakramenta masina izany. Ary satria zavatra masina sy mahantanjaka ho any izay mandray azy araka izay mety izy, fa zavatra mampidi-doza kosa ho any izay sahisahy mandray azy nefo tsy araka izay mety, koa tsy maintsy mananatra anareo aho, mba hieritreritra rahateo hianareo, ny havesatr' izany mysterio masina izany, sy ny loza lehibe amy ny handraisana azy araka izay tsy mety, ary mba hizaha sy handinika

ny fieritreretanareo (ka tsy manaonao foana sy tahaka ny mihatsaravelatsihy amin' Andriamanitra ; fa) mba ho masina sy madio hianareo amy ny fanta-tonana izany fanasana masina izany, manao ny akanjo fitondra amy ny fampakaram-bady izay lazain' ny Soratra Masina ho ilain' Andriamanitra mba handraisany anareo ho mpandray miendrika eo amy ny Latabatra Masina.

Koa izao no tokony hanaovanareo izany : Voalohany, mandiniha ny fitondrantenanareo sy ny toe-trareo araka ny didin' Andriamanitra, ary na amin' inona na amin' inona no hitanareo fa diso hianareo, na amy ny sitrapo, na amy ny teny, na amy ny asa, dia malahelova noho izany, sy maneke izany amin' Andriamanitra, ka mikasà tokoa hanova ny fitondrantenanareo. Ary koa, raha hitanareo fa tsy tamin' Andriamanitra hiány no nanotanareo, fatamy ny namanareo koa, dia manaova izay hihavanareo aminy, ka mikasà hanao soa na amin' iza na amin' iza araka izay tratry ny ainareo, ho solon' ny ratsy nataonareo taminy ; ary koa manaova izay hamelana ny heloky ny olona izay efa nanota tamnareo, tahaka ny fanirianareo ny hamelan' Andriamanitra ny helokareo ; fa, raha tsy izany, ny fandraisanareo ny Komoniona Masina dia vao mainka mampitombo ny fanamelohana anareo. Koa amin' izany, raha misy aminareo mpanompa an' Andriamanitra, na mpisakana sy mpanaratsy ny Teniny, na mpijangajanga, na izay mitoetra amy ny lolompo, na fialonana, na fahotana hafo toy izany, dia mibebaha hianareo noho ny fahotanareo, fa raha tsy izany, aza manatona ny Latabatra Masina ; fandrao, rehefa noraisinareo izany Sakramenta izany, dia hidiran' ny devoly ao aminareo, tahaka ny nidirany tao amin' fodasy, ka ho feno ny faharatsiana rehetra hianareo, ary ho very ny tenanareo sy ny fanahinareo.

Ary satria tokony tsy hisy manatona ny Komoniona Masina, raha tsy matoky ny famindrapon' Andriamanitra, sy tafandry eritreritra tsara izy ; koa raha misy aminareo izay tsy mahatafandry tsara

ny fieritreretany araka ireo teny aloha ireo, fa mbola ta-hampiononina na hanarina, aoka hankany amiko izy, na amy ny hafo izay Ministeran' ny Tenin' Andriamanitra, ka hanambara ny toe-trany ; mba hahazoany fahafahana, sy hevim-panahy araka ny Tenin' Andriamanitra, hahatafandry ny fieritreretany, mba ho afaka ny ahiahy sy fisalasalana izy.

*Fa raha hitany fa tsy mazoto manatona ny Komoniona Masina ny olona, dia ity fananarana ity no ataony hisolo ny ambony.*

Ry malala, amy ny \_\_\_\_\_ ho avy, mikasa amy ny fanampian' Andriamanitra aho, hanao ny Fanasan' ny Tompo ; koa dia manasa anareo amin' mizany amy ny Anaran' Andriamanitra aho, sy mangataka anareo amy ny alalany Ieso Kristo Tompo tsy handà tsy hanatona izany hianareo, fa Andriamanitra no miantso sy manasa anareo amy ny fitiavany. Ary fantatrareo fa zavatra mampalahelo sady tsy mety, raha misy olona efa namboatra fana-sana tsara dia tsara ka nanao ambony latabatra ny karazan-kanina samihafa, ka tsy misy andrasany intsony afatsy ny hihavian' ny olona izay nasaina hiány, kanefa izy ireo dia mandà fotsiny tsy ho avy, fa tsy mankasitraka. Iza moa aminareo tsy mihevitra fa ratsy no nataony azy ? Ry malala tsy mihevitra fa ratsy no nataony azy ? Ry malala aminy Kristo, mitandrema tsara fandrao mampire-amin' Andriamanitra aminareo, raha hitra ny fahatezeran' Andriamanitra aminareo, Mora mandà izany Fanasana masina izany hianareo. Mora kanefa tsy raisina na eken' Andriamanitra ny fialantsiny tahaka izany. Raha misy manao hoe, Mpanota ratsy loatra aho ka matahotra hanatona aho ; naraha hoana áry no tsy mibebaka hianareo ka manatsara hoana áry no tsy mibebaka hianareo ? Raha antsoin' Andriamanitra hianareo, dia tsy menatra va hianareo raha manao hoe, Tsy ho avy izahay ? Raha tokony hiverina ho any amin' Andriamanitra, dia hiala-tsiny va hianareo ka

hanao hoe, Tsy mbola niomana izahay? Mihevera lalina áry hianareo, fa ny fialan-tsiny tahaka izany dia tsy hahafaka eo amin' Andriamanitra. Ny olona izay nandà ny fanasana ao amy ny Filazantsara satria nividy tany izy, na lasa nametraka zioga tamy ny ombiny, na nampaka-bady, dia tsy afa-tsiny tamin' izany akory, fa natao tsy ho miendrika ny fanasan' Andriamanitra. Raha izaho, dia efa mio-mana aho, ary araka izay mety hataoko, dia manasa anareo amy ny Anaran' Andriamanitra aho, miantso anareo solony Kristo, mananatra anareo tahaka ny fitiavanareo ny famonjena anareo aho, handray izany Komoniona masina izany. Ary satria nanolotra ny ainy ho faty tamy ny Hazo-fijaliana ho famonjena antsika ny Zanak' Andriamanitra, dia tokony ho raisinareo ny Komoniona ho fahatsiarovana ny falamboadin' ny fahafatesany, araka izay nodidian' ny tenany. Fa raha mandà izany hianareo, hevero izay zavatra ratsy ataonareo amin' Andriamanitra, sy ny fampijaliana mafy izay miraviravy eo ambony ny lohanareo noho izany, raha minia manalavitra ny Latabatry ny Tompo hianareo, ka misaraka amy ny rahalahinareo izay manatona hihinana amin' izany fanasana masina izany. Raha heverinareo fattratra ireo zavatra ireo, dia hihatsaratsara kokoa ny hevitrareo noho ny fahasoavan' Andriamanitra; ary mba hahazoanareo izany dia tsy hitsahatra izahay hanao ny fangatahanay amy ny fietrentena amin' Andriamanitra Tsitoha Raitsika any an-danitra.

*Rehefa tonga ny fotoana hanaovana ny Komoniona, ka efa milahatra ny mpandray handraisany tsara ny Sakramenta Masina, dia hataon' ny Presbytera izao hoe:*

**R**Y malala amy ny Tompo, hianareo mikasa hananta ny Komonionan' ny Tena sy ny Ra Masina any Kristo Mpamony antsika, koa tokony hoheverinareo fa anariny S. Paolo ny olona rehetra, mba hazoto hamantatra sy hizaha ny toe trany, vao sahy mihinana izany Mofo izany sy misotro amin' izany Kapoaka izany. Fa satria lehibe ny fahasoavana

raha amy ny fibebahana marina sy ny finoana velona no andraisantsika izany Sakramenta masina izany; (fa amin' izany dia mihinana ny Nofony Kristo isika sy misotro ny Rany; amin' izany dia mitoetra ao anatiny Kristo isika, ary Kristo ao anatintsika; miray aminy Kristo isika ary Kristo amintsika;) dia toy izany kosa lehibe ny loza raha amy ny fanahy tsy mety no andraisantsika izany. Fa raha manao izany, isika dia meloka ny Tena sy ny Rany Kristo Mpamony antsika; mihinana sy misotro fanamelohana antsika, raha tsy mahafantatra ny Tenan' ny Tompo isika; mampirehitra ny fahatezeran' Andriamanitra amintsika, mampihetsika Azy hampahory antsika aminy ny aretina sy ny fahafatesana samihafa. Mitisarà tena áry hianareo, ry malala, mba tsy hotsarain' ny Tompo. Mibehaha marina noho ny fahotanareo; manána finoana velona aminy Kristo Mpamony antsika; manatsarà ny fitondrantenanareo, ary mifankatiava tsara amy ny olona rehetra: koa dia mien-drika handray ireo mysterio masina ireo hianareo. Ary mihoatra noho ny zavatra rehetra, tsy maintsy misaotra an' Andriamanitra, Ray, sy Zanaka, ary Fanahy Masina amy ny fo mietritena indrindra hianareo, noho ny fanavotana izao tontolo izao tamy ny nahafatesana sy ny nijaliany Kristo Mpamony antsika, sady Andriamanitra no olona, Izay naneritena hatramy ny fahafatesana teo amy ny hazo fijaliana nisolo antsika mpanota mahantatra izay nitoetra tamy ny fahamaizinana sy ny aloky ny fahafatesana, mba hananganany antsika ho zanak' Andriamanitra, sy hanandratany antsika ho any amy ny fiainana mandrakizay. Ary mba hahatsiarovantsika mandrakariva ny fitiavany lehibe indrindra nasehony Ieso Kristo Tompontsika sy Mpamony antsika tamy ny nahafatesany ho antsika, sy ny zava-tsoa tsy azo isaina izay azony ho antsika tamy ny nandatsahany ny Rany soa indrindra, dia nanao sy nanendry mysterio masina Izy ho fanehoany ny fitiavany, sy ho fahatsiarovana ny fahafatesany mandrakariva, ary ho fampiononana antsika tokoa. Koa dia aoka isika hisaotra Azy mbamy ny Ray sy ny Fanahy Masina,

(fa mety indrindra izany,) ka hampanarahintsika ny sitrapony masina ny tenantsika, ary hataontsika izay hanompoana Azy amy ny fahamasinana tokoa sy ny fahamarinana amy ny andro rehetra hianantsika. *Amena.*

*Dia hataon' ny Presbytera amin' izay handray ny Komoniona Masina, hoe :*

**H**IANAREO izay mibebaka marina tokoa noho ny fahotanareo, sy mifankatia amy ny namanareo, ary mikasa hitondratena tsara, ka hanaraka ny didin' Andriamanitra, sy handeha amy ny lálany masina hatramin' izao : Manatóna amy ny finoana, ary raiso ity Sakramenta Masina ity hampiononana anareo, ary ataovy amy ny fietrentena ny faneken-kelokareo amin' Andriamanitra Tsitoha, koa mandohaleha.

*Ary dia hataon' ny Ministera anankiray ity faneken-keloka ity ; ary dia hiara-mandohalika izy rehetra ka hanao hoe :*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Rainy Ieso Kristo Tomponay, Mpanao ny zavatra rehetra, ary Mpitsara ny olona rehetra ; Izahay manaiky sady malahelo noho ny fahotanay sy ny helokay maro samihafa, Izay efa nanoheranay Anao matetika, Tamy ny hevitra, sy ny teny, ary ny atao, Ka nampirehitra ny fahatezeranao sy ny fahaviniranao marina taminay. Mibebaka marina tokoa izahay, noho ireo haratsianay ireo : Mampahory anay ny fahatsiarovanay azy ; Tsy zakanay ny fahavesarany. Mamindráfo aminay, Mamindráfo aminay, Ray mamindráfo indrindra ô ; Mamelà ny heloka rehetra nataonay tamy ny lasa, Noho ny fitiavanao any Ieso Kristo Tomponay ; Ary hatramin' izao dia aoka izahay hanompo Anao mandrakariva, Amy ny fitondrantena ankasitrahanao, Ho voninahitra sy ho lazan' ny Anaranao : Amy ny alalany Ieso Kristo Tomponay. *Amena.*

*Dia hitsangana ny Presbytera (na ny Episkopo raha eo izy) ka hanatrika ny olona, ary hanao ity famelan-keloka ity.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha, Raintsika any ant-danitra, Izay efa nikasa, amy ny famindrampony lehibe, hamela heloka izay rehetra mitady azy amy ny fibebahana mafy sy ny finoana marina ; Mamindráfo aminareo Izy ; mamele sy manafaka anareo amy ny helokareo rehetra ; manamafy sy manatan-jaka anareo amy ny fahatsarana rehetra ; ary miton-dra anareo ho amy ny fainana mandrakizay ; amy ny alalany Ieso Kristo Tompontsika. *Amena.*

*Dia hanao hoe ny Presbytera,*

Henoy ny teny mampionona ataony Kristo Mpamonjy antsika amin' izay mitady Azy tokoa.

**M**ANKANESA aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatr' entana, ary Izaho hanome anareo fitsaharana. *S. Mat. xi. 28.*

Fa izany no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao ; fa nomeny ny Zanani-lahi-tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hahazo fainana mandrakizay. *S. Iohana iii. 16.*

Henoy koa izay lazainy S. Paolo.

Marina izao teny izao ary tokony hekena amy ny fankasitrahana rehetra, fa tonga taty ambony ny tany Kristo Ieso hamonjy ny mpanota. *1 Timoty i. 15.*

Henoy koa izay lazainy S. Iohana.

Ary raha misy manota, dia manana Solovava amy ny Ray isika, dia Ieso Kristo, Ilay marina, ary Izy no avotra noho ny fahotantsika. *1 Iohana ii. 1.*

*Rehefa vita izany, dia hanao hoe ny Presbytera,*

Asandrato ny fonareo.

*Valiny.*

Asandratray amy ny Tompo izany.

*Presbytera.*

Aoka isika hisaotra an' Andriamanitra Tompon-tsika.

*Valiny.*

Antonony sy mety hatao izany.

*Dia hanatrika ny Latabatry ny Tompo ny Presbytera ka hanao hoe,*

**A**NTONONY dia antonony sady marina no mety hataonay indrindra izany, amy ny fotoana rehetra, sy amy ny fitoerana rehetra, dia ny hisaoranay

\* Ny teny hoe Ray Anao Tompo ô, Ray Masina,\*  
Masina dia ajanona amy Andriamanitra Tsitoha sy  
ny Festan' ny Trinitata. mandrakizay.

*Dia hanaraka eto ny Sasin teny izay voatendry, faraha tsy misy dia izao no hatao,*

**A**RY amin' izany dia miara-misaotra sy mankalaza ny Anaranao malaza izahay mbamy ny Anjely sy ny Arkanjely ary ny mponina rehetra any andanitra, ka midera Anao mandrakariva hoe,

(*Dia hotononina na hohirain' ny mpiangona rehetra*)

Masina, masina, masina, ry Tompo Andriamaniry ny Sabaôta, manerana ny lanitra sy ny tany ny voninahitao: Ho Anao anie ny voninahitao, Tompo avo indrindra ô. *Amena.*

**SASIN-TENY.**

Amy ny Andro Kristmasy, sy ny hafitoana manaraka azy.

**S**ATRIA efa nomenao Ieso Kristo Zanakao lahitokana ho teraka ho anay tamin' izao fotoana izao; ka Izy, tamy ny fiásan' ny Fanahy Masina, dia natao ho olona tokoa avy amy ny Substantiany Maria Virjina reniny; ary ny tsy fananani-tsiny no anadiovany anay amy ny tsiny rehetra. Ary amin' izany, &c.

Amy ny Andro Paska, sy ny hafitoana manaraka azy.

**A**RY dia tokony hidera Anao indrindra izahay noho ny nitsanganany Ieso Kristo Zanakao lahitokana Tomponay tamy ny maty; fa Izy no Zanak' ondry Paskaly marina tokoa, Izay naterina hisolo anay, ka efa nanaisotra ny fahotan' izao tontolo izao; fa ny fahafatesany no naudravany ny fahafatesana, ary ny nitsanganany indray no namerenany ny flainana mandrakizay ho anay. Ary amin' izany, &c.

Amy ny andro Niakarana, sy ny hafitoana manaraka azy.

**A**MY ny alalany Ieso Kristo Zanakao malalanao indrindra, Tomponay; Izay dia niseho mihari-hary tamy ny Apostolony rehetra taorian' ny Nitsanganany malaza indrindra tamy ny maty, ary hitany niakatra any an-danitra Izy, hanamboatra fitoerana ho anay, mba hiakaranay koa any amin' izay itoerany, hiaramanjaka aminy amy ny voninahitao. Ary amin' izany, &c.

Amy ny andro Pentekosta, sy ny henemana manaraka azy.

**A**MY ny alalany Ieso Kristo Tomponay; fa araka ny teny fika-any marina tokoa, dia nidina avy tany an-danitra ny Fanahy Masina, tamin' izao fotoana izao, tamy ny feo lehibe tonga tampoka toy ny rivotra mahery, mizarazara hoatra ny 'lel' afo, ary nidina tambonin' ny Apostolo, hampianatra sy hitondra azy amy ny fahamarinana rehetra; koa nanome azy fahaizana teny samihafa sy fahasahiana hazoto fatratra history ny Filazantsara amy ny firenena rehetra; ary izany no nitondrany anay hiala amy ny maizina sy ny fahadisoana ho amy ny fahazavana madio sy ny fahalalana marina Anao sy Ieso Kristo Zanakao. Ary amin' izany, &c.

Amy ny Festan' ny Trinitata.

**D**IA Andriamanitra Iray, Tompo iray; nefo tsy Persona iray hiany, fa Persona telo amy ny

Substantia iray. Koa izay inoanay ny amy ny voninahitry ny Ray dia inoanay ny amy ny Zanaka, sy ny amy ny Fanahy Masina, ka tsy misy tsi-fitoviana akory. Ary amin' izany, &c.

*Ary rehefa vita ny anankiray amin' ireo sasin-teny ireo, dia hohiraina na hotononina miarak' amin' izao.*

**A**RY amin' izany dia miara-misaotra sy mankalaza ny Anaranaao malaza izahay mbamy ny Anjely sy ny Arkanjely ary ny mponina rehetra any andanitra, ka midera Anao mandrakariva hoe,

(*Dia hotononina na hohirain' ny mpiangona rehetra*)

Masina, masina, masina, ry Tompo Andriamanitry ny Sabaôta, manerana ny lanitra sy ny tany ny voninahitroa: Ho Anao anie ny voninahitra, Tompo avo indrindra ô. Amena.

*Ary dia handohalika manatrika ny Latabatry ny Tompo ny Presbytera ka hanao izao Fivavahana manaraka izao hisolovava izay rehetra handray ny Komoniona Masina.*

**T**OMPO mamindrafo ô, tsy sahy manatona ity Latabatrala ity izahay matoky ny fahamarinanay, fa ny famindramponao maro sy lehibe no itokianay. Tsy miendrika izahay na dia hanangona sombi-mofeo ambany ny Latabatrala akory aza. Fa Hianao no Tompo mamindrafo mandrakariva; Tompon' ny fahasooavana ô, aoka ny fihinananay ny Nofony Ieso Kristo Zanakao malalanao sy ny fisotroanay ny Rany, no hanadiovan' ny Tenany ny tenanay feno fahotana, sy hanasan' ny Rany soa indrindra ny fanahinay, hitoeranay mandrakariva ao anatinay, ary Izy ao anatinay. Amena.

*Rehefa namboarin' ny Presbytera, mitsangana eo anatrehan' ny Latabatra, ny Mofo sy ny Divay, mba hamakiany ny Mofo eo anatrehan' ny olona sy handraisany ny kapoaka amy ny fanajana, dia hanao izao fivavahana Fanamasinana izao izy.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha, Rainay any andanitra ô, ny famindramponao tsara no nanomeza-

nao any Ieso Kristo Zanakao Lahitokana hiaritra fahafatesana amy ny hazo-fijaliana ho fanavotana anay; ary teo no nanaovany fanalamboady sy fanta titra ary fankasitrahaha ampy, sy tanteraka, ary sahaza noho ny fahotan' izao tontolo izao tamy ny nanaterany ny tenany izay naterina indrai-mandeha; ary koa nanendry sy nandidy anay amy ny Filazantsarany Masina Izy, hampaharetanay ny fahatsiarovana mandrakariva ny fahafatesany soa indrindra mandra-pihaviny indray; Mifona aminao izahay, Ray mamindrafo indrindra ô, mihainoa anay; koa raha mandray ireto fanomezanao ireto izahay, dia ny mofo sy ny divay, araka ny nanendreny Ieso Kristo Zanakao Mpamony anay, ho fahatsiarovana ny fahafatesany sy ny fijaliany, dia aoka ho raisinay ny Tenany sy ny Rany isaorana: Fa Izy, tamin' ilay alina namadihana Azy, dia

\* Eto no raisin' ny Presbytera ny Patena.

† Ary eto no vakiny ny Mofo.

‡ Ary eto no apetranay amy ny mofo rehetra ny tânany.

§ Eto no raisin' amy ny tânany ny Kapoaka.

nandray Mofo; ary, rehefa nisaotra Izy, dia †no vakiny, ary nomeny ny mpianany, ka nataony hoe, Raiso, hano, †Ity no Tenako Izay omena ho ana reo: Ity no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. Ary tahaka izany rehefa vita ny sakafio dia § nandray ny kapoaka Izy; ary, rehefa nisaotra Izy, dia nomeny azy, ka nataony hoe, Misotroa amin' ity hianareo rehetra; fa || ity no Rako dia ny amy Testamenta vaovao, izay alatsaka ho anareo sy ny maro ho famelan-keloka: Ataovy ity,

na oviana na oviana hisotroanareo ity, ho fahatsiarovana Ahy. Koa amin' izany, Tompo Ray any andanitra ô, dia manatitra ireto fanomezanao masina ireto izahay mpanomponao mietritena, ary manao eo anatrehan' ny fiandriananao masina ny fahatsiarovana nodidian' ny Zanakao hataonay, araka ny nanendreny Ieso Kristo Zanakao malalanao Mpamony anay, ka mahatsiaro ny Niaretany masina, sy ny Nahafatesany soa, sy ny Nitsanganany mahery, ary

ny Niakarany malaza ; ary misaotra Anao marina tokoa izahay noho ny fanomezanao tsy hita isa izay azony ho anay noho izany ; Ary mifona aminao amy ny fiterentena izahay, Ray mamindrafo ô, mihainoa anay, ary amy ny fahatsaranao tsitoha, dia aoka ny Teninao sy ny Fanahinao Masina no hitahianao sy hanamasinanao ireto fanomezanao ireto, dia ny moto sy ny divay, ho Tena sy Ran' ny Zanakao malalanao indrindra. Ary maniry tokoa izahay mpanomponao mietritena, mba ho raisin' ny fahatsaranao, Ray mamindrafo ô, izao fanalamboady fiderana sy fisavorana izao : Ka mangataka aminao izahay mietritena indrindra, aoka ny fahamiendrehany Ieso Kristo Zanakao sy ny fahafatesany, ary ny fahatokianay ny rany, no hahazoanay sy ny Ekklesianao ny famelana ny helokay, sy ny fahasavava rehetra aby amy ny fijaliany. Ary dia aterinay sy atolotray amin' izao, Tompo ô, ny sainay sy ny fanahinay ary ny tenanay ho fanalamboady mety sy masina ary velona : ary mifona aminao izahay mietritena, aoka izay rehetra mandray ity Komoniona masina ity ho feno ny fitahianao aby any an-danitra. Ary na dia tsy miedrika hanatitra fanalamboady aminao akory aza izahay, noho ny fahotanay maro samihafa, nefà mifona aminao izahay mba hankasitrahanao ity fanompoana adidinay ity : Koa aza mandanja anay, fa mamelà ny fahadisoanay, amy ny alalany Ieso Kristo Tomponay ; Izay omem-boninahitra sy laza, amy ny firaisan' ny Fanahy Masina, miaraka aminao, Ray any an-danitra ô, mandrakizay mandrakizay. Amena.

*Ary dia horaisin' ny Ministera aloha ny Komoniona, ary, rehefa vita izany, dia atolony ny Episkopo, sy ny Presbytera, sy ny Diakona ary manaraka izany dia ny olona, mandohalika milamina tsara. Ary isaky ny anolorany Mofo ny olona tsirairay dia ataony hoe :*

NY Tenany Ieso Kristo Tompontsika, izay nomena ho anao, hitandrina ny tenanao sy ny fanahinao anie ho amy ny fiaianana mandrakizay. Hano ity, ho fahatsiarovana fa Kristo dia maty ho anao, ary hano ao am-ponao Izy amy ny finoana sy ny fisaorana.

*Ary ny Ministera izay mitondra ny Kapoaka hisotroan' ny olona dia hanao amy ny olona tsirairay hoe :*

NY Rany Ieso Kristo Tompontsika, izay nalatsaka ho anao, hitandrina ny tenanao sy ny fanahinao anie ho amy ny fiaianana mandrakizay. Misotroa amin' ity, ho fahatsiarovana fa ny Rany Kristo dia nalatsaka ho anao, koa misaora.

*Raha lany ny Mofo na ny Divay izay efa nohamasinina, nefà mbola misy tsy nandray, dia hanamasina hafa-indray ny Presbytera, miantomboka amy ny teny hoe, Kristo Mpamonjy antsika tamin' ilay alina, ka hatramy ny hoe, Ity no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, raha ny mofo no hamasinina ; ary amy ny teny hoe, Rehefa vita ny sakafo, ka hatramy ny hoe, ho fahatsiarovana Ahy, raha ny Kapoaka no hamasinina.*

*Ary rehefa nandray izy rehetra, dia hanatrika ny Latabatry ny Tompo ny Ministera, ary hametrakà amy ny fanajana eo amboniny ny ambiny amin' izay efa nohamasinina, ary hanarona azy lamba fotsy.*

*Ary dia hiara-manao ny Fivavahan' ny Tompo ny Presbytera sy ny olona.*

RAINAY, Izay any an-danitra ; Hohamasinina anie ny Anaranao ; Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitra-ponao ety an-tany, tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamelà ny helokay, tahaka ny amelanay ho izay meloka aminay. Ary aza mitondra anay ho amy ny fakam-panahy fa manafaha anay amy ny ratsy. Fa Anao ny fanjakana, sy ny hery, ary ny voninahitra, mandrakizay. Amena.

*Ary ny Presbytera dia hanao hoe,*

ANDRIAMANITRA Tsitoha sy mandrakizay ô, misaotra Anao tokoa izahay, izay efa nandray araka izay mety ireo Mysterio masina ireo, satria efa sitrakao hamahana anay ny hanimpanahy, dia ny Tenany Ieso Kristo Zanakao Mpamonjy anay sy ny Rany soa indrindra, ka mampahatoky anay amin' ireo ny fitiavanao anay, sy ny fahatsaranao aminay,

ary ny fanaovanao anay ho sampana velona momba ny Tena mystikalin' ny Zanakao, izay fiombonan' ny mino, sy ho mpandova amy ny fanantenana ny fanjakanao mandrakizay noho ny nijalian' ny Zanakao malalanao sy ny nahafatesany soa indrindra. Ary mangataka aminao izahay mietritena tokoa, Ray any an-danitra ô, hanampy anay amy ny fahasoavanao, mba haharetanay ao amin' izany fiombonana masina izany, ka hanaovanay izay asa tsara rehetra efa namboarinao halehanay; amy ny alalany Ieso Kristo Tomponay, izay omem-boninahitra sy laza, miaraka aminao sy ny Fanahy Masina, mandrakizay, mandrakizay. Amena.

*Dia hotononina na hohiraina ity,*

VONINAHITRA ho an' Andriamanitra amy ny avo indrindra, ary fiadanana ho ambony ny tany, ary fankasitrahana ho any ny olona anie. Midera Anao izahay, misaotra Anao izahay, mitsaoka Anao izahay, mankalaza Anao izahay, misaotra Anao noho ny voninahitao lehibe izahay, Andriamanitra Tompo ô, Mpanjaka any an-danitra, Andriamanitra Ray Tsitoha.

Tompo ô, Ieso Kristo Zanaka lahitolana; Andriamanitra Tompo ô, Zanak' ondrin' Andriamanitra, Zanaky ny Ray, Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao, maminräfo aminay. Hianao Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao, maminräfo aminay. Hianao Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao, raiso ny fivavahanay. Hianao Izay mipetraka eo an-tánana ankavanana' Andriamanitra Ray, maminräfo aminay.

Fa Hianao irery hiány no masina; Hianao irery hiány no Tompo; Hianao irery hiány, Kristo ô, mbamy ny Fanahy Masina, no avo indrindra amy ny voninahitr' Andriamanitra Ray. Amena.

*Izao dia hampirava azy amin' izao Tsiodrano izao ny Presbytera (na ny Episkopo raha eo izy).*

NY fiadianan' Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny

hevitraroo anie ao amy ny fahalalana sy ny fitiavana an' Andriamanitra, sy Ieso Kristo Zanany Tompontsika: ary ny fitahian' Andriamanitra Tsitoha, Ray, sy Zanaka, azy Fanahy Masina, dia ao aminareo, ary mitoetra aminareo mandrakariva. Amena.

*Ary raha sendra tsy misy Komoniona, ka efa vita ny Fandatsahan-drakitra, dia mety raha hatao ny anankiray, na mihoatra noho izany, amin' ireto Kolekta ireto. Ary azo atao koa ireto, rehefa vita ny Kolekta na amy ny Fivavahana Maraina na Hariva, na ny Komoniona, na ny Litany.*

TOMPO ô, atreho amy ny famindrampponao ny fivavahanay, ary tariho lálana izahay mpanomponao, mba hahazoanay famonjena mandrakizay; ary aoka mba harovan' ny fanampianaو mahasoأ indrindra izahay amy ny fiovaovana rehetra izay manjo anay amin' izao fiainana mandalo izao; amy ny alalany Ieso Kristo Tomponay. Amena.

TOMPO Tsitoha, sy Andriamanitra mandrakizay ô, mifona aminao izahay, aoka ho sitrakao hitondra, sy hanamasina, ary hanapaka, ny fonay sy ny tenanay, amy ny lálan' ny lálao, sy amy ny fankatoavanay ny didinao; mba harovan' ny herinaoa ny tenanay sy ny fanahinay, ankehitriny sy mandrakizay; amy ny alalany Ieso Kristo Tomponay sady Mpamonjy anay. Amena.

ANDRIAMANITRA Tsitoha ô, mifona aminao izahay, aoka ny teny, izay efa ren' ny sofinay androany, halatsaky ny fahasoavanao ao amponay, mba hahavokatra fitondrantena tsara aminay, ho voninahitra sy fiderana ny Anaranao; amy ny alalany Ieso Kristo Tomponay. Amena.

TOMPO ô, aoka ny fitiavanaو mahasoأ indrindra hialoha anay sady hampandroso anay mandrakariva; ka aoka izay rehetra atombokay no hotanterahinay ao aminao ho lazanao sy ho voninahitao, mba hahazoanay ny fiainana mandrakizay amy ny

farany noho ny famindramponao ; amy ny alalany Ieso Kristo Tomponay. *Amena.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha, loharanon' ny fahen-drena rehetra ô, Hianao mahalala ny fahantranay na dia tsy mbola mangataka aza izahay, sy ny tsy fahalalanay raha mangataka ; Koa mifona aminao izahay, mamindráfo amy ny fahalemenay, ary aoka ho sitrakao hanome anay izay zavatra tsy sahinay angatahina noho ny tsi-fiendrehanay, ary izay tsy hainay angatahina noho ny fahajambanay ; amy ny alalany Ieso Kristo Zanakao sady Tomponay. *Amena.*

**A**NDRIAMANITRA Tsitoha ô, Hianao efa nilaza fa hihaino ny vavaka atao amy ny Anaran' ny Zanakao ; Koa mifona aminao izahay, atongilano ny sofinao aminay izay vao nanao ny vavakay sy ny fifonanay taminao ; ary aoka mba ho azonay tokoa izay zavatra nangatahinay amy ny finoana araka ny sitraponao, ho fampiononana anay, ary ho fampise-hoana ny voninahitrapo ; amy ny alalany Ieso Kristo Tomponay. *Amena.*

*Amy ny Alahady sy ny Andro Festa hafa (raha sendra tsy atao ny Komoniona) dia hatao izay rehetra efa notendrena eo amy ny Fanao amy ny Komoniona hatra-my ny fahataperana ny fivavahana, Ho any ny Eklesiany Kristo etc, mbamy ny anankiray, na mihoatra noho izany, ary amin' ireo Kolekta ireo, ary vao hatao ny Tsiodrano.*

*Ary tsy atao ny Komoniona Masina raha tsy misy hiara-mandray amy ny Presbytera.*

*Ary ny mofo sy ny divay, raha tsy misy voatokana, dia tsy maninona raha lafarina tsara no anaovana ny mofo ary ny ranom-boaloboka no anaovana ny divay.*

*Raha misy ny mofo sy ny divay efa nohamasinina, dia tsy azo entina hiala amy ny Fiagonana izany, fa ny Presbytera sy izay mpandray antsoiny no hihinana sy hisotro izany rehefa vita ny Tsiodrano ; nefo kosa raha misy antony dia azo entina hiany.*

## NY FANAOVANA

### NY KOMONIONAN' NY MARARY.

**T**Satria be ny loza sy ny aretina mahazo tampoka ny olona rehetra ka tsy fantany akory izay andro hialany aina, koa amin' izany dia tokony hazoto hananatra ny olona ny Ministera (indrindra fa raha sendra misy aretin-dratsy na aretina mifindra), mba handray matetika eo amy ny Fiagonana ny Komonionan' ny Tena sy ny Rany Kristo, mba ho voaomana izy amin' izay sitrak' Andriamanitra hiantsoana azy na oviana na oviana, sady hahakely kokoa ny ahiahiny, raha sendra avy tam-poka ny aretina kaitsy misy ahazoany mandray ny Komoniona. Fa raha tsy afaka mankany amy ny fiagonana ny marary, kanefa ta-handray ny Komoniona ao an-tranony, dia hambarany amy ny Ministera izany alohan' ny fotoana hanaovana azy ka holorainy ny isan' ny olona izay hiara-mandray aminy. Ary rehefa voavoatra ny zavatra rehetra dia hanomboka amin' izao Kolekta sy Epistola ary Filazantsara manaraka eto izao ny Presbytera hoe :

*Ny Kolekta.*

**A**Mpanao ny olombelona ô, Hianao mananatra izay tianao ka mikapoka ny zanaka rehetra izay raisinao ; Mifona aminao izahay, mamindráfo amin' ity impanomponao ity izay voan' ny tanaao, ary aoka izy handray ny faharariany amy ny fiaretana

ka hanaritra raha sitraponao izany, ary na oviana na oviana no hialany aina, dia aoka mba hatolotra eo anatrehanao, hy misy kilema, ny fanahiny amy ny alalany Ieso Kristo Tomponay. *Amena.*

*Ny Epistola.* Hebreo xii. 5.

**A**NAKA, aza atao ho zavatra kely ny famaizana ataony Iehovah, ary aza reraka raha resi-lahatratr ny anatra ataony hianao. Fa izay tiandy Jehovah no faizany, ary izay zanaka rehetra raisiny no kapohiny.

*Ny Filazantsara.* S. Iohana v. 24.

**L**AZAIKO aminareeo marina dia marina tokoa : Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka ahy, dia manana fiainana mandrakizay ka tsy ho-helohina ; fa tafafindra niala tamy ny fahafafesana ho amy ny fiainana izy.

*Rehefa afaka izany, dia handroso hanao araka ny voatendry rahateo ao amy ny Komoniona masina ny Presbytera, manomboka amy ny hoe :* Hianareeo izay mibebaka marina, &c.

*Ary raha omby amy ny fanolorana ny Sakramenta masina, dia ny Presbytera no handray ny Komoniona aloha, ka dia hanolotra amin' izay hiara-mandray amy ny marary, ary amy ny farany dia vao amy ny marary.*

*Kanefa raha sendra misy olona tsy mahazo mandray ny Sakramentan' ny Tena sy ny Rany Kristo noho ny hamafin' ny aretina, na fisakanana hafa na inona na inona, dia hilazan' ny Ministera ny marary, fa raha mibebaka tokoa amy ny fahotany, ary mino fatratra fa efa niaritra fahafatesana teo amy ny hazofijaliana hisolo azy Ieso Kristo ka nampilatsaka ny Rany mba hanavotra azy, ary raha mazoto mahatsiaro ny zava-tsoa izay azony noho izany izy, koa misaotra Azy amy ny fony, dia mihinana sy misotro ny Tena sy ny Rany Kristo Mpamonyjy antsika tokoa ho fahafinaretan' ny fanahiny izy, na dia tsy raisiny am-bava aza ny Sakramenta.*